



# Natao Batisa Tamin'ny Afo Miredareda Boky #2

***Pasitera Yong-Doo Kim***
DivineRevelations.info/MALAGASY

Niteny mazava ny Tompo. "Ankehitriny, Ny asa ara-panahin'ny fiangonana maro dia tsy mifanaraka amin'izay tiako hataony. Manompo Ahy ara-pombafomba ny fiangonana sy ny mpitarika azy, teoria voasoratra no hany ahalalàny ahy. Aoka ianareo hanatona ahy amin'ny faniriana miredareda."

Ny Tompo te-hanoro antsika izay tena mitranga marina mandritry ny ady amin'ny fanahy ratsy, te-hanokatra ny masom-panahintsika Izy hahitantsika mivantana ny Lanitra, ny helo, ny anjely sy ny devoly.

## ==== Andro faha-16 ====

**Lee, Yoo-Kyung:** ** Mampirodana ny tranonao any an-danitra ny fifamaliana*

Nanontany aho tany an-danitra hoe: *"Jesosy ô! Manana ny tranonay manokana, hono, izahay aty. Tiako ho hita ny ahy*." Ary nentiny tany an-tranoko aho. Nandeha elaela ihany izahay vao nahita trano volamena mamirapiratra aho. Hoy I Jesosy: "***Ity ny tranonao***." Nitanatana vava aho teo noho ny hatsarany. Sahirana mivezika etsy sy eroa ny Anjely manamboatra azy.

Rehefa nanontaniako azy ny isan'ny rihana amin'ny tranoko, nolazainy fa kely sisa dia ho vita ny rihana fahefatra ary mbola manampy andry hanorenana ny rihana fanampiny. Hitako koa ny an-drahalahy Haak-Sung, vao vita ny azy ny rihana fahenina.

Raha niangavy hahita ny an'I Joseph sy ny an'I Joo-Eun aho dia toa sadaikatra I Jesosy nanao hoe: ***"Inona no hataoko? Ahoana re izany e?"*** Nanontany azy aho raha misy olana. Nohazavainy fa ny rihana faharoa sy fahatelo ny azy ireo no efa saika vita, saingy rehefa nifamaly izy ireo dia nianjera ny tranony. Nambaran'ny tompo ahy fa raha toa ny olona iray tia tena, tia mifamaly na tia miteny ratsy, dia mirodana ny tranony any an-Danitra. Mitombina foana izany na ho an'ny ankizy na ny olon-dehibe. Nasain'I Jesosy hananatra an'I Joseph sy Joo-Eun aho tsy hiady na hifamaly rehefa misy tsy fitovian-kevitra.

Nalahelo be ny endrik'I Jesosy nahita ilay trano rava. Tsy voaafiny ny alahelony. ***"Ô! Inona no hatao? Nahoana ary no mifamaly lava I Joseph sy I Joo-Eun? Ry Yoo-Kyung, Azafady, rarao tsy hiady intsony I Joseph sy I Joo-Eun. Mifampisangisangy izy ireo ka rafitra ady, rehefa milalao***

baolina miaraka dia lasa mifamaly. Namboarina araka ny toromariko ity trano ity, ary nanahirana fatratra ny anjely ny nanao azy; Ahoana izao no fomba hamerenana hanamboarana io indray?"

***M**atetika aho no mifamaly amin'I Haak-Sung zokiko lahy, fantatro nefa izao fa mila tena mitandrina aho amin'ny teny aloaky ny vavako.

Ary Jesosy nampitafy ahy akanjo volamena misy elatra sady nanao hoe: ***"Ry Yoo-Kyung malalako indrindra, tena Tiako ianao fa nijoro ho vavolombelona tamin'olo-maro dia maro."*** Ary hoy aho namaly tsy nihambahamba: "*Tompoko, Mbola hivoaka koa aho rahampitso hijoro ho vavolombelona.*" ***"Izany an? Hoy izy. Tohizo hatrany ny fahavitrihana. Hamboariko haingana ny tranonao."***

**Lee, Haak-Sung:** ** Arakaraky ny idiranay lalina amin'ny tontolo ara-panahy no mahatonga azy ho misitery hatrany.*



Tokony ho 10 minitra nivavahana aho no indro devoly 3 nitranga. Lahy tsy manan-doha ny voalohany. Ilay devoly vavy manao akanjo mihaja niezaka nandrangodrangotra ahy tamin'ny hohony maranitra. Avy teo koa nisy bibilava izay samy nisy lohany tamin'ny tendrony roa, Samy niady handeha voalohany ety amiko ireo loha tsirairay. Nihoraka mafy aho hoe: "*Jesosy a! Vonjeo. Ampio aho!*" Tonga faingana izy ary nandroaka azy rehetra.

Teo am-pivavahana dia nanodidina anay I Jesosy sady nikasika anay rehetra tsirairay. Nokasihiny ny lohan'I pasitera Kim sy ny lamosiny marary, toy izany koa ny tongotr'I Joseph sy ny lamosin'I Joo-Eun. Hoy I Jesosy: "***Joseph, Lazao amiko ny hetahetanao."***
Ary namaly izy hoe: "*Jesosy, Ampio rahalahy Oh, Jong-Suk tsy hiala amin'ny asany ary hazoto hiangona*." Nanaiky I Jesosy sady niteny ahy hoe: "***Haak-Sung, Namirifiry aoka izany androany nefa tsy nahasakana anao hitory sy hijoro vavolombelona izany. Faly aminao aho."***

Rehefa nandao anay I Jesosy, nisy devoly vavy nanao robe nanatona ahy; toy ny mpianatra any amin'ny ambaratonga faharoa no fijery azy. Tsy noraharahaiko izy fa nanohy nivavaka tamin'ny fitenin-danitra ihany aho. Mainka izy nankeo alohako sady nikasikasika ny lavakoroko tamina volo raha nivavaka aho. Nandidy azy aho hiala.

Raha nivavaka tamim-pahavitrihana aho dia maro ny zavatra hafahafa nitranga sy devoly niseho. Arakaraky ny nidirako làlina no nahitako zavatra tsy fahita ety amin'ny tontolo misy antsika.

**Kim, Yong-Doo:** ** Sazy noho ny tsy fihazonana tsiambaratelo*

Omaly, ny pasiteran'ny fiangonana teo akaikinay mivady dia tonga niresadresaka tamiko sady nisotro dite. Niangavy izy ireo hanao alim-bavaka miaraka aminay. Navadiko foana ny resaka, nefa nanantintrantitra sy nisisika mafy izy, izaho koa moa tsy te-ho hita ho tsy manaja olona, dia nilefitra ka nanaiky nony farany. Fantatro tao am-poko fa tsy tokony nanao izany aho. Nangorohoro mafy ny foko teo, Satria tsaroako fa tsy navelan'I Jesosy hotantaraina amin'olona ivelan'ny fiangonanay ny

alim-bavaka ataonay mialohan'ny hamoahana ilay boky. Tsy fantatr'izy ireo izay nitranga, ary nandritry ny alina dia niady aman'aina tamin'ireo fanahy ratsy izahay.

Nodidian'ny Tompo aho ho hentitra ka handà ny fiangavian'ny vadin'ilay pasitera. Tsy nahomby aho, ary nangorohoro mafy ny tany anatiko lalina ny amin'izay hanomboka ho fantatra noho ny tsy fankatoavako. Tapitra tampoka tamin'ny fomba hafahafa ny fotoam-bavaka tamin'io alahady io noho ny fanatrehan'ny vadin'ilay mpitandrina izay tsy sitrapon'Andriamanitra. Nony mangirandratsy, tokony ho tamin'ny 2, Tapitra ny ampahany voalohany tamin'ny fotoambavaka ka tiako halefa mody izy, nefa nipetraka teo toy ny hiteny zavatra. Tsy nisy navelako niteny ny mpiangona, nefa asa fa voalazanay mivady taminy amin'ny antsipirihany ny tsiambaratelo.

Nolazaiko fa namangy ny Lanitra sy ny helo im-betsaka izahay raha nangataka hanao izany ary maro taminay no nandray ny fanomezam-pahasoavan'ny masom-panahy, faminaniana, fahafaha-mamantatra ny fanahin-devoly sy ny Fanahy avy any an-Danitra, fiteny tsy fantatra, finoana, fahalalàna amam-pahendrena. Nolazaiko koa fa eo am-pandraketana izany rehetra izany anaty boky aho izay hatonta, nilaza taminy aho mba hiverina any am-piangonany ka hivavaka ho anay.

Tamin'io alahady alina io no saika nanokafan'Andriamanitra ny masom-panahiko, hitan'ireo efa nanana masom-panahy nisokatra izany. Nefa tezitra izy noho ny tsy nahatazonako ny tsiambaratelony. Ny saikeliko nihevitra fa tsy olana ny hilazana ny sasany amin'ireo, nefa hadisoana goavana no vitako. Noho io antony io dia tsy nosokafana ny masom-panahiko.

Feno alahelo I Jesosy. Nandritry ny vavaka, nitomany mafy ranabavy Baek, Bong-Nyo: "*Nahoana no dia olana be toy izany ilay nolazainay teo?*" Nigogogogo tsy laitra nampanginina izy. Satria aho tsy nahatazona tsiambaratelo dia tonga olona tsinontsinona, nila tsy ho zakako ny otako. Nanao ahoana ny tao am-pon'I Samsona? Raha nanambara ny maha-nazirita azy izy dia namadika ny fitokisan'Andriamanitra azy ka nanapaka ny fifandraisany taminy.

**Soeur Baek, Bong-Nyo:** ** Fibedesan'Andriamanitra manokana an'I Pasitera Kim*

"Ry Bong-Nyo malalako, nahoana ianao no vonton-dranomaso? Nanao fahadisoana lehibe I pasitera Kim, Yong-Doo mpitarika anareo, Ka inona no mampitomany anao?" Hoy Izy tamim-peo hentitra. "Mila mibebaka I Pasitera Kim. Tsy maintsy raketina anaty boky izay mitranga ato amin'ny fiangonanareo ka aely manerana izao tontolo izao. Mandra-pahatongan'izany anefa tsy maintsy hazonina ho tsiambaratelo aloha izany. Nahoana nefa izy no nanota tamiko ka namoaka izany tsiambaratelo izany?" Diso fanantenana ny Tompo.

"Io zava-miafina io dia maneho ny tena marina ny amin'ny devoly; Noho izany dia handalo sedra maro ianareo. Tsy misy tokony hitomanianao. Ampahafantaro an'I Pasitera Kim izay nolazaiko taminao." ***Hoy ihany I Jesosy, nahatahotra ny hatezerany.*** "Navoakan'I Pasitera Kim tamin'ny vadin'ny mpitandrina ny zava-miafina natokisana azy, tsy azoko ny ***nanotàny toy izany. Navesatra ny tsy fanoavan'I Pasitera Kim saingy aza mitomany."***

Nanome fanazavana I Jesosy. ***"Ny fazotoanareo mivondrona sy ny zava-drehetra niainanareo dia hanaitra mafy ny olona maneran-tany. Tsy tian'ny devoly havoaka manerana izao tontolo izao ny tena endriny sy ny fomba fanaony ka miezaka mafy izy hanafina izany. Atahorany fa hibaribary izy sy ny anjeliny noho ny tranga iainan'ny fiangonana misy anao. Raha abaribary mialohan'ny***

***fahavitan'ilay boky ny fisiany sy ny maha-izy azy dia hihamafy ny fanafihany ka hihamafy araka izany no holalovanareo. Tsiambaratelo miafina ny rehetra mandra-pahafeno ny fandraketana an-tsoratra izay mitranga amin'ireo mpitolona am-bavaka. Homeko famindram-po aloha ianareo izao. Tsy maintsy mifantoka amin'ny vavaka sy fanoratana ny boky I Pasitera Kim. Fanampin'izay, izay afa-maminany aminareo dia aoka mihitsy aloha tsy hivavaka ho an'ny hafa."***

*T*ezitra mafy tamin'ireo pasitera sy ny vadiny avy I Jesosy noho ny tsy fifantohany. Hentitra Izy niteny fa ny fiangonana rehetra naorina tamin'ny anarany dia tsy maintsy mahita vahaolana amin'ny olana rehetra na kely izany na lehibe. ***"Rehefa misy olana ao am-piangonana dia tokony hifanaraka amin'ny fivavahana ny pasitera sy ny vadiny fa tsy maintsy hisy vahaolana avy any an-danitra. Maro no tsy ampy fahasahiana ka mipepipepy etsy sy eroa mitady olona manana fanomezam-pahasoavana maminany hivavaka ho azy. Maro aminareo ny toy izany ka mampalahelo ahy. Raha mivavaka manoloana ny alitara miaraka amin'ny mpitandrina ny vadiny, hamaly Andriamanitra. Ankoatr'izay, raha mivavaka sy mametraka ny ziogany rehetra eo amin'Andriamanitra ianareo, dia andraso, satria izany no tena finoana."***

Nandritry ny fotoam-bavaka hariva, na tamin'ny fo toa inona nitarihan'I Pasitera Kim ny fiderana, na nahery tokoa aza ny toriteniny, Nitsangana teo anilan'ny pilipitra I Jesosy sady tezitra endrika. Tsembo-tava mihitsy I Pasitera teo am-pitoriana fa tsy nety nahatony ny hatezeran'I Jesosy. Nampalahelo ahy I Pasitera fa toy ny irery. Nanao vavaka mafonja ho azy aho nefa izao no navalin'I Jesosy: ***"Ny hany lalan-tokana dia ny fifonan'I pasitera Kim amin'ny fo torotoro, hijery ny Ray any an-danitra ka ho hita eo izay fanapahan-keviny."***

Nandidy I Jesosy hoe: "***Raha avoakanareo amin'ny olon-drehetra izao zava-miafina izao, dia hesorina avokoa ny fanomezam-pahasoavanareo."*** I Pasitera Kim tsy mahazo mifandray intsony amin'ny Havana aman-tsakaizany ary tsy mivoaboaka ho hitan'ny olon-kafa. Nasain'I Jesosy hifantoka amin'ny fivavahana sy fandraketana antsoratra izay nasehon'ny Tompo azy izy, amin'izay izy afa-mamoaka ilay boky haingana.

Nanontany aho hoe: "*Jesosy a, ahoana raha tonga aty hivavaka sy hiresaka indray ilay vadina pasitera mpifanolo-bodirindrina iny amin'ny alahady? Tsotra loatra mantsy io pasiteranay io ka tsy hahavita handà."* Namaly hentitra ny Tompo hoe: "***Mpimasy angaha aho? Tsy mitsaha-manontany ahy toy ny atao amin'ny ombiasy ianao."*** Toy izao no ambarany amin'ny mpitandrina rehetra sy ny vadiny avy: "***Ianareo tsy maintsy mifantoka amin'ny fivavahana, fiantsoana, ary fitadiavana Ahy. Rehefa izany dia hamaly Aho. Tsy azoko ny mampitototo anareo etsy sy eroa hitady valiny!"*** Tsy nahafaly Azy izany.

## ==== Andro faha-17 ====

Ny diakona vavy Shin, Sung-Kyung:

Hatry ny alahady dia efa 3 andro izay no nivavahako tamin'ny fiteny tsy fantatra. Tonga nahamay toy ny afo ny vatako ary vao may nihanahery ny fivavako tamin'ny fiteny tsy fantatra. Nisy

hazavanabe nitaratra taty amiko ka tonga vonton-dranomasom-piaiken-keloka aho. Nivoa-dinitra sy feno ranomaso ny tavako raha nanomboka tonga tao an-tsaiko ireo fahotana rehetra vitako.

Tsy nanamasina ny andro alahady ho enti-midera ny Tompo aho na diakona tao am-piangonana aza, sady matetika no tonga vesatra ho an'I pasitera. Tsy voatanisa ny fampaherezana sy ny fibedesany ahy, saingy nampidiriko tamin'ny sofina havia dia navoakako amin'ny havanana. Ety ivelany aho dia tena "diakona" tsy manantsiny, nefa ny foko tsy nanam-pifandraisana mihitsy tamin' Andriamanitra. Izay no tena antony fototra nanatrehako io tolona am-bavaka io, tena vonona hovàna aho.

**Kim, Yong-Doo:** ** Ny nibebahan'I Pasitera Kim*

Nahemotra ny andro hahazoako ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy, satria aho tsy nankato ny didin'ny Tompo ny hitazonako ny tsiambaratelony. Nozaraiko tamin'ny namako akaiky izany ka tezitra mafy tamiko Jesosy. Raha amin'ny maha-olona dia tokony tsy ho olana loatra izany, fahadisoana mety hahazo ny olon-drehetra, fa hafa tanteraka kosa ny fihevitr'Andriamanitra. Arakaraky ny idirantsika lalina amin'ny tontolo ara-panahy no tian'Andriamanitra koa hamantarantsika ny fihevitra ara-panahy. Mandra-pahavitan'ny boky dia nandidy anay Izy tsy hifandray amin'olon-kafa. Nibebaka nandritry ny 3 andro sy 3 alina aho, saingy toa tsy nitony mihitsy ny hatezeran'ny Tompo. Nasain'I Jesosy najanoko ny fanoratana ilay boky. Nahafeno alahelo loatra ny foko ny mety hanesorana amin'I Joo-Eun zanako vavy ny fahasoavan'ny fanahy mamantatra (esprit de dissernement), faminaniana, sy ireo fanomezam-pahasoavana 6 anananay, Tsy ny azy ihany fa ny an'ny mpiangona hafa rehetra, tena toy ny ozona!

Very hevitra tanteraka aho. Hoy aho anakam-po: "*Ahoana no hitandremako ity fiangonana ity? Lavin'Andriamanitra aho izao!"* Nameno ny foko izany henatra izany, saingy tsy nety nitsahatra aho. Nitomany aho, nibebaka, niangavy mafy, nihorakoraka, nivavaka tamin'ny fomba samihafa rehetra izay fantatro, sady nigogogogo fatratra. Rehefa nitory teny aho ny hariva dia tsy hitako intsony ny teo alohako fa nivontobe ny masoko. Ny toriteny adiny 5 na 6 efa nahazatra ahy dia tonga tena sarotra tamin'io alina io ka tsy vitako. Novonoina ny jiro, ary nihira hiram-pibebahana noho ny fahotanay izahay.

*"Tompo ô! Mba omeo famindram-po farany aho!"* Hoy aho nivavaka. Andinin-tsoratra masina maro no nampiasaiko handresen-dahatra. Nivavaka tamin-kery niaraka tamiko ny mpiangona rehetra. Oh, latsa-dranomaso aho fa tohina ny foko, ary nisaotra an'Andriamanitra ny amin'ireo ondrikeliny tandremako! Andriamanitra anie hamindra fo amin'izy ireo avy.

Raha nandre ny vavaka mahonena nataonay ny Tompo dia nanapakevitra hamindra fo tamiko. Nohantitrateriny anefa fa manomboka eo dia tsy azo ambara intsony izay mitranga rehetra mandra-pahavitan'ilay boky. Tsy mila misy ampahalalaina izany izay olona ivelan'io vondrom-bavaka io. Na ny samy mpiangona ao aza tsy tian-ny Tompo hifampizara antsipirihan-javatra, ampahany ihany no azo ifampizarana. Izay resadresaka momba azy io dia tsy maintsy ahazoan-dalana amin'ny pasitera ary amin'izany dia ampahany faran'izay kely no azo resahina.

** Ny niovan'ny tànako*

Raha nivavaka nanandra-tànana nandritry ny 30 minitra aho, dia nanomboka nanao fihetsika mirindra ny sandry aman-tànako roa. Ny lanton-tànako ankavanana no nihetsika voalohany. Rehefa nanohy nivavaka tamin'ny fitenin-Danitra ihany aho dia nihetsika nankany amin'ny sisiny koa ny ankavia.

Niadanabe ilay fihetsika. Hoy aho nieritreritra, raha toy izao ny fihetsika manambara fifohazam-panahy, mety tsy haharitra adin'ny ray akory aho. Ho an'ny mpiangona hafa tao aminay, taorian'ny vavaka fohy monja dia efa nanambara ny tenany taminy I Jesosy sady afa-nahita fanahin-devoly izy. Pasitera aho, nefa nohasarotiny aoka izany ny ahy. Tokony ho 20 na 30 minitra teo foana vao nisy famantarana, amin'izany aza aho mbola matahotra sao tsy ho afa-manao ny sitrapoko. Nivavaka tokony ho adin'ny 2 na 3 teo aho, ary namerimberina ilay fihetsika toy ny fanaony ny tànako, teo indrindra anefa aho no nahatsapa herinaratra nanavatsava tany anaty lohako. Ary hoy aho anakam-po: "*Izay; Tafiditra amin'ny tontolo ara-panahy aho,"* Liana tanteraka aho tamin'izay. Nihanafonja ny fivavako ary nihovitrovitra nanerana ny vatako ilay herinaratra.

** Ny fanafiham-bondron-devoly*

Toy ny mahazatra, nivavaka sy nanandra-tànana aho, efa ho adin'ny efatra. Tampoka teo dia nisy fanahy tsy misy endrika tonga nanolana ny tànako. Notombohiny tamin-java-maranitra ny vozoko, ary toy ny notriarina tamin'ny antsy maranitra ny faritra havanan'ny lamosiko. Nikiaka mafy aho sady lavo teo anoloana, tsy nahahetsika intsony ny vatako. Niady aho fa tsy nisy vokany.

Naneso ahy ireo devoly hoe: "*Sahy mandray fisokafan'ny masom-panahy ianao? Aiza ny tany hiainanay raha voarainao eo izany? Izao aza izahay efa voasazy mafy mihitsy noho ny vavaka mafonja ataonao! Tsy manana herijika(chance) mihitsy izahay fa ianareo tsy mitsaha-midera, mitory teny sy mivavaka, fa tonga kosa ary ny andronao. Ilay vendrana sady tsy misy saina iretsy izao nampianao dia nahazo fahasoavana ara-panahy. Mahatantesa ary valin-kitsaka!"* Ary niditra tao amiko ireo vondron-devoly.

Sempotra aho. Nivezivezy nanerana ny vatako ireo devoly ka nahatonga hirifiry mafy. Niezaky ny tsy nanao fihetsika intsony aho nefa tsy nitsahatra ny hirifiry. Nangorangorana fatratra ny tenako manontolo. Narary hila hahafaty avokoa na ny taolako, na ny vanintaolako, na ny rafi-pitatitra, na ny hozatro. Na toy izany aza ny fanaintainako dia tsy afa-nikiaka aho. Arakaraky ny ihorakorahako no vao mainka mampanaintaina mafy ireo ratra.

*"Tompo ô! Mifona aho. ampio. Vonjeo azafady! Tsy tantiko izao hirifiry izao,"* hoy aho nitomany. Taitra mafy ny mpiangona ka nihazakazaka nankeny amin'ny pilipitra. Natahotra izy rehetra. Tsy hitany izay hatao ka niandry toromarika avy tamiko izy. Hoy aho niantso mafy: "*Ry devoly ratsy, mialà amiko!"* Tsy niala nefa ireo devoly. Amin'ny ankapobeny, rehefa nanonona ny anaran'ny Tompo aho teo aloha dia nandositra avy hatrany izy ireny, fa tamin'ity kosa, na mafy toa inona ny feoko, tsy nampihontsona azy.

Nanomboka nanakenda ahy izy ireo, niaka-nidina teo amin'ny tendako sy ny lamosiko sady nandradràtra ahy tamin'ny famaky, sady nanedakendaka ny nofon-tanako sady nanedakendaka ny nofon-tanako .Tsy afa-niteny intsony aho nony farany. Na ny

niaina izay hany sisa azoko natao aza niteraka hirifiry sy fanaintainana koa. Nanangona ny heriko rehetra aho ka nampitoby manodidina ahy ny mpiangona mba hivavaka toy ny miady aman'aina. *"Tompo ô! Tompoko, Vonjeo aho!"* Tafavoaka ho azy ny vavako izany teny izany.

** Ny Vavaka Mafonja Nataon'ireo Mpiangona*

Samy niantso mafy ny mpiangona rehetra. Nasaiko nofantarin'ireo manana masom-panahy misokatra ny devoly ato amiko, nefa samy nilaza izy rehetra fa tsy misy mahita na inona na inona. Nandritra izany rehetra izany, niolana sady nalemy tanteraka ny hato-tànako ankavanana. Ary nampiantsoiko an'I Jesosy haingana izy ireo hanampy anay hahalalàna ireo karazan-devoly. Nivavaka ela izahay vao nanomboka nizara izay hitany ireo nanana masom-panahy nisokatra. (Efesiana 1:18-19) Tonga tao amin'ny "Lord's church" (Fiangonan'ny Tompo) manokana mihitsy izy ireo araka ny baikon'ny lehibeny any amin'ny helo. Ny fahafahany manjavona sy miovaova endrika dia tsy nahafantarana azy mihitsy raha tsy noho ny vavaka mafonja. Hoy Jesosy: "***Ry ondrikeliko isany, Noho ny vavaka matanjaka ataonareo ho an'ny pasiteranareo dia havelako ho hitanareo ireo devoly ireo."***

Tokony ho 30 teo izy ireo ary efa niandry izay fotoana hahafaha-manafika fotsiny. Rehefa namangy anay ilay mpitandrina teo akaikinay sy ny vadiny dia nahita làlana ireo devoly ireo ka nanaraka azy miafina. Tamin'izay dia nanome baiko mivantana sady nitrerona ny mpanjakan'ny helo: "*Rehefa miditra ao amin'ny "Lord's chirch" ianareo dia mila tena mailo miohatra amin'ny trano fiangonana hafa. Betsaka ao ny manana masom-panahy misokatra ary maro amin'ireo anjeliko no voaroaka satria nibaribary tamin'izy ireo ny maha-izy azy. Tsy maintsy miandry fotoana tena mety tsara ianareo hanafihana an'I Pasitera Kim. Ilay tsy misy fotony iny no anton'izao olana izao. Rehefa resintsika izy dia ho mora foana ny handavo ireo hafa rehetra. 'ndeha daholo ary izatsy izy."*

Ny finoan'ny vadin'ilay pasitera teo akaikinay dia tsy mba irony karazany hitarika ny devoly ho eo aminy, izy koa tsy anisan'ireny olona mpanaraka devoly hatraiza hatraiza ireny. Raha ny fahafantarako azy dia anisan'ny mavitrika amin'ny fitolonana am-bavaka izy. Niezaka mafy nanafina ny maha-izy azy ireo devoly ka nitady olona hatao fitaovana. Rehefa fantatr'izy ireo fa te-hamangy anay ny vadin'I Pasitera dia nanaraka azy izy ary nampiasa ho fandrika ny fitalahoany mahaontsa.

*"Jesosy a! Asehoy anay ny tena endrik'ireo devoly ireo. Jesosy a! Aoka izy ireo tena hibaribary aminay,"* hoy izahay rehetra nivavaka. Ary nisy iray taminay nihoraka mafy hoe: "*Wow! Hitako. Hitako amin'izay!"* Misy devoly 15 mitovy amin'ny mofomamy boribory. Maro ny masony ary mihodidina ny vatako izy.Ny sisa kosa dia devoly samy hafa endrika sy habe. Nisy Trambobe, fanday, devoly maizina misy aloka, devoly vavy, ary liona. Nitebiteby fatratra aho sady nampanao boribory manodidina ahy ny mpiangona no nampivavaka azy ireo tamin-kery tamin'ny fiteny tsy fantatra, ary nampikasika azy ireo ny faritra maharary amin'ny tenako. Notsapain'izy ireo ny vatako sady nivavaka izy.

Ary nisy nihoraka mafy hoe: "*Pasitera a! miova indray ireo devoly! Tsy miparitaka intsony izy ireo fa tonga mitambatra!"* Ary hoy ny navaliko: "*Izany an? Mivavaha amin'ny fahefana sy hery ary roahy izy!"* Ary niara-niredona ny mpiangona hoe: "*Amin'ny anaran'I Jesosy, mialà tao amin'ny vatan'ny Pasiteranay! Miverena any amin'ny helo!" Nihoraka mafy I* Joo- Eun: "*Mipetraka ao*

*anatinao ireo devoly ireo sady mitambatra ny sandriny. Oh, loza ity! Inona no hataonay?"* Ary hoy aho nihoraka mafy: "*Tohizo hatrany ny vavaka, raha mijanona eo ianareo dia ho henjanabe ny hahazo antsika."* Ary samy nivavaka tsy nisy toy izany ny rehetra. (**Efesiana 6:10-11**) *"Farany ry rahalahy sy anabavy, Mahereza ao amin'ny Tompo, matokisa ny heriny lehibe. Tafio avokoa ny fiarovan'Andriamanitra hahafahantsika miady amin'ny hafetsen'ny devoly."*

*Ary nihoraka ranabavy Baek: "Rapasy a! niova endrika indray izy ireo."* "Lasa inona izy izao?" *hoy aho. Toy izao no navaliny: "Tena mahatsiravina! Tonga farorabola mainty izy izao. Fikiriny amin'ny faraingony maranitra ny vozonao sady tsindroniny amin'ny tsilony ny any anatinao. Inona indray no hataonay?* Miraikitra ao an-damosinao ny trambo!" Teo aho dia nitsamboatra fa nandre hirifiry tsy hay zakaina nefa vao may narary. Ary nianjera nankeo aloha indray. *Ary niantso mafy indray aho hoe*: "Tompo ô! Vonjeo aho!" Na toa inona hamafin'ny antsoko, tsy nety tonga Izy. *Ary nanome toromarika ny mpino aho hoe: "*Antsoy haingana I Jesosy*!" Ary niara-niantso mafy izy hoe: "Tompo ô! Aiza foana ianao?* Faingàna vonjeo ny pasiteranay!"

Rehefa izany dia niseho teo anoloanay I Jesosy.Tezitra mafy aho fa hitako ho ela loatra I Jesosy.Hoy aho anakam-po: "*Taiza foana ary I Jesosy no elabe?"* Toy izao no navalin'I Jesosy: "***Aza manahy! Hanampy anao aho.."*** Ireo mpino nisokatra masompanahy dia nilaza ho nahita an'I Jesosy niditra tao amin'ny tenako ka nandroaka ireo devoly. Nivondrona indray ireo devoly ireo ka niova ho toy ny fingotra fisaka.



Nosintonin'I Jesosy hivoaka izy ireo. Raha sintoniny amin'ny lafiny havia izy dia miraikitra amin'ny havanana sady miitatra fa tsy mety hivoaka. Ela mihitsy vao nivoaka ireo devoly niraikitra toy ny lakôly ireo. Inoako fa ninian'I Jesosy natao ny nandany fotoana mba hampatanjaka ny finoanay. (**jakoba 4:7**) *"Ka dia maneke an'Andriamanitra ianareo; ary manohera ny devoly, dia handositra anareo izy."*

Ao amin'ny baiboly, vao niteny I Jesosy dia nangovitry ny tahotra ny devoly ka nilefitra avy hatrany. Nisy antony manokana mihitsy nahatonga azy tsy namoaka azy teo noho eo. Tian'I Jesosy ho tsapaina ny faharetan'ny fiangonanay, tiany koa izahay hanana traikefa amin'ny fandroahan-devoly miaraka. Nanomboka tamin'ny misasakalina ny vondrom-bavaka ary tsy nitsahatra raha tsy tamin'ny 7 maraina. Tena mbola narary ny vatako iray manontolo ary nanohy nivavaka ny mpiangona.

Raha mbola nihodidina nivavaka ho ahy ny mpiangona dia nibontsina ny kiboko fa feno rivotra. Nanaintaina avokoa ny vatako rehetra ary naharary tena tsy tantiko ny vavoniko. Namoaka rivotra midofakabe matetika aho ka somary nahakamo ny mpiangona. Menatra mafy aho, toy ny nisy zavatra lo nivoaka avy tao anatiko.

Nisy nilaza hoe: "*Mba fepero ihany azafady ô!"* Ary samy toran'ny hehy izy rehetra. Ary hoy aho: "*Tsy fotoana fihomehezana izao, tohizo ny vavaka amin'Andriamanitra."* Ary nankato izy ireo ka niverina nivavaka. *"Ry Joo-Eun, mbola mamoaka devoly avy ao amiko ve ny Tompo?"* Hoy aho

nanontany. *"Haingana jereo."* Teo dia nisy mpikambana telo nilaza fa misintona ireo devoly tsirairay I Jesosy ka mamatotra azy. Tsy nilefitra moramora ireo devoly 2 sisa tavela. Nony farany dia azon'I Jesosy avokoa ireo devoly nampijaly ahy ka nafatony. Nanome toky Izy fa hanipy azy ireo any amin'ny lavaka tsy hita noanoa mirehitra afo.

Nony avy teo dia hoy I Jesosy: "Wow! tena azo iankinana ireto zanak'ondry kelin'ny "Lord's chirch" ireto! Ny antsoantso sy vavaka ho an'I Pasitera Kim, ny tsy fialanareo teo anilany raha niady mafy tamin'ny devoly izy na teo aza ny fanahianareo dia tena nampihetsi-po ahy. Tohizo kelikely faramparany. Homeko ny fahasoavan'ny masom-panahy I Pasitera Kim ka ho afa-mahita amin'ny antsipirihany ny Lanitra sy ny helo. Rehefa izany dia horaiketiny amina boky izay hitany ka hozarainy amin'izao tontolo izao. Fanahy very maro no hamaky io boky io, ho voavonjy, ary hiverina amiko."

Nony nody aho ka nitsotsotra mba hiala sasatra, dia nangirifiry tsy zaka ny ratra vokatry ny kaikitra sy rangotra. Henjana ilay izy, raha miaina fotsiny aza aho na midaboka dia efa mikiakiaka mafy noho ny fanaintainana. Ny vadiko, I Joseph, ary I Joo-Eun dia nanomboka nivavaka tamin'ny fo indray.

Rehefa nivavaka I Joo-Eun, dia nandre an'I Jesosy nanao hoe: "***Rehefa nandao anao ireo devoly ratsy ireo, dia tsy niala fotsiny tamin'izao fa namela hirifiry vokatry ny rangotra sy kaikitra izay mbola hampijaly anao mandritry ny andro vitsivitsy. Satria ny vadinao manam-panomezam-pahasoavan'ny fanasitranana dia asaivo mametra-tànana amin'ny ratranao sady mivavaka."*** Teo noho eo dia napetraky ny vadiko teo amin'ny ratrako ny tànany saingy tsy sitrana haingana izy ireo. Ary nankeo amin'ny gorodona tamin-kirifiry aho sady nitaraina tamin'ny tompo. *"Tompo, manana fahasoavana afa-manasitrana ny vadiko, nahoana nefa aho no mbola mijalin'ny hirifiry mafy?"* Nolazain'ny Tompo fa somary marefo ny herin'ny fanasitranana ao aminy, nanome toky ahy nefa Izy fa hihatsara tsikelikely aho. Satria aho tsy naharitra sady tsy te-hiandry dia nanatona dokotera hitsabo, najanoko anefa fa henjana loatra ny fanaintainako. Hoy I madama: "*Hatramin'izay 20 taona nivadiantsika izay tsy mbola nahita anao nangirifiry mafy toy izao aho."*

**Ranabavy Baek, Bong-Nyo:** ** Ny Tranontsika Any an-Danitra*

Raha nivavaka ho an'ny mpitandrina aho dia nasehon'ny Tompo ahy ny tranony any an-Danitra. **(Jaona 14:2-3)** Ny an'I Pasitera kim niakatra avy tamin'ny rihana 359 ka tonga 369, ny an'ny vadiny kosa avy tamin'ny 269 ka tonga 279. Ny an'I Joseph rihana 3 ary kely sisa dia ho vita ny rihana fahefatra. Ny an'I Joo-Eun 11 ary eo am-panamboarana ny rihana faha-12. Ary nanontany aho hoe: "*Tompoko, amboarina tsirairay ny rihana amin'ny tranon'I Joseph sy Joo-Eun"s, ny an'I pasitera mivady kosa samy atao tsifolofolo. Fa nahoana?"* ***"I pasitera tsy vitan'ny manomana toriteny sy manasoa ny mpiangona amin'izy ireny fotsiny, fa koa mazoto mivavaka ho anareo.*** Mahery kokoa ny vavaky ny mpitandrina miohatra amin'ny anareo. Ny fanompoan'ny mpitandrina ny ondriny no antony anamboarana ny tranony haingana. Ankoatr'izay, I Kang Hyun-Ja vadin'I Pasitera dia manomana sakafo ho an'ny mpino andro aman'alina. Mbola mamahana sy mampitafy ny havanareo koa aza izy isanandro mandritry ny herinandro. Ho lehibe ny valim-pitiany aty an-Danitra. I Joo-Eun dia manana toetra somary masiaka sy mora mifamaly izay; tsinontsinona dia tezitra. Mety ho tonga mpiavonavona izy noho izany ka asaivo manetry tena hatrany. I Joseph indray mihidy loatra ka toa tezitra endrika lava. Na rehefa mba mihaona aminy aza aho dia toa tsy tena faly izy, tiako indindra izy hiova amin'izany. Rehefa voalazan'ny pasiteranareo ny toetra tokony hiovany, sorena noho izany fanitsiana izany izy. Tiako raha

***mandray izay fanakianana izany amin'ny finoana I Joseph ka mankato. Amin'izay hampiana ny tranony."***

Misy rihana 9 ny tranon'I Haak-Sung ary efa voatsangana ny andry hanaovana ny rihana faha-10, and 6 kosa ny an'I Yoo-Kyung. Hoy I Jesosy tamiko, Satria navoakan'I Pasitera mivady ny tsiambaratelon'ny fiangonanay, dia nianjera ny rihana 50 amin'ny tranon'I Pasitera sy ny rihana 30 amin'ny an'ny vadiny.

Tany amin'ny alim-bavaka dia hitako ho reraka I Pasitera Kim, toy ny avy nivavaka sy nitomany ela. Nivontobe ny masony ary zara raha afa-nijery. Niangavy ny Tompo aho. *"Tompoko, namafazan'ny devoly aretina maro ny pasiteranay androany. Omeo hery izy."* Tonga tamim-pahamoram-panahy I Jesosy nampionona ahy: "***Ny rehetra dia samy manan-kavana maro hampahery azy, ry* Baek Bong-Nyo malalako indrindra, ianao kosa tsy mba manana. Hampahery anao aho.**" Hoy ihany izy nanohy: **"Tia Ahy mihoatra ny zavatra sy ny olon-drehetra ianao ka mana-danjabe amiko!"**

Fotoana fohy taorian'izay dia nisy anjely 2 tsaratarehy avy tany an-Danitra. Lava ranjanana izy ireo sady tovolahy aoka izany. Fantatro ny iray taminy fa ny arikanjely Mikaela, ny iray kosa nampahalala ny tenany nanao hoe: "*soeur Baek, Bong-Nyo, Gabriel no anarako, eo anoloan'Andriamanitra mandrakariva aho. Nandidy ahy haka anao ny Tompo ka tonga aho."* Hoy ny navaliko: "Eny, *misaotra."* Ary nanomboka nentiny teny amin'ny habakabaka aho. Tampoka teo dia indro devoly marobe nanakan-dàlana anay.

Maro karazany ny endrik'ireo devoly ireo. Ao ny lohan-dragona, bibilava lehibe sy fanahy miendrika karazam-biby maro, samy vonona hanafika anay. Nivondrona niaraka tamin-kerin-devoly hafa izy ka vao may natanjaka fa tsy natahotra velively I Gabriela sy Mikaela. Tony aoka izany aza izy ireo. Vao natsangany ny tànany dia nanjavona avokoa izy rehetra. **(apok 12:7-9)**

Rehefa nanjavona ireo devoly dia tonga tany an-Danitra izahay, ary nitsangana avy teny lavitra I Jesosy niarahaba ahy. Hoy izy niantso mafy: "***Tiako ianao ry Baek Bong-Nyo malalako. Tena tia anao aho."*** Nitety ny rahona izahay, nandehandeha tao an-Danitra. Maro tendrombohitra any an-Danitra, volamena avokoa. Nony hitako ny habakabaky ny Lanitra dia nanjavona tanteraka tao andohako ny eritreritra hiverina aty.

**Lee, Haak-Sung:** ** I Jesosy nitomany miaraka amin'I Pasitera Kim*

Nitory nanomboka tamin'ny 4 hatramin'ny 7 hariva izahay. Nony avy eo dia nankany am-piangonana hivavaka. Hitako ny pasiteranay nitomany, nandohalika, nanandra-tànana nivavaka. Indro I Jesosy nitsangana teo anilan'I Pasitera. Nanao satroboninahitra feno tsilo izy sady nitomany raha nandinika an'I Pasitera. Nandeha rà be ny lohan'I Jesosy ary feno hatramin'ny fitafiany. Nihoson-dra Izy. Nosakambinin'I Jesosy I Pasitera kim sady nitomany hatrany Izy. Maty avokoa ny jiro tao amin'ny efitra Masina, fa nisy hazavana be kosa, avy tao amin'I Jesosy, teo anilan'ny pilipitra. Nandravaka izany, nisy hira momba ny fijalian'I Kristy nantsoina hoe: "Ilay Fantsika Telo" nandeha tsy nijanona.

Nony alina be dia hoy ny Tompo tamiko: "Na mamirifiry be aza ny andro, tsara indrindra foana rehefa mivavaka ny

manao akanjo maivana, mandohalika sy manao tànana ambony. Rehefa mangatsiaka ianareo dia handefasako afo ka aza be fanahiana mialoha. Raha manao akanjo matevinabe mantsy ianareo dia ho azon-tory rehefa mivavaka. Azonao?”

**Kim, Joo-Eun:** ** Fiaraha-mibebaka*



Raha nivavaka tamin’ny fiteny tsy fantatra aho dia indro dragona 3 loha mahatsiravina niantsambotra tety amiko. Nandroso nihemotra teo izy hampatahotra ahy, Kanefa hoy aho nandroaka: "*Amin’ny anaran’I Jesosy, ry devoly maloto, mialà amiko! Mandosira lavitra ahy!”* Ary notohizako ny vavaka tamin’ny fiteny tsy fantatra.Nipoitra teo anilako I Jesosy ary nangina tanteraka. Ela izy no efa teo saingy tsy niteny na inona na inona fa nalahelobe fotsiny. Nanontany zavatra maro azy aho fa ny ranomasony no nipatrapatraka. Androany tamin’ny alim-bavaka hariva dia nibebaka an-dranomaso I Pasitera nanao hoe: "*Noratraina mafy aho satria nanome alahelobe ny Tompo. Tompoko, nilonjy otabe teo anatrehanao aho.”*
Ary nifantoka tamin’ny hira sy fibebahana miaraka izahay. I Jesosy, ny mpitandrina, ary izahay rehetra samy nitomany. **(1 jaona 5:4)**

## ==== Andro faha-18 ====

(1 petera 5:6-10)

**Lee, Haak-Sung:** ** Nifampitana tamin'ny devoly!*

Tamin’ny toriteny hariva dia toy izao no nambaran’ny mpitandrina: "*Rehefa mipoitra ny devoly, aza matahotra fa sahia mifanandrina aminy mivantana! Tsy misy dikany ireny devoly ratsy ireny ka tsy misy tokony hatahorana. Rehefa mivavaka amim-pahasahiana ianao ka tafiditra làlina amin’ny tontolo ara-panahy dia hisy hery mpanohitra [amin’ny endrika devoly]. Raha mahasambotra ianao tonga dia teteho sady poteho tanteraka!”* Hoy ny eritreritro: "*Fomba ahoana no hanaovanay izany amin’ireny devoly mampivarahontsana ireny? Manitatra izy fa aiza koa.”* Nefa hita ho tena resy lahatra amin’ny fahamarinan’izay lazainy I Pasitera raha namerina indray izany: "*Vitantsika izany. Imbetsaka loatra isika no efa notafihina fa afa-nandresy ny fanararaotany. Anjarantsika izao ny mamaly faty ka mamely azy.”* Ary natorony anay tamin’ny fihetsika ny fomba fanao azy.

*“Azo samborina marina ve ny devoly?”* hoy aho anakam-po. Hatramin’izay izahay dia nampiasa ny anaran’I Jesosy ho fitaovam-piadiana, fa izao kosa natoro fa afa-mifanao iray sy iray aminy!

Nony kelikely, raha nivavaka tamin’ny fitenin-Danitra aho dia niverina ireo devoly efa hitako taloha. Ilay iray be bokonozatra, fa ilay iray hafa kosa manana tarehy maromaro.Toy ny efa fanaony nihazona volom-borombola izy, ka nikitikitika ny lavakoroko tamin’ny faritra malefaka amin’ilay volo. Tsaroako teo ilay toritenin’ny Pasitera nandritry ny vavaka hariva. **(Jakoba 4:7)** Natsotrako toy ny haka ilay volon’akoho teny aminy ny tànako. Ary hoy aho an’eritreritra: "*Oay, t s y m a m p i n o , t oa tena ety an-tànako ilay volon’akoho!”* Fahagagàna.

Ary notsindrotsindroniko tamin’ilay tendrony mafy maranitra amin’ilay volonakoho ilay devoly.

Nihoraka mafy izy hoe: "*Kay!"* Ary nasiasiako haingana, notsindroniko tsy nananako antra ny faritry ny tenany rehetra. Sady nitsambikimbikina izy no nikiaka hoe: "*Kay! Ampio aho!"* Ary nisy ranon-javatra maitso nijininika avy teo amin'ny ratrany. Ny ràny angamba io. Rehefa nahita izany ilay devoly namany dia taitra mafy sy natahotra ka nitsoaka.

Nanohy nivavaka hatrany I Pasitera Kim sady niaritra ny hirifirin'ireo ratra navelan'ny devoly tamin'ny tenany. Ary nanatona azy I Jesosy sady tsy nitsaha-nikasika ireo ratrany. Ary nanatona ahy I Jesosy sady nanao hoe: "***Ry Haak-Sung, Aza ampidinina ny tànanao na sarotra aza izany. Misy heriny kokoa ny vavaka atao amin'ny tànana misandratra."***

Kim, Joo-Eun:

Maro ny devoly hafahafa endrika nipoitra teo anoloako androany. Ary niantso mafy aho hoe: "*Ry devoly, amin'ny anaran'I Jesosy, mialà amiko."* Ary nanjavona izy ireo. Niverina nivavaka aho. Tampoka teo, indro devoly lahy matanjakabe nanatona ahy sady nimenomenona hoe: "*e, aza mivavaka. Zazakely io ianao dia mivavakabe toy izao."* Ary hoy aho nasiaka: "*e, ry devoly maloto! Amin'ny anaran'I Jesosy, Mialà amiko!"* Dia nanjavona izy.

Raha mbola nivavaka aho dia indro devoly niendrika vehivavy tsara tarehy. Tena kanto sy meva aoka izany io devoly io ka tsy vitako ny nisaina azy ho ratsy fanahy. (**2 kor 11:14-15**) Na ny fomba firesany aza tena mipetrapetraka aoka izany. Hoy izy: "*Aza mivavaka re tompoko ô. Nahoana ianao no mivavaka?"* Tsy noraharahaiko izy ka tonga romotra. *"E, inona ho'aho no ivavahanao? Inona izao no mba zavatra manokana hitanao rehefa mivavaka ianao?"* Ary hoy ihany izy nitrerona: "*aza mivavaka ho'aho!"* Ary niteny mafy azy aho hoe: "*Amin'ny anaran'I Jesosy, mialà amiko,"* Teo noho eo izy dia nizara roa hatrany an-tampon-dohany ka hatreo amin'ny elakelam-peny. Rikoriko aho sady nanao hoe: "*èè! ratsy!"* Rehefa nizara roa ny vatany dia namoaka devoly ratsy endrikabe avy tao anatiny. Tsy mbola nety tonga saina aho hoe iny hatsarany ivelany iny dia miavaka tanteraka amin'ny ao anatiny.

Nony kelikely aho dia nahita devoly iray naka endri-jazalahy kely nanao bandana mena. Afa-mivotirika ny masony. Niezaka nandroaka azy tamin'ny anaran'I Jesosy aho fa nanohitra izy ka tsy niala moramora. Nihidy vazana mihitsy aho sady tsy nitsaha-nivavaka. Ary nanjavona izy.

** Atao batisa amin'ny afo miredareda*

Fantatro fa maro samihafa ny karazan-devoly, ary hitako izy ireo nanelingelina ny mpiara-mitolona am-bavaka amiko. Miverina, miala, dia mivezivezy fa sahiran-tsaina. Raha nivavaka iny aho dia nahatsiaro an'I Pasitera Kim. Nijery azy aho, kanjo tsy izy no hitako fa afo miredaredabe. Gaga aho ka nihiratra hanamafy, nefa indro I Pasitera mipetraka eo amin'ny toerany mivavaka toy ny mahazatra. Rehefa nikipy indray nefa aho dia indro afo nijoalajoala. Nisy devoly nitsangana teo anilany nefa tsy afa-naninona azy, rehefa izany dia niala teo izy ireo ka nanafika ny mpino.

Tampoka teo, nisy devoly vavy nanaikitra ny sandriko havia tamin'ny nifiny toy ny faraingona Dracula (karazam-biby masiaka). Nailiko izy fa tsy nety afaka. Tsy dia afa-nieritreritra tsara aho noho ny hamafin'ny hirifiry. Ary nisy devoly hafa indray nanafika ahy. Ary niantso aho hoe:

"*Tompo ô, Tompoko, vonjeo aho. Mba ampio azafady!"* Ary nanakaiky ny vadin'I Pasitera aho, sady nanandra-tànana nivavaka. Tokony ho 100 teo ny devoly nanelingelina ahy tamin'ny vavaka. Ary namalibontana aho tamin'ny hiaka mafy hoe: "*Ry devoly ratsy, fa ahoana mihitsy e? Inona no anelingelenanareo ahy?"* Ary nanatona ahy ilay iray nanana faraingo maranitra izay sady niteny mafy hoe: "*Te-handefa anao any amin'ny helo izahay." "Inona? Hoy aho namaly. Helo? Ihomehezako malakolako! Ry devoly ratsy fanahy, mbay tany. Amin'ny anaran'I Jesosy, miala."* Tamin'izay indrindra dia lasa daholo izy rehetra. Fantatro fa raha te-hamangy ny Lanitra aho dia tsy maintsy miady mafy amin'ny herin'ny fanahy ratsy.

** Ireo mpitandrina tsy manao intsony ny asa pastôraly*

Nivavaka fotoana ela aho, ary tonga I Jesosy niantso ahy tamin'ny anarambositro: "***Panda! Ry Panda malalako, tena havanana amin'ny fandroahan-devoly ianao!"*** Ary hoy aho namaly: "*Tsaroako tampoka fa nisy zavatra nanontanian'I dada anao izay. Misy mpitandrina tsy mitandrina ondry intsony fa lasa manao asa hafa. Inona no hitranga amin'izy ireo?"* Tsy nazoto loatra Izy ny hamaly nefa hoy Izy: "***Mbola kely loatra ianao ka sarotra ny hanazava azy aminao, nefa henoy tsara ka tatero aminy tsy misy latsaka izay hambarako aminao."*** Ary hoy Izy nanohy: "***Ireo pasitera mitsahatra amin'ny maha-pasitera noho ny olam-piaianana dia hotsarain'ny Raiko any an-Danitra mafy tokoa. Hobedesin'ny Ray any an-Danitra toy izao izy: "Nahoana ianao no nijanona tsy ho mpitandrina intsony? Nomeko hery ianao hahafaha-manao ny asa mahampitandrina, koa nahoana no nitsahatra nefa tsy nahazo alalana tamiko? Hadisoana goavana no vitanao. Mila mibebaka ianao! " Ary amin'ny androm-piainany sisa tavela eto an-tany izy tsy maintsy mandeha amin'ny lalako amin'ny fankatoavana amin'izay. Misy koa olona tsy manamasina ny andron'ny Tompo ka manao izay tiany hatao. Ireo izay tsy nateraka indray dia manokatra ny varotra sy fandraharahàny. Tsy tokony hisy mihitsy fifampivarotana hatao amin'ny andro alahady na ahoana na ahoana. Maro no milaza ny famonjena azy amin'ny molony kanjo diso tanteraka. Raha tena voavonjy izy, tokony ho hita amin'ny fiainany! Ny Raintsika any an-Danitra manana maso mandinika anareo rehetra. Sarobidy avokoa ny fanahy aminy, raha misy mankany amin'ny helo noho ny safidiny dia tena malahelo fatratra Izy.***
Mipatrapatraka ny ranomasony!"

** Ireo mandroaka ny pasiterany* **(jakoba 3:16)**

Hoy ihany aho nanadihady: "*Jesosy a, Indraindray aho mahita mpiangona miady amin'ny pasitorany ka menatra tokoa. Nahoana no mifamaly ny pasitora sy ny ondry tandremany? Amin'ireny fotoana ireny, miandany amin'iza ianao?"* Hoy I Jesosy: "***Mbola tena kely ianao nefa mametra-panontaniana toy izany."*** Toy izao no navaliko azy: "*Tompoko, zanaka mpitandrina aho. Mampalahelo ahy ny mahita mpitandrina voaroaka avy ao ampiangonana!"* Ary hoy I Jesosy: "***Matetika no manao hadisoana ny mpitandrina ary tena olana izany. Ambonin'izay, raha manana alahelo amin'ny pasiterany ny mpiangona ka mandroaka azy dia manotabe. Na nanota aza ny olona, raha tena mibebaka amin'ny fony izy ka manara-dia an'Andriamanitra dia mbola afaky ny hiditra ny lanitra saingy tsy mahazo mamerina izany ota izany intsony!"*** **(filipiana 2:3)**

Ary nanontany ihany aho. *"Jesosy ô, Miara-mivavaka ato izahay, koa nahoana no rahavavy Baek*

*sy ny fianakaviany ihany no entinao any an-Danitra sy helo? Ankohonana mpitandrina izahay, izay an? Niha-nitombobe ny finoan'ny fianakaviako, koa nahoana ianao Tompoko no tsy tia afa-tsy I Haak-Sung, sy Yoo-Kyung ary rahavavy Baek, Bong- Nyo?"* Toran'ny hehy I Jesosy tamin'ny fanontaniako ary toy izao no navaliny: "***Ry Joo-Eun malalako, Tsy marina izany. Mafy ny fiainan'izy ireo. I Haak-Sung sy I Yoo-Kyung tena miasa saina mafy, sa tsy izany? Ankoatr'izay I soeur Baek, Bong-Nyo dia eo am-pandriana foana fa marary lamosina. Zara raha mihinana izy sady mipetraka amina efitrano kely nefa tsy mitsaha-mivavaka! Tsy fantany izay fotoana handroahana azy ho eny an-dàlana, nefa izy ireo tsy miala mihitsy fa mivavaka amim-pankatoavana an'Andriamanitra. Tiako manokana izy ireo, satria na mafy aza ny fiainany mazoto mivavaka hatrany izy! Izy mila ny fiarovako! Ianao manna-kavana maro, Nefa izy tsy mba manana na ray na vady. Izay no mahatonga azy mila ahy manokana!"*** **(eksodosy 33:19)**

*"Jesosy ô, I Pasitera mandrakitra izao traikefa ara-panahinay rehetra izao amina boky. Rehefa vita ilay boky, hesorinao avokoa ve ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy azonay?"* Hoy ny Tompo: "***Ry Joo-Eun, Fanmezan-dehibe ny fahafaha-maminany ka tsy omemena na esorina fotsiny amin'izao. Raha asain'ny Ray any an-Danitra esorina ihany izy vao esorina, raha tsy izany dia avela amin'izao."***

**Lee, Yoo-Kyung:** ** Matahotra ny finoanao ny devoly*

Androany aho notafihin-devoly faran'izay mahatsiravina izay afa-nanova endrika maro samihafa. Nony avy eo dia niteny tamin'I Jesosy aho hoe: "*Jesosy a! Tena mampatahotra ilay devoly!"* Hoy izy namaly: "***Ry Yoo-Kyung, Afa-mandresy ny devoly ianao. Mangovitra amin'ny finoanao izy ka aza manahy. Eto foana ireo anjely hiaro anao."***

**Baek, Bong-Nyo:** ** Ny tena identitén'ireo devoly tsy misy endrika nanafika an'I Pasitera Kim*

Nanao vavaka mahery vaika tamin'ny fitenin-Danitra aho, nefa tsy nahita afa-tsy aizim-pito. Niezaka mafy aho hiditra làlina amin'ny tontolo ara-panahy ka nanao vavaka mafonja kokoa. Ary nisy zava-boribory vitsivitsy nihodinkodina.Ny tao an-tsaiko dia ireo ilay devoly tonga masiaka nanafika ny Pasiteranay. Te-hampandoa azy ny famerimbolany aho (izany hoe te-hamaly faty azy) ka nifantoka làlina. Nihodinkodina teo amiko izy ireo handrebireby. Ary nanao vavaka mahery vaika tamin'I Jesosy aho, ka hoy izy: "***Diniho tsara izy ireo."*** Mitovy endrika amin'ny mofo voamaina. Tokony ho 20 teo izy no nihodinkodina tao am-piangonana nitady hirika hanafihana. Hoy I Jesosy: "***Ireto devoly ratsy ireto ilay nanaikitra sy nanolana ny sandrin'I Pasitera Kim omaly. Efa noraisiko izy ireo dia nalatsako tany an-davaka tsy hita noanoa mirehitra afo, nefa efa niverina indray hanafika ny mpanompoko. Bong-Nyo ô, ianao mila tena mailo manokana!"***

Nampahalalaina ahy fa nanome baiko miafina ny mpanjakan'ny helo: "*Misy mpiangona ao amin'ny 'Lord's Church' antsoina hoe: Baek, Bong-Nyo" manana fahasoavan'ny masom-panahy, afa-mamantatra antsika izy. Mifantoha amin'ny fanafihana io vehivavy io!"* Raha tsy ny Tompo no naneho ahy ireo devoly ireo dia ho sarotra tamiko ny namantatra azy na manana masom-panahy misokatra aza aho. Nambaran'ny Tompo fa raha mivavaka làlina aho dia ho hitanao ireo devoly tsy manana endrika ireo. Rehefa nivavaka tamin-kery aho, dia nibaribary ny momba ireo devoly ireo ka nanjavona.

* *Ny arikanjely Michael and Gabriel*

Anjely tsaratarehy roa no naka ahy ho any an-Danitra, I Mikaela sy I Gabriela. Tsy misy anjely hafa azo ampitahaina amin'izy roa ireo. *"I Jesosy malalanay no nandidy anay haka an-dranabavy Baek, Bong-Nyo dia tonga izahay."* Endre izany fikarakaran'I Jesosy olona tsinontsinona toa ahy. Tsy fantatro izay tokony hatao. Tsy voaafiko ny hafaliako, liana tanteraka aho hanaraka azy ireo.


Tany an-Danitra, nasehon'I Jesosy ahy ny zaridainan'ny edena izay mahasondriana aoka izany. Tamin'ny resakay dia hoy I Jesosy: "Ry Bong-Nyo, sarotra ny namoaka ireo devoly tao anatin'I Pasitera Kim omaly. Reraka be izao ianao io. Ireo devoly tao amin'I Pasitera omaly dia toy ny faraingo miraikitra aminao ka tsy mety miala. Nafenin'ilay pesta ireny ny tena momba azy ka niova ho toy ny fingotra miitatra izy. Taorian'ny fivoriana I Pasitera dia mbola nitaritarika ny vatany marary hanatitra amin'ny fiara an-dranabavy Shin Sung-Kyung tany an-tranony. Ireto ondrikely ireto dia manana fo tia miaro an'I Pasitera. Rehefa nahita izany aho dia voakasika mafy ny foko dia nampiako izy ireo." Ary hoy ihany Izy: "Ilay devoly farany niraikitra tao anatin'I Pasitera Kim iny izay nikiribiby sady vonona hampijaly aza tanteraka raha mbola afa-nanao izany iny dia tsy maintsy nosintoniko tamin-kery hivoaka tao. Indrisy anefa fa amin'ny tanorakely ao am-piangonanareo dia ianao irery no hany efa nahita ny helo. Fantatro fa sarotra aminao nefa tiako indrindra raha mba manam-paharetana kely ianao. Izao, ny paisteranareo Kim Yong-Doo tsy maintsy manoratra ka mitahiry izany. Tsy ny helo manontolo akory iny hitanao iny fa vao ampahany kely dia kely. Fanirian'ny Raintsika ny hahavoavonjy fanahy maro amin'ity asa ity. Mahavaky fo ahy ny hitondra anao any amin'ny helo ary fantatro fa marary koa ny fonao. Manomboka izao dia ampahany kely fotsiny no hasehoko anao dia diniho tsara ka tantarao amin'I Pasitera Kim." Ary hoy aho: "Jesosy, raha misiska Ianao. Azafady aza atoro ahy I neny sy i zandry. Tena tsy zakako ny mahita azy ireo." Hoy Jesosy namaly: "Tsy mety izany. Tsy maintsy mahita zavatra mety tsy tianao ho hita ianao mba hijoro ho vavolombelona ny amin'ny zava-marina." Vantany vao tapi-niteny Izy, dia notantanan'ny Tompo aho ka nentiny tany amin'ny helo.

*　　　　　*Ny niverenana tany amin'ny helo*

Mahatahotra any amin'ny helo. Tsy voavinanin'ny saikelintsika izany toerana iafenan'ny fahoriana rehetra izany. Toeram-boaozona, tsy misy afa-tsy fijaliana, fimenomenonana sy fitarainana, ary kiakiaka. Tamin'ny làlan-tery iray izahay sy ny Tompo. Tamin'ny andaniny 2 samy nisy fanahy maro mijaly mafy dia mafy. Ary tonga tamin-toerana iray izahay izay nisian-tatatra lalina ny sisin-dàlana 2. Nampitandrina I Jesosy: "***Aoka ho mailo!"*** Latsaka any ianao vao tsy mijery làlana na 1 segondra monja aza. Nahita karandoha maro aho tamin'ireny tatatra ireny izay misavovona ka tonga hatreny amin'ny lanitry ny helo.

Tsy maty ireo karandoha ireo fa mifindrafindra miadana sady mikiakiaka, tena nankarenin-tsofina. Mifampihaohao izy ireo ka raha misy milatsaka aty ambany dia mifanosika amin'ny namany hiakatra. Mitaraina izy sady mifampitrerona hoe: "*ô! Maty aho!  Ilay tsy valahara ity, lasa! Lasa ho'aho!"*

Ary hoy aho nanontany: "Tena *mahatsiravina. Fofona lo no re manerana ny tontolo. Tompo a! Te-hivoaka tato aho. Nahoana no maro toy izao ireo karandoha ireo? Naninona ireo olona ireo?"* Nambaran'ny Tompo fa karazan'olona maro no ao: "***Aty misy mpangalatra tafandoro trano tsy nahy ka may kilan'ny afo, ao koa ireo matin'ny afo raha may ny hôtely nandriany, Maty tao anaty trano may raha nambabo lehilahy,  ireo afa-niasa nefa nangataka, ireo maty an-drano tany am-pitsangatsanganana, ireo namono nahafaty ray aman-dreny, ireo niharan-doza teny am-pihanihana tendrombohitra ary ireo nandalo làlam-piainana maro samihafa."***



Tsy voaisako ny karandoha teo. Nandre feo aho tamin'ny andaniny iray nanao hoe: "*Mandaginina! be olona loatra ato, mihiboka loatra ka tsy tanty!"* Ireo karandoha aty ambany nanao hoe: "*Aza manindry ry ilay tsy vanona isany any ambony any a! Aoka izay!"* Feno ratra kely be dia be ireo karandoha aty ambany ireo.

Rehefa nandroso ihany izahay dia nihanahery ilay fofom-paty lo. *"Inona izany masiso be izany tompoko?  Toy ny fofo-nofotra lo."* Namaly ny Tompo hoe: "***Eny, izany tokoa. Jereo tsara ange e!"*** Ary indro ranon-javatra avy tamim-paty simba; nanerana ny tontolo toa ranomasimbe izy io. *"Tompo ô! Toa tsy misy karandoha na taolana? Tsy mahita aho na vatana iray aza, nefa nahoana no no mamofona be toy izany ato?"* Hoy I Jesosy: "***Efa rava avokoa ny nofo sy taolana tato."***

*　　　　　* Zavamaniry mitovy amin'ny raketa*

Rehefa nanohy izahay dia tonga tamina lemaka midadasika tsy mahavokatra. Ary nisy zavamaniry toy ny raketa ngezabe izay tsy nahitàna tsilo. Teo alohany nisy kongona marobe, nisy zava-

nihetsiketsika kosa teo amboniny. Nasain'I Jesosy nijery akaiky kokoa aho, ary rehefa nanatona dia indro ny anadahiko sy olona marobe tsy tambo isaina niboridana. Nifanitsakitro izy ireo sady voageja ao anatin'ilay raketa.Ny rehetra samy rakotra kongonakely mihinana ny nofony, Izy ireo amin'izany mikiakiaka noho ny hirifiry.

Na teo aza izany kiakiaka maro izany dia reko niavaka tsara ny an'ny zandrilahiko. *"Bavy! Ry Bong- Nyo zoky malalako, inona no mbola ataonao aty indray? Kay! Tsy zaka izao, Tena manaintaina!"* Mikiakiaka tolokom-pahafatesana izy ireo fa rotidrotehin'ny kongona isankarazany ny nofony, sady hadiany làlina ny vatany. Tsy nisy mba sombin-koditra hita fa maro loatra ireo kongona.

**Ny havako any amin-davaka tsy hita noanoa feno kankana*

Nanopy maso niankavia aho ka indro hantsambe hipoka olona maro tsy manotosa. Niboridana avokoa izy rehetra sady rakotra kankana. Tsy hita havahina intsony ny kankana sy nofo. (**marka 9:48**) Nihevitra aho fa ho torana indray. Hitako I mama ka nojereko tamin'ny masony. Izy efa niandry fotsiny hatsipy tao anaty hantsana. Hoy I mama nikiaka: "*Anaka, ry Bong-Nyo, reko fa tsy salama, hono, ianao, ka inona no mbola ataonao aty?"* Avy teo izy dia nanao an-dranomaso havozona. *"Mama, Tsy te-hankaty amin'ny helo aho fa ny Tompo no mitondra ahy aty foana. Inona no azoko atao amin'izany?"* Niangavy mafy I Neny: "*Tompo ô, Nahoana no avelanao hahita ny fijaliako aty amin'ny helo ny zanako nefa fantatrao fa mampalahelo azy mafy izany?"*Ary niara-nitomany izahay.

*"Mama, na hitako ho mafy tokoa aza ny fahorianao dia tsy misy azoko atao. Miala tsiny indrindra!"* hoy aho. Niangavy I mama hoe: "*Ry Bong-Nyo, Azafady, aza mankaty amin'ny helo intsony mihitsy. Maty aho ary nentina taty hampahoriana, fa ianao kosa manaraha ny Tompo hatramin'ny farany. Aoka ianao tsy ho tonga aty tahaka ahy fa ataovy azo antoka ny hiavianao any an-Danitra."*

Niangavy ny Tompo aho hanampy fa tsy nisy azony natao. Rehefa nitomany mafy aho dia natsipin'ilay devoly tsy nananany antra tao anatin'ilay lavaka ny reniko. Nitangorona haingana ireo kankana, nanodidina ny ranjony, nandavaka ny nofo aman-taolany. Ary nanao tolokom-pahafatesana izy sady nitsambikimbikina toy izay ataon'ireo hafa rehetra tao. Tsy ela dia takon'ny kiak'ireo hafa ny azy.

Injay koa ranadahy mihorakoraka avy eo ankavanana. Hoy indrindra izy: "*Bavy a, hanin'ny kongona velona ny tenako. Oh, Manaintaina mafy! Zoky a, iangavio I Jesosy hamonjy ahy izao!"* Nanindrona an-jandriko ny kongona ka niely manerana ny tenany ny poizina, ary niofo ho mainty izy. Namono tena io zandriko io, tsy nampoiziko ho mafy toy izao ny sazy mahazo izay manao izany. Niangavy an'I Jesosy aho saingy nilaza izy fa tara loatra. Nitomany mafy tamin'ny Ray any an-Danitra mihitsy aho, nefa tsia koa hoy Izy. Tsy ela dia tonga karana mainty no sisa tavela tamin-jandriko, nefa mbola nikiaka ihany izy. *"Bavy a! mialà haingana tato amin'ity toerana ity. Tsy ilaina mankaty intsony ianao. Azonao?"*

Nambaran'ny Tompo ahy ny sasany amin'ireo olona ao. "Ato ireo lehilahy nampirafy 2 na 3, Ireo lahy sy vavy niovaova olon-kiarahana sy miray amin'izay rehetra hita, ireo namono tena, ireo niangona nefa mbola

nijangajanga, ireo maty tany an-tendrombohitra, ireo novonoin'ny alika, sy ny maty hafa maro."

Rehefa nanohy ny dia niaraka tamin'I Jesosy ihany aho dia nahita langilangy goavambe nampatahotra t o k o a . Devoly mankadiry be no nihazona azy i o ary niomana hanetika ny olona. Hoy I Jesosy: "Io no demony faha-10 amin'ny ngeza indrindra aty amin'ny helo." Manan-doha marobe izy mivoaka avy amin'ny tenany. Tetehiny ny olona mitandahatra ka tonga manerana ny tontolon'ny helo ny horakorany mahatsiravina.

Ankafizin'ireto devoly mamohehitra ireto mihitsy ny mampijaly ny hafa. Notapahin'izy ireo ny lohan-drain'ny pasiteranay. Hoy izy nikiaka: "*Kay! Vonjeo e. Miala tsiny aho. Aoka izay! Avelao ny heloko!*" Tena nampivarahotsana. Raha tety an-tany dia ho torana na maty ny olona atao toy izany, fa any amin'ny helo tsy misy torana na maty izany, tsy misy afa-tsy kiaka mampatahotra. Velona avokoa ny retsi-pandrenao rehetra.

Nitomany ny rain'ny mpitandrina anay: "*Indrisy. Matin'aretina aho, ary nihevitra fa rehefa maty dia vita hatreo ny olana. Nihevitra aho fa hiala sasatra amin'izay satria tsy mila miasa intsony. Tsy izao mihitsy no noheveriko hitranga!*" Nihivingivin-doha izy. Rehefa avy nanapaka ny tongony dia hoy ireo devoly nihoraka: "*Ny vatanao indray izao, sa ahoana?*" Ary notetehiny madinika izy, tena nampivarahontsana.Tsy nofy io fa hita tamin'ny antsipirihany izay nitranga.Hitan'io devoly io izahay sy I Jesosy nijery fa tsy noraharahainy, ny asaratsiny hatrany no notohizany.

Nozarain'ilay devoly 2 tamin'ny tanany ny lohany ary nataony tanatina lavoaly misy menaka mandevy izay sisa tavela taminy. Mitsonika ny olona ka taolana sisa. Nefa tsy mitsahatra ny hiakam-pijaliany. Mivezivezy ireo devoly sady mihomehy toy ny mifety. *"Afa-mamoky tena indray androany. Betsaka ny hanina. Andro tsara androany fa maro no tonga aty amin'ny helo. Izay no mahafetibe ny aty ka anendazana azy ireo izao,"* Hoy izy ireo.

Nitrerona mafy ireo tao anaty lapoaly hoe: "*E, ilay tsy vaky hantatra ireto! Avoahy tato aho. Doranareo velona aho! Avoahy aho izao dia izao! Tsy misy zavatra hitako. May! Maty aho!*" Sady niteny ratsy izy ireo saingy tsy tiako haverina.

Avy eo dia nentin'I Jesosy tamin'ny hantsana nisy afo miredareda nisy ireo zanak'I Lota 2 vavy (**genesisy 19:31-38**) aho, ranomaso havozona izy ireo. Nalahelo mafy I Jesosy, ory dia ory ny fony ka nanapakevitra hiala haingana tao Izy. Hoy ny Tompo: "***Ry Bong-Nyo, Marary ny foko mahita ireto vehivavy 2 ireto ary fantatro tsara ny fahorianao mahita ny fianakavianao aty. Saingy tiako ianao raha misaintsaina amim-pahatoniana izay hitanao.*** " Nambaran'I Jesosy fa isaky ny mitondra ahy any amin'ny helo Izy dia ory mafy ny fony fa afeniny ahy. Hoy I Jesosy: "***'Ndao hiala aty amin'ny helo izao.*** " Ary naveriny tao am-piangonana aho.

## ==== Andro faha-19 ====

(hebreo 10:35-39)

**Shin Sung-Kyung:** ** Nanao ny dihy ara-panahy ny diakona vavy Shin Sung-Kyung*

Nivavaka tamin'ny fitenin-Danitra aho, reko nirehitra vainafo tany anatiko. -10° ny tany ivelany ary novonoinay ny mpanome hafanana. Namirifiry tao am-piangonana fa niaraka taminay ny

Fanahy Masina. Tsy nampaninona anay ny hatsiaka satria novain'ny Tompo ho afo miredareda ny vatanay. Tsy maintsy nesorinay ny akanjo matevina fanao amin'ny ririnina fa fitafiana maivana fohy tànana ihany no nanovanay.

Nirehitry ny afom-bavaka izay toy ny masoandro mitaratrabe aho. Hotsaky ny hatsembohana izahay, toy ny eo ambany masoandro mahamay be. Amin'ny fotoana toy izao aho hatrizay nangovitra be, zara raha andriko ny hifaranan'ny tolona am-bavaka. Tsapako nihalalindalina hatrany ny fivavako. Nony afaka adin'ny iray dia nanomboka nihetsika ho azy ny tànako. Niovaova ilay fihetsika nefa nirindra tsara.

Hatrizay aho dia afa-nanaramaso fotsiny ny dihy ara-panahim-badin-drapasy sy rahavavy Baek Bong-Nyo sady naniry fatratra ny hahazo io fanomezam-pahasoavana io. Hoy aho niangavy: "*Tompo ô, Aleo aho mba hanao ny dihy ara-panahy! Te-hanana io fahasoavana ara-panahy io mafy aho. Tompo a! Tena maniry azy amin'ny foko aho. Ampio aho hanandrana izany tena hoe mandihy ara-panahy.”*

Hatramin'ny naha-kristiana ahy, Tsy mbola niaina sy feno ny Fanahy aho. Mpanota be aho ary menatra ny Tompo aoka izany. Fa tato ho ato kosa niaina ny herin'ny fanahy masina bebe kokoa nandritry ny tolona am-bavaka isan'alina oharina amin'ny fotoam-bavaka isan'alahady. Tokony ho 2 ora eo ny fotoana amin'ny alahady ka atokana ho an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fiderana, vavaka, toriteny, ary hafatra, izany dia nahatonga ahy haniry bebe kokoa hatrany ny zava-panahy.

**Lee, Yoo-Kyung:** ** Mankeo anoloan'ny sezafiandrianan'ny Andriamanitsika* **(apok 4:2-4)**

Vantany vao nivavaka aho dia indro devoly mana-tandroka telo. Hoy aho nihoraka: "*Ry devoly, amin'ny anaran'I Jesosy, manjavona teo!”* dia niala izy. Hoy ihany aho niantso mafy: "*Ray ô, manina anao aho!”* Ary tonga I Jesosy ka nanao hoe: "***Ry Yoo- Kyung tsy foiko, niantso ny Ray ianao teo e?”*** Namaly tamimpahasahiana aho hoe: "*Eny.”* Hoy ny Tompo nanontany: "***Te-hiantso ny ray ianao?”*** Hoy aho namaly: "*Eny, tena tiako indrindra izany.”* Ary hoy Izy: "***Miantsoa ary!”*** Ary niantso tsy nitsahatra aho hoe: "*Ray! Ray!”*

Nentin'I Jesosy tany an-Danitra aho. Tiako ny mandeha eny amin'ny rahona ho any an-Danitra, sady mihira fiderana an'I Jesosy no milalao tora-pasika. Hoy ny Tompo tamiko: "***Ry Yoo-Kyung, Tsaroanao ny toky nomeko anao omaly? Tadidy?”*** Namaly aho hoe: "*Eny ry Jesô. Nanome toky ianao fa haneho ahy ny Ray.”* Nahatoky tamin'ny teniny I Jesosy ka nitondra ahy tany amin'ny Ray. Lehibe noho izay mety hoeritreretintsika ny Raintsika, Tonga hatrany amin'ny faratampon'ny Lanitry ny Lanitra sady mamiratra noho ny masoandro. Mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana mankadiry be Izy.

Dibo-kafaliana aho raha nihira fiderana teo anoloan'Andriamanitra. Toy izao ny hirako: “*Hobio ny Tompo ry Fanahiko*” ary nihaino ahy nihira Andriamanitra Ray. Nandihin-kafaliana Izy, isaky ny mihetsika Izy dia misy hazavana tsy hay lazaina miloko maro samihafa mivoaka avy aminy. Eo anoloan'ny Ray misy boky lehibe noho ny tendrombohitra, ary nijery an'io Izy.

Natsotran'ny Ray ilay tànany mankadiry be ary nakapokapony moramora tamin'ny lohako. Tsy

voalaza amin'ny teny ny haben'ny tànany. Feno zavona toy ny rahona ny tapany ambony amin'ny vatan'Andriamanitra Ray. Nasain'I Jesosy nanohy ny hira fiderana ihany aho, ary nataoko izany. Nifaly ny Ray, nitehaka, nihazona ny tànako nandroso sy niverina. Faly ery aho ka nanetsiketsika ny sandriko nanketsy sy nankeroa. Nampitandrina ahy I Jesosy: "***Eo anatrehan'ny Ray, aza manetsika ny sandrinao amin'ny fomba tsy voafehy!"*** Nampianariny aho hanandra-tànana ambony sy hanondrika ny lohako amim-panajàna. Nony kelikely dia naverin'ny Jesosy tao am-piangonana indray aho.

**Lee, Haak-Sung:** ** Midaroka devoly amin'ny tànana!*

Mbola narary mafin'ny hirifiry ny mpitandrina anay vokatr'ilay fanafihan-devoly azy iny. Nambarany anay fa ho afaka hanambotra devoly amin'ny tànana izahay anio alina ka nasainy ho vonona hamaly faty. Ary naira-niredona izahay hoe: "*Amen!"* Nanomboka amin'izay ary ny vavaka, ary nivavaka tamim-pahavitrihana tamin'ny fitenin-Danitra aho.

Nanatona mangina I Jesosy. Nipetraka nanoloana ny vadin-drapasy Izy sady nihaino ny vavaka nataony nandritry ny fotoana ela. Avy teo Izy nanakaiky an-drapasy sady nanao taminy hoe: "***Ry Pasitera Kim, aiza no maharary anao?"*** Ary notondroiny ireo faritra nokakerina sy norangotin'ny devoly. Nifantoka manokana tamin'ny tenda sy lamosin-drapasy I Jesosy, tsy nitsaha-nanafosafo ireo faritra naharary.

Rehefa nandeha I Jesosy, nanohy hatrany ny vavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra aho. Fanahin-devoly 5 no indray nanafika ahy. Tsaroako ny hafatr'I Pasitera, ilay momba ny fifanandrinana mivantana amin'n-devoly. Rehefa natsotrako ny tànako ka nosokafako dia nahasambotra zavatra. Rehefa nojereko tamin'ny masom-panahy dia hay devoly vavy nitafy akanjo fotsy. Voatazoko tsara ny ranjony ka tsy afa-nihetsika izy. (**marka 3:15**) Nahodinkodiko toy ny an'ny elisin'angidimby izy. Tena nahavariana. Nahodinkodiko izy dia natsipiko teny amin'ny zoron-drindrina. Reko nisy nipika tany amin'ny vozony, ary nihiaka izy hoe: "*Kay! Vonoinao aho."* Tsaroako teo ny toritenin'I pasitera hoe: "*Rehefa mahita devoly ianareo, hitsaho tsy misy indrafo! Poiro avy tao ny masony ary hitsakitsaho izy!"* Ary nomeko ny totohondry sy daka izy ireo. Hoy izy nihiaka mafy: "*O ry lehity e! Ahh! Vonjeo 'zahay!"* Ary nitsoaka izy rehetra. Tena fahagagàna. Tsy matahotra intsony aho. Na maro aza izy no indray manafika, vonona aho hifampitana aminy.

Nanodinkodina devoly hafa indray aho ary nanipy azy lavitrabe. Nanatona ahy nivotirika tamin'ny masony fotsibe ilay devoly nolazain'I Joo-Eun. Nandrasako ho akaikikaiky izy. Vantany vao hanelingelina ny vavaka nataoko dia nosokiriko hivoaka tsy nananako antra ny masony ary nasiako hianjera teo amin'ny tany izy. Nihisakisaka sy nandady teo amin'ny tany izy efa tsy mana-maso: "*Tsia an! Ny masoko, aiza ny masoko teo? Ampio aho hikaroka azy."* Hitany ihany nony farany, rehefa nandramany napetaka nefa dia feno vovoka tamin'ilay faritra tokony hipetahany. Napetany tany amin'ny tsy izy ireo masony sady nitsoaka izy.

Ary nisy devoly lahy nanao akanjo rovitra nanatona ahy moramora toa niandry fihetsika avy tamiko.Ny eritreritro amin'io hanipy azy toy ireny fanaovana petanky ireny. Rehefa tena akaiky izy dia notakariko tamin-drantsa-tànana roa ny masony ary tamin'ny iray hafa ny lavakorony. Natsipiko

toy ny kanetibe ka rehefa nidona mafy dia nanjavona.

Avy teo indray, indro devoly lava volo nanao robe.Somary nangoritsina aho, nandeha rà mantsy ny masony sy ny vavany. Nohenjehiko izy, tratrako ary nofelahako, sy nohitsahiko. Nahatsiaro ho mpandresy tanteraka aho! Hoy aho taminy: "*Tsy ilaina mankaty intsony ianareo ry devoly isany! Mandrebireby fahatany!"* Rehefa voadaroka tsy nitsahatra izy dia nitsoaka sady nikiakiaka. Nahatalanjona; nankafiziko ery ny namely tehamaina ireo devoly ratsy ireo!

Niverina nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra aho no indro devoly lahy lofosanabe nanao fanakonan-tarehy vy nanatona ahy. Masony iray feno kankana izay ihany no hita. Tsy te-hikasika azy aho ka nihoraka hoe: "*Amin'ny anaran'I Jesosy, mialà amiko!"* Tsy niala nefa izy fa nandihy toa niolanolana. Teo am-pandihizana izy dia toa miverimberina manjavona sy mipoitra. Nandrasako hiseho dia nosamboriko ka nahodinkodiko. Natsipiko tany aorian'ny fiangonana ka rehefa avy namoaka feo hafahafa dia nanjavona. Tamin'io indrindra dia tonga I Jesosy ka nitehaka sady nanao hoe: "***Ry Haak-Sung malalako, Tafahoatra ny fenitry ny fampijalian-devoly ianao nony farany.*** Reharehako ianao, tena reharehako."

Indraindray aho mandritry ny toriteny mahita anjely mandraraka menaka amin'ny lohan-drapasy ka miha-miditra làlina sy mahery ny toriteniny. Rehefa voaresaka ao ny momba ny devoly sasany dia miafina amin'ny zoron-trano izy ireo sady mangovitry ny tahotra.

Kim, Joo-Eun:

Nihira "Voninahitra, voninahitra, hallelujah" aho, ary nirehitra afo ny vatako.Namirifiry tao an' efitrano fiangonana nefa nipatrapatraka ny hatsembohako. Nitaraina ilay devoly niady tamin'I Haak-Sung tsy nahay nampiditra ny masony teo hoe: "*Lehity e, mijaly aho noho ilay Haak-Sungn-doza io. Izy no nanao izao." "Mety mihitsy!" hoy aho namaly: "Vaovao tsara."* Ary nitomany izy sady nanao hoe: "*Aoka izay! Aoka ho'aho."* Hoy aho nitrerona: "*Ry devoly ratsy, amin'ny anaran'I Jesosy, mialà amiko!"* dia lasa izy.

Ary nisy namikitra tamin'ny akanjoko nefa aho tsy nahita na inona na inona. Reko nisy nisintona koa ny voloko sady nisy nikapoka ny faritra amin'ny sisin'ny tenako. Nahita zavatra hafahafa nihodinkodina aho. Nambarako io devoly io fa tezitra mafy aminy aho ka izao no navaliny: "*Izany an? Tsara, romota amiko. Izaho miezaka hitondra anao any amin'ny helo. Nahoana ianao no mivavaka mafy toy izao ry ilay pesta kely ity? Aza mivavaka. Manan-kanin-ko hanina angaha ianao rehefa mivavaka? Inona no ivavahanao?"* Hoy aho namaly: "*e, rehefa mivavaka aho dia misy fahagagàna mitranga, izaho koa manangona valisoa. Ry devoly, mialà!"* Ary toy ny tsy teo izy.

Nony kelikely, notampohina bibilava mankadiry manan-doha 2 aho. Natahotra aho, nangovitra, izy io mantsy lava noho ny anaconda sady nanomboka niantsambotra tety amiko. Niantso mafy aho hoe: "*Jesosy, vonjeo aho! Azafady, ampanjavony io bibilava ratsy io!"* Tonga avy hatrany I Jesosy nisambotra ilay bibilava. Nahodinkodiny mafy dia mafy ilay izy ary natsipiny lavitrabe. Nisaotra an'I Jesosy aho ary hoy Izy: "***Ry Panda tsy foiko, isaky ny miantso ny anarako ianao dia tonga foana aho hanampy anao ka aza manahy. Mazoto mivavaka ihany no tokony hataonao."***

** Vavaka mahatonga anao hankany an-Danitra*



Androany aho nahita anjely 2 tsara tarehy nidina moramora.Lava ranjanana noho ny olombelona izy ireo sady nanao am-panajàna hoe: "*Arahabaina ranabavy Joo-Eun."* Izy nihazona fitafiana tsaratarehy namiratrabe nisy elatra avy tao aoriana teny an-tànany. *"Ranabavy Joo-Eun, tsara ity akanjo ity e, sa tsy izany?"*

Hoy aho namaly: "*Te-handramako izao dia izao."* Ary nampitafian'izy ireo ahy moramora ilay izy. Nitsangana teo ankavia sy havanako ireo anjely ireo ka samy nihazona ny tànako. Feno hery aho ary nanidina ho any an-Danitra. Tsy ela dia nivoaka ny atmôsfera izahay ary hitako nihalavitra ny tany. Tonga tamin-toerana iray izahay izay feno kintan'ny làlan-dronono miparitaka, tena kanto aoka izany. Both Nahazo aina tsara ireo tànako 2 tamin'ny andaniny avy ary tsapako nanomboka nitsingevana ireo elatra tamin'ny akanjoko. Asa fa tsy afa-nanidina mihoatra an'io intsony izahay. Hoy aho anakam-po: "*Te-ho tonga hatrany an-Danitra aho, fa misy inona ary?"*

Hoy ny anjely nanazava: "*Satria mbola tsy ampy ny vavaka nataonao dia hatreto ihany aloha no azontsika aleha."* Diso fanantenana aho, ary niverina tety an-tany indray izahay.

Tsarabe ny tany jerena avy eny amin'ny habakabaka, hay izy ity kely dia kely. Nisy fahasoavan-dehibe tsy voaraiko androany nefa lesona lehibe momba ny vavaka koa no azoko.Raha te-ho tonga any an-Danitra amin'ny vavaka dia mila manontona ny hery rehetra ao aminy.

**Soeur Baek, Bong-Nyo:** ** Fitsangatsanganana niaraka tamin'I Jesosy*

Teo am-pivavahana aho dia nentin'I Jesosy hamangy ny helo. Tsy ela dia indro andry lehibe nahitàko zavatra toa mihetsiketsika. Rehefa nohatoniko dia hay olona aminarivony maro no miraikitra eo.Miboridana izy rehetra, ary fatorana mafy dia mafy ka tsy afa-nihetsika. Hanin'ny kongom-potsy ny nofony ary mikiakiaka tolokom-pahafatesana izy. Rehefa taolana sisa tavela dia mitsiry indray ny nofony ary miverimberina foana izany tranga mahatsiravina loatra izany.

Nanontaniako ny Tompo ny ota nataon'ireo olona ireo ka toy izao no navaliny: "Ireo ny olona nanatrika fotoam-bavaka maraina nefa tsy maharitra hatramin'ny farany, miala tsiny fa maika hanao ny fanaon'izao tontolo izao ka matin'ny lozam-piarakodia avy teo. Ao indray ireo nankany am-piangonana nefa mamo rehefa any amin'ny takona, indraindray aza mankany amin'ny bara mihitsy sy ireo mankany am-piangoanana ara-pombafomba fa tsy tena mitady ny Tompo."

Tsy zakako ny nahita ny fahoriana ka niangavy an'I Jesosy aho fa te-hanalavitra io toerana io. ***"Ekena, 'ndao ary izao ho any an-Danitra,"*** Hoy izy. Notantanany aho ka rehefa nanidina tao amin'ny habakabaky ny lanitra dia tonga tao amin'ny zaridainan'ny Edena. Nifampisakambina

izahay sy I Jesosy, endre izany fitsangatsanganana. Rehefa hitan'I Jesosy fa faly aoka izany aho dia nobitsibitsihin'ny Tompo moramora hoe: "***Ry Bong-Nyo malalako, tsy mbola salama tsara ianao e? Henjana ny mahazo anao izao nefa tsy maintsy miaina amin'izany aloha."*** Mampahery ahy foana ny teniny sady mandatsa-dranomaso ahy. **(2 kor 1:5)**

**Pasitera Kim, Yong-Doo:** ** Toy ny herin'aratra*

Mbola tena nanaintaina mafy aho vokatr'ilay fanafihan-devoly ahy iny, nefa noho ny fahasoavan' Andriamanitra dia mba afaka nitory teny sy nihira fiderana tamin'ny fangirifiriana zakan'ny vatako. Nivavaka sy nanandra-tànana tamin'ny heriko rehetra aho. Ary tsapako ho nidiran'ny herinaratra ny tànako roa. Natanjakabe ilay herinaratra ary niparitaka nanerana ny vatako.

Andriamanitra nandraraka menaka fanosotra ahy, nefa tsy nety niala ny hirifirin'ny vatako. Nanano sarotra be tamiko ny nivavaka nanandra-tànana. Misy fotoana aho mandre mahararbe toy ny notsindronina tamin'ny fanjaitra.  Rehefa izany dia ampidiniko ny tànako. Rehefa somary mihena ny fanaintainana dia ampiakariko indray sady mivavaka aho, dia toy izany hatrany.

Tapakevitra tanteraka aho tsy hampidina ny tànako intsony.  Tampoka teo, nihetsika nankany amin'ny sisiny ny tànako havia. Nilatsaka kely aloha, ary nony afaka adiny iray dia nihodina ny tànako ka lasa nitodika tany ivelany. Tokony ho 3 ora vao nanomboka nihetsika koa ny havanana. Nijanona toy izany ny tànako 2 nandritry ny fotoana somary ela. Tsy afa-nihetsika intsony ny sandriko ary nijanona teo nandritry ny vavaka nataoko adiny efatra; nampijaly ahy aoka izany.

** Ny nibebahana tamin'ny ota rehetra tsy ankanavaka*

Tsy azoko antoka ny maha-avy tamin'Andriamanitra io tranga nahazo ahy io, noho izany, nihoraka mafy aho hoe: "*Satana, mialà amiko! Mivoaha!"* Nangina I Jesosy.  Ny hany nataony dia nandraraka, hafaliana, fiadanana, sy afon'ny Fanahy Masina tamin'ny tenako nangozohozo. Ary nanomboka tsaroako avokoa ny ota nataoko taloha ka nanomboka nibebaka aho. Nifonako ny fiainana tsy mendrika ny mahampitandrina ahy sy ny fitiavako manao fanatanjahantena be loatra. Io ota io dia nahatonga ahy somary hanao tsinontsinona ny fanompoana ny Tompo. Nifona tamin'ny otako rehetra aho. Niolana ny tànako 2 nefa nivavaka ihany aho mandra-pianjerako noho ny fanaintainana.

*"Fa ny ditranao sy ny fonao tsy mibebaka no irakatenao fahatezerana ho anao amin'ny andro fahatezerana sy fampisehoana ny fitsarana marin'Andriamanitra."* **(romana 2:5)**

Tia fanatanjahantena aho, ary rehefa milalao dia tena tafiditra làlina ka hadinoko tanteraka ny Tompo. Nampalahelo azy izany. Fanatanjahantena maro no manandevo ahy, anisan'izany ny bowling, baolina kitra, indrindra fa ny badminton. Te-hanam-batana mirijarija tsara aho ka nandany fotoana be loatra tamin'ny fanatanjahan-tena. Matetika aho no mankany amin-kianjana badminton, eo anilan'ny loharano mineraly. Esoriko any avokoa izay ferotraina mahazo ahy. Tsy fahadisoana akory ny manao fanatanjahantena fa maro amin'izay ataontsika no mameno ny saintsika. Arakaraky ny nidirako làlina tamin'ny tontolo ara-panahy no nahafantarako fa tonga nanandevo ahy ny fitiavako fanatanjahantena. Miangona maro ireny ota ireny ka manakana ny fitomboako ara-

panahy. Ary nitomany aho sady nifona tamin'ny otako rehetra.

Indray fotoana izay, nankany amin'ny fiangonana hafa avokoa ireo ondry notandremako ka tsy nisy afa-tsy lahiantitra iray izay sisa tavela. Tsy nitombo mihitsy ny fiangonana. Soa ihany anefa fa nisy mpitandrina avy any Seoul fantatro tsara izay nanome ahy toerana ambony tamim-piangonana misy ondry anjatony maro. Hoy aho anakam-po: "*Ie, tsarabe!"* Efa niomana hanaiky ilay tolotra aho. Iray andro talohan'ny nialàko anefa, raha nivavaka aho dia indro I Jesosy nihazona japy lavabe hatrany an-Danitra mipaka ety an-tany. Nodidiany aho handohalika sy hiankohoka dia nankato. Nalainy ilay karavasy ka nojapiany mafy tamin-kery aho. Tsy naratra aho fa tsapako ny fitiavan'ny Tompo ahy. Izy kosa nefa nalahelo sady vonton-dranomaso. Hoy izy nanontany: "***Ry mpanompo tsy foiko, Inona no tianao hatao rehefa mandrosobe ny fiangonanao? Pasitera Kim Yong-doo! Ry Pasitera Kim, Fanatitra toy inona no homenao eo amin'ny fitoerana masina?"*** Tsy nahavaly ny Tompo aho. Fantatro fa ny valinteniko dia hamoaka ny ao am-poko mahamenatra.

Rehefa mivorivory ny mpitandrina dia samy miresaka ny "*nitomboan'ny fiangonany haingana"*, "ny isan'ny ondry azony", "*ny fotoana laniny nanorenany ny trano fiangonany"* ary "*Izay mpitandrina tena nahavita be.*" Fantatro fa izany no ho navaliko. Tsy afa-nitsangana aho fa nandohalika sy niankohoka teo anatrehan'ny Tompo sady menatra mafy. Tsy afa-nanao na inona na inona aho ka nitomany. Nanafosafo ny lamosiko ny Tompo sady nampahery ahy tamin'ny hafanàny. "Ry mpanompo tiako, ny fanatitra hanaovana trano fiangonana, ny habetsahan'ny ondry mankao amin'ny fiangonanao, izany ve hoy ianao no tena tiako? Aoka ianao tsy hanana izany tanjona izany intsony ao am-ponao fa hanao izay tena faniriako. Mandehàna mitady ny ondry very, izay isany tsy maninona, na 1 na 100. Izay tonga eo karakarao tsara. Aoka ianao hahatoky amin'ny kely indrindra. Aza avela hanelingelina anao ireo fiangonana lehibe manodidina fa mazotoa mivavaka dia andraso ny fotoako. Farany, aza kivy."

**Ny vadin-drapasy Kang, Hyun-Ja:** ** Vavaka amin'ny fanahy mangorakoraka*

Androany, niolana koa ny tanako, toy ny an'ny mpitandrina. Nanazava taminay I Jesosy tamin'ny alalan'ny fahafaha-maminanin'I Joo- Eun. Sarotra kokoa ho an'ny mpitandrina sy ny vadiny no hisokafan'ny masom-panahy, dingana henjana no tsy maintsy lalovana. Maro ny karazam-bavaka fa ny mafonja ka hahatonga azy haingana indrindra dia ny fibebahana an-dranomaso.

Oharina amin'ny hafa ato aminay, izaho tsy dia marivo ranomaso loatra. Angamba noho izaho somary mafy fo.Na mivavaka sy miantso mafy ny Tompo toa inona aza aho, tsy afa-mitomany na miezaka aza.Nanontany an-drapasy aho ny amin'izany ka nolazainy fa tsy ampy fangorangoraham-panahy. Nasainy aho hangataka fo torotoro amin'ny Tompo.

*"Akaikin'izay manana fo mangorakoraka Jehovah, ary mamonjy izay torororo fanahy."*
(salamo 34:18)

Nandritry ny tolakandro iray manontolo aho dia nivavaka tamin'ny fo torotoro feno fibebahana, ary ny Tompo nandraraka tamiko ny fahasoavan'ny ranomasom-pibebahana. Ny Fanahy Masina nandrakotra ahy tamin'ny ranomaso sy hatsembohana. Ranomaso havozona aho fa tsy voatànako intsony ny tomaniko. Ary niteny tamiko tamin'ny alalan'I Joo-Eun Andriamanitra fa azo ekena ho

Azy ny ranomasom-pibebahako.

Noho izay rehetra ataonay dia mitady hirika hanafihana foana ny fahavalo, tsy mahazo varimbariana mihitsy izahay. Satria moa mibaribary amin'ireo tanora manana fahasoavan'ny masom-panahy ato aminay ny tena maha-izy azy ireo devoly, noho izany izy ireo tsy maintsy mivavaka tsy mitsahatra mba hahery. Tsy fantatray ny nifidianan'ny Tompo anay hiady aman'aina toy izao, nefa izahay malemy. Hoy I Jesosy: "***Ry zanakondrikelin'ny 'Lord's church', ny ady amin'ny devoly ihany no hany ahafaha-mampaharitra ny finoanareo. Matokia Ahy. Raiso ny tànako dia andao. Homba anareo foana aho ka aza matahotra."***

## ==== Andro faha-20 ====

**(asa 1:8)** ** Kim, Joo-Eun nanafika devoly!*

Nolazain'I Pasitera izahay tsy hatahotra devoly, fa hamely azy mivantana. Hoy izy niteny mafy: "*Hitsaho izy, ataovy mandre hirifiry! Poiro hivoaka ny masony, ataovy modaka toy ny ovy nandrahoina ela. Sambory dia avilivilio, ataovy mahamay."* Nahafinaritra mihitsy ilay toriteny sady nampitombo hery ahy. Satria aho mora matahotra dia nasain'I pasitera tsy haneho izany tahotro izany fa manjary hahery vaika kokoa, hoy izy, ny fanafihan'ny devoly. Vonona tanteraka aho ny ho avy amin'ny angady sy ny harona.

Ilay devoly tena nampatahotra ahy indrindra no hitako voalohany, devoly vavy nitafy akanjo fotsy. Nampihoronkoditra ahy ilay tomaniny mahatsiravina iny. Somary sorena aho nefa nanangona ny heriko rehetra, nofejaiko ny volony ary nahodinkodiko. **(marka 9:23)** Nihiaka izy hoe: "*Kay! Aleo aho handeha! Maharary. Avelao amin'izay! Maharary!"* Nosintosintoniko tsy nananako antra mandra-piongotry ny volony rehetra. Hoy izy nitomany: "*Ny voloko! Maty aho voloko!"* Ary nanjavona izy.

Nisy devoly lahy lava loha indray nampatahotra ahy. Nanatona ahy izy sady nitanatana vava. Notriariko hiala ny valanoranony, nosokiriko hivoaka ny masony dia nohitsahiko. Nihiaka izy hoe: "*Kay! Ny masoko! Ny vavako! Aiza daholo? Tadiavo! Manaintaina!"* Nifampitady amin'ny gorodona izy fa tsy nahita ka nanjavona.

Taorian'izay dia nisy devoly manana maso antsasa-bolana tonga.Nopotipotehiko ny vatany sady notreroniko izy. Natambatambany ireo vatany potipotika sady nitsoaka izy no nanao hoe: "*Mbola hifankahita isika, ho hitanao izany."*

** Fivorian-devoly sy vavaka nangatahana fitaovam-piadian'ny Lanitra*

Nony kelikely, rehefa nivavaka aho dia nandre devoly maromaro niresaka teo amin'ny zoron-trano. Tokony ho 30 teo izy ireo no hitako nanao boribory fa nivory. Hoy ilay lohandohany: "*Havelantsika amin'izao ve ity fiangonana Lord's Church ity? Malaky 'nareo, aza avela hisy hivavaka. Mihetseha ry ilay vendrana ireto a!"* Ary nisy hafa nanao hoe: "*Io Joo-Eun ratsy tarehy io izay antsoina hoe Panda! Tsy mahamenatra ve raha zazavavy kely toy io no handresy antsika?"* Hoy koa ny hafa nihoraka: "*Ary izaho? Notriariny hitanatanabe ny vavako! Nijininikabe ny ràko."* Hoy indray ny

iray: "*e, Mbola tsisy dikany ny anao! Niongotra daholo ny voloko, sola tanteraka aho izao! Inona ary no hataontsika?"*

Nony kelikely dia indro karandohan-devoly nanafika ahy, ary nivavaka faingana tamin'ny Tompo aho hoe: "*Tompo! Omeo famaky aho!"* Tampoka teo dia nisy famaky teo anilako. Vao nanatona ilay devoly dia nokapakapaiko mandrapahapotipotik'ilay karandoha.

**Lee, Yoo-Kyung:** ** Yoo-Kyung nifanandrina tamin'ny devoly!*

Androany, vantany vao nivavaka aho dia indro devoly vavy nitafy lamba fotsy. Mifaraingo toy ny an'ny Dracula ny nifiny sady mandeha rà ny vavany. Satria izy tsy niala tamin'ny fandroahako dia noraisiko tamin'ny volony ka nahodinkodiko mafy. *"Kay! Avelao ny voloko. Avelao amin'izay azafady!"* Hoy izy nitomany. Falifaly aoka izany aho sady nanao hoe: "*Ry devoly ratsy, natahotra anao foana aho hatrizay! Anjaranao indray izao!"* Nahodinkodiko izy mandra-piongotry ny volony rehetra, ary nikiaka mafy izy hoe: "*Rehefa maty ianao, izaho mihitsy no hitondra anao any amin'ny helo!"* Dia lasa izy.

Ary nisy devoly lahy solaloha nanatona ahy. Nosamboriko izy ary notsindriako mafy ny lohany. *"Kay! Maty eto aho. Aza tsindriana ny lohako!"* hoy izy nihoraka. Izaho nefa nankafy ery. Notsindriako mafy dia mafy ka nipasaka. Ary nomeko totohondry tamin'ny heriko manontolo dia nianjera teny amin'ny sisiny.

Raha mbola nanohy nivavaka aho dia niseho teo alohako I Jesosy ka nanao hoe: "***Ry Yoo-Kyung tsy foiko indrindra, nitombobe ny finoanao. Izao ianao mahavita mandratra devoly amin-totohondry."*** Ary nitsiky Izy. Hoy aho: "*Jesosy a! Te-ho any an-Danitra aho!"* Nefa izy nisisika fa hamangy ny helo izahay.

Tany izahay ary tonga teo amin-toerana iray nisy vilany vy goavam-be midorehitra mena noho ny afo. Hoy I Jesosy: "***Ry Yoo-Kyung, Jereo tsara izay oa anatin'io vilanibe io ka fantaro."*** Nodinihiko ka hay ny renibeko sy lehilahy iray. Mitsambikimbikina sy mikiakiaka izy roa: "*Kay! May, may ato!"*

Rehefa nahita ahy I bebe dia hoy izy: "*Ry Yoo-Kyung, Tsy tantiko intsony izao hafanana mamaivay be loatra izao! Ampio ny bebenao. Iangavio ny Tompo hamoaka ahy tato."* Tsy hitany izay hatao; nihazakazaka toy ny romotra izy. Na ny akanjo fotsiny aza mirehitra koa. Ary nihoraka mafy i Bebe: "*Ry Yoo-Kyung, Faly aho fa eto ianao izao, mba ampio aho hivoaka tato! Tsy zakako intsony izao hafanana be izao."* Natsotrako ny tànako hanampy azy nefa hentitra ny Tompo nampahatsiahy ahy fa tsy azoko atao izany.

*"Jesosy a, ory ny foko mahita azy mijaly mafy. Inona no hataoko?"* Hoy aho nitomany. Namihina ahy mafy ny Tompo sady namafa ny ranomasoko. Nandeha izahay nefa nisy devoly nampatahotra niseho teo alohanay. Niteny mafy I Jesosy hoe: "***Raha manelingelina an'I Joo-Eun na I Yoo-Kyung ianao, halatsako avy hatrany any amin'ny lavaka tsy hita noanoa mirehitra afo!"*** Naondriny ny lohany sady nitsoaka izy. Notantanan'ny Tompo aho ary naveriny tao am-piangonana, Izy kosa niverina tany an-Danitra.

**Lee, Haak-Sung:** ** Devoly manao fanafenana indrika vita amin'ny vy*



Teo am-pivavahana aho no indro devoly be bokonozatra nanao masque fotsy vy nanelatrelatra sabatra lehibe teo amiko. Tsy natahotra aho. Noraisiko ilay sabatra teny aminy ka namelezako ny lohany. Reko ilay vy samy vy nifampikitrana.Nongotako ilay masque ka kankana mahatsiravina marobe no nandrakotra ny tarehiny.

Nisy devoly hafa mivoa-tsetroka koa tonga teo.Tsy ela dia naka endrik-olombelona ny setroka. Hitako fa maro no taraiky ao anaty setroka miangavy fanampiana. Fantatro fa nitelina olona io devoly io. Ary nivavaka tamin'ny fitenin-Danitra tamin'I Jesosy aho. *"Jesosy, vonjeo aho fa hatelin'io devoly io.Vonjeo haingana!"* Vao niantso aho dia tonga I Jesosy ary namotika ilay devoly.

Nony kelikely, nisy devoly feno tandroka nitondra solaitrabe. Hoy izy: "*Aza mivavaka. Aoka izay!"* Tsy nanisy sira azy aho fa nanohy nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra ihany. Ary nokikikikisany ilay solaitra. Nahakamo be ahy ilay tabataba. Nanampin-tsofina aho sady niteny mafy hoe: "*Ry satana, amin'ny anaran'I Jesosy, manjavona!"* Nokikisany hatrany anefa ilay solaitra sady hoy izy: "*Milay an!"* Nihoraka mafy aho hoe: "*Jesosy, Azavady vonjeo aho fa ampijalian'io devoly ratsy io!"* Ary nipoitra tamin-kazavana I Jesosy ka nandositra tsy nitoditodika ilay devoly.

## ==== Andro faha-21 ====

Kim, Joo-Eun:

Nirehitra tamim-bavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra aho.Nisy dragona nampatahotra 3 nipoitra avy tany.Ny voalohany dia nisy karazana endrika sy zava-boribory manerana ny tenany mena. Ny faharoa indray misy tsipitsipika mitsangana mena sy manga mitambatambatra ka nampivarahontsana ahy ny nijery azy.Ny fahatelo indray nisy tsipitsipika mitsivalana manga sy mavo mifangaro. Nanatona izy ireo toy ny hitelim-belona ahy, nefa niantso mafy in-3 tamim-peo hentitra aho hoe: "*Amin'ny anaran'I Jesosy, mialà amiko!"* Ary lasa izy.

Rehefa nijerijery aho dia nahita devoly nanao boribory fa nivory. Hoy ny mpitarika azy tamina devoly sola iray: "*Ianao io, 'ndehàna amin'izay!"* Nanatona faingana ahy izy nefa noraisiko toy ny teo aloha indray ny lohany ka nahodinkodiko. Nesoriko ny masony dia nitsoaka izy. Avy teo nisy devoly nana-drantsantànana toy ny hety nanatona. Nikiky solaitra izy io.Nahasorena ahy ny nandre ny tabataba ka notapahiko ilay tànany vy ka nikikisako ny tarehiny. *"e, Avereno ny rantsantànako! Nahoana no nalainao izy? Ry ilay areti-mandringana ity, aza miseho mihanihany amiko. Nahoana no matanjakabe toy izao ny finoanao?"* Ary nanjavona tamin'izay ilay devoly.

Nanohy nivavaka tamin-kery aho. Nisy bibilava ngezabe tezitra endrika niantsambotra tety amiko. Niovaova loko ny hodiny ary naviliviliny ny rambony. Nosamboriko izy io dia natsipiko teny amin'ny rindrina. **(marka 16:17,18)**

Ary nisy devoly mifono bandibe indray nitranga. Nampahatsiahy ahy ilay sarimihetsika ho an'ny ankizy nantsoina hoe Kang- She. Hoy izy: "*Jereo anie ry tovovavy kely e! Tena milay be!"* Nesoriny ireo bandy, ary indro avy tao anatiny kongona tsy voaisa, farora-bola, sy trambo nitsambikimbikina tamin'ny vatany. Tsiravina be aho ka niantso faingana an'I Jesosy, tonga Izy, nisambotra ilay devoly sy nianipy azy tamin'ny tany. *"Jesosy a, misaotra betsaka!"* Nitsiky Izy sady nikapokapoka moramora ny lohako. ***"Ry Panda tsy foiko indrindra, nitombobe ny finoanao! Mahavitriha mivavaka."*** Androany nanao akanjo miavaka I Jesosy, fitafiana volamena misy fo mena mazavabe eo amin'ny tratrany.



Rehefa niala ahy I Jesosy, dia ndro devoly niova endrika ho vaviantitrabe.
Akanjo mainty no nanaovany ary nihazona famaky lava izy. *"Aza mivavaka! Amin'ny manaraka manao. Tsy aleonao tsy mivavaka androany, sa …? Nahoana ianao no misisika mafy hivavaka androany? Rahampitso atao. Hihaona aminao I Jesosy rehefa mivavaka ianao rahampitso. Izay atao."* Naverimberiny izany sady nihamafy hatrany ka hoy aho nitrerona azy: "*E, ry ilay anti-doza ity, Amin'ny anaran'I Jesosy, mialà amiko."* Ary nanjavona izy.

Lee, Yoo-Kyung:

Nony nivavaka aho dia indro devoly nanatona ahy sady nanao hoe: "*e! Ianao io.Tsy tokony hiala tsiny amiko ve ianao izao?"* Tsy nampino ahy izay reko, noraisiko izy ary nofelahako. Nefa nofelahany koa aho sady nataony hoe: "*Sahy mamelaka ahy ianao? Avia ary. Hovonoiko tokoa ianao."* Romotra koa aho ka nopoiriko ny masony ary natsipiko tamin'ny tany. Nivonto ny tarehiko, tsy nety afaka tantsaiko fa noho izaho variana kely dia voafelaky ny devoly.

Nony kelikely dia nisy devoly nitafy lamba fotsy nipoitra. Latsaka ny ranomasony. *"Tsy rariny! Io Haak-Sung tsy vanona io nidaroka ahy, I Joo-Eunn-doza io indray namelaka ahy."* Nandrasako ho akaikikaiky dia nosokiriko tamin'ny fanondro ny masony. Nitsambikimbikina noho ny hirifiry izy sady nitsoaka. Ary nisy devolivavy hafa nanao hoe: "*E, Heverinao ho vita mora angaha ny fanaovanareo anay toy izao?"* Nahodinkodiko tamin'ny volony izy sady natsipiko lavitra. Hoy aho: "*Jesosy a! Omeo famaky aho."* Ary novakivakiako tamin'ilay famaky ny lohany ka potipotika. Ary nanatona ahy izy efa tapa-doha sady nanao hoe: "*E, tsy mba mampalahelo anao ve aho?"* Ary nitady ny lohany tetsy sy teroa izy sady nanao hoe: "*Aiza ny lohako? Ny tarehiko?"*

Nony kelikely dia te-hahita an'I Jesosy aho. Nantsoiko tamin'ny heriko rehetra Izy hoe: "*Ray ô! Ray!"* Niarahaba ahy tamin-tarehy feno tsiky I Jesosy: "***Ry Tasy tsy foiko indrindra, tena tsara ianao. Afa-nandresy devoly tamin'ny herin'ny tenany I Yoo-Kyung-ko."*** Hoy koa Izy: "***Yoo-Kyung, rehefa miantso anao "ratasy" I Pasitera Kim dia valio mafy. Finoana koa mantsy ny mamaly amim-peo mafy. Azonao?"*** *"Eny Tompoko. Amen" hoy aho namaly.*

Tsy ela taorian'io dia nisy anjely tonga nanao hoe: "*Ranabavy Yoo-Kyung, Nandresy devoly ianao,*

*Tena tsara. Tohizo hatrany! Raha mbola manafitafika eo ireny, ataovy mahamay toy izay efa nataonao!"* Ary nifaly noho ny amiko izy ireo. Ary nentin'I Jesosy tany an-Danitra aho. Ankafiziko foana ny mamangy ny lanitra.Faly aoka izany aho nony tonga tany ary nanomboka nandihy teo alohan'ny Tompo. Hoy aho taminy: "*Tompo a! Arotsaho amin'ny diakom-bavy Shin Sung-Kyun sy Joseph ny fahasoavan'ny ranomasom-pibebahana. Mba te-hibebaka an-dranomaso izy ireo fa tsy mety mahalatsaka."* Nefa hoy Izy namaly: "***Tsy afa-mandrotsaka io fahasoavana io aho raha tsy amin'ny olona tena mibebaka amin'ny fony manontolo."***

Ary naverina tao ampiangonana aho, nokasihin'ny Tompo ilay faritra nofelahana tamin'ny takolako sady hoy izy: "***Ry Yoo-Kyung tsy foiko, Mahereza. Azonao?"*** Ary nanjavona tanaty onjan-drivotra Izy.

**Lee, Haak-Sung:** ** Devoly nanana tsofa misy Môtera*



Nony nivavaka tamim-piteny tsy fantatra aho dia devoly 3 no indray naira-nanafika ahy.Ny iray mitarehin'olona saingy mivatan-dragona.Ny iray rakotra kirany fa ny farany kosa nanao sarontava mifono vy. Hay izy nitondra tsofa mihodinkodina ka nanandrana hanapaka ny tànako. Tsy maintsy nifantoka tanteraka aho. Raha variana kely fotsiny aho, na 1 segondra aza dia ho tapa-tànana. Tsy nahazo nanao resy aho ka nidifidify ilay tsofa foana. Nandritry ny ady dia azoko ilay tsofa ka notapahiko ny tànan'ilay Devoly. Nikiakiaka izy, ireo roa kosa nandositra.

Nony kelikely, nisy hafa indray nanatona ahy. Nanantsika azy aho sady nanao hoe:*"E, avia fa misy zavatra mahafinaritra hatoroko anao. 'Ndaho! Haingana!"* Tsy natokitoky ilay devoly ka tsy nety nanatona. *"E, tena marina anie izany e. Avia jereo!"* Hoy aho, nefa izy tsy nety nino.Hoy izy: "*Tsy hanasazy ahy ianao an?" "Nahoana moa ianao no hosaziako?" hoy aho. "Mba te-hizara zava-mahafinaritra aminao fotsiny aho 'ndao e!"* Nanatona izy liana be ka rehefa akaiky dia noraisiko tamin'ny sandriny, nahodinkodiko ary natsipiko tamin'ny rindrina.

Nony kelikely dia injany feon-kirao maro nigadogadona. Toa anjatony no niara-namindra. Hay vondron-tafika devoly no nanatona ahy, samy nanao fitafia-mialamila. Fantatro fa ho henjana noho ireo teo aloha izy ireo, nefa vao niantso ny anaran'I Jesosy aho dia lasa avokoa izy rehetra.

**Kim, Yong-Doo:** ** Sandry roa naolana toy ny mofo randrana 'pretzels'*

Niantso mafy ny Tompo aho sady nanandra-tànana nandritry ny 30 minitra teo. Ary nanomboka nihodinkodina teo ampitoerana ho azy ny tànako. Nitodika moramora nankany ivelany ny felatànako havia, dia naka tahaka koa ny havanana. Avy teo dia niolana toy ny moforandrana ny sandriko roa ka nijanona teo. Naharary aoka izany ka zara raha zakako. Tsy hitahita dia niolana nifanohitra tamin'ilay teo indray ny sandriko roa. Ny havia aloha, vao ny havanana, dia nijanona teo indray nandritry ny 30 minitra. Ela loatra ilay fiovaovana ka nanomboka tsy nanam-paharetana aho sady tezitra.

Hoy aho nitaraina: "Tompo, nahoana ianao no mampijaly ahy mafy toy izao? Raha hanolana ny tànako ihany ianao mba ataovy haingana kokoa. Hoatry ny milalao izany mantsy ianao. Inona ary ity? Tsy aritro intsony. Tsy mety angaha raha omenao ahy fotsiny izay ilaiko?" Vao may aho nimonomonona taminy: "Tompo, Hafanainao amin'ny afo masina aho dia sokafanao ny masom-panahiko, Tsy izay kokoa ve no ahazoantsika roa tombony? Iza no hahazo fanomezam-pahasoavana raha sarotra be toy izao no ahazoana azy?"

Nitalaho sy niangavy homena ny fanomezam-pahasoavana aho. Nikiakiaka, niantso tamin'ny faraheriko manontolo, nefa ny Tompo nanohy hatrany ny asan'ny Fanahy Masina tamin'ny fanolanana ny tànako. Mihoatra ny in-12 izy no nanao toy izany. Hoy aho anakam-po: "*Inona ary ny fanomezam-pahasoavana homeny ahy? Karazany toa inona?"* Sorena be aho, tiako ho tonga faingana ny fiovana, fa ny Tompo tsy mba maika toa ahy. Izaho nefa tezitra fa ela loatra.

Adiny 4 taty aoriana vao tsy niolana intsony ny tànako fa nanomboka nandroso sy nihemotra. Tehijanona aho hiala sasatra nefa nitohy hatrany izany, tsy nety voabaikoko ny tànako. Tonga nampihomehy indray aza. Nambara tamiko tamin'ny alalan'ny faminaniana fa eo am-pandraisana ny fanomezam-pahasoavan'ny fahagagàna sy fanasitranana aho.

**Soeur Baek Bong-Nyo:** ** Fitsidihana ny helo indray*

Nankafy ny dihy ara-panahy sy vavaka tamin'ny fitenin-Danitra aho. Anjely 10 no nidina haka ahy ho any amin'I Jesosy. Rehefa tonga tany aminy aho dia hoy Izy: "***Ry Bong-Nyo tsy foiko indrindra, fantatrao tsara fa manoratra boky momba ny Lanitra sy helo I Pasitera Kim. Te-hitondra azy any amin'ny helo aho handraketany izay hitany any saingy tsy mbola misokatra ny masompanahiny. Tsy manam-pidiny aho fa tsy maintsy mitondra anao hahafahany manoratra izay tena mitranga any. Ianao no hany afaka entiko ka mba manàna faharetana kely faramparany. 'Ndeha hiaramitsidika ny helo indray."***

Tsy ela dia nidina ny lalamben'ny helo izahay, nisalebolebo fatratra aho noho ny fofon'ireo nofotra simba, sady maizina be tao. Nofihiniko mafy ny tanan'ny Tompo. Fijaliana mandrakizay no hany misy any amin'ny helo. Tody tamin'ny toerana iray izahay izay nisy olona maro ao anaty hantsana afo mamaivay nikiakiaka nila vonjy sady niboridana avokoa. Tsy tambo isaina ny olona miantsoantso sy mitsambikimbikina ao anatin'ilay barika mankadiribe. Hitako teo indray ny raiko. Nanomboka nitolokom-pahoriana izy hoe: "*Ry Bong-Nyo, inona no ataonao aty? Tsy zakako ny ratram-po isaky ny mahita anao aty. Manenina mafy aho tamin'izay nataoko anao. Izany angamba no maha-aty ahy, mizaka ny valin'izay nataoko."* Tsy nahaloa-peo aho fa nigogogogo fatratra tsy nijanona. Ny hirifiry vokatry ny fampijalian-draiko ahy dia tsy azo oharina velively amin'ny fijaliany any amin'ny helo. Tsy misy dikany izay niainako teto an-tany.

Nisy devoly goavambe nankafy nijinja olona tamin'ny langilangy.Nihirahira mihitsy izy tamin' izany. Noraisiny haingana I dada ka nokapakapainy toy ireny manetika hena ireny. *"Ahhhh! Vonjeo! Miangavy indrindra e! Tonga dia vonoy aho rangahy a!"* Toran'alahelo aho nandre ny tolokom-pahafatesan-draiko. Raha tsy noho ny Tompo teo anilako dia ho torana im-betsaka aho. Tsy misy farany ny fijaliana any; Voaozona hanenina mandrakizay ianao. Tsy misy fanantenana intsony

na oviana na oviana. Ny hany fomba tokana tsy handehanana any dia ny fandraisana an'I Jesosy ho tompo sy mpamonjy sy ny fiainana am-pinoana.

Lasa izahay, nandao ny tolokon-kirifirin-draiko. Nony nandeha elaela dia indro hazobe. Nony nanatona dia indro I mama, I zandrilahy, I zaodahy ary ny zanakalahin'ny iray tampo amiko samy nitanjaka avokoa, nihantona mitotongana ka ny kitrokeliny no mihazona azy. Teo anilan'ilay hazo nisy devoly goavana noho ny tendrombohitra.Nandinika an'I mama aho ka hitany, na dia nihantona aza izy. Ireo havako hafa koa nahita ahy ka niantso mafy hoe: "*Bong-Nyo, inona no ataonao aty rehefa tsy ho afa-manampy anay? Inona indray no niverenana? Tianao mihitsy ve ny mahita ahy ory mafy toy izao?"*

Nambaran'I Jesosy tamiko fa io no faharoa amin'ny hangezàna amin'ny devoly rehetra any. Ankafiziny aoka izany ny midaroka, manendaka nofotr'olona, avy eo dia manipy azy tsy misy indrafo ao anaty afo. Tiako hopotipotehina mihitsy.

Nandidy ny iray amin'ny mpanompony izy hametraka lovia baolina feno bibikely teo amin'ireo havako. Mitovitovy endrika amin'ny kankana izy ireo, saingy mana-nify maranitra sy maso mazava. Nihanika teo amin'ny havako izy ireo ka nifety tamin'ny nofony, nandavandavaka ny vatany iray manontolo, hatramin'ny masony sy ny vavorony. Reko samy nikiaka mafy izy rehetra: "*Ahhhh! Vonjeo! Bong-Nyo! Zokivavy a! Kay! Razaoba a! Ampio aho! Totoa ô! Vonjeo!"* Tsy ela dia rava ny nofony rehetra ka nandavaka ny taolany indray ireo bibikely. Nankarary ny foko ny nieritreritra fa hitohy mandrakizay izany. Na mafy toy inona no fiangaviako ny tompo hanampy dia toy izao no hany nolazainy: "***Tsia, efa tara loatra!"***
Nentin'I Jesosy tamin-tendrombohitra mankadiry iray aho. Indreo olona maro nitsangana teo efa kivy dia kivy. Lanaka sy hana fa avy nampijaliana mafy. Nisy devoly nampatahotra teo anilan'izy ireo izay nanomboka naneso ahy hoe: "*Hitako matetika mihitsy ianao a. Maninona aty indray?"* Tezitra mafy aho ka nozoniko ilay izy. "*E, tsy valahara ianao! Raha mba afa-namotika anao toy ny ataonao amin'ireo havako mantsy aho ka nanipy anao tao amin'io afo io Dia ho nataoko!"* Vao may nihahenjana ny esonteniny: "*Matahotra ahy ianao dia manao toy izany. Tsara! Hanao inona nefa ianao?"* Hoy aho namaly: "*Jesosy a! tiako hovonoina io devoly io, halako! Nahoana ianao ry Tompo no tsy manao na inona na inona? Asehoy azy kely!"* Natsangan'ny Tompo ny tanany havanana ka naolany ilay izy.Tsy nahahetsika ilay devoly fa tonga toy ny andry vato.Tsy ela dia tonga rakotra bibikely ny vatan'ireo olona teo, haniny ny nofony. Nahaerana ny helo iray manontolo ny kiak'izy ireo.

** Ny nihaonana tamin'ny filohan'I Korea atsimo teo aloha*

Nizotra hatrany izahay dia hoy I Jesosy: "***Ny fanahy hihaonanao izao dia diso fantatrao, ka jereo tsara."*** Ary hitako ny filoha teo aloha. Bibilava ngezabe no nihodina tamin'ny vatany ary bibilavakely be dia be samihafa loko koa no nihodinkodina teo amin'io. Hoy izy: "*Ahhh! Aoka izay ny fampijaliana ahy! Azafady ajanony! Vonjeo, Aoka re!"* Na tao anatin'izany hirifiry mafy izany aza dia niresaka tamiko izy. *"Iza ianao? Maninona aty? Filohan'ny korea aho teo aloha, tamin'ny voninahitro rehetra, nefa izao dia mijaly aty amin'ny helo. Maro ireo mpitandrina nandresy lahatra ahy ho any ampiangonana fa tsy noraharahaiko. Notsinontsinoaviko izay nolazain'izy ireo momba*

*ny helo, tsy noheveriko hisy akory izao toerana izao. Tsy mbola mahalala ny Tompo ny zanako ka manahy mafy aho ny amin'io. Mila mandray an'I Jesosy ny zanako izao izy mbola velona izao mba hahazo ny famonjena ka hiaina any an-Danitra. Te-hiverina any aho hilaza aminy izao fahamarinana izao. Tsy mety anefa, ka inona ary no tokony hataoko? Ahhh! Ory mafy ny foko."* Niangavy tamin'I Jesosy izy nefa nohenoiny fotsiny fa tsy niteny Izy.

## ==== Andro faha-22 ====

**(1 petera 1:6-9)** ** Devoly nitendry piano*

Lee Yoo Kyung:

Nony nivavaka aho dia indro devoly mainty efa-maso nipetraka nanoloana ny piano. Nanelingelina ahy izy fa nilalao ilay piano. Sorena be aho ka niantso mafy hoe: "*E, ry devoly maloto! Nahoana no lalaovinao ny pianon'I Joo Eun rahavaviko? Io no ampiasainy mandritry ny fanompoana."* Nanompa ahy izy sady nampangina ka vao may aho tezitra. *"Inona? Tsy manaja olona? Maty ianao androany!"* Ary notratrariko izy, naolako ny vozony dia nakapoko tamin'ny tany ny lohany.

Nisy devoly 3 indray nipoitra. Ny iray niendrika karana sady nisy maso teo amin'ny handriny. Nanidintsidina izy tamin'ilay elany toy ny an'ny fanihy. Avy teo dia nipetraka teo amin'ny seza manoloana ilay piano ka nihira sy nitendry. Hafahafabe ny hirany sady tsy manaraka gadona.

*"E, an'I Joo Eun io piano io. Inona no ikitikitihanao azy? Tsy afa-mifantoka amin'ny vavaka aho!"* Hoy aho nihoraka. Reko izy ireo nifampiresaka hoe: "*Io fa tsy mifantoka. 'ndao hotendrena tsy mijanona."* Ary nokapokapohin'izy ireo mafy ireo bokotra teo amin'ny piano ka nanahy ny mety hahasimba azy aho. Hoy aho: "*Mazava izao fa tsy hihaino ahy ianareo."* Nihazakazaka nankeo aminy aho ka indray nosamboriko izy 3, nodakadakako sy naolankolako. Nony nandeha ra ny orony sady naratrabe ny lohany dia samy nitsoaka izy.

Dia nivavaka indray aho. Indro nisy devoly nitafy lamba fotsy nivoa-dra ny vavany. Nivaralilabe ny endriny sady tsy nisy maso dia nesoiko. Hoy izy: "*I Haak Sung no nisikotra ka nahafaka ny masoko ka lasa toy izao aho. Inona koa izao no mampihomehy anao amin'izany?"* Niantsy ady tamiko izy. Hoy aho niteny mafy: "*Noho ianao dia ampahoriana mafy ny reniko! Nahoana izy no nentina any amin'ny helo?"* Ary nananihany nanao izay hahatezitra ahy ilay devoly. *"Any mihitsy no anjara-toerana mendrika azy. Vao may aza izy hampahoriana ko."* Romotra aho ka norangotiko tamin'ny heriko manontolo izy. Nony nijininikabe ny rany dia lasa izy.

Nony niverina nivavaka aho dia norebireben-devoly hafa indray. Sorena aho, ary tsy te-hifandona taminy ka nanapakevitra hampiasa ny fahefako, hoy aho: "*ny ran'I Jesosy."* Nefa hoy izy namaly: "*Ra? Ran'iza? Ran'I Jesosy? Ranao?" "Avia raha mafy!"*, hoy aho nitrerona azy. Maromaro no indray nanafika ahy, nefa noho ny antony tsy hay hazavaina, rehefa manodinkodina ny totohondriko aho dia maromaro no indray mianjera. Rehefa velesiko eo amin'ny kibony izy ireo dia mipotsaka ny masony. Rehefa asiako ny orony dia mandeha rà. Raha raisiko amin'ny ranjony indray ka ahodinkodiko dia miitatra toy ny fingotra izany ranjony izany.

Na voabe toy izany aza izy ireo dia nitohy namely ihany, niezaka nanelingelina ahy mba tsy

hivavahako. Ary hoy aho aneritreritra: "*’Ndeha hiady dia ho hita eo izay mandresy.”* Sokiriko ny lavakorony sady fejaiko ny volon’izay tonga eo amiko. Ny tànako sy ny tongotro no entiko miady. Asa fa arakaraky ny andreseko azy ireo no vao may mampitombo ny isany. Nony farany dia tonga maro tsy tamboisaina izy ireo ary naira-nanafika ahy. Niantso mafy haingana aho hila vonjy,: "*Vonjeo! Haingana, Fanahy masina! Ampio aho!”* Tsy ela dia indro ny Tompo. Noroahiny ireo devoly sady nampahery ahy Izy hoe: "***Ramatoakely Ratasy a! Fantatro fa mafy ny niainanao.”***

Fony izaho tany amin’ny trano fiangonana hafa dia nolazain’ny mpiara-mivavaka tamiko maro ho tsy dia marani-tsaina loatra. Raha tokony ho nampianatra ahy nivavaka sy nitory izy ireo dia nanome sakafo fotsiny no nataony. Nifantoka tamin’ny lafiny ara-materialy ny fanampiany. Noho izany dia nihevitra aho fa ampy ny mitondra baiboly any amin’ny fotoam-bavaka. Nefa noho ny torolalana avy tamin’ny pasiteran’ny Lord Church dia tonga nivavaka tamin’ny fitenin-danitra. Rehefa nananohy ny vavaka tamin’ny fitenin’Danitra aho dia tonga tafiditra làlina. Izao aho afa-mahita devoly sy mifanandrina aminy. Rehefa hitako ho resy aho na lanaky ny ady dia miantso ny anaran’I Jesosy Tompo, miaro ahy mandrakariva izy. Ho natahotra aho tany am-boalohany noho ireo devoly tsy tambo isaina nanafika ahy, fa izao aho tsy manan-tahotra fa I Jesosy momba ahy. Toa mahafinaritra indray aza ilay miady amin-devoly ka mandresy.

**Kim Joo Eun:** ** Devoly solaloha*

Androany, nisy devoly naka endrika zatovovavy nitanatana vavabe teo alohako. Nampariko taminy ny hatezerako, nofelahako mafy dia mafy izy mandra-pivonton’ny takolany. Hoy aho,*“Ianao ilay namelaka an-drahavavy Yoo Kyung iny e? ho henjana noho ilay teo ny hahazo anao. Vao may ianao hovonoiko!”* Ary nitomany izy hoe: "*Azafady. Tsy hamono an’I Yoo Kyung intsony intsony aho, marina e!”* Ary hoy aho namaly: "*Ie, mpandainga ianao sady rain’ny lainga.”* Nongotako avokoa ny volony rehetra sady natsipiko teo amin’ny piano izy. Ary nahita devoly miendrika karandoha aho saingy misy volo fotsy lava sady nana-maso mavokely. Nopoiriko ny masony ka nihinjakinjaka toy ny adala izy noho ny hirifiriny mandra-pitsoahany.

** Fiangonana naharitra fitsapàna*

Mbola teo am-pivavahana aho no nandre fofom-boninkazo manitrabe. Niseho Ny Tompo ka nanontaniako hoe: "*Avy aminao ve ry Tompo izany fofona kanto izany?”* ***“Eny ry Pandako a”, hoy Izy namaly. “tianao angaha?”*** Faly ery aho namaly hoe: "*Eny ry Tompo, tena tsara.”* Ary hoy Jesosy: "***Nivavaka tsy nitsahatra ianao androany ka hatoroko zavatra manokana. Jereo tsara ny toerana misy ny fiangonanao sy ny hafa eto Kore.”*** Vao nanandra-tànana izy dia nomena fahitana aho.

Indro hitako avy lavitra ny tany hakekezin-devoly 2, 1 amin’ny andaniny avy. Nanodinkodina tady izy ireo toy ireny zaza milalao mamaivay ireny. Rehefa nodinihiko akaiky dia hay bibilava ilay tady. Eo am-pilalaovana eo ireo devoly dia hitako ny ankamaroan’ny fiangonana teto Kore fa nitsambikina rehefa manatona azy ilay bibilava. Misôtisôty ireo fiangonana ireo tsy ho voafandrik’ilay bibilava ka hianjera. Tsy mianjera ny ankamaroany eo amboalohany, nefa rehefa mitohitohy dia voa ihany ka lavo. Na ny fiangonanay koa aza mba hitako nitsambikimbikina. Tsy nety azon’ilay bibilava izahay.

Nohazaivain'ny Tompo fa ny fihodinana iray amin'ilay bibilava dia fitsapàna, sedra tsy maintsy ihoarana. Raha tsy lavo ilay fiangonana fa tsy voafandrika dia nandresy fa nahavita ny sedra. Ny "lord's church" no vitsy mpiangona indrindra. Ny hafa dia maro mpiangona saingy matetika no midaraboka. Hoy ihany Izy: "***Nahavita sedra maro ny 'Lord's Church'. Aoka ianareo hazoto hiaritra na sedra firy na firy no ho lalovanareo. Androany nivavaha fotoana ela dia ela tsy nitsahatra ianao. Izay no nanehoako anao izany. Mazotoa mivavaka hatrany."***

**Lee Haak Sung:** ** Devoly mitovy amin'ireo kisary amin'ny sary mihetsika*

Teo am-pivavahana aho no nohatonin-devoly. Sorena mafy aho noho ny bebeko any amin'ny helo ka nampariko tamin'ity devoly ity ny hatezerako. Nopoiriko ny masony ka nariako lavitra. Teo am-piadiana dia nieritreritra sabatra aho ka indro nisy sabatra. Nokapaiko ny sandriny. Raha vao misy fitaovam-piadiana eritreretiko dia tonga ho azy ao an-tanako na eo anilako. Ny tompo no manome ahy izany noho ny fangatahako. Niady nandritry ny fotoana ela aho ary tsy haiko fa tonga zatra ady, sady tonga natoky tena no sahy.

Ary nohatonin-devoly naka endri-jatovovavy niakanjo fotsy aho. Nitovy tamin'ny horonantsary mampatahotra tao amin'ny fahita lavitra izy io. Talanjona aho raha nahita fa mitovy amin'ny personage foronin'ireo orinasa mpampiala voly ny devoly! Ity iray ity dia mitovy amin'ilay ao amin'andian-tantara mampatahotra malaza izay mitondra ny fanahin'olona any amin'ny helo rehefa maty izy. Hitako tamin'ny fahitana lahiantitra iray midaboka eo ambony alitara mandeha rabe. Ampiasain'ilay devoly ny nifiny mifaraingo toy ny an'ny Dracula hitrohana ny ran'ilay rangahy. Rehefa ritra ny rany dia haniny amin'izay.

** Ny tsindrom-panjaitran-devoly*

Ary nisy devoly iray feno fanjaitra ny tenany iray manontolo.Mitovitovy amin'ny trandraka izy io. Navokoko ny totohondriko ka nony nahakasika azy dia naharary mafy fa voatsindron'ireo fanjaitra maro taminy. Na tao aorian'ny alimbavakay aza mbola tena naharary ihany ny tanako, sady nivonto no feno marika fanjaitra maro. Gaga aho fa hay izy ireny tena mamela ratra sady tena maharary ara-bakiteny.

**Pastor Kim Yong Doo:** ** Hovitrovitra sy fihetsehan'ny tànana*

Raha mbola teo am-pifantohana tamin'ny vavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra aho dia nanomboka niakan-nidina tsikelikely ny tànako, Tsy ela dia nifanatona ny tànako ka nifandona mafy, Nihamafy hatrany arakaraky ny nandrosoan'ny fotoana. Tsaroako aho nanatri-maso mpitandrina nanasitrana. Nangovitra be koa ny tànany tamin'izay. Isaky ny nangovitra ny tànany dia maro ny fahagagàna mitranga. Fantatro teo fa handray ny fahasoavan'ny fanasitranana aho. Mihetsika mafy ny tànako manaraka izay tian'ny Fanahy Masina hatao. Nahiratro ny masoko sady nanandrana hanohitra aho nefa nandeha ho azy araka ny sitrapon'ny Fanahy ihany ny tànako. Tsindraindray ihany vao mety mandeha araka ny eritreritro izy.

**Soeur, Baek Bong-Nyo:** ** Mizaha toetra ny finoako ny Tompo*

Raha teo am-pivavahana aho, dia hoy I Jesosy nipoitra avy tany: "***Bong-Nyo, Anio, te-hizaha toetra ny fitombon'ny finoanao aho. Vonona?"*** Namaly tamim-pahatokisana aho hoe: "*Eny tompoko. Vonona aho."* Dia nanjavona Izy ka Anjely no indro nampitafy ahy mamba mihaja misy elatra. Rehefa vita dia nanjavona koa ireo anjely.

Hatrizay dia I Jesosy sy ny anjeliny no mitondra ahy any an-Danitra na helo fa tsy toy izany teto. Nanomboka nitady mafy an'Andriamanitra tamin'ny foko manontolo aho. Nanomboka nanidina nankany an-Danitra ny fanahiko nitafy ilay lamba misy elatra. Nefa na henjana toa inona ny fivavako dia niadana kely ny fanidiko. Nahasorena ilay izy, nefa aho tsy kivy fa vao may nanamafy ny fivavako. Tsy ela dia lanaka tanteraka aho, ary tsy nahita na inona na inona afa-tsy aizin-kitroka.

Tsaroako fa nilaza hitsapa ny finoako ny Tompo ka nanohy nivavaka ihany aho. Saingy indrisy fa nihatra tamiko avokoa izay sakana rehetra mety ho voavinaninao ka niverimberina teo amin'nilay toerana niaingàko foana aho.

Hatrizay aho, isaky ny mivavaka ao am-piangonana dia tonga ny Tompo maneho ahy ny zava-drehetra. Tsy fantatro akory fa tonga niavonavom-po aho. Tsaroako ny fanontaniana napetrako tamin'ireo anjely nampiakanjo ahy vao tsy ela teo, nanontany aho izay nalehan'I Jesosy ka toy izao no navaliny: "*Izao ve, miandry anao eo amin'ny làlan-dronono izy."* Indrisy anefa fa noho izaho manidina miadana dia miadana dia tsy tonga ara-potoana. Raha ny finoako fotsiny dia tsy ampy ho nampanidina ahy tany lavitra be tany.

Fotoana ela no efa nivavahako tamim-po nefa aho tsy mbola nahita mangirana ihany. Maro ny zavatra nandalo tao an-tsaiko ka nanomboka nibebaka aho. Tsy afa-manao na inona na inona aho raha tsy noho ny fanampian'I Jesosy. Nahatsapa ho toy ny milentika anaty honahona aho. Toy izany no tsapako mandra-pigadrako tanaty efitra toa fonja iray. Nisy zava-nihetsiketsika nanoloana ny masoko ary fantatro teo fa tany amin'ny helo aho, migadra anatina fonja maizina.

Tsy misy hita afa-tsy devoly tsy voaisa mivenjivenjy manodidina ahy. Fejain'izy ireo mafy ny tongotro tsy avelany mandeha. Kendainy aho sady ifampisitomany ny tànako, tongotro ary ny tenako ka tsy afa-mihetsika mihitsy. Nanandrana nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra aho saingy ozona no mivoaka tsy nahy ny vavako.

*"E, ry ilay devoly tsy vanona ireto a! inona izao ataonareo ahy izao? Miala-paty teo daholo!"* Tsy nitsahatry ny nanopa aho. Nivoaka avokoa ireo teny ratsy nahazatra ahy fony tsy mbola nihaona tamin'I Jesosy. Na toy inona ozona anataoko tamin'ireo devoly dia tsy nitsahatry ny nanafika ahy izy ireo. Ary niantso aho hoe: "*Jesosy a! vonjeo aho!"*

Nanohy niantso an'I jesosy sy nivavaka tamin-kery tamin'ny fiteny tsy fantatra aho. Nony afaka ela dia ela dia tafavoaka tao amin'ny helo aho ka nanidina ho any an-Danitra. Nivavaka aho teny am-panidinana. Teny amin'ny habakabaka dia devoly matanjaka sy goavana no nanenjika ahy. Hitako fa vondron-devoly maro tsy tambo isaina no aorian'izy ireo. Nihevitra aho fa afaka satria tafavoaka ny helo nefa vao may devoly goavana no tsy maintsy hatrehiko. Tsapako teo fa ho henjana ny lalao.

Tsy mbola nahita an'I Jesosy aho na ny anjeliny. Hoy aho anakam-po: "*Tsy maintsy miatrika irery*

*ireto vondron-devoly ireto aho!"* Tsy mba nihevitry ny hiatrika ady mahamay toa izao mihitsy aho. Tsy nahalala aho fa hay misy tafiky ny devoly eny amin'ny habakabaka izay tsy manao afa-tsy ny mikendry nandavoana ny kristiana, hanimba ny fiainam-bavany. Hatrizay aho dia toy ireny zaza tantanan-dray aman-dreny ireny rehefa entin-I Jesosy any an-Danitra na helo. Noheveriko ho moramora foana ny rehetra. Nivavaka aho saingy tsy nitandrina.

Ametrahan'ny devoly sakana foana izay hifindrako, izany dia mba tsy handrosoako. Nivavaka tamin'ny foko manontolo aho, tera-tsemboka sy latsa-dranomaso mihitsy. Ary nisy devoly nihoraka mafy hoe: "*E, iny misy vavaka miakatra avy eny an-tany!"* Ary hoy ny iray hafa namaly: "*Vavaka tsy misy fahefana sady tsy misy hery."* Toy ny mitango paoma ka homana, toy izany no ataon'ireo devoly mitelina ny vavaka avy ety an-tany.

Fantatro teo fa tsy misy dikany ny vavaka tsy misy hery. Ny vavaka rehefa rendremana, vavaka manjavozavo, vavaka feno fanirian'ny nofo, fitiavan-tena, mifantoka amin'ny filàna sy miroalafy dia samy tsy misy mahomby. Tsy nampoiziko fa teo aho dia afa-nanavaka ireo karazam-bavaka avy tety an-tany. Tena "voankazo" tian'ny devoly mihitsy ny tsy mahomby ka ataony teli-moka.

Fantatro izao fa ny vavaka amin'ny fo triatriatra toy ny miady aman'aina no tena mahaloa-danitra. Fantatro izao ny mampikiakiaka an'I Pasitera ka anontonany ny heriny manontolo rehefa mivavaka. Taloha aho matetika no sorena amin'I Pasitera ka manao anakampo hoe: "*Olona vitsy kely ireo ka inona no mampikiakiaka mafy an-drangahy io eo? Tsy maintsy mafy be toy izany mihitsy ve?"* Indraindray aho manery tena fotsiny hivavaka na tezitra amin'ny fihorakorak'I Pasitera aza. Ary nanomboka nibebahako izany. Azoko tsara izao ny antony tokony hivavahantsika toy izany.

Nivavaka hatrany aho, tsy fantantro intsony izay fotoana laniko tamin'izany. Nony tsapako ho tena lanaka sy hana aho dia indro kintana maro namirapiratra teny amin'ny làlandronono. Nangoniko avy hatrany izay hery kely sisa tao amiko ka nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra aho. Efa tena reraka aho vao tonga teo amin'ny làlan-dronono ary indro I Jesosy nitsena ahy tamim-pitsikiana.

Vao hitany aho dia sady nitsiky fatratra Izy no nanao hoe: "***Bony-Nyo, tsara. Reharehako ianao!"*** Somary tezitra aho tamin'io ka nanontany an'I Jesosy ny amin'izay nataony. *"Tompo, nahoana aho no ataonao toy izao? Tokony nohazavainao mialoha, nahoana ianao no tsy mba nampitandrina?"* Kanjo nihomehezany fotsiny aho. Taorian'io fifampiresahana fohy taminy io dia nanjavona indray Izy.Tampoka teo dia tonga maizim-be indray ka nitsangana teo anilana hantsam-be tany amin'ny helo aho.

Nalvelan'ny Tompo indray aho hitsapàna ny finoako. Teo dia nisy devoly miendrika dauphin nitanatana vava hanaikitra ahy amin'ilay nifiny maranitrabe. Nanao fihetsika toy ny handrangotra azy aho ka hoy aho: "*Avia raha sahy."* Ary nanjavona ilay devoly.

Nisy lalan-tery izay teo alohako. Nozihiako ilay izy ary efa nandeha lavidavitra aho vao nahita zavatra nanatona ahy. Nony akaiky dia hitako tsara fa hay devoly maharikoriko nisy loha saingy tsy nana-maso na orona. Toy ny nesorina ny faritra manandrify ny volombavany ary maranitra toy ny an'ny antsantsa ny nifiny.

Rehefa nifanatrika tsara tamin'io devoly io aho dia nanao hoe: "*E, ngeza noho ianao no efa nifanandrina tamiko ka resiko. Tsisy dikany ianao amiko. Afo noforonin'ilay Andriamanitra telo izay iray no ato amiko. Raha mikasika ahy eo ianao dia ho kila forehitra ka ho tonga lavenona. Avia raha sahy."* Ary natahotra izy io ka lasa haingana. Notohizako ihany ny dia ka toy ny vao maika niditra làlina tany amin'ny helo aho. Natahotra sy nangorohoro aho tamin'izany saingy niezaka hatrany ho tony ka tsy naneho izany tahotro izany.

Nanohy hatrany aho. Ary nahita felana iray aho izay toy ny velona. Nisokatra sy nihidy haingana izy io nanandrana hitelina ahy. Nefa hoy aho nihoraka mafy: "*Hay! Hamono anao mihitsy no niaviako eto! 'Ndao dia ho hita eo izay velona amintsika!"* Ary nomeko ny sahaza azy izy ka nanjavona avy hatrany.

Nandeha hatrany aho. Ary hitako fa nisy devoly niendrika bibikely marobe tamin'ny sisin-dalana niezaka hisintona ahy. Ary nisy koa kiakiakan-devoly maro nampatahotra. Karazan-kiakiaka maro nefa tsy nahoako fa sady nandeha ihany aho no nivavaka tamin'ny fitenin-Danitra. Hoy aho nihoraka: "*Ry telo izay iray ô! Omeo hery aho, hery ara-panahy sy ara-batana!"* Nirehitra am-bavaka aho ka tsapako niredareda tao anatiko ilay afon'ny Fanahy Masina.

Raha nieritreritra ny halavitry ny làlana efa vitako aho dia nihevitra ho nahatazan-davitra ny faran'ilay làlana. Teo dia nisy hazavana mamiratrabe nanoloana ahy ka indro I Jesosy. Sina tanteraka aho. *"Oh! Voavonjy ihany aho nony farany! Tompoko!"* Nihazakazaka teny aminy aho ka namihina azy. Ary Izy namihina ahy mafy tamin'ny sandriny sady nanao hoe: "***Ry Bong-Nyo tsy foiko indrindra, Nandalo lalan-tsarotra ianao vao tonga teto! Mipetraha eto anilako fa homeko fitsaharana."*** Nijanona teo an-tsandriny aho sady nakipiko ny masoko mba hiala sasatra.
Kinanjo, Nony nahiratro ny masoko dia tsy hitako indray ny Tompo. Ary nieritreritra aho hoe: "*Ahoana no nahatafidirako tato amin'ity fonjan'ny helo ity indray?"* Aoka izany ny hamafin'ny antsoko ny Tompo saingy ny ako fotsiny no nanoina. Niantso aho saingy tsy tonga Izy. Tsapako ho nofitahin'ny Tompo aho. Niteny mazava Izy hoe: "***Bong-Nyo, Be ny efa vitanao ary tsara izany, efa kely sisa fa makà aloha aina eto."*** Rehefa avy niteny izany Izy ary nihevitra aho fa efa afaka dia notsapainy indray.

Tezitra aho, nohidiana tanaty vy mpisy biby toy ny any amin'ny valanjavaboahary. Maro tsy tambo isaina ny demony nijery maharitra toa te-hanontany ahy avy tao ivelan'ilay fitoeram-biby. Nangarihan'izy ireo aho, nesoiny sy nihomehezany. Miaramilan-devoly aminarivony maro no manao aroloha karandoha.

Nifantoka taty amiko ireo biby ireo raha mbola nihidy tao aho. Ary nitrerona mafy aho hoe: "*E, ry ilay tsy valahara isany, iza 'nareo? Avy taiza?"* Hoy izy ireo namaly: "*Avy nivezivezy teny ho eny. Ary ianao, Inona no ataonao eo?"* Nohazavaiko fa nentin'I Jesosy tany amin'ny helo aho ary navelany teo ka eo irery izao. Nony nandre izany izy ireo dia naneso ahy hoe: "*Tsy hiverina eo izany ny Tomponao. Izay ny anao no vita!"*

Ary nanomboka niteny mafy tamin'ny fiteny tsy fantatra aho ka nivoaramena ny mason'ireo nanao aroloha karana. Tezitra mafy izy ireo nijery ahy. Tsy zakan'izy ireo ny vavaka tamin'ny fiteny tsy

fantatra, hitako nanomboka niova endrika izy ireo ka vao may nataoko mafimafy kokoa. *"Ry Andriamanitra telo izay iray! Ovay ho afo miredareda aho!"* Ary nanomboka nodondomin'ireo devoly mafy ilay vy nisy ahy hopotehiny, Kanefa niredareda aoka izany ilay afo tao anatiko ka naha kila forehitra azy rehetra. Ilay baravy nisy ahy tamin'io tsy nety simba, sady tsy nisy fivoàna.

Ary injany indray ilay kiakiaka isankarazany fa re manonjanonja manerana ny helo, ary toy ny efa tany 1 volana no fahatsapako ny tenako.Na toy inona vavaka na fihetsika nataoko, tsy nety tafavoaka tao amin'ilay fitoeram-biby aho. Tsapako ho nihareraka tsikelikely ny fanahiko. Nivadika ho aretim-po ilay fiandrasako ny Tompo tamim-pirehetana, Na izany aza, tsy nitsaha-nivavaka aho.

Hoy ny fivavako: "*Tompo, mila hery aho. Omeo hery! Omeo ahy ny fanomezam-pahasoavan'ny fanasitranana dia omeo afo afa-mampitsonika io vy io aho."* Nahiratro ny masoko ka mbola tao anatin'ilay vy hatrany aho. Tsy misy fanantenana na nofinofy ao amin'ny fonjan'ny helo. Tsy nisy vokany izay antsoantsoko fa mbola tao hatrany aho. Nidika ve izany fa hijaly mandrakizay ao aho? Tsy nahavita intsony aho na dia nanetsika fanondro iray aza ka lavo teo amin'ny sisiny. Toy ny 4 volana izay no nahatao amin'io toerana io ahy.

Nony kelikely dia nanomboka nikiaka indray aho: "*Tompo, vonjeo aho! Aiza ianao?"* Nefa tsy nety hitako na dia ny alony aza. Ary nisy devoly nifampisintona tamiko ka niady tamin'izy ireo nandritry ny 15 andro aho. Tao anatin'ilay toerana dia hitako tsara ny fandehan'ny andro.

*"Tompo ô! Ampio aho! Avoahy tato re. Aleo mba hiala teto amin'ity toerana ity!"* Hoy aho nivavaka irery. Injany nisy nihomehy. Hoy aho nihiaka mafy: "*Wow! Ny feon'ny Tompo izany!"* Nitranga tao anatin'ny hazavàna ny Tompo nanazava ilay fitoerana kely sy ny manodidina ahy. Vao may nihomehy mafy ny Tompo sady nanao hoe: "***Ry Bong-Nyo malalako, nanao ahoana ny niainanao ny helo?"*** Ary nanontany Azy aho hoe: "*Oh Tompoko, Nahoana aho no ataonao toy izao? Ny hampijaly ahy mihitsy ve no pilaninao? Nahoana ianao no manao izao?"* Tena niferotraina tanteraka aho raha nitaraina taminy toy izany nefa izao no navaliny: "***Miala tsiny e. Tiako hozahain-toetra manokana hoe hatraiza ny fahamatoran'ny finoanao!"*** Ary tsy niteny intsony aho.

Raha nanontaniako Izy izay nalehany dia nambarany fa tety an-tany Izy nijery sy niandry ireo Ondry malalany. Naborako tamin'ny tompo izay tany anatin'ny fisainako làlina ka nangata-pamelàna taminy aho. *"Tompo a! Tezitra mafy taminao aho fony tao anatin'io efitra biby io. Mamelà ahy, Niova ho teny feno hatezerana ilay fitarainako nony ela*." *"4 volana izay no tao aho ry Tompo."* Sady nanomboka nitomany aho.

Vao may nihomehy mafy ny Tompo ka nanomboka niteny mafy aho hoe: "*Nahoana ianao no faly mahita ahy mihomehy sy ory? Mafy ny nahazo ahy tany amin'ny helo nefa toa zavatra mampihomehy izany aminao? Mahafaly anao ny mahita ahy mijaly?"* Ary namaly malefaka Izy hoe: "***Bong-Nyo, Vao tokony ho 2 volana izao no namonjenao fiangonana, nefa dia efa nitombobe ny finoanao. Mirehareha aho ny aminao!"*** Ary nokapokapohiny moramora ny lamosiko.

Ary nesorin'I Jesosy ireo akanjoko efa sisan'ny ady ka nasainy nosoloin'ireo anjely fitafiana madio misy elatra. Hoy Izy: "***Mafy ny nolalovanao ka 'ndeha ho any an-Danitra!"*** Notantanany aho ka nentiny ho any an-Danitra. Androany no sedra henjana indrindra nolalovako hatrizay niainako.

3 taona no nandehanako avy teto an-tany ho any amin'ny làlan-dronono avy teo dia niampy 4 ½ volana indray tao amin'ny helo. Toy ny hoe 3 ½ taona no nandeha hainganabe. Henjana sy matanjaka na ireo devoly eny amin'ny habakabaka na ireo devoly ratsy any amin'ny helo. Raha tsy noho ny fiarovan'ny Tompo dia 1 minitra, eny mety ho 1 segondra aza aho dia efa resiny. Nony tonga tany an-Danitra dia anjely maro no nitsiky sy nampahery ahy. *"Ranabavy, Arahabaina fa nahomby!"* Tonga nahery aho noho ny tenin'ireo Anjely. Isaky ny tonga any an-Danitra aho dia hadino avokoa ireo mafy niainako tany amin'ny helo.

Tsy mbola maro no fantatro fa vao 2 volana aho izao no nankany ampiangonana. Araka izay hitako tamin'ny horonan-tsary sy reko tamin'ny toriteny dia mba misy fantatro ny amina lehilahy iray atao hoe Mosesy izay nampisaraka ranomasina. Ary nangataka tamin'I Jesosy aho mba hahita an'I Mosesy indray mandeha monja. Ary nentiny tamina torapasika volamena amorondrano iray aho. Nentin'ireo anjely teny amorondrano aho. Vao nantsoin'I Jesosy tamin'ny anarany I Mosesy dia nanatona sady niarahaba tamim-panajàna: "*Tongasoa aty an-Danitra!"* Lava izy sady tsara tarehy.

** Nanatri-maso fahagagana nataon'I Mosesy tany an-Danitra*

Ary I Jesosy nampifankalala anay sy Mosesy. Hoy aho: "*Ry mosesy, tsy dia mbola fantatro loatra ianao, fa reko tamin'ny toritenin'ny pasiteranay."* Hoy izy namaly: "*Izany an? Faly indrindra aho ranabavy fa aty ianao izao!"* Ary hoy ihany aho: "*Fony ianao teny an-tany ve tsy nampisaraka ranomasina sy nanao fahagagana maro?"* Namaly tamim-panetren-tena I Mosesy hoe: "*Tsy nisy zavatra nataoko fa Andriamanitra no nanome hery ahy dia nankato fotsiny aho."* Hoy aho: "*Vao 2 volana izay no namonjeko fiangonana nefa vao nandre ny momba anao aho dia te-hihaona aminao saingy ny Tompo nitondra ahy foana hitsidika ny helo ka tsy nety nifanena isika. Mba te-hahita fahagagana ataonao aho, afa-manao ve ianao?"*

Navelan'ny Tompo hanao tendrombohitra avy amin'ny fasika volamena I Mosesy. Indray mipi-maso dia indro tendrombohitra roa. Ary nampanaoviko trano 600 rihana izy. Nasandrany kely fotsiny ny tànany sady nahodiny indray mandeha dia indro trano misy rihana 680 teo anoloan'ny masoko. Nitanatana vava aho. Namoronany tohatra avy ety an-tany miakatra ho any an-Danitra aho. Maro koa ny fahagagàna hafa nataony izay tsy ho voazava amin'ny teny. Hoy aho: "*Mosesy o! Tompoko, miala tsiny indrindra tamin'ny tsy fahamatoran'ny finoako. Menatra aho noho ny tsy finoako sady noho ny nametrahako fanontaniana maro taminao."* Hoy izy namaly: "*Aza manahy na inona na inona, ary raha mbola misy fanontaniana dia apetraho."*

Ary nangataka hahita ny nampisarahana ny ranomasina aho araka izay voasoratra ao amin'ny baiboly. Nandona mafy ahy ny nahita izany sady tena nahafaly. I Jesosy tamin'izany teo anilako sady tsy niteny. *"Mosesy ô, Jesosy, mpino vaovao aho sady tsy mahalala zavatra, angamba be loatra ny fangatahako, azafady an. Mamela ahy. Rehefa miverina any am-piangonana aho dia hizara amin'I pasitera izay hitako, mba ho fantatr'izao tontolo izao izany."* Samy feno hafaliana na I Jesosy

na I Mosesy. Hoy Jesosy: "***Mosesy, tsy maintsy miverina eny an-tany I soeur Baek Bong-Nyo ka ataovy veloma amin'izay."*** Sady nanondrika ny lohany am-panajàna I Mosesy no nanao hoe: "*Veloma ranabavy."*

Nohazavain'I Jesosy tamiko fa: "***Na efa any an-Danitra aza dia mbola miasa mafy I Mosesy. Mandeha manerana ny Lanitra izy sady mikarakara zavatra betsaka."*** Tsy ho hadinoko na oviana na oviana ny nihaonako tamin'I Mosesy tany an-Danitra. Naterin'I Jesosy tao am-piangonana aho ary nofaranako ny vavaka nataoko.

## ==== Andro faha-23 ====

(1 jaona 3:7-10)

**Pastor Kim Yong Doo:** ** Ramatoa Kang, Hyun Ja Tratra tsy niambina ka notafihin-devoly*

Tokony ho tamin'ny 11 maraina, izaho sy ramatoa vadiko, Joseph, Joo Eun, nitsangana nanoloana ny trano fisakafoanana teo ampitan'ny tranoben'ny fambolena. Raha vao nandroso I madama dia nisy namely ka lavo teo amin'ny tany. Nisosa tamim-pomba mahery vaika teo amin'ilay tara mafibe izy ka nahavita tokony ho 5 metatra, moa va tsy ireny misoa amin-dranomandry ireny. Haingana dia haingana ny nikisahany ka tsy voasambotray izy. Nikiaka mafy izy ka samy namonjy hampitsangana malaky azy izahay. Niolana ny lantontanany, feno rà ny tanany ary niala sy vaky avokoa ny hohontanany.

Nijerijery ny manodidina izahay izay antony mety ho nampianjera mafy azy toy izany. Nadiobe ilay lalana, mahitsy tsara sady tsy mikitoantoana. Tsy misy antony hita maso nety ho nahatonga izany.

Nony kelikely dia nanontany an'I Jesosy ny mbomba an'io I Joo Eun. Nohazavain'ny Tompo fa noho izahay mandeha isan'andro any ampiangonana hivavaka dia mody avy eo dia zara raha manam-potoana hialam-boly. Rehefa tsy mialavoly firy ny olona dia tsy misy fotoana mampalemy azy ka ho azon'ny devoly hohararaotina. Fa androany kosa, sambany indray vao mba niala kely tamin'ny ara-panahy ny ankohonanay ka mba niala voly. Nohararaotin'ny devoly izany hamelezana azy ka nidaraboka izy.

Notsapain'I Jesosy ilay tànany naharary. Izaho koa nanomboka nampahery azy. *"Ry malalako, 'ndeha hisaotra an'Andriamanitra. 'Ndeha hibebaka tamin'ny tsy niambenantsika sady misaotra Azy. Amin'izay dia homeny fahasoavana lehibe isika. 'Ndeha hiaretana hatrany ny sedra dia handresy isika amin'ny farany."* Nony nampahery azy toy izany aho dia nandohalika izy nisaotra an'Andriamanitra sady nanandra-tra ilay tanany marary.

Satria tena nisy voka-dratsy mafy teo aminay iny fanafihan-devoly iny dia nanapakevitra aho ny ho mailo sy hitandrina hatrany. Vao varimbariana ianao dia avy zareo amin'ny angady sy ny harona. Amin'ny andro tsy ivavahanao dia mihaosa ny sainao ka mora tafihina, izay fotsiny no andrasan'ny fanahy ratsy. Noho izany dia tokony ho feno fiadiana mandrakariva isika.

☐

Herinandro sisa ny vondrombavakay nefa nitombo hatrany ny fanafihana. Nisokatra tsirairay ny masom-panahinay, tena atahoran'ny fahavalo izany ka nampalemy ny fanafihany. Arakaraky ny tanjaky ny vavakay no nampitombo ny finoanay. Fanahy ratsy mahery maro no nanafika anay ary tsy nitsahatra ny adinay.

Nony kelikely dia nojereko ny tongotr'I Joseph, ilay nisy fivontosana nanaintaina. Nivavaka mafy izahay ny mba hahasitrana azy. Taitra mafy aho tamin'izay hitako. Ilay nivonto tao anaty hidiny dia niofo ho holatra mainty taty ivelany. Hitako tamin'ny masom-panahiko fa hay I Jesosy nandraraka ny rany tamin'ny tongotr'I Joseph isanandro. Ary hoy aho: "*Wow! Tena tsara. Joseph a!! Tokony handeha any amin'ilay mpitsabo hoditra ianao hijoro ho vavolombelona aminy."*

Nony kelikely dia nanomboka nikohaka sy nandoa ra ny vadiko. Samy napetraka ny tananay teo amin'ny vozony sy nivavka mafy izahay sy Joseph ary Joo Eun. Ary hitanay fa indro fanahy ratsy naka endrika zatovovavy lavavolo nitafy lamba fotsy. Izy ilay nampianjera ny vadiko iny nefa izao indray dia mbola nanafika ny tendany, nampangirifiry sy nampikoha-dra azy.

Nametraka ny tanako teo amin'ny tendany aho sady nanandratra ilay iray no nivavaka. Tsy ela dia nihoraka mafy ilay fanahy ratsy: "*Pasitera kim, esory ny tànanao! Alaivo haingana! Aza mivavaka intsony! Oh, may. Ho lasa adala aho raha izao no mitohy!"* Ary nikiaka izy sady nanjavona.

**Ary tonga I Jesosy ka nanao hoe: '**Ry zanako, Marina fa nandositra anareo ilay devoly teo. Nefa namela ratrabe ka tsy maintsy mbola hiaritra izany elaela kely ianao. Raha tsy mitsaha- mivavaka ianao dia ho sitrana haingana kokoa. Aza manahy."

**Kim Joo Eun:**

*"Jesosy ô, toa inona ny hangezan'ny tranonay mbamin'ny fitehirizan-karenanay any an-Danitra?"* Hoy aho nanontany. Ary hoy Jesosy namaly: "***Tsy aleonao mivavaka dia mijery azy mivantana any? Izao aloha izy mbola tsy afaka atoroko anao. Maniria fatratra amin'ny finoana sy ny zotompo hahafantatra ny valiny mandra-pisokatry ny masom-panahinao. Rehefa izany dia miakara any hahita azy."***

*"Jesosy a, hatraiza ny halavitry ny vavak'I dada?"* Namaly ny Tompo hoe: "***Rehefa mivavaka I Pasitera Kim dia miasa ny Fanahy Masina. Hanao fihetsika maro ny tanan-drapasy. Midika izany fa homena ny fahasoavan'ny fahasitranana izy. Nefa noho izy io tranga voalohany aminy dia manokatra ny masony izy mandritry ny vavaka*. Noho izany dia tsy tonga any amin'ny seza fiandrianana ny fivavany fa mijanona eo amin'ny làlan-dronono. Raha manohy mivavaka ihany izy ka tsy miasa saina amin'ny fihetsiky ny tànanay izay mandeha ho azy dia hisokatra tsy ho ela ny masom-panahiny ka hamangy ny Lanitra izy."**

Nambaran'I Jesosy koa fa malemy ny fibebahan-dranadahy Joseph. Nasain'ny Tompo nibebaka tamin'ny fony sy tamim-pahazotoana izy. Andriamanitra kosa nefa tena afapo tamin'ny fibebahana an-dranomason'I neny sy ny fivavany mitory fitiava-namana.

Ary hoy aho: "*Jesosy, Diakona ny bebeko avy amin'I dada, nefa toa hoe misotro be loatra."* Ary

***hoy ny Tompo namaly:*** "Misy fanahy ratsy mpisotro ao anatin-drenibenao. Isaky ny mivavaka I Pasitera Kim dia aoka hivavaka ho azy. Izy koa tokony hampiaiky heloka azy mba ho azo antoka ny famonjena azy amin'ny finoana."

**Pasitera Kim:** **(jakoba 4:4-5)** ** Ireo mpitandrina sy mpiangona mijangajanga*

Marary foana ny foko rehefa abaribary amin'ny fahitalavitra noho ny ratsy nataony miafina ny mpitandrina. Na aho mamono ilay fahitalavitra na mandrovitra ilay gazety 'ndrao mahita ny vady aman-janako. Amin'ny mahampitory dia mahatsiaro menatra sy afa-baraka. Gina tanteraka aho sady tsy mahita hatao. Tena toy ny izaho ilay avoaka vaovao satria mba mpitory koa moa ny tena. Tsy te-hiady hevitra na hiresaka momba izany akory aho nefa ny Tompo nampandrakitra ahy izany amin'ny antsipirihany amin'ny boky.

Nibaiko ny Tompo fa tsy mahazo mijangajanga ny olony. Amin'ireo tsy voaisa mankany amin'ny helo dia mpijangajanga ny ankamaroany. Nandidy anay ny Tompo hoe: "***Tsy efa hitan'ny mpiangona tato ve ny fampijaliana ireo mpijangajanga any amin'ny helo? Ny fijangajangana dia fahotana sarotra ibebahana."*** Tsy tian'ny Tompo ny olony mijangajanga ara-panahy, fa vao may tsy tiany ny fijangajangana ara-nofo.

Mpitandrina sy mpivavaka maro no mihevitra fa rehefa mifona amin'ny anaran'I Jesosy fotsiny izy dia havela tanteraka ny helony. Noho izany dia miverimberina manota, mibebaka indray dia mihevitra fa eo ambany fahasoavana. Tsy misalasala izy ireo mamerimberina mijangajanga fa eo ambany fahasoavana, hono. Malahelo ny Tompo noho ny fahadisoan-keviny. **(apok 2:21-23)** Rehefa mbola tsy manana an'I Jesosy ny olona dia manota noho ny tsy fahalalany. Tezitra ny Tompo raha efa nanaiky Azy ny olona nefa miverimberina manota tsy am-pisalasalana. Ary niteny mafy tamim-pahatezerana ny Tompo hoe: "***Sarotra ny hamela heloka mpitory mijangajanga miafina. Raha tsy mibebaka amin'ny fony izy dia hivarina any amin'ny helo!"***

Ary niangavy mafy ny Tompo aho hoe: "*Tompo a! Olombelona izy ireo; Nofo sy ra. Mba mety ho lavo sy manao hadisoana, sa ahoana? Rehefa maty ny olona iray tsy afa-mibebaka intsony. Fa raha mbola velona kosa ve izy dia tsy havela raha mibebaka? Andrinin-tsoratra masina maro no milaza fa hamela heloka ianao raha mibebaka ny olona iray."* Nefa hoy ny Tompo namaly: "***Mahalala ny soratra masina tsara ny mpitory ka ho henjana ny fitsarana azy. Ho sarotra no hamelàna azy.***

Nefa aho vao may tsy nilefitra fa nanohy ny fiangaviako hatrany. Toy ilay nataon'I Abraham. *"Tompo a! Angamba marina ny anao nefa raha tsy mamela azy ianao ka mandefa azy any amin'ny helo dia toa miangatra. Mety betsaka ireo no namonjy fanahy ho anao. Mety nisy koa ny nitondra ny fiangonanao araka ny sitraponao. Dia tsy mba hisy toy izany ve amin'izy ireo?"* Ary nampatahotra ahy ny fibedin'ny Tompo: "***Mpitandrina ve ianao dia tsy mahalala soratra masina?"*** Ary nampahatsiahiviny ahy ny **([filipiana 2:12](filipiana 2:12))**: "***Miasà amin'ny tahotra sy hovitra hahatanteraka ny famonjena anareo."***

Na dia nibedy ahy aza ny Tompo, dia niady hevitra sy nandresy lahatra Azy hatrany aho. *"Ry Tompo tiako, n a nao sorona ny aminy ho anao ireny minisitera ireny. Nanompoany anao ny androny rehetra tety an-tany. Tsy tokony homena fotoana hahafaha-mibebaka ihany ve izy? Raha manambara aho fa mankany amin'ny helo ny mpitandrina, iza no hino ahy?"*

Avy eo dia samy nangina kely izahay. Avy teo dia tony ny Tompo sady niteny tamim-pahefana. **"Mitovy hevitra amiko ny Ray. Raha tena mibebaka amin'ny fony amin-tahotra ilay mpitandrina, dia havela. Fa raha miverina manota izy dia toa maneso an'Andriamanitra! Na betsaka ny ondry tandremany na kely, na matanjaka be na malemy; dia efa nanao ny fahotana tsy tian'Andriamanitra indrindra izy. Ataovy an-tsaina mandrakariva izay."**

Tamin'ny fahitana dia nanoro ahy mpitandrina iray ny tompo izay nifankatia tamin-jatovovavy tao am-piangonany. Matetika izy ireo no mihaona hanao firaisana ara-nofo. Nony farany dia fantatry ny vadin'ilay mpitandrina izany. Tafitohina mafy izy ka natahorana. Nananatra ilay mpitandrina mba hibebaka io vadiny io fa tsy nohenoiny. Tsy zakany intsony ny ferotraina ka namono tena izy, toy ny ataon'ny tsy mino rehefa tojo ady sarotra. Any amin'ny helo izy izao ary ampahoriana mafy.

**Hoy ny Tompo: "**Isaky ny mahita io vehivavy io aho dia mitriatra foana ny foko. Nahoana no tsy halefako any amin'ny helo io mpitandrina io? Mbola mitondra fiangonana izy, tsy tena mibebaka.Na izao aza izy mbola miaina ao anaty hadisoan-kevitra.Voaolana ny fieritreretany. Tsy misy afa-mamitaka ahy. Tsy misy afa-manarona ny marina amin'ny lainga."

** Famafana anarana ao amin'ny bokin'ny fiainana*

Nisy diakombavy izay tao amin'ny fiangonanay. Fony izy mbola nahatoky tamin'ny finoana dia nandray fanomezam-pahasoavana maro avy tamin'ny Fanahy Masina. Kanjo nesorina taminy avokoa izy ireo rehefa nanomboka nisotro sy nifoka matetika izy. Ankoatr'izay dia nifampiresaka isanandro tamin-dehilahy tamin'ny finday izy ary nihaona taminy miafina matetika. Nananatra azy foana aho mba tsy hisarizoro amin'io lehilahy io. Nisy fotoana notreromiko mihitsy fa tsy nety. Andriamanitra manam-paharetana amin'ny olona. Na izany aza, raha tsy mibebaka ny olona dia hiharan'ny fahatezerany. Natoron'Andriamanitra ahy tamin'ny fahitana fa nofafany tao anatin'ny bokin'ny fiainana ny anarany. Nony nahalala izany izahay dia samy raikitahotra fatratra.

Rehefa mbola anokafan'ny Tompo varavarana isika dia tokony hiditra na misy inona na misy inona. Hoy ny Tompo: "***Io masimbavy iray io dia sady naneso an'Andriamanitra no nampalahelo ny Fanahy Masina. Ka raha tsy tena mibebaka amin'ny fony sy malahelo noho ny ratsy nataony izy***

***dia tsy hiditry ny Lanitra*. Raha mafy toy izany aza ny fitsarako ireo ondry ao am-piangonana, mainka va fa ireo mpitandrina mijangajanga? Izy ireo dia mila mibebaka toy ny hiala aina mihitsy. Maneso an'Andriamanitra ny mpitandrina amin'izao fotoana izao. Hoy izy ireo: 'Andron'ny fahasoavana izao, namela antsika malalaka ny filazantsara. Mibebaka kely fotsiny dia havela tsy misy fepetra ny fahotana.''Izao mihitsy aza no tokony vao may hampatahotra mihoatra ny tamin'ny andron'ny testamenta taloha."** ***Nampitandrina ny Tompo fa ho avy faingana ny andro tsy maintsy hanadinana antsika ny amin'izay nataontsika.***

Eo ampanoratana ity ampahany ity aho dia nikorontana sy nangorohoro fatratra nandritry ny ora maro ny fanahiko. Hoy Jesosy: "***Dia hofoanantsika ve izany ny lalàna noho ny finoana? Sanatria! Izao aza izy no tena tokony hampiharina sy hotandremana."*** **(romana 3:31)** Tena marina fa miaina isanandro eo ambanin'ny fahasoavana mahagagan'ny Tompo isika. Fa ny fiainana ambany fahasoavana tsy midika avy hatrany fa foana avokoa ny fahotana rehetra. Manararaotra ny fahatsoran'Andriamanitra be loatra isika raha tsy mibebaka. Ny fibebahana isan'andro no làlana fohy indrindra mankany amin'ny famindram-po sy fiantran'Andriamanitra.

** Ireo olona manohitra ny fahefàna ara-panahin'ny mpitandrina)*

Hoy angamba ianao hoe, manoratra ity boky ity toy izany izy satria pasitera, satria moa ny tena mpitandrina rahateo. Nefa raha izaho manokana dia tsy manam-paniriana ao anatiko hiaro ireo mpitandrina hafa amin'izay ataony. Manoratra sy mandrakitra aho satria nasaina nanao izany. Tsy te-hiandany na amin'iza na amin'iza aho eto am-panoratana.

Hoy ny Tompo: "***Ahitsiko ny mpanompoko."*** Nambarany koa ankoatr'izay fa tsy maniraka ireo ondry mihitsy izy hanitsy ny mpanompony. Nolazainy fa hotsaraina sy hanarina mafy ireo manao fahotana miafina.

Nomeny tamin'izay ny **(1 samoela 4:11-22)**. Nolazainy koa fa tsy hanaiky mihitsy izy ary tsy handefitra amin'ireo mivondrombondrona hanongana pasitera. Ho mafy ny sazy hahazo ireo manao izany, toy ny efa natao tamin'I Kora sy Datana ary Abirama ao amin'ny **(nomeria 16:26-35)**.

Ary hoy indray aho nifona tamin'ny Tompo: "*Indraindray anie Jesosy mivondrona toy izany izy ireo noho ny tsy fahalalàny e, sady mety hanatsara ilay fiangonana koa no tena hevitr'izy ireo eny amboalohany. Raha toy izany ary no mitranga, nahoana izy ireo no hohelohina?"* Toy izao no navaliny: "***Raha vao olana momba ny fiangonana dia tsy azo vahana amin'ny fisainan' olombelona, tsy azo ekena mihitsy."***

Fanampin'izay hoy ny Tompo, raha misy tsy nanome hasiny ny fahefana ara-panahin'ny pasitera ka nanohitra azy dia tsy maintsy mibebaka amin-tahotra. Raha tsy izany mantsy dia efa mananintanina azy ny helo. Noho izany, mila mahatoky isika, marina ary mitandrina fatratra.

Ireo mpitandrina ihany koa izay mamela ny mpino hanamavo ny fahefany ara-panahy dia tsy maintsy mibebaka amin'ny fo mihoatra ireo mpino tandremany. Nohantitranterin'I Tompo fa na ny mpino na ny mpitandrina dia tsy maintsy mibebaka amin'ny fo avokoa. Raha nivavaka fotsiny izy ireo dia ho niditra antsehatra izy namaha ny olany.**(Apôk 2:1)**

** Mamangy ny fiangonana rehetra manerantany ny Tompo*

**Ary nanohy nanontany ny Tompo ihany aho: "Ianao, hono, Tompoko afa-miseho amin'ny fiangonana rehetra maneran-tany amin'ny fotoana iray. Marina ve izany?" Namaly ny Tompo hoe:** "Satria Aho Fanahy dia tsy voafehin'ny zava-misy eto amin'ity tontolo ity. Izaho afa-miseho amin'ny toerana rehetra amin'ny fotoana rehetra, amin'ny fiangonana rehetra na aiza na aiza. Tsy hoe any amim-trano fivavahana iray aho amin'ny fotoana iray. Indray hitako ny fiangonana rehetra manerana izao tontolo izao, nefa aho Fanahy iray ihany. Ny fanahy koa tsy mba sasatra na reraka. Na aiza na aiza fiangonana ka misy mivavaka dia reko avy hatrany. Afa-mandre ny zanako rehetra aho ary eo afaka ho eo anilany amin'ny fotoana mitovy. Raha tena mivavaka amim-pahavitrihana ny olona iray dia hisokatra ny masom- panahiny ka afaka ny hoentiko any mamangy ny Lanitra sy ny helo izy. Ianao sy ny vadinao izao ry Pasitera Kim mangataka foana ny hisokafan'ny masom-panahinareo. Ianareo mivady koa nefa tena manome hafaliana ho Ahy. Satria matetika ianareo no mangataka izany an- dranomaso dia hoheveriko ny hahafahanareo mamangy ny Lanitra sy ny Helo. Mazotoa hatrany mivavaka. Tamin'ny voalohany ny Ray tsy namela anareo hifoha ara-panahy. Kanefa noho ny fanirianareo fatratra ny hangataka izany ka ivavahanareo manomboka ny alina ka mandra-maraina dia tena faly ny Ray. Sady nareo tena miantso mafy mihitsy. Hoy ny Ray: 'Tsy mbola nahita olo-masina toa azy ireto aho.'Hosokafany, hoy Izy, ny masom- panahinareo."

Misy karazany roa ny fifohazam-panahy. Ny iray miaraka amin'ny fisokafan'ny masom-panahy fa ny iray koa tsy miaraka. Ny ankamaroan'ny fiangonana dia mifoha saingy tsy afa-mahita ny zava-misy eny amin'ny tontolo ara-panahy. Io karazany io no fifohazan'ny ankamaroan'ny fiangonana. Amin'io dia ny Fanahy Masina no manome faharesen-dahatra, eritreritra anaty, na Teny amin'ny fotoana ilàna azy.

Rehefa misokatra ny masom-panahin'ny olona iray dia afa-miresaka amin'I Jesosy izy. Ankoatry ny 'Lord's Church' aty Kore dia misy olo-masina vitsivitsy manana io fanomezam-pahasoavana io. Afa-miresaka amin'I Jesosy mivantana izy ireo rehefa tena mitady azy. Nambaran'ny Tompo fa ireo manana masom-panahy misokatra ao amin'ny 'Lord's Church' dia afa-miresaka aminy im-betsaka.

**Kim Joo Eun:** **(1 jaona 5:1-5)** ** Nifanandrina tamin-devoly samihafa*

Raha mbola nidera tsy nisy toy izany aho nandritry ny fanompoam-pivavahana dia indro devoly naka endrika tovovavy nandeha teo alohako, ny masoko ara-nofo tamin'io mbola nihiratra. Ary nandroso faingana nankeny aminy aho ka nandray azy tamin'ny volony sady nanodinkodina azy. Nikiakiaka foana izy tamin'izany, ary natsipiko teny amin'ny zorontrano. Avy teo dia devoly miendrika aloka indray no indro tamy. Tsy voatsikaritro izy io tamin'ny voalohany fa noho ny fanampian'ny Tompo dia voasambotro ka nahodinkodiko sy nohitsakitsahiko mafy.

Vao hitako fotsiny ilay devoly nandimby azy dia nohazakazahiko nosamborina ny ranjony, naolako ny vozony, nokekeriko sy nadaraboko tamin'ny tongotra. Nijininika nanerana ny gorodona ny rany.

Tsy afa-naka aina akory aho fa nisy devoly hafa indray ka nomeko ny totohondry teo am-bavafony. Nitomany izy sady nipetraka teo amin'ny gorodona no nanao hoe: "*Kay! Ny vavafoko!"* Nofejaiko tamin'ny volony izy ka nomeko an-drahavavy Yoo Kyung. Hoy aho: "*Rahavavy a! fejao mafy io!"* Ary hoy izy namaly: "*Ekena, hitako tsara io!"* Ary natsipiny lavitra ilay izy.

Androany izahay toy ny hoe notafihina tamin-kery iray manontolo. Ny mahazatra dia manafika izy ireo rehefa manomboka mivavaka miaraka izahay, fa izao izy ireo toa niova paika fa manelingelina anay amin'ny fanombohan'ny fotoana. Noho ny antony tsy fantatra dia miatrika devoly maro miendrika tovovavy izahay. Rehefa nisy nanatona indray, dia nosamboriko, nofelahako tamin'ny takolany roa sady norangotiko. Nikiaka mafy izy: "*Kay! maharary!"* ary norangotiny tampoka koa aho. Hitako tsara mihitsy ny dian-kohony ao amin'ny lamosiko. Natoroko an-drapasy sy ireo mpiara-miangona hafa mihitsy ho vavolombelona.

**Lee Yoo Kyung:** Teo am-piderana iny aho, no indro devoly manana tarehy miloko roa. Ny tarehiny iray fotsy fa ny iray kosa mainty. Dia tonga nanampy azy koa devoly manga tarehy. Noraisiko avy hatrany ireo devoly 2 ireo ka noraisiko tsy nananako antra. Natsipiko lavitra tery ilay devoly roa lokon-tarehy. Ilay devoly manga kosa tsy nahazaka ilay ahodinkodina ka norangotiny ny vohon-tanako. Rehefa izany dia notsongoiny sy nokakeriny aho. Nikiakiaka aho tamin'izay. Tezitra mafy aho ka natsipiko farak'izay afako izy io. Rehefa nojereko ilay faritra voarangotra sy voakaikitra dia hitako fa nisy dian-drangotra fotsy sy hoditra niala. Nivonto ny rantsantanako noho ilay kaikitra. Hitan'ny mpino ireo marika ireo ka talanjona izy rehetra. Nanaintaina mafy ireo noratrain'ny devoly ireo. Ary nanomboka nitomany nigogogogo aho niaritra ilay hirifiry.

**Lee Haak Sung:** **Joseph nokakerim-bibilava*

Yoo Kyung, ny anay sy I Joo Eun moa efa misokatra ny masom-panahy ka afa-mahita ny asaratsin'ireo devoly/fanahy ratsy. I Joseph kosa somary hita ho miferotraina noho izy tsy mitovy aminay. Lazain'I Joseph fa rehefa mivavaka izy dia mandre mafanabe noho ny asan'ny Fanahy Masina. Mipetraka eo akaikiko foana izy mandritry ny fotoam-pivavahana. Noho izany, isaky ny mivavaka aho dia manao fangatahana manokana ho azy foana.

Teo am-piderana sy fanandratana ny Tompo niaraka taminy indrindra anefa aho no indro devoly niendrika bibilava nikisaka nanatona anay. Tonga teo amin'I Joseph izy io ary nihodidina ny ranjony roa. Ary niantso mafy aho hoe: "*Joseph, fejaim-bibilava ianao!"* Hoy izy namaly: "*Inona? Tsy mahita na inona na inona aho."* Noraisiko tamin'ny tendany ilay biby ka nomeko an'I Joseph. Maika, ery aho nihoraka hoe: "*Fejao mafy dia atsipazo amin'ny tany!"* Somary nisalasala izy satria tsy nahita izay hitako, tsy azony tsara izay tena nitranga. Nambarany hoe: "*Ry rahalahy Haak Sung, tsy misy zavatra hitako!"* Dia naveriko indray hoe: "*Joseph atsipazo amin'ny tany!"* Noraisiny ilay izy ary nahodinkaodiny.

Raha nisy olon-kafa nahita dia ho nihevitra fa nanodinkodina ny tànany any ambony toy ny nihazon-javatra fotsiny I Joseph. Fa raha manana masom-panahy misokatra kosa dia ho nahalala fa nihazona bibilava tamin'ny vozony sy nanodinkodina azy izy. Tsy hay hazavaina amin'ny lafiny ara-nofo izany tranga izany, ny masom-panahy ihany no fanazavana azo omena.

Satria I Joseph tsy nahita ilay biby dia nohalalahiny ny tanany sady nanodinkodina izy. Noho izany dia afa-nikisaka izy io ka nihodidina tamin'ny sandriny, nokakeriny ny tànany. Teto vao tena fantany ny fisian'io. Nanomboka nisy dian-kaikitry ny bibilava tao amin'ny vohontanany. Nisy dia nify roa teo sady nandeha ra. Nony fantatry ny mpitandrina izay nitranga dia nasainy nankeny amin'ny altara izahay niaraka tamin'ilay bibilava.

Sady nanandra-tànana I dadapasy no niantso mafy hoe: "*Amin'ny anaran'I Jesosy!"* Noho ireo teny ireo dia nisasaka roa ilay bibilava sady nipoaka ny lohany. Nidanaka aho raha nahita izany.

Ora maro androany no laninay niadiana tamin'ireo fanahy ratsy. Rehefa tsy nanafika izahay dia niaro tena. Lany angovo mihitsy tamin'ny fandroahana sy fihazana mba handresena azy ireny. Fa rehefa mahasambotra izahay ka mitondra azy eny amin-drapasy, dia tonga malemy izy ireo. Manana fanomezam-pahasoavan'ny afo masina miredareda mantsy Rapasy, rehefa teneniny dia mivoaka ao aminy io afo io ka mahakila forehitra devoly, tonga lavenona izy ireo amin'iizany ka manjavona.

** Mihaza devoly*

Izay devoly hitanay dia baboinay ka entinay eny amin'ny alitara teo amin'ny nitsanganan'I Pasitera. Dorany amin'ny afo miredareda izy ireny. Tena namizana ilay izy an, ary toy ny notafihina tamin-kery manontolo mihitsy izahay. Betsaka loatra ireo fanahy ratsy ireo ka tsy voaisanay intsony. Arakaraky ny hamaroan'ny resy sy voaroaka no vao may mampisy hafa mipoitra. Teo am-piadiana amin'ny devoly izahay dia nijery avy teny amin'ny alitara I Jesosy sady nankasitraka. Teo anoloan'ilay hazo fijaliana no nitsanganany. Nony nisasaka ny fotoambavaka dia nihaza sy nifanandrina tamin'ny devoly izahay. Nanimba zavatra izahay ka tsy afa-nanohy ny fotoam-pivavahana. Niara-nientana izahay hiatrika ny devoly.

Nandritry ny ady dia faritra 3 no naratra tamin'I Joseph, ny 2 dianifin'ilay bibilava fa ny iray kosa ilay norangotin-devolivavy. Nandeha rà avokoa ireo ratrany ireo. Hitako tsara avokoa ireo dianify sy rangotra izay ao amin'ny vohon-tànany 2. Mba tsy hahatsapàny ho voamafy dia niezaka izahay nanao hatsikana momba ireo ratrany sady nampahery azy ka nilaza fa holatra sy ratran'ny voninahitra vokatry ny ady ireo.

Kang Hyun Ja:

Teo afovoan'ny fotoana, Haak Sung, YooKyung, Joo Eun, ary Joseph samy nihiaka mafy hoe: "*Pasitera a! Ramatoa Kang Hyung Ja! Vondron-devoly marobe no indray manafika. Inona no tokony hataonay?"* Toy izao no nambaran-drapasy azy ireo: "*Aza manahy. Manana an' Andriamanitra telo izay iray isika momba antsika. Resinareo ireo."* Faly ery ireo ankizy nanao hoe: "*Wow! Mety! Ry devoly maloto! Maty 'nareo rehetra androany!"* Ary samy nihazakazaka nanerana ny trano izy rehetra, nifanenjana tamin'ny devoly.

Ny masonay ara-nofo dia tsy mahita afa-tsy ankizy maro mihazakazaka manerana ny trano manodinkodina ny tànana eny ambony. Fa ny masom-panahy kosa mahita izay tena mitranga marina. Nandritra izany, amin'ny maha olombelona dia nisy fotoana aho nieritreritra hoe: "*Raha*

*mba izao moa no hitan'ny avy any amin'ny fiangonana hafa, na ireo vahiny, na ny mpikambana vaovao ato, dia ahoana?!"* Nefa tsy nataoko ho zava-dehibe ny nihevitra izany izao, naleoko nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra sy nanao ny dihy ara-panahy. Tsapako ho navesatra tampoka ny tànako havanana sady toy ny nandray zavatra aho. Nihodinkodina ho azy toy ny milina avy teo io tanako io. Nihamafy sady nihanahery izany fihodinkodinana izany. Hoy aho aneritreritra: "*Fa misy inona ary?"*

Tsy nanam-potoana hieritreretana izany aho. Vao may nihamafy hatrany ilay fihodinkodinana, tsy nety nijanona sady toa nisy hery hafa mihitsy. Tsy afaky ny nipetra-potsiny amin'izao aho. Nitsangana koa aho sady nihazakazaka. Tsy nitsahatry ny nihodinkodina ny tànako. Nanopy maso an-dranabavy Baek Bong Nyu aho ka hitako koa izy manao toa ahy. Tsy nampoiziko fa nahadona mafy sisin-tseza ny tànako. Tsy takatro tamin'ny fisainan'olombelona izay nitranga.

Nanontany ireo ankizy nanana masom-panahy nisokatra aho: "*Joo Eun, Mijere aty amin'ny sandrin'i mama. Nahoana no mihodinkodina ho azy ny tanako? Sady izay tsy mety mijanona?"* Taitra mafy izy sady nanao hoe: "*Mama, Nahazo devoly ianao! Ahodinkodino foana fa ho resinao."* Na tsy voabaikon'ny saiko aza ny tànako dia nezahiko nahodina mafy hatrany hatrany. Hoy ilay pasitera: "*Ramatoa Kang Hyun Ja, Miakara ety amin'ny alitara sady aza ajanona ahodina."* Nankeny amin'ny alitara aho ka niantso mafy rapasy hoe: "*Afo masina!"* Nijanona ho azy ny tànako sady resy ilay devoly, nodoran'ilay afo masina ka tonga lavenona.

Tena nahafinaritra sady nahatalanjona. Resy tanteraka ireo devoly rehetra raha nijery aho. Tsapako teo ny herin'ny fahaizanay ara-panahy.

**Kim Joo Eun:** **Vao mikasika ny vatan-drapasy ny devoly dia lasa lavenona*



Taorian'ny vavaka hariva, raha nivavaka tamin'ny fitenin-Danitra aho, dia nisy devoly nanatona ahy nefa resiko tamin'ny fahefan'ny anaran'I Jesosy. Na izany aza, vao mainka maro no vondron-devoly niendrika tovovavy miakanjo fotsy niseho. Gaga aho noho ny hamaroany, betsaka an! Mandeha mitandahatra tsiefatrefatra na tsidimidimy izy ireo. Na miendrika tovovavy avokoa aza izy rehetra dia samy manana ny endriny. Rehefa nivorivoriana aho dia nosamboriko izay takatro, ka nokakeriko sy norangotiko. Na nandositra aza izy ireo dia azoko mora foana sady nahodinkodiko toy ny saribakoly. Nentiko teny amin'I pasitera mbola nirehitra afo ilay izy. Halan'izy ireo izy sady atahorany. Rehefa entiko eny izy ireo, vao mikasika azy fotsiny dia lavenona. Mikiaka dia izay no izy. Tsy tsapan-drapasy akory izany rehetra izany fa izy nivavaka hatrany.

Nandritry ny ady dia tonga tezitra mafy aho ka nanao anakam-po hoe: "*Anio, Maniry mafy aho hamangy ny Lanitra sady vonona hangataka izany amin'ny Tompo nefa helingelenin'ny devoly ka tsy nahavita ny hataka. Noho izany dia tsy afa-namangy ny Lanitra. Tsy olana e! rehefa tsy afa-namangy ny Lanitra ihany aho dia hampariko amin'ireto devoly ireto ny hatezerako!"* Nalavoko avokoa izay nanakaiky ahy teo.

Tena sarotra ny fiainam-panahiko tamin'io andro io, niatrika devoly anjatonjatony. Nony ela dia tonga I Jesosy nanatona ny alitara nivavahan'I Pasitera.Tsy mbola sitrana tanteraka ilay ratra nataon' ny devoly tamin-drapasy tamin'ny andro vitsy lasa iny. Midera sy mitarika fotoana ihany izy na eo aza ny hirifiry. Na mivavaka aza izy dia hita ho mbola manaintaina sy malemy. Nitsangana teo anilany i Jesosy sady nanafosafo am-pitiavana ny lohany sy ny lamosiny ary ny vatany tamin'ny tànany, indrindra teo amin'ilay faritra naharary. Isaky ny mahita an-drapasy I Jesosy dia tonga mpihanihany. Tiany ny miaraka amin'I Pasitera, nisy fotoana aza Izy nihira mihitsy. ***"Na eo aza ireo ratra ireo dia tena mbola mazoto mivavaka ianao. Mety indrindra!"*** Faly ery ny Tompo.

Variana kely aho teo am-pijerena izany ka efa nisy devoly nanolana ny tànako sy ny sandriko havanana. Nanomboka niparitaka avy tany amin'ny tendron-drantsantànako ny hatsiakabe nentin'io devoly io. Nofejaiko mafy haingana ilay angovo tsy hiparitahan'ilay hatsiaka. Hoy aho nihoraka: "*Mandidy anao aho amin'ny anaran'I Jesosy, Mialà amiko ry devoly maloto! Miala!"* ary nisinda tsikelikely ilay hatsiakabe nentin'ilay devoly. Rehefa nivavaka aho dia sady nikapokapoka ny sandriko havanana hiverenany amin'ny laoniny.

** Ny ezaka maha te-hidera hiadiana amin'ny devoly nataon'I Yoo Kyung*

Nisy devoly mainty manam-batana 5 mitohitohy nanatona ahy. Voaraiko izy io ka nasaviliviliko, sady niantso ny anaran'I Jesosy aho. Dia nisy devoly hafa indray endrika lehilahy miakanjo fotsy. Lavabe izy io, toy ny manaka-danitra mihitsy. Nasaviliviliko izy roa sady nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra aho. Raha mbola nivavaka aho dia indro devoly manana tandroka maranitra nipetraka teo amin'ny piano. Lava Rambo izy io sady nahakamobe ny endriny. Voaraiko koa izy io ka taitra sy gaga. Nakopakopany ny elany toy ny an'ny fanihy handosirana nefa izy voazerako tamin'ny tany ka nohitsakitsahiko sy nasiako tsy nisy indrafo.

Teo am-pidarohana ilay devoly aho no nohatonin'I Jesosy. ***"Oh, Yoo Kyung, Tsara fa tohizo. Maharesy devoly ianao. Nihevitra hampitsidika anao ny Lanitra aho izao hanoro anao zava-tsoa any nefa ianao mbola sahirana miady amin-devoly. Dia ahoana?"*** Hoy aho namaly: "*Jesosy, Rehefa avy eo aho mamangy ny Lanitra. Aleo aloha hiady amin'ireto devoly ireto izao!"* Ary hoy ny Tompo: "***Ekena, ataovy ary aloha ireo dia aoka ho mpandresy."*** Nitsangana teo anilako ny tompo nijery. Vao may natahotra ireo devoly ireo ka niezaka nitsoaka raha nahita an'I Jesosy.

Ary nanatona ny alitara tandrifin'ny nivavahan'I Pasitera I Jesosy. Nokapokapohiny sy nosafosafoiny ny lohan-drapasy, indrindra fa teo amin'ilay faritra sola. Ary nankeo amin'I Josefa Izy ka nikasika ny tongony sy ny vatany. Nokasihiny ireo faritra maharary. Somary tsy faly aho raha niala teo anilako ny Tompo ka niantso mafy aho hoe: "*Abba, Abba!"*

Rehefa lasa I Jesosy dia indro devoly nipoitra avy teo amin'ny alitara nanatona ahy. Tezitra aho tamin'ny fanarabiany. Nezahiko tsy niasàna saina nefa sady naneso no nanao teny mandratra. Notsapaina ny fahaizako mitony. Tonga tezitra mafy aho. Nosamboriko ilay izy ka nahodinkodiko. Hoy izy nitaraina: "*Fanina aho, tena fanina! Avelao aho!"*

Voamariko fa nisy maso tao anaty masony. Ary nangarika ahy ireo maso anatiny. Nahatsiravina ilay izy. Ary niteny tamin'ny feo mahery aho hoe: "*Sahy mangarika ahy ianao!"* Nopoiriko tamin'ny

rantsantànana ny masony. Satria moa maro ny maso tao anaty masony dia tsy maintsy nopoiriko imbetsaka. *“Ah! Ny masoko, ny masoko marina!”* hoy izy nikiakan-tahotra, nefa tsy navelako. Nahodinkodiko hatrany. Nihoraka mafy izy hoe: "*Avelao! Aoka ho’aho! Hokakeriko ianao raha tsy mamela ahy!”* arakaraky ny nampitahorany ahy no vao may nanodinako azy mafy kokoa. Nokakeriny tamin’ny heriny manontolo ny tànako.

Nony voakaikiny aho dia tsy voatazoko intsony izy ka natsipiko lavitra tery. Nanatona ahy I Jesosy sady nandokandoka ahy tamin’ny teny mampahery. ***“Oh, mafy amin’ny fandavoana devoly I Yoo Kyung-ko. Henjana ianao!”*** Sady nitantana ahy izy no nampahery. ***“Yoo Kyung, Iny indray misy devoly manatona anao ka reseo!”*** nitsangana ny Tompo nijery ahy niady tamin’ny devoly.

Indro tokoa nisy devoly karana nihoraka hoe: "*’Ndao ho any amin’ny helo miaraka amiko!”* Sady nanafosafo loha aho no nanao hoe: "*Tsia! tsia!”* Noraisiko izy ka nakapoko tamin’ny gorodona tamin-kery lehibe. Ary nikiaka izy sady nanjavona. Nitehaka I Jesosy izay nitsangana teo anilako sady nanao hoe: "***Wow! Mety indrindra ny ataon’I Yoo Kyung-ko! Nitombobe ny finoanao.”*** Nijanona elaela teo Izy nankahery ahy.

Niverina tany an-Danitra I Jesosy. Nivavaka tamin’ny fiteny tsy fantatra fotoana ela aho. Devoly tokony ho 50 eo raha ny eritreritro no resiko tamin’iny alina iny.

**Fiovan’I Haak Sung vokatry ny hosotry ny Fanahy Masina*

Nihanitombo hatrany ny isan’ireo devoly. Nanafika amin’ny andiany izy ireo. Nosokiriko sy nopoiriko ny masony, nasiako sy nahodinkodiko. Noho ny tanako roa dia tsy afa-niaro tena aho raha nanafika azy, maro loatra mantsy izy ireo.Tsapakoho nihena ny heriko ka hoy aho anakam-po: "*Raha nanana sabatra masina aho dia ho vitako matavy ireto.”* Izany foana no tao an-tsaiko nandritry ny ady.Tokony hivavaka bebe kokoa aho hahazoako ny herin’Andriamantitra. Izaho koa tokony hazoto hianatra sy handinika ny teniny.Raha manao izany aho dia ho afa-mahazo ny sabatry ny Fanahy Masina.

Teo am-piadiana tamin’ireo devoly aho dia maro ny zavatra fantatro. Arakaraky ny andreseko maro no vao may mampipoitra ka mampivondrona azy ireo hanafika. Tsy azoko veroka izay iafenany. Tsy devoly vaovao ihany no manafika, fa mbola tonga koa ireo efa resin-dry Joseph, Joo Eun ary Yoo Kyung. Helingelenin-dry zareo izahay mandritry ny fotoana sy ny vavaka. Variana mihitsy izahay ny amin’ny habetsahan’ireo mpanafika.

Toy ireo karazam-borona sasany, mihodidina izay nangoniny izy sady mihamaro hatrany. Rehefa tonga ny fotoam-pihinanana dia miara-mitsaingoka ireo hazany izy.Toy izany koa ireo devoly, miara-manafika, ary maro koa no mipoitra tampoka tsy fata-piaviana. Ireo miafina moa dia miandry ny fotoana mety fotsiny. Izaho koa nahita an’I satana tany amin’ny helo. Nitrerona sy nibaiko ireo mpanompony izy raha nanampy isa ny mpanafika izy ireo.Tsy mbola niady tamin-devoly marobe toy izao aho.Androany, devoly sesehena no nipetaka tamin’ny valindrihana sy ny rindrina, tena maro ka tsy nisy hita afa-tsy izy ireo.

Nivavaka mafy tamin'Andriamanitra aho hanome ahy ny afo masina. *"Ry telo izay iray, mba omeo afo masina aho! Dia ilay mandoro devoly!"* Ary nomeny afo mivaivay aho izay niditra faingana tao amin'ny tratrako. Vantany vao tafiditra tao amin'ny tenako io afo masina io dia nanomboka nidifidify ahy ireo devoly. Talohan'ny nidiran'io afo io dia tsaroako ho tena vizana aho fa taoriana kelin'ny nidirany dia niverina tamiko indray ny heriko. Afa-nifanehitra sy nandavo devoly indray aho.Rehefa resiko avokoa ny devoly dia nanao vavaka fitsaohana aho.Velom-pisaorana aoka izany aho noho ny rehetra.Avy teo dia tsaroako ny fotoana nanomezako alahelo an-drapasy ka nanomboka nipatrapatraka ny ranomasoko.

Nandritry ny fotoam-bavaka dia niantso rapasy hoe: "Sam," ary namaly "amen" avy hatrany aho. Tena nirefitra ny fotoam-bavaka notarihiny. Tsapako ho niova sy nitombo haingana ny aina amam-panahiko.Olon-kafa tanteraka miohatra tamin'ny izaho 2 volana lasa. Ankoatr'izay dia mifoha sady afa-maminany, afa-manavaka ny fanahy, miteny amin'ny fitenin-Danitra, mahazo fahalalana, mahazo fahendrena, ary mahery kokoa amin'ny finoana. Rehefa miresaka amin'I Jesosy aho dia matetika mahita ny sezafiandrianan'I Ray.

Na fanahy aza ny Fanahy Masina, dia afa-mahita Azy amin'ny masom-panahiko aho. Izaho koa tia miangona; mahafinaritra ilay izy sady mahaliana. Mahafaly ahy ny manao vavaka mandrittry ny alina. Sarotra ny hanazava ny hafaliako rehefa mitory sy mivavaka. Atao amin'ny alina mandra-maraina ny fotoana, amin'ny 6 na amin'ny 7 eo vao mifarana. Rehefa vita ny vavaka dia mifampijoro ho vavolombelona izahay hatramin'ny 5. Avy eo dia miara-mihinam-bary maraina. Rehefa avy misakafo dia manohy mivavaka indray mandra-piposaky ny masoandro. Rehefa izany dia mitatitra anay any antrano amin'ny fiara Rapasy. I Jesosy miaraka aminay mandritry ny dia mody. Hallelujah!

**Sister Baek Bong Nyu:** **Fampijaliana amin'ny tanambokovoko miandry any amin'ny helo*

Teo am-pivavahana tamin'ny fiteny tsy fantatra aho no nitranga I Jesosy. Tsapako avy hatrany teo fa hitondra ahy any amin'ny helo Izy. Hita ho somary nisalasala Izy raha nanambara izany. Tsy mbola nahavita nanontany akory ny Tompo dia ny ahy no tonga taloha. *"Jesosy, nahoana ianao no misalalsala? Fantatro fa hitondra ahy any amin'ny helo indray ianao, sa…?"* Somary nanahirana ahy ny nijery ny endriky ny Tompo nefa izaho tsy te-hanohitra Azy. *"Jesosy, raha tsy maneho ahy ireo havako mijaly any ianao dia hanaraka anao hatrany amin'ny faran'ny helo aho. Izaho tsy te-hahita ireo ray aman-dreniko ampahoriana."* Nitantana ahy Izy sady tsy niteny.

Toy ny mahazatra, vantany vao raisiny ny tànako dia efa any amin'ny helo izahay. Nanomboka nandeha tamin'ny lalan-tery. Tsy lea dia fofom-paty lo no nameno ny tanàna. Ary tonga tamin-kianja malalaka iray izahay. Hazo fijaliana tsy hita isa no nitandahatra teo. Samy nilentika lalina tany anaty tany avokoa ireo tanam-bokovoko ireo. Olona betsaka no efa mihantona ary mbola maro ireo mitandahatra hofantsihina. Anisan'ireo nilahatra niandry toro ny reniko. Nitsangana teo ambany hazofijaliana mbola tsy nisy olona izy.

Zava-manana aina goavana mampatahotra be no miandry ireo hazo ireo. Rehefa tonga ny anjaran-dreniko dia nafatotr'ilay zava-boahary teo amin'ny hazo izy hofantsihina. Nanopy maso ahy izy io

ary nitodika tany amin'I mama ka nanao hoe: "*Teneno izao dia izao ny zanakao tsy hankany am-piangonana intsony sy tsy hino an'I Jesosy. Raha tsy izany dia anio no ho farandronao!"* Natahotra mafy I mama. Nijery ahy ilay zavaboahary sady nitrerona hoe: "*Raha miteny ianao fa tsy hino an'I Jesosy dia havelako ny reninao ka tsy hampahoriako. Teneno! Lazao fa tsy hino intsony ianao!"* hoy izy nanandrana niady varotra tamiko. *"'Ndao e! Ataovy ny voady! Haingana!"* Hoy ilay zavaboahary nandidy. Tena sarotra ny zava-nitranga teo. Toy ny an'ny olona ny endriny fa ny lohany kosa toy ny an'ny bera, tena nahatsiravina , tsy vitako ny nijery azy tamin'ny masony.

Ary naka sabatra lava maranitrabe ilay zava-boahary miloham-bera io ka nibaiko ny mpanompony. Nankato avy hatrany izy ireo. Notereny hatrany ny reniko. *"Teneno haingana ho'aho ny zanakao! Izao! Noho io zanakao io dia mikorontanabe aty amin'ny helo. Mivavaka mandritry ny alina ny fiangonan-janakao. Voahelingelina amin'ny lafiny rehetra mihitsy izahay. Olona tokony hankaty lasa mankany am-piangonana, mahakamo! Lazao haingana amin'izay izy! Ny pasiterany manoratra boky mampibaribary anay sy ny helo, tsy azonay atao ny hamela azy hanohy io boky io. Teneno e!"*

Tsy nitsaha-nijohy ny takolak'I mama ny ranomasony teo am-pijerena ahy. Satria moa I Jesosy teo anilako dia tsy afa-niteny izy. Hany heriny dia nanondrika ny lohany sady nitomany. Tsy nahandry intsony ilay zavaboahary sady tezitra mafy tsy nisy toy izany. Nogejaina I Mama ary nahantona teo amin'ilay hazofijaliana.Natao mafy dia mafy ny fatotra. Tsy ela dia voafatotra koa ny zandriko lahy sy ny zanaky ny zokiko, dia nahantona. Ary nofantsimpantsihin'ilay zava-boahary tsy nananany antra izy rehetra. Nesorina ny nofony hatrany antampondoha ka hatrany am-paladia. Dia notapatapahina koa hatrany amin'ny taolany. Avy teo ny nofon'ireo havako nalatsaka tanaty vilany misy menaka may. Afo mijoalajoalabe no namanàna ilay vilany.Ny reniko, ny zandriko lahy, ary ny zanaky ny zokiko dia samy tsy nanana afa-tsy ny masony sy ny sofiny teo amin'ny karan-dohany, nesorina avokoa ny ankoatr'izay. Na dia efa mahaontsabe toy izany aza ny endrik'izy ireo dia mbola afa-nikiaka ihany izy hoe: "*Bong Nyu, 'Ndehana haingana! Efa nilazanay ianao tsy hankaty intsony. Nahoana nefa ianao no mbola miverina foana? Tsy mba mampalahelo anao ve ny mahita anay ampijaliana toy izao? Aza miverina aty intsony re a!"*

Sady nangovitra aho no niteny hoe: "*Mama, ry mama mahantra! Aorian'ny fitsidihana in'3 miantoana, na te-ho aty aza aho tsy ho afaka intsony. Nolazain'I Jesosy fa raha vao vita io famangiana in-3 io dia tsy hitondra ahy aty intsony Izy. Ory mafy ny foko mahita anareo mijaly!"* Ary nanapa-dresaka ilay zavaboahary ka niteny tamim-peom-baratra hoe: "*Miteny anao io farany aho! Farany ho'aho! Teneno ny zanakao tsy hino an'I Jesosy. Tereo izy tsy hivavaka sy tsy ho any am-piangonana intsony! Malaky!"* Raha mbola nitrerona an-dreniko ilay zavaboahary dia niteny tamin'ny toerany aho. *"Ianao, ry ilay zava-boahary ratsy! Raha misy tianao holazaina, lazao amiko. Nahoana ianao no mampihorohoro an-dreniko? Raha azoko ianao indray andro any, maty!"* Vao nobedesiko ilay zavaboahary dia nandeha mafy teny amin-dreniko toy ny kanety. Nosoiriny I mama, norovitiny ny sofiny, nopoiriny ny masony. Ary nihiaka mafy noho ny hirifiry I mama hoe: "*Azafady mba vonjeo e!"* Tsy zakako intsony ny nahita azy nijaly. Tsy nisy teny azo ilazàna io tranga nahonena loatra io! Toy izany koa no nanaovana an-jandriko sy ny zanaky ny zokiko. Narotsak'ilay zava-boahary tao amin'ilay vilany misy menaka may koa ny sisa tevela tamin'izy ireo. Reko ny hiakam-pitarainan'ireo havako avy tao anaty vilany mangotraka.

Tsy mbola afaka ihany ny hatezeran'ilay zavaboahary. Teto indray dia nametraka loviabaolina feno bibikely teo ambanin'ireo havako izy. Vetivety foana dia nameno ny vatan'izy ireo ireo bibikely ka nihinana sy nandavaka hatrany anaty taolana. Nikiakiaka mafy ireo havako. Ny fahitana azy dia I mama no tena mijaly mafy amin'izy ireo.

Hoy izy: "*Devoly a! efa maty aho! Nahoana ianao no mampahory olona efa maty? Devoly a! esory any ireo bibikely ireo! Esory izao hirifiry izao! Azafady indrindra!"* Na fantatro aza fa tsy misy azo atao intsony dia mbola nanontany ihany aho: "*Jesosy, hifarana oviana ny fampijaliana azy ireo?"* Hoy aho nitomany. Nefa hoy Jesosy: "***Raha vao niditra ny helo ianao dia tsy afa-mandositra sady tsy misy hevitra intsony fa hampijaliana mandrakizay."***

Niangavy tamin-dranomaso aho sady niantsambotra teny amin'ny tompo hoe: "*Jesosy, hijaly mandrakizay aty amin'ny helo ny reniko. Ahoana no hahafaly ahy mandrakizay any an-Danitra? Tsy tantiko intsony ny mahita ny fahorian'I mama. Aleo aho hisolo toerana azy ka izy no ho voavonjy!"* Ary niantso haingana ny anjely I Jesosy.

Saiky torana mihitsy aho noho ny vesatr'ilay tranga. Noho ny baikon'ny Tompo dia naverin'ny arkanjely Mikaela sy anjely vitsivitsy tany amin'ny 'Lord's Church' aho. Nantsoin'I Jesosy hatramin'I Mosesy mihitsy hampahery ahy. Vaky fo koa na I Mosesy na I Jesosy. Naondany teo antratrany aho, nampahereziny sady nofafany ny ranomasoko. Rehefa hitan'izy 2 nijohy ny ranomasoko dia nalahelo koa izy ireo.

## ==== Andro faha-24 ====

Kim Joseph: (2 timoty 3:1-5)

Rehefa nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra aho dia nibebaka andranomaso tampoka. Ela tokoa aho vao tena nahatsapa izany fibebahana an-dranomaso izany.

Tonga afo ny vatako ka raha vao misy devoly miendri-bibilava dia samboriko ka ahodinkodiko eny ambony.

Lee Yoo Kyung:

Nony nirehitra am-bavaka aho, dia nisy fanahy ratsy tsy maha te-ho tia nanidina nankeo amiko. Nakopakopany teo alohako ny elany toy ny an'ny fanihy. Toy ny an'ny sahona ny masony, Mena ny orony ary lavabe ny lelany. Leo be aho tamin'ilay siokany maranitra, ka nosamboriko izy, nongotako ny elany dia nasavoanako. Ra mena no nijininika teo amin'ilay ratrany.

Teo koa nisy bibilava mainty ratsy nanatona ahy. Somary matahotra bibilava aho, manirikiry mantsy izy ireny. Rehefa nihananatona izy dia tsy afa-nanao na inona na inona aho, afa-tsy ny niantso mafy hoe: "*Tompo! Matahotra aho! Misy bibilava!"* Tampoka teo dia tonga I Jesosy, nisambotra ilay biby ka nanipy azy tery.

Hoy ny Tompo nanontany: "***Yoo Kyung, ao tsara ve ianao? Aza matahotra! 'Ndao hamangy ny Lanitra."*** Notantanany aho ka nankany an-Danitra izahay. Nasain'I Jesosy nihira fa ho teny am-

panidinana ho any amin'ny làlandronono. Nihira ny 'Derao ô! Ry fanahiko!' im-betsaka izahay. Rehefa avy namangy ny Lanitra dia niverina niaraka tao am-piangonana izahay ary nanohy nivavaka aho.

Nanatona an'I Pasitera Kim I Jesosy nihaino tsara azy nivavaka. Nihaino azy ela Jesosy ary nikasika ireo faritra naharary taminy. Teo amin'ny faritry ny lamosiny io hirifiry io izay nokakerin' ny devoly. Ary nanatona an'I Joseph Izy ka niantso mafy hoe: "***Mibebaha! Bebe kokoa, hatrany hatrany, avo lenta kokoa noho izany! Mitomania, rehefa tena miantso mafy ianao vao hisokatra ny Lanitra!"*** Nigogogogo im-betsaka I Joseph androany; Niaina ny fibebahana an-dranomaso izy.

Niverina teo amiko I Jesosy niaraka tamina anjely vitsivitsy. Sahy nanambara Izy hoe: "***Yoo Kyung, Aza marofy; Aoka ianao ho salama lalandava. Mahereza!"*** Ireo anjely aza vao may niantso mafy hoe: "*Masimbavy Yoo Kyung! Aza marary!"* Hoy ny tompo: "***Mahereza!"*** Dia nifanao veloma izahay.

**Lee Haak Sung:** **The Ilay fefy fiarovana nomen'ny anjely*



Nony nivavaka aho dia anjely maro no niditra teo am-baravarana. Nihodidina ahy izy ireo ka tonga fefy fiarovana. Nanontaniako azy izay nataony. Dia nolazainy fa mirafitra ho manda fiarovana ahy izy ireo. Rehefa voafefy tanteraka aho dia tsaroako ho nafanan'ilay afo miredareda. Hitako nisy devoly nitsangana teo ivelan'ilay fefy. Nihazona antsy maranitra izy io, nampahatsiahy ahy horonantsary efa hitako izay. Nanakaiky anjely iray izy ka nanindrona azy io, nefa nitsonika teo noho eo ilay antsy sady nirehitra ny tànany. Ary nisy fanahy ratsy hafa indray nanatona. Toy ny hazo antitrabe no fijery azy.Nohon'izy nandroso moramora mankeny amiko, dia naninji-tanana hikasika ilay fiarovana. Vao nahakasika nefa izy dia may, nandifitra ilay toa hazo avy teo ilay afo. Nikiaka mafy io hazo io sady nitsoaka.

Nanaovan'ny anjely fiaro koa teo amin'I diakom-bavy Shin izay nivavaka. Tokony ho 200 teo ireo anjely. Niasa mafy izy ireo hametraka manda fiarovana ho an'ny mpiangona rehetra. Voamariko teo fa ilay fanahy ratsy dia toy ny zana-drameva eo ivelan'ilay manda fiarovana.Nanatona ahy izy io. Nanandrana hiditra tao amin'ilay fefy nefa vao may nihanamaivay ilay fefy ka tsy nanohy niditra izy. Avy teo izy nanatona an'ny diakom-bavy Shin. Soa ihany izy fa nanana manda fiarovana sy afo. Tsy tafiditra tao koa ilay io. Nanidina nankeny amin-dreniko indray izy. Vao nanatona an'I mama dia nirehitra ka nanjavona.

Tampoka teo dia nisy hazavana mamiratra be avy tany an-Danitra. Hitako fa nisy anjely goavambe nitondra soavaly fotsy, tena nahatalanjona. Nitempotempo mafy be ny foko. Nanatona ahy io anjely io sady nampahafantatra ny tenany: "*Ahoana, ny arkanjely Mikaela ity."* Ary nisy anjely mamiratrabe koa nanaraka avy tao aoriany, izay nantsoina hoe Gabriela. I Gabriela nihazona saina

nipetaka tamina andry lehibe. Nohazavain’I Gabriela fa rehefa mandresy fanahy ratsy I Mikaela dia mampisavilivily io saina io Izy.

Mitovitovy ny halavan’ny arkanjely Mikaela sy Gabriela. Teo am-pijerena an’I Pasitena nivavaka izy roa ireo dia nijoro nangina fotsiny. Raha nanatri-maso izany zava-nampitolagaga loatra izany aho dia tonga sina tanteraka. Tsy fantatro intsony na nofiko io na tena niainako marina.

**Kim Joo Eun:** ** Andiam-panahy ratsy maro no niara-nirona nefa nihanatanjaka ny finoanay*

Teo am-pivavahana tamin’ilay farany teo dia nisy fanahy ratsy niendrika volantsinana nikorisa nankeo amiko. Fa androany kosa fanahy niendrika volam-penomanana nana-maso. Vao nanakaiky dia notsindroniko ny masony, nosokiriko hivoaka ny voamasony. Naolako tao anaty lava-masony ny rantsantànako. Niparitakabe ny rany teo am-panaovako izany. Ary nisy hafa indray naka endrika tovovavy nanodinkodina tandrimo teo amin’ny lohany. Nofikiriko ny volony, nohozongozoniko, Nahodinkodiko im-betsaka izy, dia natsipiko. Nanatona ahy Jesosy sady nandoka ahy noho ny nataoko nanao hoe: "***Tsara, Ratasy a!”***

Ary nanohy ihany Izy hoe: "***Ratasy a! nihatsara tarehy aoka izany ianao androany! Iza no nandrandrana anao?”*** *“Ny diakona Shin!”, hoy aho namaly.* Nandoka azy koa ny Tompo: "***’Zany an? Ary mahay izy an!”*** Satria tsy mbola nisokatra ny masom-panahin’I Diakona dia tsy hitany I Jesosy nanatona azy. Anjely maro no niaraka tamin’I Jesosy. Mahita anjely foana aho miaraka aminy fa tamin’ity, tena maro. Tamin’ireo anjely ireo nisy nandeha tsiroaroa nipetraka teo anilan’I Jesosy. Hazonin’izy ireo amin’ny tànana ireo lovia baolina volamena bevava ka fenoiny amim-pahavitrihana ny vavaky ny masina.

Ary nisy devoly maro indray avy teo amin’ny zoron-trano ka tonga nanatona anay. Vao nanakaiky dia nalain-drahavavy Yoo Kyung, nahodinkodiny sy natsipiny lavidavitra. Naka maromaro koa aho, nahodinkodiko sy natsipiko tery. Ranadahy Haak Sung sy Joseph koa niady; Nisambotra izy ireo, nanodinkodina ary nanipy. Im-betsaka no nampiasanay io tetikady io.

Reko tsara ny fidonan’izy ireo amin’ny rindrina na gorodona, mafy aoka izany. Rehefa hamaramparana ny vondrom-bavaka izahay dia voamarikay fa vao may maro ny fanafihana, nefa vao may nampitombo hatrany hatrany ny finoanay izany.

**Soeur Baek Bong Nyu:** ** I Pasitera Kim nampihomehy an’I Jesosy*

Efa nanatri-maso sy niaina zava-panahy maro aho. Izany koa anefa tsy maintsy niaretako zava-maro. Tampoka tamiko ny nitondran’I Jesosy ahy tany amin’ny zaridainan-Danitra. Navelany hankafy ilay zaridaina aho mba hahazo hery vaovao. Afa-nijanona ela tao araka izay tiako aho. Nikorisa aho, nitsambikimbikina, nilalao toy ny zaza. Mankadiry sady tsara tarehy be ny voninkazo any an-Danitra. Tena tsara ny fofon’ireo voninkazo ireo, na izao tontolo izao aza tsy atakaloko azy. Noho izaho vizana sy lanaka tanteraka dia nitsotsotra nony niverina tao am-piangonana. Nandritry ny vavaka maraina, teo am-pitoriana rapasy dia nandehandeha nanerana ny alitara, ary notomorin’I Jesosy akaiky.

Be hanihany izay ilay pasiteranay ka vao mieritreritra azy fotsiny aho dia mitsiky na mihomehy. Liana aho ka nanontany an-drapasy hoe: "*Rapasy, efa be hanihany hoatr'izao foana ve ianao na talohan'ny niangonako tato?"* Ary namaly izy hoe: "*Vao tsy ela loatra ity fiangonantsika ity. Na izany aza tsy tsaroako ho nisy tranga nampihomehy izany tato. Tsy nisy tonga ato an-tsaiko raha hoe zavatra nampihomehy nandritry ny vondrom-bavaka. Izaho aza nalahelo lava foana sady mahonena no mahaontsa."* Ary hoy aho nanontany: "*Nahoana ary ianao no niovabe?"* Hoy rapasy namaly: "*Tena tsy fantatro an! Tamin'ity fotoana ity no tsaroako ho nanova ahy! Tsy haiko marina izay mitranga. Raha manontany ahy ianao ny antony na olona mety ho nahatonga izany, dia hamaly aho hoe: " ny Tompo no mampisy tontolo feno fifaliana."*

Manana talenta manokana izy maka tahaka feon'olona. Tsy feon'olona ihany; zavatra maro samihafa koa, biby na zava-tsy mihetsika. Maka tahaka an-drapasy I Jesosy sady tapa-tsinay. Nandritry ny toriteny, anjely 2 no nandrakitra antsoratra izay rehetra nolazainy. Nipetraka teo anilan'ny hazofijaliana teo amin'ny alitara ireo anjely nanoratra tamim-boky lehibe. Manoratra ny tenin-drapasy no tena andraikitr'ireo anjely ireo. Indraindray nefa izy ireo mangala-pijery ny fihetsik'I pasitera. Mafy aoka izany ny hehin'izy ireo ka indraindray variana dia misy tsy voaray ny tenin-drapasy. Rehefa misy tavela toy izany dia bedin'I Jesosy izy ireo. ***"Aza mijery an-drapasy, manorata fotsiny!"***

Rehefa mitsiky na mihomehy I Jesosy dia faly toy izany koa ireo anjely. Rehefa malahelo kosa Izy dia mangina ireo anjeliny. Nandritry ny toriteny dia nanontany ahy Rapasy*"Ranabavy a! aiza izao I Jesosy?" "Mitsangana ao o aorianao", hoy aho namaly.* Nanao tarehy ratsy izy sady nanao hoe: "*Oh, Inona no hataoko? Nandefa rivotra aho, midofaka tsy ho zakan'iza na iza mihitsy. Miala tsiny amin'ny Tompo raha ao aoriako izy fa lasa mandre fofona ratsy. Ahoana re izany e?"* Nihomehy ny Tompo sady nanao hoe: "***Tsy misy fiantraikany amiko izany satria fanahy aho. Tsy olana e!"*** Nokapokapohiny ny loha sy ny lamosin-drapasy.

**Pastor Kim Yong Doo:** Torovana avokoa ny mpiangona rehetra nandritry ny vavaka. Tsy nisy niala nefa fa sady nihidy vazana izy ireo no nitohy nivavaka hatrany. Nanohina ny Tompo tokoa ny nahita izany fitiavam-bavakay izany. Nandre nanaintaina tsy hay zakaina aho. Izany dia vokatry ny fanafihan'ny fanahy ratsy im-betsaka. Ela vao miafana ny karazam-pery toy io. Nampijaly ahy fatratra ilay fanaintainana tsy nety nijanona. Tonga sarotra ho ahy ny nivavaka nanandra-tànana ela. Nefa na teo aza izany hirifiry izany dia hetsehin'ny Fanahy Masina amim-pomba samihafa ny sandry aman-tànako. Mirindra aoka izany ny fihetsiny.

Nihetsika tsikelikely tsirairay ny tànako roa. Avy teo dia nihovitrovitra mafy tampoka sady tonga nanevokevokabe teo aho. Ary indro Jesosy nitafy lamba fotsy nandehandeha teo anoloako. Reko nisy tsio-drivotra malefaka mafanafana tamin'ny tarehiko. Tsapako ny fanatrehany mahery vaika. Indrisy fa mbola tsy nisokatra ny masom-panahiko. Toa mijery ny toe-panahy sy ny fihetsitsika Izy, mametraka antsika eo ambony mizàna.

## ==== Andro faha-25 ====

(Matthew 16:13-19)

**Kim Joo Eun:** **Ratasy nihinana ny bisikitran-Danitra*

Rehefa nivavaka tamin’ny fiteny tsy fantatra aho dia niady ary nandresy devoly. Teo am-pivavahana dia feno zavatra tampoka tao am-bavako. Notsakoiko ilay izy ka reko nikarepoka tsara. Tsy fantatro mihitsy io zavatra notsakoiko/nohaniko io. Nony nateliko ilay hanin-tsy fantatra dia hoy aho anakam-po: "*Wow! Inona iny? Matsiro an! Hay ve mba misy zavatra mafilotrabe toy izany ihany?"* Ary nitranga teo I Jesosy malalako.

Nantsoiny ny anarako ka nanomboka niresaka tamiko izy: "***Tasy, Te-hanandrana ve ianao?”*** Ary hoy aho nanontany: "*Jesosy, Fa inona io?”* Toy izao no navaliny: "***Bisikitra matsiro nentiko ho anao avy tany an-Danitra. Ataovy hoe ah; Sokafy ny vava.”*** Nosokafako dia nataony tao ilay bisikitra.

Vao nahakasika ny lelako ilay izy dia nitsonika tonga malemy. Betsaka ihany ny bisikitra matsiro eo amin’izao tontolo izao fa ilay nomen’ny Tompo ahy tena hafa mihitsy. Indray mitsako ny haben’ilay izy, boribory sady fotsy.

Hoy aho: "*Wow a, tena faran’izay matsiro ilay bisikitra! Mbola te-hihinana aho. Afaka mbola omenao ve?”* Hoy ny Tompo: "***Tsia, tsy mihinana intsony aloha ianao izao.”*** Gaga aho nanontany hoe: "*Inona kay iny?”* Hoy Izy namaly: "***Sakafo hanin’ireo olo-maisna any an-Danitra. Fantatro fa mbola te-hihinana ianao saingy rehefa mamangy ny Lanitra omeko betsaka, mazotoa mivavaka.”*** Ary niangavy an-dranomaso ny tompo aho hoe: "*Jesosy, ento any an-Danitra aho!”* Kinanjo, tsy mbola vita ny teniko dia efa lasa Izy. Hitako sy tsapako fotsiny ny aloky ny fanjavonany. Nandre tsio-drivotra malefaka aho tarafin’ny hazavana mamiratra.

Tsy hohadinoko mandrakizay ny tsiron’ilay bisikitran-Danitra nomen’I Jesosy ahy iny. Alim-pitahiana tsy hay lazaina amin’ny teny anio alina. Reko nitany avy teny lavidavitra teny Jesosy: "***Tasy a! tsy ho ela dia hoentiko any ianao fa aza manahy. Veloma.”*** Dia lasa tanteraka Izy.

Rehefa nihanatanjaka aho dia nivavaka indray. Teo am-pivavahana aho dia nahita fanahy ratsy nanatona ahy.Taolana aman-karandoha maro no nanomboka nitangorona teo amiko.Nampihomehy ahy ny endrik’izy ireo. Nifofofofo fahatezerana mafy izy noho izany. Niteny mafy hoe: "*Mahatsikaiky be ny endrikareo ry taolana isany. Amin’ny anaran’I Jesosy, mandidy anareo aho hiala izao!”* Dia nanjavona izy ireo.

Rehefa nirehitra am-bavaka nandritry ny ora maro izahay dia nisy vondron’anjely nitondra famarana volamena hitatazana ireo vavakay. Rehefa feno ny an’ny iray ka miakatra izy dia misy anjely hafa indray mitondra famarana foana. Dia toy izany hatrany. Hainganabe ny fandehanan’izy ireo. Tsy vavaka ihany no mameno ireo famarana ireo fa ny ranomaso sy lantompeonay koa, entina any an-Danitra izy ireny.

**Lee Yoo Kyung:** **Ny nandrovitana ny fitafian’ny fanahy ratsy*

Teo ampivavahana aho nahita devoly tovovavy niakanjo fotsy. Noraisiko haingana ny volony, nahodinkodiko mandra-piongotr’izy rehetra. Rehefa notriariko nefa ny akanjony dia niova ho

lehilahy mitanjaka izy. Hitako avokoa ny tenany iray manontolo ary nanomboka niavela sy nandriba tamiko izy.

Tezitra mafy aho, noraisiko ny vozony: "*Ry fanahy ratsy voretra! Nahoana aho no ipipizanao?"* Nofelahako izy ka nanao hoe: "*Azafady! Avelao ny heloko. Manome toky aho fa tsy hiverina aty intsony."* Nofelahako hatrany izy sady nodarodarohiko. Natsipiko teny amin-drahalahy Haak Sung izay saron'ny afo tanteraka izy avy teo. Vao nikasika azy izy dia tonga lavenona.

Nony nanohy nivavaka aho dia nisy devoly faharoa bemaso indray nitranga. Vehivavy ny tarehiny ilany fa lehilahy kosa ny iray. Fohy volo izy, nampahatsiahy ahy horonantsary mampatahotra. Rehefa miteny izy dia misy feo 2 samy hafa, feon-dehilahy sy vehivavy. Noraisiko ny volony ka nongotako avokoa, dia norovitiko ny akanjony. Ary nitanjaka io fanahy ratsy io.

Ary hoy izy: "*Nahoana aho no naboridanao? Iza no nampiboridana ahy teo?"* Namaly tamim-pahatokiana aho hoe: "*Izaho iny ka ahoana? Mahatsapa tena ho afa-baraka angaha?"* Ary nitomany izy sady niangavy hoe: "*Mba ampitafio moa aho e! Malaky! Mangatsiaka be. Mba omeo fitafiana!"*

Raha mbola nitsangana teo ilay fanahy ratsy dia norovidrovitiko teo imasony ny fitafiany. Dia nitaraina ihany izy: "*Iza no naniraka anao hampiboridana ahy? Nahoana no nosimbainao ny akanjoko?"* Nahasorena ahy izany. Hoy aho: "*Miteniteny foana ianao, maty ianao androany!"* Nazerako teo amin'ny gorodona dia nodarodarohako. Ary nikiaka mafy izy: "*Vonjeo e! Marary! Fantatro fa tsy ampy ahy ianao nefa maninona aho no resinao. Matahotra aho!"* Tsy te-handre ny menomenony aho. Nokapaiko ny ranjony dia natsipiko tery. Nitontona teo amin'ny zorontrano izy dia potipotika. Rehefa vita ny ady dia nipoitra ny Tompo.

**Yoo Kyung nihinana voankazon-Danitra*

Nitafy lamba fotsy mamiratrabe I Jesosy. Nony nanatona akaiky Izy dia hitako nihazona zava-boribory fotsy. Hoy Izy: "***Yoo Kyung, Andramo ity, Voankazon-Danitra. Nentiko ho valisoanao noho ny fahazotoanao mivavaka. Nitombobe mihitsy ny fahafahanao mandresy devoly. Matsiro ity an! Andramo anie e!"*** Niteny tamim-pitiavana be ny Tompo ka novaliako haingana: "*Misaotra betsaka Tompoko!"* Vao nanandrana aho dia faly aoka izany. Nataoko telimoka ilay izy avy teo.

Hoy ny Tompo: "***Yoo Kyung, 'Ndeha hitsidika ny Lanitra."*** Ary lasa nitafy akanjo misy elatra aho. Nanavatsava tamin-tanambokovoko izahay izay nisy varavarana mankeny amin'ny habakabaka. Tsy ela ny nanidinana dia efa tany an-Danitra izahay.

Nony tonga tany dia nihaona tamin'I Yeh Jee. Niara-nandihy fotoana ela teo anatrehan'ny Tompo izahay sy Yeh Jee. Tsikaritro fa nisy piano volamena teo akaikinay. Goavambe izy io. Nobanjiniko maharitra izy io fa nahagaga loatra.

Teo am-pandihizana aho dia nahita ny Ray nihetsiketsika teo amin'ny seza fiandrianany. Naneho hazavana mamiratrabe ny Ray avy teny amin'ny seza fiandrianany. Mazava ny Ray, tsy zakako nojerena. Nisy anjely maro koa niasa mafy nanoratra boky haseho eo anoloan'ny sezafiandrianana.

Goavambe mankadiry Andriamanitra Ray, tsy azo saintsainina ny habeny. Tsy vita na ny hanopy maso Azy aza noho ny hazavany. Matanjaka loatra ny hazavana ka tsy zaka jerena. Lavabe ny fitafiany ka tonga hatrany amin'ny kitrokeliny. Ny tongony ihany no mba hitako.

Niteny tamiko izy tamim-peo manako. *"Yoo Kyung, Tsy tsapanao hoe tsara ve ny aty? Raha mirehitra am-bavaka hatrany ianao dia hoentiko aty matetika. Noho izany, mivavaha ka aza mitsahatra."* Niondrika aho sady namaly: "*Eny tompoko, Amen."* Vao tapi-niteny aho dia nivoaka avy tao amin'ilay hazavana ny tanany ka nikapokapoka ny lohako. Ary hoy I Jesosy: "***Yoo Kyung, jereo aho!"*** Rehefa nitodika tany aminy aho dia ontsa tanteraka sady vaky fo. Saika latsa-dranomaso mihitsy. Hitako tamin'ny tànany roa ireo holatra lehibe navelan'ny fantsika. Hitako koa ireo teo amin'ny tongony. Ary hoy ihany Izy: "***Nandraraka ny rako aho, maty ho anao. Aza Alaina ao antsainao mihitsy aho!"***

Nisisika mafy tamin'ny Tompo aho mba hahita ny tranoko any an-Danitra. *"Tiako ho hita ny tranoko aty!"* Navelany aho ka hoy Izy: "***Eny ary, hasehoko anao."*** Nentiny tany amin'ny tranoko aho izay vita amin'ny volamena tanteraka. Misy rihana 11 ilay izy, miasa mafy ny anjely manamboatra azy, nitsambikimbikina toy ny bitro aho fa faly tsy nisy toy izany, nihira am-pifaliana hoe: 'Oh, Midera ry Fanahiko.' Rehefa nihira fiderana aho dia hoy ny Tompo: "***Ry Yoo Kyung malalako, Te-hanao mariazy aminao aho."***

I Yeh Jee nanaraka ahy foana tamin'izay nalehako. *"Rahavavy a, tena be fitiavana I Jesosy. Omeny sakafo be aho dia omeny fitiavana be koa. Tena mahafaly ahy aty! 'Ndeha isika hitsangatsangana any an-jaridaina." Nandeha tany izahay sy* Yeh Jee ary nankafy ery. Nivezivezy teny amin'ireo voninkazo izahay dia nahazo fahafinaretana. Elaela ihany ny fotoana laninay teo. Hoy ny Tompo: "***Yoo Kyung, Tonga ny fotoana handehananao, ataovy veloma I Yeh Jee."*** Ary hoy rahavavy : "*Rahavavy, Aza marofy dia mamangia ahy indray."* Nifamihina izahay dia lasa aho.

**Lee Haak Sung:** **Rehefa rakotra ny ran'I Jesosy dia tsy misy fanahy ratsy sahy manakaiky*

Raha mbola teo am-pivavahana aho dia fenoin'ny Fanahy afo hatrany. Tonga afo mivaivay tsy hay zakaina ny tenako. Karazan-devoly maro no nanafika ahy, nefa vao nikasika ahy dia nirehitra ka tonga lavenona, nitsonika sy rava daholo.

Nisy bibilava nandady hankeny amiko nefa noraisiko ny lohany dia nesoriko. Nahodikodiko tamin'ny tehina hazo dia nodorako. Nisy devoly fohy volo mitafy fotsy nanafika ahy, nefa nosamboriko dia natonoko. Nisy hafa maro koa niezaka hanatona nefa vao nahita ilay afo masina niredareda teo amiko dia niala. Azoko amin'izay ny tsy anatonan'izy ireo an-drapasy. Tonga afo ny vatany isaky ny mivavaka izy dia ialan-dry zareo. Nahafinaritra ny nahita azy ireo niala an-drapasy.

Naneno ho azy ilay piano, nanao ny hira 'Nataon'ny Fanahy batisa.' Dia nanomboka nandihy ara-panahy tamin'ilay gadona sy feo aho. Afa-nandresy devoly maro koa aho tamin'ny alalan'io dihy io, nampitombo hery aoka izany. Faly ery Jesosy ka nandokandoka ahy. ***"Tsara indrindra ry zanako malala!"*** Nahasambatra ahy ny teny mampahery nataon'I Jesosy.

Ary nitendry ho azy ny ‘Fantsika telo’ ilay piano, teo noho eo dia nibebaka an-dranomaso aho. Namafa ny ranomasoko I Jesosy sady nampahery ahy tamin’ny teny mamy. Nandehandeha teny amin’ireo mpiangona hafa izy dia nikasika ny lohany. Rehefa tonga teo amin-drapasy dia nikasika ny lohany im-betsaka kokoa.

Nandidy tamim-peo mahery ireo anjeliny Jesosy: "***Anjely, fenoy ny rako ny fidirana ato amin’ny fiangonana. Aoka tsy hisy devoly handehandeha ato amin’ity trano ity. Afafazo eny amin’ny rivotra ny rako.”*** Teo noho eo dia indro ireo anjely nanatanteraka faingana izay nolazainy. Nametrahan’izy ireo manda fiarovana aloha ny valindrihana sy ny rindrina. Natao toy izany koa ny varavarana sy ny andry teo am-pidirana. Avy teo, novontosana ny ran’I Jesosy ireo manda fiarovana rehetra ireo. Nony feno Ra tao dia hitako ireo devoly sahirantsaina, mifamaly te-hiditra ao am-piangonana. Noho ny Ra niaro anay, na firy na firy isan’ireo devoly, tsy nisy tafiditra. Noho izany dia afa-namita ny fivavahako amim-pilaminana aho.

**Soeur Baek Bong Nyu:** ** Noho ny fiarovan’Andriamanitra, tsy nandre hirifiry aho nandritry ny fampijaliana tany amin’ny helo*

Fony teo am-pivavahana aho dia indro Jesosy niaraka tamin’Anjely roa. Nitondra ahy teo amin’ny lalan-dronono izy ireo, vao tonga tany amin’ny halehanay izahay dia notenenin’ny Tompo ireo anjely hody any an-Danitra. Dia hoy Jesosy avy eo: "***Bong Nyu, ‘ndao hamangy ny helo.”*** Vantany vao noraisiko ny tànany dia efa tany amin’ny helo izahay.

Nanjohy lalan-tery iray izahay. Tery be ilay làlana, moa va tsy toy irony mandeha amin’ny tahalaka ireny, saingy hantsan-dalina tsy hita fara ny sisiny 2. Vao tsy mitandrina aho dia any. Injany feon’olona maro mitaraina sy mikiakiaka any ambany any, mijaly mafy mihitsy no fandre azy. Fofona masiso tsy hay zakaina no mameno ny tanàna. Fofom-paty lo sy nofotra may. Setroka maintsy no tsy mitsaha-miakatra avy any. Sarotra tamiko ny nihazona ‘équilibre’, tsy fantatro intsony izay aloha sy aoriana.

Efa nisy fotoana aho, fony taty amin’ny helo toy izao no tafasaraka tamin’ny Tompo. Nanahy aho teto ‘ndrao mitranga indray izany ka nofikiriko mafy ny tànany. Niditra lalina tany anatiny ihany izahay.Vao may nihatery ihany ilay lalana. Nisy fotoana rehefa niezaky ny tsy hianjera teo amin’ilay làlana faran’izay tery aho dia navotsotro ny tanan’ny Tompo. Nandeha teo aloha Izy, izaho kosa nanaraka Azy sady nihazona ny rambon’akanjony. Reko avy any ambany amin’ny sisiny 2 ihany ireo kiakiaka manao hoe: "*Vonjeo e! Ampio aho! May! Vonjeo!”* Feo amanapitrisany maro no re manakoako. Mafy dia mafy ireo feo sady maro, toy ny eo ampontontsofiko mihitsy.

Tsapako ho toy ny nisy nanaraka izahay. Reko nisy nitazona koa ny akanjoko. Avy teo dia nisy olona teo anilako. Natahotra sy nanahy aho. Kanefa nankahery tena aho ka nanao anakampo hoe: "*Jereo ny Tompo. Jereo Izy. Tohizo hatrany ny dia.”* Raha mbola nieritreritra izany aho dia nitranga tokoa ilay nahiako indrindra; Nanjavona ny Tompo. Maizina tanteraka ny helo ka tsy nahita-mitsinjo mihitsy. Izaho kosa mbola nahita tara-pahazavana kely saingy nandritry ny 1 segondra monja.

Rehefa nahita ilay hazavana aho dia fantatro fa ny Tompo andalam-panjavoanana io. Tsy hitako intsony Izy. Nieritreritra aho hoe: "*Oh, inona izao no hataoko, Nilaozan’I Jesosy aty amin’ny helo? Tsy mangoraka mihitsy ny Tompo, aiza re izy izay e? Nahoana aho no navelany irery aty?”* Kivy

tanteraka aho. *“Jesosy a, aiza ianao? Mba miverena! Ampio! Matahotra aho Tompoko!”* Niantso Azy aho nefa tsy hita izy. Na te-handroso aza aho tsy afaka noho ny aizinkitroka.

Namirifirin’ny hatsiaka aho sady tsy afa-nandeha intsony. Very tanteraka aho, tsy hitako izay natao. Tampoka teo, nisy zavatra nihodinkodina tamin’ny tongotro. Nony fantatro ilay izy dia saiky toran’ny tahotra aho. Bibilava mainty efatra no nangeja mafy ny tongotro roa sady nanomboka nihanika. Rehefa miaraka amin’I Jesosy aho dia tsy misy toy izany mihitsy, fa rehefa tsy hitako intsony Izy dia voahodidim-bibilava aho.

Nangoniko haingana ny heriko rehetra ka niteny mafy aho hoe: "*Sahinareo ny mangeja ahy?”* Sady nitrerona azy ireo toy izany aho no nisambotra ka nanipy azy ireo lavidavitra. Dia nandroso anjambany indray aho tao anaty aizina. Mandroso moramora aho sady mitsapatsapa amin’ny tongotra aman-tànana. Satria niadanabe ny fandehako dia tratran’ireo bibilava indray. Vao tratrany dia nohodidininy indray ny vatako. Nosamboriko indray izy ireo dia natsipiko. Nandroso indray aho, nefa tafarina ireo biby ka nahatratra ahy indray. Natsipiko indray. Toy ny anaty nofy ratsy aho, mamerimberina foana ilay tranga. Ny nahagaga dia tsy nanaikitra ahy ireo bibilava ireo. Tsy lavabe izy ireo sady tsy ngeza koa fa antonony tsara samy amin’ny lokony avy.

Rehefa niady tamin’izy ireo elaela dia afa-nandroso ihany. Nony farany dia tonga tamin-toerana feno taolana sy karandoha aho. Mifampitaingitaingina izy rehetra ireo ka avo toy ny tendrombohitra, velona avokoa sy mihetsiketsika. Reko nisy nihazona ny rambon’akanjoko. Nitodika aho hijery. Hay karana no nanaikitra mafy ny akanjoko tao, tsy nety niala mihitsy na nesoriko aza. Tsy nanan-tànana izy io, ny nifiny no namikirany mafy teo amin’ny akanjoko. Nanomboka niteny tamiko izy: "*Mba ento koa aho! Azafady!”* Tsaroako teo ireo ray aman-dreniko, ny zandriko lahy, ny zanaky ny iray tampo amiko, sy ny zaodahiko izay samy ampijaliana. Vao nieritreritra ireo havako ireo aho dia sorenabe ka tafanozona.

*“Ny tenako aza izao tsy vitako koa inona no itetatetanao mihazona ny akanjoko! Sahirana aho mitady lalan-kivoahana sady maika! Mbay tany handehanako! Avelao ny akanjoko!”* Sady nitrerona azy aho no nidaroka ka potipotika tery ilay izy. Teto indray dia taolan-tànana no namikitra mafy tamin’ny akanjoko. Nezahiko nesorina fa tsy nety niala. Maro loatra ny taolana sy karandoha nitangorona ka tsy ho vitako ny handresy azy. Ary niteny mafy aho hoe: "*Ry taolana maloto! Mirehitra afo ny tenako manontolo ary ato anatiko Andriamanitra telo izay iray. Vao mikitika ahy ianareo dia ho kila ka ho vovoka sy lavenona! Mikasiha raha sahy!”* Tsy nisy nanatona ahy intsony izy ireo. Ireo nihanika tamiko moa dia lavenona. Rehefa tsy nanelingelina ahy intsony izy ireo dia afa-nandroso tsy nisy sakantsakana aho.

Fony Jesosy niaraka tamiko dia mora foana ny nifindrafindra tany amin’ny helo. Fahazavana ny Tompo ka manome fahazavana. Manahirana sady sarotra ny mandeha tsy misy azy. Mamizana be ny mitsapatsapa ny lalana. Mampiasa ny saiko manontolo aho mifindra ao anaty aizina. Vizanabe aho ary tsy tafieritreritra fa nipetraka. Simba ilay elatra tamin’ny akanjoko. Simbabe ilay izy ka tsy ahafahako manidina.

Nangoniko ny herintsaiko ka tonga natanjaka indray aho. Nandroso ihany aho saingy nandady. Nila

ho rendremana aho noho ny havizanana. Azon-tory segondra vitsy aho ka nony nahiratro ny masoko dia efa tanaty fonja. Tery be ilay izy ka olona iray ihany no omby anaty efitra iray. Mbola tena maizina teo ka tsy nisy zavatra hitako. Nihevitra aho fa tsy hisy zava-dratsy noho io intsony nefa indro zava-boahary nifampisintona ny vatako sy ny voloko. Mahakamo be ny feon'izy ireo. Nifofofofo hatezerana aho ka tafiteniteny foana indray. Niezaka hitady lalan-kivoahana aho nefa indrisy. Tsy nisy dikany ny ezaka nataoko. Arakaraky ny iadiako fo no vao may mahabetsaka ny tanana mifandrirotra ny tenako. Tsy afa-nandresy azy ireo aho ka vao may nanozona tamin-tsiaka.

*“Tapatapahiko daholo ireo tànana ireo! Esory teo dia ambeno tsara! Raha nanao ny tsara ianareo tsy ho aty mihitsy. Vendrana mianakavy!”* Hoy aho taminy. *“Hiady amin'ny mpanjakan'ny helo no niaviako, I satana izay filohan'ity toerana ity. Izay kaontiny dia vidiny fa mila miady amin'ny mpanjakan'ny helo aho anio! Misy afo masina avy amin'ilay Telo izay Iray ato anatiko. Vao mikasika ahy eo ianareo dia maty! Rakotra ny ran'I Jesosy aho ka izay mikasika ahy dia vovoka sy lavenona.”* Vao niteny izany aho dia nihemotra tamin-tahotra avokoa izy rehetra. Afaka segondra vitsy dia nitranga ny laharana fahatelo amin'ny ambony indrindra tamin'ireo devoly. Efa nisy fotoana nahitako azy io. Tokony ho 50 ny lohany sy ny ranjony. Noraisiny ny ranjoko dia norovitiny ny akanjoko. Niboridana aho.

Nitrerona mafy aho toy ny feom-baratra: "*Ny mpanjakan'ny aizina no nampandrovitra anao ny akanjoko. Esory daholo raha sahy! Na hesorinao im-piry eo tsy hihontsona aho. Tsy misy matahotra anao eo ry devoly! Ny 3 izay 1 sy ny afo masiny no ato anatiko ka tsy atahorako ianao! Na hiezaka mafy toa inona hampatahotra ahy aza ianao, tsy hihontsona aho. Iray ihany ny olako aminao, marary mafy ny foko noho ny ray aman-dreniko ampijaliana. Ny mpanjakan'ny helo no tompon'andraikitra amin'ny hirifiry tsy maintsy iainany. Tsy maintsy hitako izy hamaliako faty ireo ray aman-dreniko. Kely loatra ianao eo anatrehako, mialà any ry ilay dondrina a! Ny mpanjakan'ny devoly entina aty! Malaky! Miala ho'aho!”*

Namaly tamim-pahatezerana ilay devoly hoe: "*Izaho no mihaona aminao anio. Nasain'I satana rahalahiko hanala ny akanjonao sy hampivoaka ny voamasonao aho. Nasaina hanendaka ny nofotrao avy amin'ny taolanao koa aho. Noteneniny koa hampidirana bibikely handavaka ny taolanao sy hihinana ny nofonao. Hohitanao izany faty izany! Hahahaha,”* Hoy izy nihomehy.

Rehefa nampatahotra ahy izy dia namaly aho hoe: "*Inona? Ataovy ry ilay devoly tsy misy dikany ity a! ao anatiko Jesosy ka tsy handre hirifiry aho na hovoaendakao tokoa aza ny nofotro ka hovoapoitrao ny masoko! Ianao no tokony hitandrina fa misy Afo masina ato anatiko! Fantatro tsara ianao. Mpandeha any ampiangonanay sy mpanelingelina anay any. Noratrainao Rapasy tsy ho afa-manoratra ilay boky, sa tsy izany? Ataovy e!”* Nasehony ahy ny antsiny. Manga ilay izy ary tena maranitra tokoa. Notetehiny toy ny sushi (karazan-tsakafo) ny nofoko. Tsy nandre hirifiry aho ka tsy nihontsona velively. *“Oh, Vao may afaka ny havizanako. Milay an! Endaho daholo raha izany no mety aminao. Tsy manahy aho fa arovan'Andriamanitra telo izay iray. Ampio ilay endahina fa vitsy loatra!”* Sahirantsaina ilay devoly noho ny fahatokisantenako, azoko lazaina fa niaro ahy Andriamanitra ary tato anatiko ny heriny.

Rehefa nopoirina ny masoko dia tsy nandre naharary aho. Toy ny hoe, nangidihidy aho dia

nohaorina. Toy ny nahazo hery vaovao mihitsy. Tonga karana tanteraka aho. Naka sô feno bibikely ilay devoly 50 loha, nararany tamiko ireo biby. Nanomboka nangady ny taolako ireo bibikely, nihinana ny tsokako. Nohaniny koa ireo nofoko niraraka.

Na voalavadavaka toy izany aza ny taolako, tsy nandre fanaintainana aho noho ny fiarovana manokan'Andriamanitra. Ary nirehitra am-bavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra aho. Rehefa nivavaka aho dia nijery ilay endriko mahatsiravina, feno bibikely eran'ny taolako. Tsy nisy fiantraikany tamiko izay nataon'ireo biby ireo, ny hany nampahory ahy dia ny nieritreritra ireo ray aman-dreniko mijaly. Nitomany aho noho izany. Mpanota tsinontsinona aho, tonga taolana ankehitriny. Nisaotra betsaka an'Andriamanitra aho tamin'ny fiarovany na nezahin'ny devoly ampahoriana sy ampangirifiriana aza. Foatoana fohy ihany anefa no nilaminako. Tezitra be indray aho noho ireo havako ampijaliana ao amin'ny helo. Nasiaka tamin'ilay devoly aho.

** Ny nifandonana tamin'I satana, mpanjakan'ny helo*

Isaky ny misaina ireo ray aman-dreniko aho dia tsapako ho toy ny mivoa-dra mihitsy ny vatako manontolo. Te-hahita an'I satana aho ka hamaly faty amin'ny toeran'ireo ray aman-dreniko. Izy mantsy no mibaiko ireo mpanompony hampijaly ny havako. Nefa satria tsy hitako izy dia niferotraina toy ny ampahoriana mafy aho. Nanozona mafy azy sy nitoditodika hatrany aho mba hanaitra azy.

Vantany vao hitako I satana, ilay mpanjakan'ny helo dia romotra aho. Amin'ny ankapobeny ny olona vao mahita fanahy ratsy na mandre ny feon'I satana dia mangovitra sy raikitahotra mafy. Nefa satria aho efa mpiady amim-panahy ratsy nandritry ny fotoam-pavaka dia tsy matahotra intsony. Tsy nampihetsi-bolomaso ahy ny nahita azy. Nitrerona tampoka aho hoe: "*E, Ianao ve no satana alika maty, mpanjakan'ny devoly? Ianao@#%@#@!"*

Tsy nijanona aho fa vao may nanozona. *"Ianao no namantsika tamin'ny hazofijalian'ny helo ny ray aman-dreniko, nampijaly azy ireo, sy nanipy azy ireo tanaty afo. Ianao no nanendy azy, nanipy azy tanaty vilany misy menaka may, Ianao iny an? Ianao no mibaiko ireo devoly mpanomponao hitarika olona maro aty amin'ny helo, sa tsy izany? Hihaona aminao mihitsy no nandehanako tamin'izay lalan-davitrabe izay.Tsy vita mora izany rehetra izany! Tsy miala tato aho raha tsy ataoko mivadika ambony ambany ny helo! Tsy misy zavatra hafa afaka ataonao angaha raha tsy hampijaly olona? Ianao no mahatonga ireny loza sy fahafatesana tampoka ireny ka mahatonga ny olona ho aty amin'ny helo. Ianao no mitarika olona maro aty amin'ny helo! Ny alika aza mbola tsara noho ianao!"*

** Ny endrik'I satana*

Teo no fotoana voalohany nahitako ny tena endrik'I satana, mpanjakan'ny helo. Tsy araky ny noheveriko ny endriny. Maka tahaka an'Andriamanitra. Ngezabe koa ny vatany. Rehefa natrakako ny lohako dia tsy afa-nahita ny tenany iray manontolo aho. Tonga hatrany amin'ny fanambonin'ny helo ny haavony. Ny habeny koa mahatratra ny farany havia sy havanan'ny helo. Ngezabe koa ny sezafiandrianany ka mihoatra ny fahatakaran'ny saiko.

Mitovy amin'ny an'ny fanihy ny elany sady mikopakopaka ho azy. Nijery azy ela aho sady niandrandrabe. Nefa nanomboka naharary ny vozoko ka nitsilany teo alohany aho. Rehefa natory aho vao tena hitako tsara ny endriny. Rehefa nitsilany teo anoloany aho dia tsy niteny izy fa nibanjina ahy fotsiny. Te-hampahatezitra azy aho ka nanomboka nanozona azy indray.

*"Devoly, ratsy endrika ianao! Tsy azoko mihitsy ny mahampanjaka fanahy ratsy tarehy toy izao. Jereo anie ny masonao e! njolabe daholo. Izaho izao jereo, miadana mihitsy matory tsara."* Nanao teny mandratra taminy ihany aho fa tsy nisy vokany. Tsy nanetsika izy na ratsantanana, na volomaso iray aza.

Afaka niovaova endrika araka izay tiany izy nefa naleony nitsangana teo anoloako toy ny fanahy goavana sy ngeza. Tsy mahate-ho tia ny endriny. Toy ny an'ny saobakaka ny tarehiny. Ny vatany kosa toy ny an'ny olona. Misy volo manifinify maro amin'ny vatany. Matavy be izy. Tsy te-hihetsika no fijery azy. Tsy nangozohozo izy ka nanapakevitra hiteny mafy azy indray aho.

*"E, mahery lavitra noho ianao aho! Manompo an'Andriamanitra 3 izay 1. Izy no miaro ahy. Avia raha sahy!"* Niteny satana nony farany: "*Sahy ianao misary adala eo anoloako eo ry ilay bitikakely ity!"* Ary namaly aho hoe: "*Tsy mbola nahita ahy ianao nefa miseho ho tsy manaja eo!"* Tezitra mafy izy ka nivotirikabe, ary nidorehitra menabe avy tao anaty masony.

Avy teo dia nihomehy izy sady nanao hoe: "*E, tsy marary angaha ny vozonao?"* Hoy aho nitrerona: "*Nahoana no harary ny vozoko? Tonga aho handresy anao. Salama tsara ny vozoko. @#%$#! Matavy loatra ianao, angamba tsy afa-mitsotsotra akory! Mihevitra anao ho inona moa ianao ratsy endrikabe toy ny saobakaka io? Ny vatanao aza mivaralila. Aza mamita-tena! Midina teny raha mafy!"*

Nitrerona azy aho nefa tao anatiko nangataka hery avy tamin'Andriamanitra 3 izay 1. Nangatahiko koa ny afo masina avy amin'ny Fanahy Masina. Raha mbola niteny mandratra azy aho dia nanomboka naneso sy nitrona tamiko izy. Tsy nijanona nefa aho. Nataoko hatrany izay hahatezitra azy bebe kokoa. *"Satana, Atelemo aho! Raha vao haninao aho dia hidina ao am-bavoninao ka hampahory anao 1000 heny mihoatra ny ataonao amin'ireo ray aman-dreniko. Afaka handididy ny any anatinao! Havoakako ny lelanao dia hataoko ao anaty afo. Midina faingana!"* Namaly satana: "*Nahoana aho no hidina? Ianao no miakara ety!"* Romotra tanteraka aho sady nifofofofo hatezerana. Na tsy hitako aza I Jesosy dia nivavaka taminy aho.

** Soeur Baek, Bong Nyu nifanehitra tamin'i satana*

*"Jesosy, tsy hitako ianao saingy inoako fa miaraka amiko foana. Jesosy, Te-hidaroka an'I satana aho nefa ngeza loatra izy ka tsy ho voako! Omeo tohatra aho hihanihako eny an-tampondohany hamelezako azy!"* Noho ny baikon'ny Tompo, dia nitondra tohatra lavabe avy tany an-Danitra ny arkanjely Mikaela. Avobe ilay tohatra, mipaka hatrany amin'ny faratampon'ny helo.

Nampian'I arkanjely Mikaela aho nametraka ilay tohatra tao andamosin'I satana sy nihanika taminy. Avobe ilay izy sady atahorana hampidi-doza. Raha tsy noho ny fanampian'I Mikaela dia tsy ho tafahanika teny ambony indrindra aho. Nahagaga fa tsy nampaninona azy akory ny nihanihanay

[Tapez ici]

avy tao andamosiny. Nony tonga teny ambony dia nitsambikina aho ka nankeo antsorony. Norovitiko tamin'ny hoho ny hodiny fa tsy nisy vokany. Tsy nihetsika akory izy. Tsy niasany saina toy ny tsy misy dikany aho. Mafy toy ny vato ny hoditra tao andamosiny. Na mafy toy inona ny nandrangotako azy, tsy nisy vokany. Nikiaka mafy tamin'ny heriko rehetra aho sady nandrangotra azy. *"Ry devoly maloto! Izany tatazo!"* Nivavaka anakampo tamin'ny fiteny tsy fantatra aho hoe: "*Ry Andriamanitra trinite, omeo hery aho! Omeo tanjaka!"* Rehefa nandrangotra ihany aho dia afa-namela marika nony farany.

Notohizako ilay nisy rangotra nefa matevinabe ny hodiny ela vao mahavita kely. Hoy aho aneritreritra, *„Nahoana no sarotrabe toy izao?"*

Teo dia nisy fahendrena tampoka tonga tamiko ka niantso mafy ny Fanahy Masina aho hoe: "*Fanahy Masina, Omeo sabatra masina aho! Omeo izao raha mety!"* Nony nanao izany aho dia indro sabatra volamena nidina. Rehefa nanakaiky ahy ilay sabatra dia nalaiko ka nokapaiko ny lamosin'ny satana. Notsindrotsindroniko ny lamosiny. Tamin'ny heriko manontolo no nitsindrotsindromako izay faritra azoko tamin'ny lamosiny. Rehefa nokapakapaiko ny lamosiny dia nisy potika hoditra nihintsana tamin'ny tany.

Avy teo nihanika ny lohany aho ka nanindrontsindrona tsy nanana antra ny masony. Misy maso ao anaty mason'I satana. Niverina tao andamosiny indray aho ka nanapaka ny elany. Nitsambikina avy teo amin'ny sezany izy sady nikiaka mafy. Niantso aho hoe: "*Devoly, Sokafy ny vava! Hiditra ao aho ka ho ao ambavoninao dia hamita anao tanteraka! Horovitiko ny tsinainao dia hodorako!"*

Iny izaho saika hamely an'I satana iny indrindra no indro nisy hazavana nidina ary tonga I Jesosy. Hoy izy: "***Bong Nyu, Tsara ny nataonao! Midina amin'izay. Ampy aloha izay ny androany. 'Ndao handeha amin'izay."*** Nefa tsy nety aho fa namaly haingana hoe: "*Tompo, tsy mbola te-handeha aho! Tsy mbola afaka ny foko. Mbola mila fotoana kely aho. Ary ny ray aman-dreniko, ampijalian'ireto. Tsy Tsy mbola fotoana handehanako izao! Vao miala izao aho dia hampijaliana indray ireo havako. Ahoana no hiainako finaritra mahalala izany? Tsy mety ny handehanako izao!"*

**Namaly ny Tompo: "**Bong Nyu, efa mihoatra ny mety aza ny nataonao androany; Tsara loatra izany! Raha olonkafa dia ho fatin'ny tahotra teo. Ho natahotra izy ka tsy ho sahy nifanehitra mivantana tamin'I satana. Fa satria ianao nivavaka tamim-pahatokisana, dia nanampy anao aho hanafika ny mpanjakan'ny devoly. Efa namparinao taminy ny hatezeranao. 'Ndao handeha amin'izay. Bong Nyu, betsaka ny olona efa nentiko nitsidika ny helo fa tsy nisy sahy nanapoitra ny mason'I satana sy nandrovitra ny hodiny! Masimbavy miavaka ianao! Ampy izay. 'Ndao amin'izay! Naratra ny mpanjakan'ny devoly." **Nankany an-danitra izahay sy Jesosy niaraka tamin'I arkanjely mikaela.**

** Soeur Baek, Bong Nyu nisasa teo amin'ny reniranon-Danitra*

Nony tany an-Danitra dia mbola fenobe ny foko mieritreritra ny valifatin'I satana amin'ireo havako. Hoy aho an'eritreritra: "*Tokony ho niady hatramin'ny farany aho dia nanipy azy tany amin'ny afon'ny helo. Amin'izay aho afa-po tsara."* Tena tsara ny Lanitra, tsy

v o a s a i n t s a i n a . Nentin'ny Tompo tamin-trano avobe vita amin'ny volamena aho. Nisy rano madio mangatsakatsaka toy ny krisitaly tao anatiny. Nentiny tao aho dia nosafosafoiny. Nofihininy aho sady nampitoniany satria nalahelo. Hoy izy nanontany: "***Bong Nyu, fantatro fa malahelo ianao, mijaly sy matahotra rehefa mankany amin'ny helo. Fa tsy tsapanao kosa ve hoe sambatra ianao rehefa aty an-Danitra?"*** Hoy aho namaly: "*Eny ry Tompo!"*

***Nanohy ihany ny tompo:*** *"*Bong Nyu, vizana tanteraka 'zao ianao io fa niady tamin'ny mpanjakan'ny devoly. 'Ndehana misasa fa hampian'I arkanjely Mikaela sy Gabriela. Ianao ilay nandrovitra ny hodiny iny dia nankao amin'ny vatanao ny ranon-javatra avy amin'ny vatany.

***Raha miverina eny an-tany amin'izao ianao dia hivontobe ka ho fatin'ilay poizina. Ireo anjely ireo no hanasa ilay poizina ka hampadio anao indray."*** Rehefa nilona tao aho dia nisy anjely niandry tao ivelany nanomana akanjo malefaka misy elatra.

Nampian'ireo anjely aho nidio tamin'ilay loharano mangatsakatsaka. Hatreo amin'ny valahan'ireo arkanjely ilay rano, fa hatreo amin'ny vozoko kosa. Izaho koa nilomano tao amin'ilay loharano. Nankao amin'ny efitra fiakanjoana teo anilan'io loharano io aho ka nitafy ilay akanjo. Nanampy ahy hanavatsava ny rahona ireo anjely ireo. Vizana tanteraka aho. Nentin'ny arkanjely tany amin'ny toerana nisy ireo anjely aho. Ao amin'ny habakabaky ny Lanitra misy goaka kely izay, ao no anamboarana ny rahona. Tena mahagaga ilay izy sady kanto.

** Ny tonelin'ny afo masina*

Ary Jesosy nitondra ahy tamin'ny trano nisy ny tonelina ametrahana ny Afo Masina. Na avy lavitra aza no nijerenay izany dia reko nafana ihany aho. Tsy azo idirana io tonelina io ho an'ny ankamaroan'ny fanahy. Nanontany ny Tompo aho hoe: "*Afaka ampidirinao ao amin'io tonelina io ve aho dia esorinao haingana?"*

**Dia nanazava ny Tompo: "**Izay miditra ao amin'io tonelina io tsy maintsy manjohy azy hatrany amin'ny farany. Namaivay tsy hay zakaina nefa ny afo tao. Toerana nampangorohoro aoka izany io. Vao miditra ianao dia tsy afa-miverin-dàlana! Na te-hampiditra anao ao aza Aho, reraka be ny vatanao izao ka tsy ho afaka hiatrika ny dia. Ao amin'io tonelina io no anaovam- batisa ny olona amin'ny afo miredareda. Tsy misy mahazaka an'io raha amin'izao fotsiny.

**Tsy maintsy matanjaka sy feno hery vao afa-miaritra ny hafanana sy ny lelafo."**

"Raha tafita amin'io ny olona iray ka vita batisa amin'ny afo dia manao ny asan'ny Tompo amin'ny afo. Misy hery be ilay tonelina. Tsy mila malemilemy fo izay ho ao. Raha tsy izany mantsy dia hijanona ny fony. Noho izany mila mivavaka ianao dia mikarakara tena mba hiverina amin'ny laoniny ny herinao. Amin'izay dia havelako hiditra ao ianao amin'ny manaraka. Satria I Pasitera Kim, Yong Doo manoratra ireo boky, dia izy aloha no hampidiriko ao ka hataoko batisa amin'ny afo miredareda. Fa izy koa mbola reraka be ka rehefa miverina tanteraka ny tanjany vao hataoko ao. Ny masimbavy Kang, Hyun Ja no manaraka. Ianao kosa no ho fahatelo. Ny Pasitena no hiditra ka hiaina izany mialoha. Ianao sy Masimbavy Kang, Hyun Ja dia hiditra fotoana fohy kely aorian'izay. Aza tia tena fa manana faharetana mandra-pahatongan'izay.

***Vizaky ny vavaka avokoa ny mpino rehetra tao. Fanahy izahay sy ny anjely ka tsy mety vizana.***

Afa-miasa foana izahay na andro na alina fa tsy voafehin'izany. Fa ny vatanao ara-nofo dia voafehin'ny tontolo ara-nofo ka misy fetra ny heriny. Mbola aty ivelan'ny vatanao izao ny fanahinao fa vao miditra ao dia hahatsapa vizana tanteraka."

Nambaran'ny Tompo fa raha vao tafita io tonelina afo io aho dia homena hery sy tanjaka avy amin'ny afo. Rehefa nandre izany aho dia nangataka taminy hampidirina. Nefa nolazainy fa mila ny fahazoan-dalana avy amin'ny Ray izany. Nolazainy fa tsy mbola tonga ny fotoana.

Liana aho ka nanontany: "*Tompo, nolazainao fa lavabe io tonelina io sady tsy hitafetra, ohatry ny ahoana ny halavany?"* Nohazavain'ny Tompo fa raha oharina amin'ny ety an-tany dia mitovy amin'ny halaviran'ny tanana Inchon sy Seoul. Rehefa miditra ny olona dia tsy maintsy mandeha irery, ary tsy mahazo miverin-dalana. Tsy maintsy mandroso hatrany. Nibaiko ny anjeliny izy hamerina ahy ao am-piangonana. Lanakabe aho. Nanao raharaha hafa indray ny Tompo avy teo.

Tokony ho anjely 500 teo no nanatitra ahy. Nandritry ny dia niverina dia nampahery ahy ireo anjely ireo. *"Masimbavy Bong Nyu, Na tsy matinao aza I satana, efa nokapainao, notombohinao sy notriarinao tamin'ilay Sabatra. Netibe! Aza malahelohelo intsony fa mahereza!"* Nifampitsiky izahay sady nifanao veloma.

## ==== Andro faha-26 ====

(marka 9:23-24)

**Lee Haak Sung:** Vantany vao nivavaka aho dia nisy fanahy ratsy nanan-dranjo valo nitranga. Nitsambikina izy hanafika ahy. Niovaova loko toy ny tanalahy izy io. Maitso, volondavenona, mena sns… Rehefa hanafika izy dia nobahanako tamin'ny tànana. Nezahiko nosokirina tamin-drantsan-tànana ny masony, kanefa niala izy ka ny lavakorony no azoko.

Niova ho dinôzôro izy io avy teo. Toka-maso izy ary nisy nibontsibontsina madinika ny vatany. Toy ny tandroka kely be dia be ireo mibontsina ireo. Nanan-drambo lava nampatahotra izy. Raha nodarohiny tamin'io aho, araka ny hevitro, dia ho maty. Tena nampatahotra ilay dinôzôro. Nahinjitro ny tanako sady nihoraka mafy aho hoe: "*Afo masina!"* Ary nisy afo nivoaka tamin'ny tànako nandoro ilay dinôzôro. Dia lavon'ny afo izy. Nivareraka be avy teo amin'ny gorodona izy hanehoany ilay nifiny toy ny an'ny voay ary nisy toa ldinta nivoaka avy tao amin'ny vatany.

**Lee Haak Sung Nihinana voaloboky ny Lanitra*

Nitranga I Jesosy dia niteny tamiko: "***Haak Sung, 'Ndeha hamangy ny Lanitra."*** Namaly tamim-panontaniana aho hoe: "*Jesosy, afaka miaraka amintsika koa ve I Shin, diakombavy?"* Olona iray ihany, hoy izy, no avelany ho any amin'ny fotoana iray. Nanontany aho hoe: "*Ary raha izy aloha no entinao?"* Tsy nanaiky ny Tompo. ***"Tsy mbola matanjaka tsara ny vavak'I Shin, diakona. Tsy mbola afaka entiko izy."*** Noho izany dia izaho sy ny Tompo ihany aloha no namangy ny Lanitra.

Nony tonga tany dia hoy ny Tompo: "***Satria I Haak Sung zanako mamangy ny lanitra dia te-hikarakara zavatra matsiro ho anao aho."*** Ary nitondran'ny Tompo voankazo toy ny voaloboka

aho. Nalaiko ilay izy dia nohaniko. Nampiaiky volana ny tsirony! Tsy mitaha mihitsy amin'ny tsirom-boankazo any an-Danitra ny ety an-tany.

Nentin'ny Tompo teo anoloan'ny Sezafiandrianan'ny Ray aho. Goavambe Izy sady matanjakabe. Toy ny mipetraka ambony seza ny fahitana Azy. Noho ny hazavana mamirapiratrabe avy teny ambony dia tsy afa-nitraka aho. Tao anaty fahasoavana dia nihevitra ho toy ny nahita ny Ray aho, toa rakotra zavona matevina Izy. Nefa hitako tsara ny endriny. Misy latabatra feno boky ngeza marobe mivolombolamena mamiratrabe eo alohany. Raha mbola nitsangana manoloana ny sezafiandrianana aho dia nentin'ireo vondron'anjely nankao amin-dranomasimbe mamirapiratra toa kristaly. Nilomano ela tokoa aho, ary niverina tao amin'ny 'Lord's Church'.

**Rakotra ra ny tenan'I Jesosy manontolo*

Nony niverina tao am-piangonana aho, dia nanomboka nivavaka. Nandritry ny vavaka dia nahita an'I Jesosy nijaly teo alohako. Tamin'ilay fahitana, nilanja hazo fijaliana Jesosy. Voakaravasy foana Izy teny am-pandehanana. Niakatra ilay havoana ihany izy nibaby ilay hazo nefa efa tena reraka. Im-betsaka Izy no nianjera.

Efa lavo izy nefa mbola nojapian'ireo miaramila ihany. Nahinjitro ny tànako haka ilay karavasy saingy tsy nisy vokany. Tsy nety azoko ilay izy; manavatsava ao anatin'ilay karavasy fotsiny ny tànako. Nametraka azy teo amin'ilay hazo izy ireo ka namantsika ny tongony aman-tànany tamim-pantsika rezatra. Niditra lalina tany anaty lohany ilay satroboninahitra tsilo. Nijininika ny rany mandra-pahafenon'ny tenany manontolo.

Nofantsihina Jesosy, noratraina, maty tamim-pomba faran'izay mahatsiravina tsy hay saintsainina. Tsy tantiko ny nahita Azy nijaly ka nigogogogo fatratra aho. Nanatona ahy ny Tompo nampahery. Nofafany ny ranomasoko. ***"Haak Sung, Mangina."*** Nony nandao ahy Jesosy dia devoly maro no nipoitra. Resiko avokoa izy rehetra Ary vitako hatramin'ny farany ny vavaka.

**Kim Joo Eun:** **Ireo devoly feno kongona sy trambo*

Nandritry ny vavaka dia fanahy ratsy manana endrika hafahafa maro no niseho. Nisy iray taminy nisy tasy mainty ny sisi-masony roa.Miendrika olona miakanjo fotsy ilay izy. Toy ny an'ny sahona ny masony sady tsy nitsaha-nangarika ahy izy. Matroka ny tavany sady feno mony ny handriny. Mampahatsiahy karazan-kakana chrysalis. Nisy trambo madinika sy ranom-potaka nivoaka ny vatany. Bibikely maro no nitangorona teo amin'ny tarehiny.

Te-hisambotra azy io aho saingy nanakana ahy ny endriny hafahafa mahatsiravina. Noraisiko tamin'ny tendany dia nohozongozoniko. Nefa rehefa nanozongozona azy aho dia saiky torana. *"Tsindronim-bibikely maro ny tanako!"* Hoy aho nikiaka. Natsipiko teo amin-drahavavy Baek Bong Nyu ilay fanahy, ka vao nidona taminy dia tonga lavenona. Rakotra afo mantsy izy.

Tsy ela dia indro indray bibilava niolankolana nandady taty amiko. Noho ny haratsin'ny endriny dia noraisiko tamin'ny rambony izy, nahodinkodiko dia natsipiko teny amin-dramatoa Kang Hyun Ja izay nanao ny dihy ara-panahy. Rehefa ho tonga teny amin-dramatoa Kang Hyun Ja ilay

bibilava dia nanokatra ny vavany hanaikitra azy, vao nisokatra nefa ny vavany dia nisy lelafo nivoaka avy tamin'I Kang Hyun ja nankeo aminy. Nihodina haingana ho eo amin'I Baek Bon Nyu ilay izy noho izany. Saingy soa ihany fa mirehitra afo ihany koa I Baek Bong Nyu. Niala teo izy noho izany ka nandeha nanafika an-dranadahy Haak Sung. Rehefa tonga teo amin-dranadahy Haak Sung izy dia nihodinkodina teo amin'ny vatany.

Tampoka teo dia zava-tsy nampoizina no nitranga. Niteny ilay bibilava: "*Mihoatra ny tanjaka tokony hanananao izao. Haak Sung, bitika kely, oviana ianao no lasa natanjakabe toy izao? Sarotrabe amiko ny mamatotra anao."* Sady nitrona izy no nankeo amin-drahavavy Yoo Kyung, saingy novelesiny ny lohan'ilay bibilava sady nezahiny hotapahina. Niverina teo amiko indray ilay izy. Niantso mafy aho hoe: "*Ry ilay fanahy ratsy tarehy! Nahoana ianao no tsy mitsaha-manafika ny mpino?"* Nampiasaiko toy ny sabatra ny tanako hampizara azy roa. Nisasaka roa izy sady nikiaka. Nahafinaritra ny niaina izany.

Nendahiko ny hodiny ka notetehiko toy ny legioma. Natandahatro teo ambony kitay dia natonoko. Sady nanjavona izy no nikiaka hoe: "*Ny vatako, ny vatako."* Nalaiko koa ny masony dia natonoko teo amin'ny lohan'ilay kitay. Ny nahagaga dia rehefa mila antsy aho, tonga ho azy eo akaikiko izany. Toy izany koa rehefa nila afo, tonga ho azy teo koa ny afo. Izay eritreretiko na iriako dia nomen'ny Tompo ahy.

Rehefa vita iny dia niverina nifantoka tamin'ny fivavahana aho. Kinanjo, nandritry ny vavaka dia nisy devoly niendrika tovovavy indray niseho tamiko. Tamin'ity indray mitoraka ity dia niolanolana ny volony toy ny namboariny.Anio, mangilatra ny masony mihoatra ny isan'andro. Nanidina teo ambony ny lohanay izy.Tampoka tamiko izany, ka niantso ny Tompo aho hoe: "*Jesosy, Niverina indray ity fanahy ratsy ity !Tompo ô, ampio aho!" Fony mbola niteny aho* , nisy zazavavy nitabataba tamiko hoe: "*Mangina!Mankareny tsofina ! Olona ratsy taiza!"* Novaliko izy: "inona*? Olona tsy mahalala fomba? Ianoa makorely!" Norarahako tenin-dratsy maro izy.*

Namaly ilay fanahy ratsy hoe: "*Ankizikely io indry nefa mbola maniratsira lavitra miohatra amiko."* Napetrany teo amin'ny valahany ny tanany dia nanontany izy hoe: "*E, Tokoa ve? Vitanao ny hanao izany?"* Nahagaga azy ny fihetsiko. Nohatoniko izy, nosintoniko ny volony dia nasaviliko ho eny amin'ny piano. Niteny tamim-pahatezerana aho hoe: "*Fa ahoana mihitsy, hanao toy izao aho aminao!"* Rehefa avy nandresy ilay fanahy aho dia nipoitra I jesosy nitafy lamba fotsy sady nanao hoe: "***Panda, ahoana kokoa ianao izao?"*** Namaly aho hoe: "*Jesosy, izao ve ianao vao tonga? Tsy fantatrao ve fa nalahelo anao mafy aho?"* Niteny ny tompo hoe: "***Ekena Panda a, miala tsiny. Tara kely angaha aho? Efa eto aho izao, ndao hitsangatsangana."*** Nokapokapohiny ny faritra maro manerana ny tenako. Nony nikapokapoka sy nanafosafo ny lohako izy dia nifindra tsirairay nankany aloha ny voloko. Reko nahafinaritra aoka izany ny kasiny.

Satria tiako loatra Jesosy dia ataoko ao anelanelan'ny lohaliny 2 ny loha aman-tarehiko, dia akasokasoko eo. Raha mbola nanao izany aho dia nibitsibitsika aho: "*Jesosy, malefaka sady mitondra fiononana ny lohalikao. Nahoana no malefaka sady malemy toy izao ny fitafianao? Mahafinaritra ery ny mikasika azy."* Namaly Jesosy hoe: "***Izany an! Rehefa honina any an-***

Danitra ianao dia hitafy lamba toy ity amin'ny fotoana rehetra tianao."

**Joo Eun nihinana voankazon-Danitra*

Androany, tsy tonga tamin-tanampolo Jesosy fa nivimbina voandalana ho ahy. Nony natolony ahy izy io dia hoy Izy: "***Panda, andramo."*** Nanontany aho hoe: "*Jesosy a, fa inona io?"* Namaly izy hoe: "***Voankazon-Danitra, itony no fihinan'ireo olo-masina any. Andramo; Matsirobe io an!"*** Nanaikitra aho dia nanao hoe: "*Wow! Karazam-boankazo inona re ity no dia tsarabe toy izao ry Jesosy e? Tena mafilotra."*

Sahala amin'ny haben'ny paoma izy io saingy fotsy ny lokony sady somary mamy marikivy. Vao tonga tao am-bavako ilay izy dia tonga nalemy sady rava. Tsy misy azo ampitahaina amin'ny tsirony ny voankazo rehetra ety an-tany. Noho izaho efa nanandrana ny voankazon-Danitra dia tsy misy voankazo mahafa-po ahy intsony ety.

Faly ny Tompo mijery ahy homana ilay voankazo. Notaperiko avokoa ireo voankazo teo ampipetrahana. Nanontany Jesosy: "***Matsiro ry Panda e? Tianao ve raha itondrako voankazon-Danitra isanandro ianao?"*** Namaly avy hatrany aho hoe: "*Ie, itondrao isanandro tokoa! Ianao koa ve mba afaka mitondra ho an'ireo mpiara-mivavaka rehetra ato?"*

**Ny namangian'I Joo Eun ny helo*

Nipoitra tampoka ny Tompo ka tsy niteny nitondra ahy tany amin'ny helo. Nony tonga tany dia nitsangana tamin-toera-maizina nisy seza goavambe. Karandoha maro no nanaingo ilay seza ary zavaboahary lavavolo no nipetraka taminy. Taolana tsy mampite-hijery izy io ary misy bibikely mandehandeha eny amin'ny tarehiny. Rehefa notomoriko dia hay kalamita sy kankana no mandehandeha eo amin'ny tavany manontolo, hatramin'ilay seza feno.

*Nihoraka aho hoe: "Tompo, Maharikoriko!"*
Nomen'ny Tompo famaky maranitra aho. Noraisiko ilay famaky dia nakeo amin'ilay zavaboahary taolana aho. Vao akaiky aho dia nokapaiko ilay izy. Nirehitra avokoa izy sy ny bibikeliny. Ary nampahery ahy ny Tompo. ***"Panda, satria nitombobe ny finoanao dia afa-mandresy devoly ianao izao. Hazony hatrany ny finoana, matokia."***



Tampoka teo dia tafaverina tao amin'ny 'Lord's Church' aho.

Nony kelikely, raha nivavaka aho dia nisy fanahy ratsy 2 nipoitra. Nony akaiky dia nibitsibitsika tamiko tamin'ilay lelany lava. Nosamboriko tamin'ny lelany dia natsipiko teny amin'ny zorontrano. Nony nidona tamin'ny rindrina dia nihoraka mafy fa naharary: "*Kay! Maharary!"* Rehefa somary niafana dia nitsangana indray ka nandeha teny amin-dranadahy Joseph.

Nolelafiny tamin'ilay lelany maharikoriko ny tavan'I Joseph sady hoy izy: "*Oh, Matsiro an! Tena milay!"* Tsy haiko na fantatr'I Joseph izay nitranga. Nanohy nirehitra tamim-bavaka ihany I Joseph.


Tampoka teo, niantso mafy izy hoe: "*Ran'I Jesosy! Ran'I Jesosy!"* Tsy mbola nifoha ara-panahy izy teo ka sarotra taminy ny nahalala raha nisy devoly nanakotaba azy. Teo am-piantsoana ny ran'I Jesosy izy dia nisy ra nikoriana avy tamin'ny vavany. Nitsoniky ny ra ny lelan'ilay fanahy ka tonga manga matroka ny tavany sady raiki-tahotra izy. Sady nitsoaka izy no nanao mafy hoe: "*Karazan-dra inona iny?"*

**Lee Yoo Kyung:** **Yoo Kyung Nanao faran'izay hainy hifanandrinana amin'ny fanahy ratsy*

Teo afovoan'ny vavaka dia indro devoly niendrika androngo nipoitra, misiotsioka nanatona ahy. Natahotra aho ka noraisiko haingana tamin'ny tendany dia natsipiko teny amin-drahalahy Haak Sung.A z o n ' I Haak Sung dia natsipiny, nefa somary nahazo aina ilay izy dia niverina teny amiko indray. Dia noraisiko ka natsipiko lavitra kokoa sady nitrerona aho hoe: "*Ry fanahy ratsy! Amin'ny anaran'I Jesosy Kristy, Mialà!"* Dia nanjavona izy.

Fa nony nanjavona ilay androngo dia nisy devoly niendrika tovovavy indray nipoitra. Fotsy ny tarehiny ilany fa mainty kosa ny ilany. Nandrangondrangotra solaitra izy mba hahasorena ahy. Niantso mafy aho hoe: "*Tsy te-handre izany aho! Ry fanahy ratsy, amin'ny anaran'I Jesosy, Miala!"* Nefa izy tsy niala fa vao maika nankahatra. Tezitra mafy aho ka nanatona azy, nandray azy tamin'ny volony dia nampitontona azy teo amin'ny gorodona. Vao nitontona izy dia nanjavona.

Nony nivavaka kelikely aho dia nitomany raha nieritreritra ny amin'I Jesosy. Izy androany tsy mba tonga nalaky ka niverina indray ilay devoly tovovavikely teo, Naneso ahy hoe: "*E, inona izao no mampitomany? Satria ve hoe tsy tonga I Jesosy? Midongy ve ianao."* Nanao izay hampahatezitra ahy hatrany izy ka hoy aho: "*Hifampitana?"* Namaly tamim-peo mafy izy hoe: "*'Ndao ary, ianao no mihetsika voalohany,"* avy teo izy niova ho lehilahy lofosana sy vohy volo izy.



Nony nihoraka mafy aho hoe: "*Ran'I Jesosy! Ran'I Jesosy,"* dia nihomehezany. *"Inona? Ran'I Jesosy? 'Ndao ary, ra!"* Romotra mafy aho ka vao may niverimberina niantso an'Andriamanitra 3 izay 1. Hoy izy: "*Iza ny 3 izay 1? Aiza izy? Aza miantso izany anarana izany fa matahotra aho!"* Vao may nefa aho niantso mafy kokoa hoe: "*Ry Andriamanitra 3 izay 1, ampio aho!"* Namaly tamin-trerona ilay devoly hoe: "*Efa hoe mampatahotra ahy ho'aho. Aza miantso an'izany! Nahoana ianao no tsy mitsaha-miantso an'Andriamanitra?"*

Tsy ela dia simba ny tarehiny. Nisy afo nipoitra tampoka nandoro ny rambony. Nihazakazaka nandroso nihemotra izy ka noraisiko tamin'ny ranjony dia natsipiko tery.

Tsy ela dia indro devoly goavana mizaitra maso ila. Nisy kankana maro nandehandeha teo amin'ilay holatra. Nony akaiky ahy izy dia nanao hoe: "*Tsy maintsy entiko any amin'ny helo ianao!"* Kanjo nalahelo izy raha nahalala fa tsy afaka hitondra ahy any. Nihoraka aho hoe: "*Ry Andriamanitra 3 izay 1, ampio aho!"* Nihazakazaka haingana ho eny amin-drapasy izy.

Nony akaiky an-drapasy dia niteny mafy hoe: "*Ity mivavaka foana isanandro. Nahoana ianao no*

*mivavaka be?"* Nankeo amin'ny vadin-drapasy izy dia nanao hoe: "*Ity koa torak'izay, e, ajanony ilay vavaka! Tsy tsara sady tsy milay!"* Niverina teo amiko indray izy hanapaka ny fivavako: "*E, Ratsy ho'aho ny mivavaka. Atsaharo!"* Romotra mafy aho: "*Izaho no mivavaka! Inona no anelingelenanao foana ny vavaka ataoko?"* Nihomehy izy sady nananihany ahy: "*Karazam-bavaka inona koa izany? Izany ve no antsoinareo hoe vavaka? 'Ndao hilalao!"* Nohatoniko izy. Nokasihiko ny tavany sady niantso aho hoe: "*Ran'I Jesosy! Ran'I Jesosy!"* Nanomboka nitaraina sy niangavy ilay fanahy. *"May! Avelao aho! Avelao! Aoka moa e!"* Dia natsipiko lavitra tery.

Ary nisy devoly be tandroka sy be maso ary lava sofina indray nipoitra. Norovitiko ny sofiny dia nesoriko ny masony. Notapahiko ny tandrony, noraisiko ny tongony hanipazako azy. Kinanjo izy niverimberina nitranga sy te-hiantsambotra tety amiko. Sorenabe aho noho izy nisisika mafy ka nanao teny maniratsira. Tampoka teo dia reko nisy nisintona ny akanjoko. Noheveriko ho I Jesosy io ka faly ery aho nitodika. Kanjo tsy Izy fa devoly niendrika aloka mainty. Noraisiny ny akanjoko dia namikirany. Nihoraka aho hoe: "*Amin'ny anaran'I Jesosy, miala!"* Nananihany ahy ilay fanahy: "*Tsy hiala aho! Tsy hiala!"* Nitrerona mafy aho: "*Andriamanitra 3 izay 1! Afo masina!"* Ary nisy afo tonga nandifitra azy ireo ka levona izy.

Nony nadiva hifarana ny alim-bavaka dia nipoitra I Jesosy. Nanatona an-drapasy izy dia nihaino ny vavaka nataony. Izy koa nikapokapoka ny lamosiny sy ny tenany, Indrindra fa ireo faritra naharary. Avy eo Jesosy nankeo amin'ireo mpino hafa mbola nivavaka dia nikapokapoka azy ireo koa.

**Soeur Baek Bong Nyu nihaona indray tamin'I satana, ilay mpanjakan'ny helo*

Nony nivavaka aho dia tsapako ho nisy aizimbe nanarona ahy. Na izany aza, nanohy nivavaka tami''ny fitenin-Danitra aho. Ary nisy hazavana nitaratra nankety ambany. Anjely maromaro no nivoaka avy tao. Nanatona izy ireo sady nilaza fa nodidian'ny Tompo haka an'I Masimbavy Baek Bong Nyu avy ao amin'ny 'Lord's Church'. Nanavatsava ny habakabaka sy ny lalan-dronono izahay. Nihaona tamiko teny Jesosy. Samy faly aoka izany izahay nony nifankahita. Nisambotra ny tanako Jesosy sady nanao hoe: "***Bong Nyu, 'Ndeha ho any amin'ny helo!"*** Dia notaritiny ny làlana.

Vao tonga tany amin'ny helo dia nankany amin'ny toerana nisy an'I Neny izahay. Tsy haiko na fantany ny ny nahatongavako. Vao hitany aho dia tonga matroka ny tavany sady hoy izy: "*Oh, Bong Nyu! nahoana ianao no tonga aty indray? Mialà haingana teto!"* Namaly aho hoe: "*Neny a, eto indray aho satria manahy ny aminao. 'Ndrao I satana hamaly faty ahy aminao, izaho mantsy nanimba ny masony. Izaho koa nandratra ny lamosiny sy nanapaka ny elany. Izay no niaviako miaraka amin'I Jesosy."* Nony nanazava ny antony taminy aho dia nitalaho izy: "*Mba aza manao izay mampahasosotra an'I satana. 'Ndehana!"* Raha mbola teo ampiresahana izahay dia reko ny tabataban'I satana nahenika ny manodidina.

Hoy izy nihoraka: "*Niandry fatratra izao fotoana izao aho haitako anao. Fantatro fa ho avy indray ianao! Hahita zavatra manokana ianao anio. Hatrehinao ny fampijaliana ireo havanao."* Nitsangana teo anoloany izahay sy ny Tompo fa izy nipetraka tamin-tseza ngezabe. Ireo havako kosa efa nilahatra niandry. Taitra sy tohina mafy ny foko nahita azy ireo. Nihovitry ny hatezerana

aho, tsy nahalala akory izay hitranga. Nihakely ny herin-tsaiko.

Na tao anatin'ny tahotra sy ny tsy fahalalana izay hitranga aza I neny mbola nahavita nanao teny mampahery ihany. *"Bong Nyu, aty amin'ny helo izahay. Efa ela no tsy nanam-panantenana intsony. Aza miraharaha anay intsony. Raha misy tianao holazaina amin'I satana, teneno izao, teneno daholo."* Nodinihiko tsara ilay faritra noratraiko taminy. Ilay masony naratra dia nisarona zava-mainty. Nojereko ilay masony faharoa ka romotra aoka izany. Henjana loatra ny haromotany ka nisy afo nivoaka niredareda nankeo anoloako. Hita tamin'ny endriny fa faly izy nahita ahy indray. Vonona tanteraka izy hamaly faty. Nangoniko ny herin-tsaiko ka niomana hiady aho.

Hoy aho niteny tamim-pahasahiana: "*Satana, manana an'Andriamanitra telo izay iray sy ny afo masin'ny Fanahy ato amiko aho. Hotapahiko ny lohanao dia hatsipiko ao amin'ny afon'ny helo."* Nony nandre izany izy dia namaly hoe: "*Okay, Mety izany! Niandry ny hahatongavanao aho. Mety tsara amin'ny tanjoko mihitsy izao!"*

> **I satana naka endrik'ireo andriamanitra notompoin'I soeur Baek Bong Nyu fony izy mpamosavy*

Tsy natahotra an'I satana velively aho. Nitrerona tamim-peom-baratra aho naninana azy: "*Ry ilay ratsy, Asehoy ny tena endrikao! Ry devoly ratsy tarehy! Nahoana ianao no mampijaly ny maro? Lahy ianao sa vavy? Ry ilay ory sy mahantra! Ratsy fanahy! Nahoana no tsy sahy maneho endrika? Vao niafana tamin'ny aretiko aho dia saika nanome lesona vaovao anao. Fa ny Tompo niteny ahy tsy hamely anao. Ny hany azoko atao dia ny miteny mahery aminao. Zavatra iray ihany no ampanantenaiko anao; Rehefa sitrana tanteraka aho dia hotapahiko ny lohanao! Hakorontako ambony ambany ny helo. Hiova ho endrik'inona izao ianao io? Asehoy ny tena endrikao!"*

Nony nanao izany aho dia niova ho fotsy ny tarehiny ka niova ho zavatra any amin'ny tontolo tsy hita izy. Niova ho mpanampy any antendrombohitra izy, fanahy any antendrombohitra. Ny koreana dia zatra manompo azy ireny ho toy ny andriamanitra.

Fantatro tsara ny endrik'io fanahy io. Tamin'izany endriny izany izy dia niantso ny anarako tamin'ny feo malefaka. *"Bong Nyu, Taona vitsy lasa izay, nanompo sy nanaja ahy ianao, nefa izao dia maninana sy manafika ahy, manao teny maharary mihitsy."* Ary natotony mafy tamin'ny tany ny tehiny, toy ireny olona anaovan-toetran-tsy zaka ireny izy. Izy niova ho fanahy any an-tendrimbohitra nihaonako taloha elabe. Fony izaho nidera sy nanompo andriamani-kafa dia naniry hahazo hery avy aminy. Ilay andriamanitra ambony laharana mihitsy no nitadiavako azy. Tamin'izany aho nihanika ireo tendrombohitra malaza tany kore. Niofo ho ilay fanahy mahery nihaonako tany an-tendrombohitra io I satana.

Nanohy niresaka tamim-peo feno hafetsena ihany izy. Reko somary nangovitra ny feony, fantatro fa hakiviana io ka nomeko teny mandratra indray izy: "*Ry devoly maloto! Taiza koa aho no nanompo anti-doza toa anao io?"* Nanontany ahy I Satana hoe: "*Ahoana no tsy ahafantaranao ahy? Jereo ny endriko. Nanompo ahy tamim-panajàna ianao tamin'izany, Sa tsy izany?"* Nanesika ihany anefa aho fa tsy misy idirako amin'izany. *"Tsy nanompo anao velively izany aho ry ilay antitra ity a. Mialà izao dia izao! Vao tsy miala eo ianao dia hataoko lavenona amin'ny herin'ilay telo izay iray,*

*ilay afo masina sy ny ran'ny Tompo ato amiko! Mialà faingana!"* Tsy niala hatramin'ny farany koa izy fa nanao ihany hoe: "*Saingy izaho ilay anti-dahy notompoinao taloha!"*

Nihatezitra aho sady nanao hoe: "*Maty ianao raha manatona eny aho. Tsara aminao ny miala!"* Niverina ho satana indray ilay ilay fanahin-tendrombohitra. Tiako hasehony ny tena endriny ka nikiaka toy ny adala aho hoe: "*Tsy ilaina akory ny mieboebo amin'ny vatabenao. Na manenika ny helo aza ianao, tsy atahorako. Asehoy ny tena endrikao!*

*"Satria ato amiko Andriamanitra telo izay iray dia tsy misy tokony hatahorako anao. Malaky! Asehoy ny tena endrikao!"* Tsy nanantena azy hiova endrika indray aho nefa niova izy. Niova ho vehivavy goavam-be lava volo, nitafy akanjo mainty.

Andriamanitra notompoiko taloha koa izy io. Fahiny aho dia nitady hery tamin'ny foko manontolo tany an-tendrombohitra. Rehefa tena nanokan-tena aho dia nihaona taminy nony farany. Niteny mafy aho hoe: "*Nasehonao ihany ny endrikao nony farany! Nahoana no izao vao nitranga ry ratsy tarehy? Tena ianao io ka. Mialà haingana raha tsy te-hesoriko ny maso!"* Niala ilay vehivavy dia niverina I satana.

Ary ny Tompo nitantana ahy hiala teo. ***"Bong Nyu, Ampy izay ny androany. 'Ndao."*** Nony nandeha dia nijery an'I satana aho ka nihoraka toy ny adala hoe: "*Ry devoly! Entin'ny Tompo aho ka tsy afa-mampangirifiry anao. Fa miomana amin'ny manaraka. Hotapahiko ny lohanao dia hatsipiko ao amin'ny afon'ny helo! Hopotehiko ianao! Mahandrasa!"*

Ary Jesosy nitondra ahy tany an-Danitra hampahery sy hampitony ahy. Tonga tamin-tendrombohitra nisy hazavana mamiratrabe izahay. Mamiratra toy ny volamena ny tendrombohitra teo ankavanana sy haviako. Mahajambena ilay hazavana.

Misy lavaka boribory eo afovoan'ireo tendrombohitra 2, mamorona rahona sy zavona miakatra izy ireo. Nahita dobo manjelatrabe nisy rano aho. Ary niantso anjely 5 ny tompo ka nandidy azy ireo hoe: "***Satria vizana ny masimbavy Baek Bong, ampandroy eto dia atero any amin'ny 'lord's Church."***

Vao tafaverina tao am-piangonana dia nivavaka indray. Vao mieritreritra ireo ray aman-dreniko aho dia ory fa tsy zakako ny mihevitra ny mety ho fijaliana ampiharin'I satana aminy. Marary sy manaintaina koa aho sady malemy sy marary ny vatako. Nitsotra teo amin'ny sezan'ny fiangonana aho sady nivavaka.

## ==== Andro faha-27 ====

**(marka 11:22-25)** **Fanahy ratsy niditra avy teo antsofin'ny diakombavy Shin Sung Kyung*

Rehefa nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra nandritry ny ora maro aho dia nanomboka nandre fanaintainana tsy nijanona tao anaty sofiko. Toy ny misy manindrontsindrona amin'ny tsilo ny atisofiko. Nezahiko tsy noraharahaina ilay hirifiry fa nanohy ny vavaka ihany aho nefa tonga tsy hay zakaina. Nanontany an-dranadahy Haak Sung izay nivavaka tao aoriako aho: "*Haak Sung,*

*Marary be any anaty sofiko. Mba jereo hoe azafady? Inona angaha no mahazo azy ao.”* Nihoraka mafy I Hark: "*Ry diakombavy Shin, oh, ry lanitra ô! Misy fanahy ratsy bitika kely ao anaty sofinao mitomboka azy amin-java-maranitra! Inona no hataontsika?”*

Nivavaka aho hialan’ilay fanahy ratsy fa tsy niala ilay izy. Nivavaka ho ahy koa I Haak Sung, fa nitohy hatrany ilay tsindrona nanaintaina. Satria tsy nahomby ny fandroahanay azy dia nankeny amin’ny alitara eny amin’I Pasitera izahay nony farany. Nivavaka Rapasy saingy notapahiko sy niangaviako: "*Rapasy a, maharary. Manindrontsindronabe ny sofiko.Avoahy azafady ilay devoly ao”* Nihoraka mafy Rapasy hoe: "*Ry satana, mandidy anao aho amin’ny anaran’I Jesosy Kristy! Miala!”* Teo noho eo dia nitaraina ilay fanahy sady niala. Nanomboka teo dia afa-nanohy indray ny vavaka aho. Ankoatr’izay dia nanomboka nafanan’ny afon’ny Fanahy ny vatako.

**Kim Joo Eun:** **Nangataka hahazo ny lotterie*

Nony nanjavona avokoa ireo fanahy ratsy dia tonga I Jesosy sy ny anjeliny. Nivimbina kaopy volamena misy tahony ireo anjely. Nipetraka tamim-panajàna teo anilan’ireo mpino nivavaka ireo anjely. Angonin’ny anjely ao anatin’ny kaopy volamena ny vavaka. Tsy ela taorian’io dia nanatona ahy I Jesosy sady nanao hoe. ***“Panda, jereo aho.”*** Nisatroka tsilo Izy.

Nasian’I Jesosy zavatra tao am-bavako. ***“Panda, andramo.”*** Mitovitovy amin’ny frezy ny tsirony, somary mamy marikivy, natsiro an. Nohaniko avokoa.

*“Jesosy a, misaotra betsaka.”* Nony nisaotra Azy aho dia hita ho faly ery Izy. Noho izy miramirana dia nanararaotra nangata-javatra taminy aho. *“Jesosy, sahirana ara-bola isanandro izahay, mahantra daholo. Mba ataovy mahazo lotterie!”* Nangina kely aloha ny Tompo, avy eo toran’ny hehy tampoka. Sady nitsiky Izy no nijery ahy. Nanapa-kevitra hangata-javatra hafa koa aho. *“Jesosy, izaho no kely indrindra ao am-pianaranay. Mba afaka halavainao ve?”* Tsy novaliany ilay hatako momba ny lôteria, nekeny kosa ilay fangatahako ho lava kokoa.

**Joo Eun nanafika ny mpanjakan’ny helo*

Niangavy ahy Jesosy: "***Panda, ‘ndeha hamangy ny helo.”*** Tsy niandry ny valinteniko Izy fa avy dia nentiny aho. Vao tonga izahay dia voamariko fa nitsangana teo alohan’I satana mpanjakan’ny fanahy ratsy, tena nampivarahontsana aoka izany. Goavana mankadiry ny vatany. Tonga hatrany amin’ny lanitry ny helo. Ngezabe koa ny sezany. Nihoronkoditra ny tenako manontolo raha nanatri-maso ity zava-mahatsiravina. Saika voatondraka mihitsy ny patalohako noho ny tahotra. Tsapako tampoka nefa ny fanatrehan’I Jesosy teo anilako ka niala ny tahotro. Tsy maintsy hiaro ahy Izy ka tonga tony sy tsy nanam-panahiana aho. Toy ny tsy teo ny horohoro sy ny tahotro.

Tsaroako ny nizaran-drahavavy Baek Bong Nyu ny nanafihany an’I satana sy ny nisy ireo faritra voa taminy. Natoky tena aho nony nahalala izay faritra horatraiko aminy. Nijery ny masony aho ka hitako fa efa nisy notsindronina sy nalentika lalina ny ilany. Tsy hitako ny voamasony. Io dia vokatry ny nation-drahavavy Baek Bong Nyu taminy. Raha mbola nandinika azy aho dia tsaroako ho naharary ny vozoko. Nanomboka naharary ny hoza-tendako noho izaho tsy maintsy niandrandra maharitra nijery azy. Mba niala teo amin’ny sezany koa izy dia niboretaka. Naverimberiny izany

noho ny antony tsy fantatra. Voamariko fa nikotro-nify izy sady naratra sy efa voaolana ny elany.

*"Oh, Oadray izany fahafaham-baraka! Sorenabe aho. Te-hiteny ve 'zao ianao io hoe resy foana izay tafika alefako any amin'ny Lord's church? Fa ahoana mihitsy e? Ilay tsisy saina ireto, nahoana ianareo no resy foana isanandro? Soa dia mba tsy 'nareo ary 'reo? Iza indray izao no halefako any?"* Raha mbola nimenomenona tamim-pahatezerana toy izany izy dia tonga sorena aho ka namaly azy.*"Ry devoly, mangina, inona no pilaninao momba ny Lord's Church?"* Hoy aho nitrerona. Nibanjina tsara ahy amin'izay izy sady niteny tamim-peo mahatsiravina hoe: "*Mihevitra anao ho iza moa ianao no sahy maninana ahy?"* Satria teo anilako Jesosy dia sahy nibedy an'I satana aho hoe: *"Mangina ry ilay devoly ity a, tsisy dikany ianao! Fatin-devoly adala!"* Raha mbola nanohy nanambany azy ihany aho dia tonga nangovitry ny hatezerana izy. Nefa nony avy teo dia nitsiky fa nihevitra ahy ho toy ny tsinontsinona. *"Ianao koa mba iza? Ianao izay toy ny tsintsina? Avy aiza?"*

Tsy haiko fa tonga natoky tena aho ka nisampotona ho ao andamosiny. Noraisiko ny tongony, notsongoiko fa tsy taitra izy. Vao may nanao izay hampahatezitra ahy bebe kokoa izy ka nanao hoe: "*Oh, Manitikitika."* Niantso mafy aho hoe: "*Tompo, omeo hery aho!"* Nihanika ny ranjony aho ka tonga teo amin'ny sorony nony farany. Matevina toy ny apinga ny hodiny.

Sady nitambesatra mafy ny sorony aho no niangavy tamim-peo mahery hoe: "*Andriamanitra ô! Omeo hery aho! Omeo ahy ny sabatry ny Fanahy!"* Dia nomen'ny Tompo ahy ny sabatry ny Fanahy Masina. Vao tonga teo an-tanako ilay sabatra dia nohatanjahina koa ny sandriko. Nihamafy sy natevina ny nofotra aman-kozatro. Notsindrontsindroniko tsy nananako antra ny lamosiny. Ary nirehitra ny hatezerany. *"Tsindroninao aho! Kay! Maharary! Aoka!"*

Nihoraka mafy tamim-peo mahery Satana hoe: "*Hovonoiko ianao! Tsy hanam-pitsaharana intsony ny 'lord's church'!"* Nitehaka sy nihoby Jesosy: "***Panda, tsarabe, tohizo hatrany!"*** Efa hita ho miferotraina izy ny amin'ireo ratra sy holatra nataon-drahavavy Baek Bong Nyu. Ny tsy firaharahiany dia nahafahako indray nampitombo ireo ratra efa nisy taminy. Nikiakan'ny hirifiry izy.

Nidina aho dia nitsilailay teo anoloan'ny mpanjakan'ny aizina. Nanao izay hahatonga fofona azy aho toy izay nataon-drahavavy Baek Bong Nyu. *"Wow! Mety ka.Hitako tsara kosa ianao amin' izao."* Nihasorena hatrany izy ka natolany tany amin'ireo mpanompony ny hatezerany. Hoy izy nitrerona: "*Ilay tsy haninon-tsy haninona ireto! Inona no jerenareo? Aza miandry fotsiny, asio haingana. Izao dia izao!"* Ary niteny mafy ny Tompo: "***Iza no hotafihinareo? Ahoana no hanafihanareo nefa tsy nomeko alalana?"*** Vao nibedy Jesosy dia niondrika tamim-pahanginana avokoa ireo devoly. Tsy sahy nanetsika izy rehetra na ankihikely iray aza. Tsy nisy nahahetsika.

Faly ery aho nanao izay hampahasorena an'I satana bebe kokoa. Satria nitsangana teo anilako Jesosy dia tsy nisy azon'I satana natao. Nihanika tao an-damosin'I satana indray aho ka nahatakatra ny lohany. Nosintoniko avokoa ny volony ka tonga sola izy. Nokapaiko tamin'ny Sabatra Masina ilay elany efa naratra. Tsinontsinona ny mpanjakan'ny devoly eo anilan'I Jesosy. Natahotra aho nefa nanapakevitra hananihany an'i satana indray ka dia nitsilany teo alohany indray. Nihomehy tsy nijanona Jesosy. Nitsangana ny Tompo dia nanao hoe: "***Tsara ry Panda. Tokony handry eo***

***anilanao koa va aho?"*** Nitsangana aho nikopa-tanana azy tsy hanao izany. *"Tsy mety ry Tompo a. Ianao no masina indrindra. Ahoana no hatorianao eo anoloan-javaboahary ratsy toa an'I satana io! Tsy possible! Tsy mety e."* Nandeha ra be ilay ratra amin'ny elany. Hafahafa be ny lokon-drany; tsy hay hazavaina. Tsy nahazo aina i Satana fa nihetsiketsika beny ihany teo amin'ny sezany, sady tesitra mafy ka nikotro-nify toy ny mahazatra izy. Tsy fantatro ny nananako risi-po hampahatezitra an'I satana. Mieritreritra izany aho izao dia mitady hangorovitsika. Raha mbola nanohy nankahatra an'I satana aho dia niteny I Jesosy, ***"Panda, ampy izay. 'Ndao amin'izay. Ampy an'I satana koa angamba izay. 'Ngamba izy efa niana-desona tsara. Tapitra ny fotoana. Handeha isika izao."*** Notantanan'ny tompo aho dia nentiny tany am-piangonana. Avy teo ny Tompo niverina nody any an-Danitra.

**Lee Yoo Kyung:** **Nanapa-doha fanahy ratsy tamin'ny sabatra masina*

Teo am-pivavahana aho dia tonga Jesosy. Nolazain-drahalahy Haak Sung ny fahafinaretany nihinana voankazon-Danitra tany an-Danitra. Nitondran'I Jesosy ireo voankazo ireo koa aho izay toy ny voaloboka. ***"Tasy a! andramo ity voankazo ity, dia tiako koa ianao raha mba mihira."*** Tsara loatra ny voankazon-Danitra ka te-hihinana foana aho. Izaho manokana tia voankazo ary mihinana betsaka mihitsy mandritry ny sakafo, Jesosy nefa teto nitondra vitsy fotsiny.

Nony tapi-nihinana aho dia nanomboka nihira: 'Derao ô ry fanahiko, Vita batisan'ny Fanahy Masina' ary 'Mitsangàna, 'ndeha hiady amin'ny devoly.' Teo am-pihirana aho dia nankeo amin'ny diakom-bavy Shin sy Joseph I Jesosy. Vao niala teo amiko Izy dia indro devoly avy teo amin'ny zoron-trano nanatona ahy moramora. *"Jesosy! Ray! Ray!!"* Niantso ny Tompo aho dia nitranga teo noho eo Izy.

***"Inona no iantsoanao ahy?"*** Hoy Izy. Namaly aho hoe: "*Nisy devoly nitranga avy tery!"* Vao nanondro teny amin'ireo devoly aho dia nanjavona izy ireo. Nanontany ny Tompo aho hoe: "*Jesosy, afaka mitondra an'I Joo Eun any an-Danitra ve aho?"* Namaly ny Tompo hoe: "***Tsia, olona iray ihany no omeko alalana amin'ny fotoana iray."*** Nanohy niteny Jesosy. ***"Yoo Kyung, Rehefa tonga indray ny fanahy ratsy dia aza matahotra fa manam-pahefana handroaka azy amin'ny anarako ianao, tsy maintsy mitsoaka izy. Ataovy am-pinoana izany!"*** Hoy aho: "*Amen!"*

Vao niala Jesosy dia nipoitra tokoa fanahy ratsy iray. Nihoraka aho hoe: "*Ran'I Jesosy!"* Nitsoaka ilay devoly. Sady nandositra izy no nanozona ahy: "*Ampitahorin'ilay tsy valahara ity amin'ny ran'I Jesosy foana aho.Oay le!"* Avy teo nisy hafa indray nipoitra. Nihanika tamin'ny soroko izy io dia nanindry ny soroko sy ny lohako. Sahiranabe aho nivavaka. Niantso mafy dia mafy aho hoe: "*Ry Andriamanitra 3 izay 1, vonjeo aho!"* Nikiaka ilay devoly hoe: "*Hampårariako ianao dia hoentiko any amin'ny helo!"* Teo indrindra dia tonga Jesosy nandroaka ilay devoly.

Nidina koa ireo anjely nanontany raha ao tsara aho. Nandoka ahy Jesosy: "***Metibe! Ry Yoo Kyung malalako. Hainao tsara izao ny mandroaka fanahy ratsy. Ao tsara!"*** Nanjavona indray Jesosy dia nisy devoly hafa indray nitranga. Nanelingelina an-drapasy aloha no nataony voalohany. *"Mivavaka foana ianao, isanandro! Inona no azonao rehefa mivavaka ianao? Sakafo? Hanina? Ajanony! 'ndao hilalao!"* Tsy voahelingelin'ilay fanakorontanana nefa rapasy. Ny vavaka ihany no notohizany fa

tsy noraharahainy ireo fanahy ratsy. Nanatona ahy izy ireo dia nanandrana hanapaka ny fivavako. Nihoraka aho hoe: "*Jesosy, Omeo ahy ny sabatry ny Fanahy Masina!*" Efa teo an-tanako sahady ilay sabatra. Nasavililiviliko ireo fanahy dia notapahiko ny lohany. Nikiaky ny tahotra izy ireo: "*Ah! Lohako! Ahh!*" Nasavililiviliko ihany dia notapahiko koa ny sandriny sy ny faritra hafa amin'ny tenany. *"Maty aho vatako! Sandriko! Ny ranjoko!"* Nikiaka izy dia nanjavona.

**Soeur Baek Bong Nyu:** ** Valifatin-devoly tamin'ny heriny manontolo*

Teo afovoan'ny alim-bavaka dia nandre hirifiry mafy aho, toy ny misy zava-maranitra mandehandeha manerana ny vatako. Toa manana aina mihitsy ilay hirifiry. Najanon-drapasy ny toriteny, niala haingana teny amin'ny alitara izy dia niantso mafy an'I Joo Eun sy ireo efa manana masom-panahy misokatra, nanontaniany raha mahalala izay mitranga amiko izy ireo. Nolazain'I Joo Eun somary variana fotoana fohy aho dia afa-nanararaotra niditra tao amiko ny devoly. Vao tafiditra ny iray dia nanokatra lalana hidiran'ireo hafa. Raha nitsidika ny helo aho omaly dia nandratra ny maso sy ny lamosina ary ny elatr'I satana. Nohazavain'I Joo Eun fa tezitra mafy Izy ka naniraka ireo mpanompony hamely ahy amin'ny heriny manontolo.

*"Ry devoly! Ry fanahy ratsy! Asio amin'ny hery manontolo! 'ndao daholo ho any amin'ny 'Lord"s church' hanafika an'I Baek Bong Nyu!"* Maro ny fanahy ratsy niditra tao am-batako, nivondrombondrona hametraka fivontosana. Avy teo dia izy ireo dia niparitraka nanerana ny vatako. Ny sasany mitovy amin'ny goblins misy tandroka, Ny iray hafa mitovy amim-bibilava maro loko, Ny sasany indray nivotirika sady nanana hoho sy nify maranitra, nitafy fotsy. Nanaintaina tsy hay zakaina avokoa ny vatako manontolo, naolany ny vanintaolako. Azoko tsara izao ny nahazo an-drapasy ilay izy notafihina iny. Niezaka hatramin'ny farany aho hivavaka sy hanohitra ireo fanafihana saingy lavo tamin'ny tany ihany. Ny mpino hafa tsy nitsaha-nivavaka nanomboka tamin'ny mangiran-dratsy ka hatramin'ny 5 maraina. Ny vavak'izy ireo tsy nitsahatra dia nandroaka ireo devoly rehetra tato anatiko. Torovana fatra izy ireo taorian'izay.



*Figure 1goblan misy tandroka*

Mbola afa-nivavaka izahay tamin'ny 5 maraina. Nahatsiaro sambatra aho fa mbola afa-nivavaka nandritry ny adin'ny 2. Noho ny herisetra nataon'ireo devoly dia mbola mandre hirifiry mafy aho. Nanontany ny Tompo aho ny amin'ny vatako maharary. Isaky ny voavoaka ao am-batan'ny olona ny devoly dia tsy maintsy misy fiantraikany aminy foana izany. Azoko amin'izay no mahatonga an-drapasy mitaraina foana ny amin'ny sorony sy ny lamosiny maharary. Raha ny fahatsapako azy dia tokony ho 30 teo no devoly tao am-batako.

**Lee, Haak Sung:** **Lee, Haak Sung nifanandrina tamin'I satana*

Rehefa nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra aho dia tonga Jesosy niantso ahy tamin'ny anaram-bositro: "***Sam, 'Ndao ho any amin'ny helo."*** Vao noraisiko ny tànany dia nanidina ho any amin'ny helo izahay. Nony tonga teo amin'ny sezafiandrianan'I satana dia nipetraka fotsiny ny mpanjakan'

ny aizina. Sady ngezabe izy no lava aoka izany; Mahatakatra ny faratampon'ny helo. Tsy voaisa ny mpanompony eo ambany fahefany. Fitaovam-pampijaliana marobe mifampitaingitaingina toy ny tendrombohitra no hitako nanodidina teo amin'ny sezafiandrianany.

Ankoatr'izay dia nahita fitaovam-pambolena koa aho, scrapers (fitaovana fiasàn-tany harifomba), faraingo vy, ary antsim-bilona. Nisy basy sy antsy mihitsy aza fanampina'ireo fitaovam-pampahoriana vita amin'ny vy. Taitra mafy aho raha nahita ny maman'ny mamako, anadahin'I mama, ny cousinko, sy ny nenitoako nitsangana teo anoloan'I seza fiandrianan'I satana.

Teo an'ilan'ireo havako nisy hazo miendri-tanambokovoko. Somokotra ery ireo mpanompon'I satana manomana ny hanantonana ireo havako eo amin'ireo vokovoko ireo. Vonton-tahotra tanteraka ireo havako fa manga matroka ny tavany sady mangovitra toy ny adala izy. Vao fantany fa teo aho dia niantso mafy ahy izy hoe. *"Haak Sung, Inona no ataonao aty indray? 'ndehana haingana! Malaky dia malaky! Tsy fitsidika ny toerana toy ity. 'Ndehana, lasa haingana!"* Nanopy maso an'I satana izy ireo ny amin'izay ho fihetsiny. Nitrerona mafy ny havako I satana hoe: "*E, inona no mampipentsampentsam-poana eo? mangina ianareo!"* Noho ny tahotra dia nitsangana fotsiny izy rehetra sady nangovitra.

Tampoka teo dia nanomboka nampijaly ny cousinko I satana. Nihevitra aho fa te-hampahatezitra ahy izy hahitany izay ho fihetsiko. Nampiasainy ny hohony lava handrovitana ny nofo tao an-damosiny. Nihiaka mafy ny cousinko dia nianjera. Mbola tsy ampy hampitony ny hatezeran'I satana nefa izany. Nesoriny koa ny nofon-dohany dia nopotipotehiny ny karandohany. Tonga lavenona ny lohan-dracousin raha nitolokom-pahafatesana mafy izy: "*Vonjeo e! Azafady! Ahh!"* Tsy aritro intsony ka nenkeny amin'I satana aho handaka ny tongony nefa tsy nihontsona izy. Tsy afa-nanao na inona na inona aho, tsy afa-nanoatra noho ny hangezany. Sady matanjaka izy no ngeza; Tsy nisy zava-bitako.

Jesosy nijery izay hataoko manoloana izany. Tsaroako ny fitantaran'I Joo Eun ny nanafihany an'I satana. Nihanika ny vatany izy dia nandratra azy. Tsapako fa nisy zavatra tokony ho nataoko fa tsy hijery fotsiny aho. Nihanika taminy aho, namikitra tamin'ireo volovolo eo amin'ny vatany. Nolavahiko tamin'ny hoho koa ny vatany sady nihanika aho. Noho izy mankadiribe, raha nijery tany ambany aho dia toy ny teo amorona hantsambe. Nangovitra aho, feno tahotra noho izaho tany ambonibe.

Na te-handratra azy aza aho tsy afaka satria tsy nanam-pitaovana. Nanonona vavaka aho hoe: "*Andriamanitra ô! Azafady omeo ahy ny sabatry ny Fanahy Masina!"* Nony nivavaka aho dia indro sabatra volamena nidina moramora avy tany an-Danitra. Noraisiko ilay izy ka nitrobarako ireo faritra efa naharary vokatry ny nataon'ireo'mpino hafa.

Teo aloha aho tsy afa-nampisy hirifiry tamin'I satana. Izao kosa afa-nandratra azy ka nampihoraka mafy azy: "*Ahh! Maharary! Iza izany mampijaly ahy izany? Nahoana ianareo no miverimberina aty foana? Sahy ianareo ry ialy olona kely ireto manohitra ahy! Andraso fa ho avy tsy ho ela ny valin-kitsaka!"*

Vao may nolavahiko tamin'ny heriko manontolo ilay faritra efa naharary taminy. Nopoiriko ilay

masony efa naratra dia nisavilivily teo amin'ny elany aho. Tapaka tanteraka ny elany teo. Tsy ho afa-mampiasa ny iray amin'ny elany intsony izy.

Nidina avy teo amin'ny sezany izy dia nanomboka nitaintaina. *"Ahh! Inona izao ataonao amiko izao? Rehefa tsy ianao dia misy hafa indray! Ahhh! Maharary! Hovaliako faty ianao! Tsy hionona aho raha tsy vita ny valifatiko! Tsy vita mora izao!"* Nikotro-nify izy sady romotra mafy. Natosiko tany anaty hantsana afo ny iray tamin'ireo devoly. Vao latsaka tao izy io dia nihoraka mafy toy ny ho faty sady niakatra haingana.

Tezitra mafy ny mpanompon-devoly ka nanatona ny cousinko. Nesorin'ilay fanahy ratsy tamin'ny antsy ny nofony dia napetrany tanaty lovia baolina lehibe. Ny taolany sisa navela teo. Nony nahita azy nikiaka sy nitomany aho dia nieritrertira hoe: "*Mijaly ve ny cousinko satria aho nampahory an'I satana?"* Hoy Jesosy: "***Sam, ampy izay. 'Ndao amin'izay."*** Ary niala tao amin'ny helo izahay.

**Pasitera Kim Yong Doo:** **Miandry ny fotoan'ny Tompo*

Nitohy nihetsika tamim-pomba samihafa ny tanako. Gaga sy liana aho ny amin'ireo fihetsika mandeha ho azy toy ny hoe efa nahazatra ahy. Toy ny zavatra atao na tarihin'ny Fanahy masina dia tsy nosaintsainiko mialoha izy ireny fa tsy ampoizina mahafaly foana ka mampiaiky.

Isaky ny manomboka hivavaka aho dia manontany tena foana hoe: "*Hanao ahoana indray no ho fihetsiky ny tanako anio?"* Misy fotoana aho te-hampifamatotra ny tànako tsy hihetsehany, te-hifantoka fotsiny amin'ny vavaka mantsy. Fa rehefa eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina, ny feoko sy ny sandry aman-tànako dia samy baikoiny ka tsy afa-manohitra.

Raha manohitra aho dia toy ny manosika azy ka mandà azy. Tsy maintsy Mankato aho. Tiako hotaperina sy faranana haingana ilay izy nefa toa miasa miadanabe Andriamanitra, toy ny tsy mba maimaika. Toy ny hoe, nanomba tambonin'ny rano ny fanahin'I Jehovah.

Satria ny Tompo tsy maika dia izaho no hany mahatsapa sorena ny haelany. Noho izaho tsy manam-paharetana sy te-hahatsapa hery sy vokatra haingana dia matahotra aho sao tsy hanaraka ny fitsipik'Andriamanitra. Izaho monina eto amin'izao tontolo izao izay afa-manova zavatra haingana. Ny fahatarana kely dia mampieritreritra ahy ho tsy maharaka. Angamba aho efa zatra ny fomba fiaina moderna. Izay mitranga ao ampiangonana, indrindra fa ny ataon'ny Fanahy Masina amiko dia mahatonga ahy hieritreritra fa medabe Izy. Raha te-hijanona ao anaty sitrapon'Andriamanitra aho, tsy maintsy ariako daholo ny fahazarako sy ny traikefako taloha amin'ny mahampitandrina.

Manontany ahy foana ny Tompo raha hitondra ny minisiterany araka ny sitrapony aho na araka ny fisainako. Ny fisainako dia mifototra amin'ny fampianarana, fitsipika sy ireo filozofia nianarako nandritry ny taona maro. Inona kosa ary no minisitera araka ny sitrapony? Tsy nisy dikany ve izany ilay minisiterako hatrizay? Inona izany no nataoko ilay izaho nanompo tamin'ny fo ireny? Zavatra iray aloha no tena mazava. Tsy fantatry ny Tompo ilay minisitera notarihiko tamim-pahatokisantena sy noheveriko ho araky ny sitrapony. Nony fantatro fa tsy nankasitrahan'ny Tompo ny minisitera niasako mafy dia torakovitry ny tahotra feno fanajana aho. Nijery amin'ny antsipirihany sy nanitsy izay diso ny Tompo. Fony izaho nanoratra ilay boky voalohany aza dia efa nodidian'ny Tompo

hampisongadina ny traikefan'ny mpino. Ambonin'izay dia niangavy Izy mba hankato tanteraka aho eny am-panoratana ilay boky. Ny risim-poko sy fankatoavako dia hahafaha-manoratra boky feno sy tena izy kokoa.

Nony nivavaka momba ny fifohazam-panahy aho dia nahatsapa ho nanakaiky ny paradisa. Nefa ny fanahy ratsy nanafika ahy tamin-kery lehibe. Nony nihalalina ny fivavako ka nihananatona ny lanitra aho, dia avy ireo fanahy efa resiko taloha nanafika ireo mpiangona. Ny tanjony tamin'izany dia hamely azy ireo mba tsy hahavitako ny vavaka, ho voahelingelina aho ka tsy hifoha ara-panahy.

Ireo efa nifoha nahita an'I satana nanao fanamarihana hoe: "*Vao misokatra eo ny masompanahin'I Pasitera Kim dia izay ny amintsika. Tafiho amin'ny hery manontolo!"* Noho ny fanampian'ny Tompo dia tsy nisy vokany ny fanafihan-dry satana mianakavy. Nivondrona izy ireo dia nanafika fanindroany indray. Teto indray dia nataony izay hahalavo amin'ny tany ny mpino mba hahatonga an-drapasy ho variana mandroaka devoly amin'izy ireo tsirairay .

Resin'ireo devoly indray ranabavy Baek Bong Nyu ka maro amin'ireo vondrony no niditra taminy. Efa alinabe izy io notafihina io ka niady hatramin'ny 5 maraina izahay.Vokatr'ilay fanafihana taloha dia mbola mihamanaintainabe ny vatako. Noho ny hirifiry dia nitsotsotra foana aho nandritry ny andro.

**Ady nifanandrinan'ny anjely mpiambina sy ny fanahy ratsy*

Niady sy nandroaka devoly foana no nataonay nandritry ny alina. Tamin'ny 5 maraina izahay vao mba afa-nanomboka nivavaka, ary nifarana tamin'ny 8.30 maraina. Lany niadiana tamin'ny fahavalo ny fotoana tokony ho nivavahana. Nateriko tany an-tranony avy ny mpino. Tamin'ny 9 aho no tonga tany antranoko. Nony tonga dia niantso mafy tamim-pahatairana ny zanako hoe: "*Dada, miady ao amin'ny efitrano fandriana ny anjely sy ny devoly!"* Gaga sy taitra aho ka namaly hoe: "*Inona? 'Ndao hanampy ireo anjely amin'ny alalan'ny vavaka!"* Nanampy ahy koa ramatoa vadiko sy Joseph raha nanao io fotoam-bavaka faharoa tany an-trano io izahay.

Teo am-pivavahana I Joseph sy Joo Eun dia nahita izay nitranga tamin'ny masom-panahiny. Nambarany fa manafika amin'ny andiany ireo fanahin'ny aizina. Na tsy mbola nisokatra tanteraka aza ny masom-panahin'I Joseph dia afa-niady tamin-devoly izy nampian-jokiny. *"Tsy mitsahatra mihitsy ny fanahy ratsy; Tsy mamela antsika hiala sasatra mihitsy."* Nanohy nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra aho nefa tsapako ho voafetra ihany ny fahafahako misambotra azy.

Reraka mafy izahay ka tezitra noho ny fanafihany tsy mijanona. Nampiasainay ny afo masina ka resy izy ireo, kila sy may avokoa. Nony tapitra ny ady dia nanam-potoana amin'izay izahay hisakafoana-maraina, nefa efa atoandro ny andro.Hoy Joo Eun: "*Dada, miaro antsika ireo anjely 4"* Nanontaniako izy hoe: "*Joo Eun, Afa-miresaka amin'izy ireo ve ianao?"* Toy izao no navaliny: "*Ie, efa niresaka foana izahay."* Nasaiko niteny tamin'ireo anjely I Joo Eun fa nahafinaritra ny asan'izy ireo androany. Nanomboka nanontany azy ireo ny momba azy I Joo Eun. Ary tonga ny Tompo dia nitohy ny resakay.

**Kim Joo Eun:** **Ny elatry ny anjely sy ny dikany*

*"Jesosy, anjely 4 no ato antrano. Iza ireo? Nahoana izy ireo no ato?"*

Jesosy: "Ireo no anjely nomena andraikitra hiambina ny ankohonanao. Nirahin'ny Ray izy ary miaro anareo tsirairay avy."

**Kim Joo Eun:** *"Nahoana ny Anjely maro anay sy neny ary ranadahy no 2 fotsiny ny elany? Nahoana ny an'I Pasitera no 4?"*

*Jesosy:* "Mandany fotoana maharitra ny mpitandrina hivavahana ho an'ny ondry tandremany. Fanampin'izay, ny mpitandrina no ambony indrindra amin'ny mpanompon' Andriamanitra. Ny mpitandrina mazoto manompo ny Tompo. Noho izany dia arovan' Anjely ambony laharana kokoa izy ireny. Ireo manana elatra 4 no ambony laharana sady matanjaka kokoa miohatra amin'ireo anjely manana elatra 2. Ireo mitondra ny minisiterany amin'ny fahaiza-manao ambony dia arovan'Anjely manana elatra 6. Ambony laharana sady matanjaka kokoa ireo anjely manana elatra 6 ireo miohatra @ ireo teo aloha."

**Kim Joo Eun:** *"Jesosy, vao tonga tato antrano teo aho dia nahita ady nifanaovan'ny anjely sy ny fanahy ratsy. Inona no ataon'ny anjely rehefa mifamaly I dada sy I neny na izahay sy I zandry? Izahay sy zandry mantsy mifamaly matetika."*

**Ny anjely:** (Raha nandre izany izy ireo dia niditra tamin'ny resaka). *"Masimbavy Joo Eun, tokony tsy hifamaly sy hiady ianareo. Isaky ny mifamaly na miady ny masina dia mihenabe ny valisoany. Aza manao izany intsony."*

**Kim Joo Eun:** *"Tompo, indraindray izahay mahatsapa ho misy manindry izany rehefa matory. Fa ahoana?"*

**Tsy afa-mihetsika rehefa matory*

*Jesosy:* "Mitranga izany matetika rehefa misy devoly manindry mafy ny vatan'olona, rehefa resy ny anjely mpiambina azy. Tsy mitranga izany rehefa resin'ilay anjely mpiambina ny devoly. Misy fotoana, misy devoly ambony girady miezaka miditra ao amin'ilay olona ka mandresy ny anjely mpiambina azy. Vao manaiky ahy ho mpamonjy ny olona iray ka mino ahy amin'ny fony manontolo dia omena anjely. Dia miambina azy io mandra-pahafatiny. Manana anjely mpiaro azy ny mpino. Ny tsy mino kosa, fanahy ratsy no mampijaly azy. Tsindriana izy na avela mandritry ny torimasony. Io miankina amin'ny toetoetran'ilay fanahy ratsy ihany. Marefo be ny zanako rehefa manota matetika na mihena ny finoany. Mora tafihinabe izy rehefa matory.
***Rehefa tsy ambony laharana ilay anjely miohatra amin'ny fanahy ratsy dia ho voatsindry ilay olona. Amin'ny ankapobeny dia tsy misy afa-mijery ny ady ifanaovan'ny anjely sy ny fanahy ratsy. Na izany aza, mandry fahalemana ianao satria afa-mandresy fanahy ratsy ny anjely mpiambina anao. Izay foana no tsarovy."***

**Kim Joo Eun:** *"Jesosy, Inona no mitranga @ ireo anjely mpiambina raha miverin-dalana ho amin'izao tontolo izao ilay olona ambenany? Maro mantsy ny toy izany."*

*Jesosy:* **"**Raha toa ka miverin-dalana ny olona nahatoky tamin'ny finoana dia averina any an- danitra ny mpiambina azy ary tsy maintsy mijoro eo anoloan'Andriamanitra hobedesina. Averina indray amin'ny Tompony ilay anjely rehefa mibebaka izy, amin'izany dia hiverina hiaro azy indray izy. Miaro izy ireo sady manampy azy amin'ny fomba rehetra saingy io miankina amin'ny safidin'ilay olona ihany. Miakatra ny laharan'ilay anjely arakaraky ny asan'ilay olona."

**Kim Joo Eun:** *"Firy ny elatra afaka ananan'ny anjely?"*

*Jesosy:* "6 no farany betsaka. Misy anjely tsy manana elatra. Ny isan'ny elany sy ny habeny dia ahitana taratra ny laharany sy ny toerana misy azy. Mety maniry avy ao ambatany ny elany.
***Amin'ny fotoana manokana dia izaho mihitsy no mametraka ny elany aminy."***

**Kim Joo Eun:** *"Jesosy a, toa faly ery ry zareo fa miresaka azy isika!"*

Jesosy: "Marina izany. Ankafiziny ny mihaino resaka ara-panahy. Fa malahelo tampoka izy raha mandre resaka momba izao tontolo izao."

**Kim Joo Eun:** *"Jesosy, Hitako fa mandihy ireo anjely 4 mahita antsika miresaka azy. Wow! Mitovitovy @ ilay dihy ara-panahin'ni mama. Anjely a, mandrakitra an-tsoratra ny endrikareo sy ny fihetsikareo rapasy. Hanoratra boky momba ny tranga iainantsika izao Rapasy."*

**Ireo anjely:** *"Wow! Izany an? Ho voasoratra anaty boky ny tantaranay?"*

**Kim Joo Eun:** *"Eny, mazava ho azy!"*

Ravo aoka izany izy ireo sady nanohy nandihy hahatalanjona anay. Te-hanohy ny resakay izy ireo, saingy niditra antsehatra ny Tompo.

Jesosy: "Panda, izaho no tokony hiresahanao. Nahoana ianao no miezaka miresaka amin'ny anjely?"

**Ny anjely:** (Vao niteny ny tompo dia nanetry tena niondrika izy ireo sady nanaja no nihemotra).

**Kim Joo Eun:** *"Jesosy, inona no miseho rehefa maty ny olona iray? Firy ny anjely mitondra ilay olona?"*

*Jesosy:* **"**Ho an'ny mpino dia ny anjely mpiambina azy sy anjely iray hafa no manatitra azy any an-Danitra. Rehefa maty kosa ny tsy mpino dia misy zava-boahary avy any amin'ny helo mitondra azy any."

**Kim Joo Eun:** *"Jesosy, te-hitsidika ny tranoko any an-Danitra aho."*

***Jesosy:*** **"**Tsy maintsy hitsidika ny tranonao any ianao. Raha te-hahita azy nefa ianao tsy maintsy mavitrika amin'ny vavaka. Aza kamokamo mivavaka mihintsy. Izay no mahatonga ahy tsy dia mitondra anao moramora any an-Danitra. Vao entiko any ianao dia manomboka ho kamokamo

hivavaka amin'izay."

**Kim Joo Eun:** *"Jesosy a, miala tsiny aho fa be fanontaniana. Liana te-hahalala aho raha mba mitomany ny anjely. Rehefa any an-Danitra ve dia hifanena ny mpianakavy? Mba miady sy mifamaly ve ny olo-masina any?"*

*Jesosy:* **"**Panda, Nahoana ianao no liana amin-java-maro? Nony nomeko fanomezam- pahasoavan'ny fanahy ianao dia ataotaonao mihitsy aho. Hahaha. 'Ndao e, apetraho tsirairay ihany ny fanontanianao fa tsy maninona. Afa-malahelo endrika ny anjely. Tsy afa-mitomany na latsa-dranomaso izy. Ny arkanjely Mikaela, gabriela sy izaho ihany no afa-mitomany an- dranomaso. Mifanena sy mifankahita amim-pifaliana ny mpianakavy any an-Danitra. Na izany aza tsy mifanena foana fa rehefa misy fotoana manokana ihany. Fa mifanena kosa izy any amin' ny trano fiangonan'ny lanitra mandritry ny fotoam-piderana. Ny lanitra toerana tsy misy tsiny na tasy fa toerana tongalafatra. Andriamanitra Ray no manaramaso sy mitantana ny zava-drehetra. Izay no mahatongalafatra ny any. Tsy misy antony hiadiana na ifamaliana. Mitranga izany satria ny olona tranon'ota, izany dia miteraka tahotra sy ahiahy ao aminy. Antony 2 ireo mampiady sy mampifamaly ny olona. Tsy miady na oviana na oviana ny anjely. Tsy mitranga mihitsy izany.

***Raha atao hoe misy izany dia havoaka tao an-danitra tsy homena fahafaha-mibebaka izy. Hatsipy any amin'ny helo tsy misy indrafo. Ny fanahy voavonjy tsy miady na mifamaly. Tsy possible izany any an-Danitra. Raha sendra mitranga izany dia hatsipy any amin'ny helo izy ireo, satria izy eo ambany fahasoavan'Andriamanitra. Miaina fianana feno hafaliana izy."***

## ==== Andro faha-28 ====

**([hebreo 4:12-16])**

**Pasitera Kim Yong Doo:** **Ny fanafihan'ny fanahy ratsy amin'ny heriny manontolo*

Arakaraky ny nandrosoan'ny fotoana nanaovanay alim-bavaka no vao may nampahery vaika ny fanafihan-devoly. Isaky ny mivavaka mandritry ny hatsiaka mamirifiry ireto "ondrikely" ireto dia onena azy ny foko ka tsy tanako ny ranomasoko. Rera-batana sy fanahy izahay noho ny fanafihany totoafo.Resy kely izahay dia mandresy indray. Mandroso mihemotra ny ady. Dia toy izany hatrany.

Henjana tokoa ny ady, nefa izahay tsy nitsaha-niantso mafy ny Tompo. Nisisika niantso azy mafy izahay raha ny marina. Nanomboka tamin'ny 9 alina izahay no niangona. Talohan'ny fotoam-bavaka dia nihira sy nivavaka manoloana ny Tompo izahay. Teo am-piderana izahay dia voatafika ranabavy Baek Bong Nyu ka nitrosona tamin'ny tany. Izy no nifanena voalohany tamin'ireo devoly. Niditra tao amin-dranabavy Baek Bong Nyu ny fanahy ratsy. Tsy hita maso izy ireo; tsy hitako tamin'ny maso ny endriny na izay bikany. Tampoka loatra ilay fanafihana ka tsy nivonona izahay.

Amin'ny mahaolona dia somary kivy aho tamin'ny fiantsoana ho mpitandrina. Hoy aho anakampo: "*Mandeha anjambany fotsiny aho ara-panahy. Nahoana aho no tsy afa-manakana ny fanafihana? Nahoana no rehefa mitranga ny olana vao avy aho?"* Nianjera ny mpino, lavo amin'ny gorodona dia nikiakan'ny hirifiry. Tsapako ho tsy mahefa na inona na inona aho sady tsy afa-manampy azy ireo.

Tampoka teo dia tsy afa-nihetsika ny vadiko; Nalemy ny ranjony. Voatafika koa I Joseph zanako ka tonga narary andohabe. I , Joo Eun zanako vavy lasibatra fa tapaka ny sandriny. I Yoo Kyung sy Haak Sung lavo tamin'ny tany koa, fa nasian'ny fanahy ratsy.

Vao mandroaka devoly amin'ny mpino iray aho dia miditra amin'ny hafa indray izy ireo. Ampahoriana ny mpino ao aminay. Amin'ny mahampitandrina dia tsapako ho tsy izy aho, tsapako ho tsy ara-panahy, tsy afa-manome fahafaham-po ny hetahetam-panahin'ireo mpino. Tsy mbola nahatsapa tena ho tsy mendrika toy izany aho raha tsy tamin'io fotoana io. Hita taratra tamin'io ady androany io ny mahaosa ara-panahy ahy. Ory sy niferotraina mafy aho.

Nandritry ny 3 andro izahay no niady mafy tamin'ny fanahy ratsy. Noho izany dia tsy nety azon-tory aho. Na aiza na aiza misy ahy, na any an-trano na any am-piangonana tsy avelan'ny fanahy ratsy hiala sasatra. Ilay tamin'ny alina teo no tena nahatorovana anay.Nitohy hatramin'ny 8 maraina ny alahady. Na nampiasa ny finoako sy ny fahaizako ara-panahy aza aho tsy namokatra.

Tsy nanan-tsafidy aho noho izany fa voatery nila fanampiana tamin'ny Tompo. Niangavy mafy Azy aho nefa Izy nandidy ahy hiady hatramin'ny farany amin'ny alalan'ny finoako.Satria efa nanakaiky ny fotoana alahady dia tsy naharitra aho fa nanery ny Tompo. *"Tompo, ampio aho! Miangavy re! Midira antsehatra na alefaso ny arkanjely Mikaela hanampy. Haingana moa e! Tsy olana na iza na iza manampy anay."* Rehefa niangavy maika toy izany aho dia nanampy ahy koa I Joseph, Joo Eun, ary Haak Sung . Samy vonton-dranomaso izahay sady samy nandro hatsembohana. Tsy ela dia anjely maro no nidina avy tany an-Danitra ka nitsangana teo anoloanay.

**Fanampiana avy tamin'ny arkanjely Mikaela*

Anjely aminjatonjatony sy aminarivony maro no tonga. Nihamaro hatrany izy ireo ka niangona teo aminay. Nohodidininy izahay. Nanomboka niaro anay izy ireo sady nanarona anay tamin'ny hazavana mamiratra maro sosona. Nanandrana hanafika ny fanahy ratsy. Fotoana fohy taorian'izay dia indro nisy hazavana manjelatrabe avy tany an-Danitra. Nanatona anay ny arkanjely Mikalea. Nitondra soavaly fotsy nanana elatra izy. Teny ampitaingenana izy dia sady nampisavilivily sabatra manjelatra lehibe. Fampisaviliana indray dia nahatapa-doha devoly vitsivitsy.

Sahiran-tsaina ireo sisa tavela ka niparitaka teo anoloan'I Mikaela. Nikapoka nanerana ny fiangonana izy. Tamin'izany dia notapahiny avokoa ny lohan'ireo devoly. Rehefa tapa-doha ny devoly dia nisy setroka mainty nivoaka tamin'ny vatany, ary nanjavona izy.

Namelatra ny elany ny anjely hatao fefy fiarovana ny mpino. Nandehandeha ihany I Mikaela nanafika ireo fanahy ratsy. Nikiaka izy ireo sady nitsoaka sahiran-tsaina, korontana tanteraka izany ho azy ireo. Nitranga Jesosy nijery ny fandehan-javatra.

**Leek Haak Sung:** **Nandevona ny Fanahy ratsy tamin'ny afo masina*

Fanahy ratsy maro no niditra tao amin'ny vatan-dreniko. Nihafohy ny fotoana nivavahanay noho izahay nisisika nandroaka ny devoly tao aminy. Na dia tena sarotra aza ny sedra sady nijaly mafy I neny, dia nanangona ny heriny ihany rapasy ka nitarika ny fotoana tamim-pahombiazana tokoa. Ny

tenin-drapasy dia nohamafisina sy nampian'ny herin'Andriamanitra.Vokatr'izay, rehefa nanomboka ny fotoana dia natanjakabe ny fanatrehan'ny afon'ny Fanahy Masina.

Namirifiribe mihoatra ny isan'andro androany. Noho izany dia somary tsy dia faly aho sady feno hakiviana ny saiko. Nefa vao nivavaka aho dia niditra tao am-poko ny afon'ny Fanahy. Nihodinkodina ilay afo. Vao tafiditra izy dia tera-tsemboky ny hafanana sy ny hery. Nahita anjely maro avy any an-Danitra. Avy teo amin'ny tolanan'ny alitara no nidirany. Mbola tao amin'I neny nampijaly azy ireo fanahy ratsy. Lavo tamin'ny tany izy noho ny hirifiry, tsy afa-nanao na inona na inona. Tsy hitany izay fomba hampijanonana ilay fampijaliana. Nitomany sy nikiaka tsy nitsahatra izy. Nivondrona nandroaka ireo devoly tao aminy ny mpiangona rehetra. Mandra-maraina ny ady. Soa ihany fa noho ny fanampian'ny arkanjely Mikaela dia afa-namita ny fotoana maraina izahay.

Nony niverina tany an-Danitra I Mikaela sy Jesosy dia afa-nivavaka izahay tsirairay. Nony nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra aho dia nahita aloka mainty nivoaka avy teo amin'ny sisintrano. Segondra vitsy dia indro devoly niendrika dinôzôro nihazakazaka nankeo amiko. Nony nanatona ahy izy dia nipasaka ny karandohany ka indro zavatra mena mihontsankotsana tao anatiny. Nandritra izany dia reko toa niala tamin'ny vatako ny fanahiko. Tamin'io indrindra raha somary variana kely aho dia notafihin-devoly. Tsy nanam-po aho ka niantso haingana ny Tompo. *"Jesosy, vonjeo! Tongava haingana hanampy ahy!"* Tonga teo noho eo ny Tompo, nandray ilay dinozoro tamin'ny rambony dia nampiolana azy. Nikiaka ilay fanahy sady nandositra.

Avy teo nisy vondrona aloka mainty nisintona ny akanjoko. Niezaka niala aho saingy tsy afaka, voahelingelina ny fivavako. Nony hitako fa tsy resiko izy ireo dia niantso mafy ny herin'ny afo masina aho. Hoy aho nihoraka: "*Afo masina! Afo masina!"* Tampoka teo dia nivoaka afo ny tenako ka levona ireo aloka mainty.

Nony nanomboka nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra aho dia nandre hira. Nandihy sy nivavaka nanaraka ny gadon'ilay hira aho. Hitako fa nisy devoly nanao sarontava vy nanatona ahy. Nanohy nivavaka aho dia nanohy nanaraka ny gadona koa ny tanako. Nanatona ihany ilay fanahy ka nesoriko ny sarontavany. Vao niala ilay sarontava dia bibikely marobe no indro nivoaka saingy nolevoniko tamin'ny afo masina. Nony nandresy aho dia tonga Jesosy nanome ahy vatomamin-Danitra. Mamy ilay izy sady tena tsara saingy nohaniko haingana ka kofina aho.

**Lee Yoo Kyung:** **Yoo Kyung nanatri-maso indray ireo havany ampahoriana any amin'ny helo*

Nandray ny tànako Jesosy sady nanao hoe: "***Yoo Kyung, te-hitsidika ny Lanitra va ianao?"***
Vao nandre ilay fanontaniana aho dia feno hafaliana ny foko. Nanidina izahay, nanavatsava sy nihoatra ny lalan-dronono.Nefa tsy nampoiziko fa nanidina tao ambany tonelina maizimbe izahay ka nankany amin'ny lalana havia. Mitondra any amin'ny helo io lalana io. Ilay ankavanana mitondra any an-Danitra.Fantatr'I Jesosy fa raha nanontaniany aho raha te-hitsidika ny helo dia ho nanohitra.

Tiako ny mankany an-Danitra. Rehefa afa-mankany an-Danitra iny aho tena mankafy ery. Izao aza aho te-honina any mandrakizay. Ny helo indray toerana ratsy sady mampatahotra, tsy tiako hovangiana na nosaintsainina akory. Raha nanontany ahy ny Tompo ny amin'ny hamangiako ny Lanitra dia nahatsiaro tena ho voafandrika aho. Isaky ny mankany amin'ny helo aho dia mbetika no

tsy mahita tory amin'ny alina. Mbola ren'ny vatako foana ny hirifiry any amin'ny helo.

Teo am-pieritreretana izany aho, hitako ny havako notaritaritina. Noterena hitandahatra mahitsy izy ireo sady efa nisy zava-boahary ratsy niandry. Goavam-be ilay izy, toa manakatra ny fanambonin'ny helo ny haavony. Karazan-kazofijaliana maro no nijoro teo anoloan'ilay voahary.

Efa niomana hamantsika an'ireo havako tamin'ilay hazo ilay zavaboahary.Mpanjaka no fijery ilay zavaboahary. Isaky ny mibaiko izy dia mangovitra ny eo ambany fahefany sy ireo havako. Nampatahotra ahy ny hangezany sy ny feony toy ny an'ny varatra ka tafatomany aho.

Hita ho nalahelo ahy I bebe ka namafa ny ranomasoko. Hatrizay aho tsy navela mihitsy hifampikasika tamin'olona any amin'ny helo fa teto kosa navela hanakaiky ahy sy hamafa ny ranomasoko I bebe. Teo ampamafana ny ranoasoko izy dia reko nangatsiakabe ny tànany, toy ny ranomandry. *"Yoo Kyung, fa maninona ianao no mankaty indray? Tsy fitsidika ity toerana ity 'ndàna."* Niara-nitomany amiko izy sady niteny izany.

Nentin'ny Tompo teo aminy aho sady nomeny voankazo mena nentiny avy tany an-Danitra. Nampihinaniny dia nasainy nitsaha-nitomany rehefa mahalany. Nobanjinin'I bebe tsara aho teo ampihinanana ilay voankazon-Danitra. Hoy ny Tompo: "***Yoo Kyung, Ahoana no tsapanao nony avy nokasihin'I bebenao?"*** Namaly aho hoe: "*Tompo, Mangatsiakabe ny tànan'I bebe. Mangatsiaka izy sady toa mangovitrabe."*

Nitomany I bebe nanondrika ny lohany tamin'ny Tompo sady nanao hoe: "*ry Jesosy tiako, misaotra tamin'ny nitondranao an'I Yoo Kyung zafikeliko."* I dadatoa izay nitsangana teo anilan'I bebe nanontany hoe: "*Yoo Kyung, Aiza I mamanao?"* Hoy aho: "*Maharary mafy izy, tsy mba afa-mivavaka akory. Any am-piangonana izy voatery mitsilailay." "Izany an, mirary fahasalamana ho azy" hoy I dadatoa nanahy ny amin'I neny.* Hitako teo anilan'izy ireo koa I dadabe sy I cousin. Tsy fantatro izay fampahoriana natao azy talohan'ny niaviany teo fa niendaka avokoa ny hodin-tavany sy amin'ny tenany.

Tamin'ny tarehiny simba no nilazan'I dadabe sy I cousin ny fanahiany. *"Yoo Kyung, Inona no tanjona tamin'ny fandehananao aty? Mialà tato izao!"* Niteny an-dranomaso indray I bebe hoe: *"Yoo Kyung, Te-hiala teto koa aho. Satria ianao miaraka amin'I Jesosy dia angataho Izy hitondra ahy hivoaka tato miaraka aminao. Ny helo dia toerana isian'ny fampijaliana sy hirifiry tsy tanty, toerana mampatahotra. Ampio aho hivoaka tato."*

Teo ampahitàna an'I bebe nitomany sy niangavy aho dia nangataka tamin'ny Tompo: "*Jesosy, avoahy tato izy azafady. Malahelo loatra an'I bebe aho."* Niangavy mafy ny Ray aho: "*Ry telo izay iray, ampio!"* Namaly Jesosy hoe: "***Yoo Kyung, 'ndao hiala amin'izay fa ho tara. Ampy izay ny androany."*** Noraisiny ny tànako, ary teo indrindra, nandre an'I cousin nikiaka aho: "*Yoo Kyung, ampio aho! Azafady! Vonjeo!"* Teo am-pihorahana izy dia nisy bibilava manga, mavo ary mena nihodidina ny ranjony. Nandady moramora nankeo amin'ny lohany ilay biby.

Nikiakiaka hatrany ny cousin'ko. *"Yoo Kyung, Rehefa tonga any an-tany ianao dia torio avokoa ny havantsika rehetra, ilazao hino an'I Jesosy. Asaivo mazoto miangona! Ataovy izay fomba rehetra na*

*inona na inona tsy handehanany aty! Azonao?"* Nony niteny izany izy dia nisy fanahy ratsy nanan-tandroka maranitra nitrerona hoe: "*Inona?"* Hita ho tezitra mafy izy io. Nototoiny ho goaka tamin' ilay tandrony ny tratran'I bebe. Lavo tamin'ny gorodona izy sady nikiaka mafy.

Nikiaka toy ny adala aho hoe: "*Bebe a, bebe ho'aho! Tsy vita moramora izao ry devoly a! Aza mikitika azy intsony ianao!"* Teo am-pitenenana izany aho dia efa tao am-piangonana sahady nivavaka. Nikapokapoka ny lohako Jesosy sady niteny mampahery raha mbola nitomany sy nivavaka aho.

**Soeur Baek Bong Nyu:** **Ny arkanjely Mikaela nitaingina soavaly fotsy*

Nandritry ny fotoam-bavaka dia fanahy ratsy maro no nitandahatra niditra tao amiko. Tonga tsy nandre na inona na inona ny tànako havia noho izany. Tsy hitako mazava ny endrik'izy ireo. Nibosesika hatrany tao anaty vatako izy ireo. Nanaintaina mafy aho ka nitsirara teo amin'ny tany. Rapasy sy ramatoa Kang Hyun Ja nahita ny zava-nitranga dia nanajanona ny fivavany ka nanatona hanampy ahy. Nanampy koa ireo mpiangona hafa. Izy rehetra samy namoaka devoly tsirairay. Sarotra ny namoaka ireo devoly ireo avy tao am-batako. Fotoana ela no lanin'ny mpiara-mitolona hiadiana.

Nandritry ny alina ny ady tamin'ny fanahy ratsy.Nanohitra mafy ireo devoly tao anatiko. Niara-nandroaka rapasy mivady, nivavaka nandritry ny alina. Devoly maro no tao anatiko, nampijaly ahy nandritry ny alina manontolo. Niolanolana tetsy sy teroa ny tenako. Nony farany, tafavoakan'ireo mpiantafika ihany izy ireo rehefa nangirandratsy. Tsy hitako ny endriny ilay izy ireo niditra tao amiko. Fa rehefa nivoaka tsirairay kosa dia hitako tsara daholo.
Karazam-bibilava maro no hitako, ao ny lehibe, ao koa ny kely. Nisy koa bibikely hafahafa endrika mampatahotra. Fanampiny dia nisy koa naka endri-tovovavy sy nanan-tandroka. Nivoaka tsirairay izy rehetra. Rehefa nialany aho dia tonga olona afaka sady maivana. Nanakotsako ny vatako manontolo ka zara raha afa-nihetsika aho. Tsy maintsy nitsotsotra aho rehefa nivavaka. Tonga ny Tompo niaraka tamim-bondron'anjely hamangy. Tonga koa ny Fanahy Masina nanome ahy afo masina. Niditra tao an-tratrako ny vainafo.

Vao tafiditra ny afo dia tonga nahamay be tsy zakako aho. Nangovitry ny hatsiaka aho talohan'io fa vao nidirany dia tonga nafana. Tampoka teo dia toy ny nitriatra aho ka nivavaka mafonja tamin'ny fiteny tsy fantatra sady nivoaka afo. Hoy ny Tompo: "***Bong Nyu, fantatro fa henjana ny nahazo anao androany ka tsy te-hitondra anao any amin'ny helo aho izao. Mbola mivavaka ihany ianao na dia tena marary aza. 'Ndao, te-hampiala ny fanaintainanao aho."*** Ary notantanany aho ka lasa nanidina ho any an-Danitra izahay.

Nitsidika ireo ranomasimbe sy tendrombohitra mangatsakatsaka toy ny oram-panala izahay. Nampitety ahy toerana maro Izy. ***"Mamanala ny tananao. Manaintaina be izao ianao io. Ny devoly no antony."*** Noraisin'ny Tompo ny tanako ka hitako nisy setroka mainty niendrika bibilava nivoaka avy tao amin'ny tànako. Nanjavona io setroka io nony avy teo. Taorian'ny kasiky ny Tompo nitondra hafanana dia nafana ny tànako. Niteny malefaka ny Tompo: "***Bong Nyu, lanaka sy hana ny vatanao ara-nofo. Midabodaboha dia makà aina eto. Nety ny nataonao androany."***

Nony niala sasatra ela tao an-Danitra aho dia tsapako ho nihanahazo aina. Nitsangantsangana niaraka tamin'ny anjely aho ka nankafy ery.Niverina tao ampiangonana aho dia nahita ny arkanjely Mikaela nihaza ireo devoly. Nitaingina soavaly fotsy izy ka nandehandeha teny amin'ireo mpivavaka. Satria rapasy lany fotoana nandroaka ny devoly tato amiko dia tsy afa-nivavaka tamin'io alina io. Noho izany dia niomana hivavaka izy ny maraina. Hitako fa nisy devoly tokony ho 50 nanodidina an-drapasy niandry kendritohana fotsiny hanafika. Nanatona an-drapasy ny arkanjely Mikaela dia niantso mafy hoe: "*Ry devoly ratsy isany, endre izany fahasahianareo mivondrona eto!"* Nasaviliviliny ny sabany izay toy ny volamena mazava, rehefa izany dia tapa-doha daholo izay nanakaiky an-drapasy teo, sady lasa lavenona. Hitako nisy setroka avy teo amin'ilay lavenona raha nitsoaka ho any amin'ny helo izy ireo; hita mazava tsara izay nitranga. Mitaha amin'ireo zatovo hafa ato dia I Joo Eun no hitako tena maranitra, sahy maneho hevitra sy falifaly lava.

Mandalo fotoan-tsarotra ara-bola ny fianakavian-drapasy. Na miaina anaty fahantrana aza izy dia voafehy sy voataiza tsara ny zanany; tsy mitaraina ny amin'izany izy. Ny ankamaroan'ny mpiangona ao aminay dia nolavina avy tany amin'ny fiangonana hafa. Nifindra aty izy ireo dia nanomboka nihamatotra tamin'ny finoana.

Niverina tao am-piangonana Jesosy sady mbola nanandrana namoha an'I Joo Eun izay azon-tory noho ny vavaka naharitra ela. Teo am-pijerena ny Tompo aho dia latsa-dranomaso nahita an'I Joo Eun tsy namaly Azy. Nalahelo an'I Joo Eun aho. Hoy ny Tompo: "***Joo Eun, Panda, Izaho ity, Ny Tompo. Tonga aho hitondra anao any an-Danitra. Mifohaza Joo Eun. Joo Eun malalako, tonga aho haneho anao toerana maro hafa any. Joo Eun, miarena."*** Niezaka nandresy lahatra azy tamim-pomba malefaka ny Tompo.

Tena vizana tanteraka angamba I Joo Eun fa tsy namaly ny Tompo. Nisento ny Tompo. ***"Azafady. Noho ny naharetanao am-bavaka dia naniry hitondra anao any an-Danitra aho anio. Azafady indrindra an."*** Nosafosafoiny moramora ny lamosiny dia nilaozany.

Niverina indray ireo devoly noroahin'ny arkanjely Mikaela ka niditra tao amin-dramatoa Kang Hyun Ja. Namondrona ny heriny izy 50 ka nihodidina azy, niandry kendritohana hidirana ao am-batany. Soa ihany, nandalo teo anilany ny arkanjely sady niantso mafy hoe: "*Tsy mbola mahay lesona ihany?"* Nasaviliny indray fotsiny ny sabany dia tapa-doha daholo indray izy rehetra. Ravarava izy ireo ka tonga lavenona.

Raha teo am-pisisihana am-bavaka rapasy sy ny vadiny ary ny diakom-bavy Shin dia norakofana vondron'anjely tamin'ny elany ho fiarovana azy ireo. Nanohy ny ady hatrany ny arkanjely Mikaela ka nanapatapaka ny lohan'ireo devoly.

## ==== Andro faha-29 ====

**(2 kor 6:1-2)** **Ny fanirian'I Joseph*

Iray andro sisa dia hifarana ny vondrom-bavakay nefa izaho mbola tsy nifoha ara-panahy. Reko ho

navesatra ny foko, nalahelo. Nanomboka nijohy ny takolako ny ranomaso. Hatrizay, isaky ny mifarana ny alim-bavaka dia mihaino ny fitantaran'ny mpiara-mivavaka ny nifohazany aho ka tsy tanako fa tonga nitsiriritra azy. Mbola tsy nandrenesam-peo ny Tompo. Nohazavain'I Joo Eun sy ireo mpino hafa ny antony tsy mbola ifohazako. Nambaran'izy ireo fa antsoina ho amina minisitera toy ny mpitandrina aho, noho izany dia mila mivavaka mandra-pahafapon'ny Tompo. Tsy fantatro ny mahatonga ny mpitandrina tsy maintsy mivavaka maharitra sy mahery kokoa. Ny raiko, I pasitera Kim koa tsy mbola mifoha. Izy koa angamba, hoy ny eritreritro, kivy. Nefa tsy nisoritra teny amin'ny endriny mihitsy ny fahadisoam-panantenana, nampahery ahy aza no nataony: "*'Ndao hivavaka dia mahareta."*

Nandritry ny vavaka dia nipatrapatraka ranomasom-pibebahana aho, ela mihitsy no nitomaniako. *"Tompo ô! Sokafy ny masom-panahiko! Mba anehoy zavatra aho."* Raha mbola nivavaka tamin'ny fiteny tsy fantatra aho dia nahita taratra manga tao anaty aizina nipipika, avy teo nanjavona. Nivavaka aho dia niandry hahita ilay taratra manga indray. Naniry mafy azy ny foko kinanjo tsy nahita. Diso fanantenana aho saingy tsy tezitra.

**Ny diakom-bavy Shin Sung Kyung:** **Ny niovan'i Shin, Sung Kyung sy Jung Min*

Na efa ela aza no nibebahako an-dranomaso, tsy mbola nahita fahitana aho. Raha mandinika aho, na ireny alim-bavaka ireny fotsiny aza efa fahagagana. Tsy vita mihitsy ireny raha tsy ny fanampian'ny Tompo. Ny fitiavako vavaka dia vokatry ny fahasoavana sy fitiavan'Andriamanitra. Rehefa mihaino ny traikefa fifohazam-panahin'ireo namako aho sy ny namangiany ny helo sy ny Lanitra dia menatra sy manontany tena ny amin'ny finoako. Finoana seho ivelany ny ahy. Ankehitrio aho manolotra an-dranomaso ny otako.

Manara-maso akaiky an'I Jung Min zanako rangahy vadiko. Niova tanteraka mantsy ny fitondran-tenany. Nitsidika ny helo talohako I Jung Min. Nibanjina ahy izy dia nanao hoe: "*Mama, mamangia ny helo hanatri-maso."* Nampahery tena fotsiny aho satria gaga tamin'ny teniny.

I Jung Min zanako dia mbola zaza vao hiditra any amin'ny garabola. Taloha izy nandevozin'ny sary mihetsika ho an'ny ankizy sy ny lalao amin'ny aterinieto, fa rehefa nandray ny Afo masina avy amin'ny Fanahy Masina dia tonga teraka indray ka nandray fahasoavana. Efa ho 1 volana izay no tsy nilalaovany tamin'ny solosaina sy tsy nijereny fahita lavitra. Noho izy mandany fotoana mivavaka dia afa-manandratanana mivavaka mandritry ny 3 ora tsy miato izy izao. Ho mpitandrina no fikasany.Mianatra sy mandalina baiboly isanandro izy.Manantena aho hahita ny hahatanterahan' izany.

**Lee Haak Sung:** **Ny Tompo nijaly teo amin'ny hazo fijaliana*

Rehefa nivavaka aho dia devoly 3 no indray nipoitra. Matanjakabe ny fahitana ny iray aminy sady be bokon'ozatra. Goavambe izy sady 3 loha. Nihazakazaka teo akaikiko izy hanelingelina sy hanakorontana ahy.Nohenjehiko dia nosamboriko tamin'ny ranjony.Nony azoko dia nahodinkodiko. Nisy afo masina nivoaka ny tanako ka niditra tao amin'ilay fanahy ratsy. Teo noho eo dia nivadika lavenona izy.Tsipalotro zava-mainty niafina tao ambadiky ny diakombavy Shin.Toy ny nanaovako ilay devoly bokona teo koa no nataoko tamin'io zava-mainty io. Avy teo dia nisy devoly niendrika

dinôzôro. Nisokatra ny karandohany. Nosamboriko koa izy ka nahodinkodiko im-betsaka tsy nananako antra. Nitontona izy dia potipotika tery. Rehefa izany dia maro ireo bibikely ratsy endrika avy tao am-batany.Nitambondrombondrona toy ny rahona izy ireo.Niantso faran'izay mafy aho hoe: "*Afon'ny Fanahy masina!"*
Nivoaka afo ny vatako, namotika sy nandoro ilay devoly sy ireo bibikely.

Rehefa avy nandresy ireo fanahy aho dia niseho ny Tompo. Vao nahita azy aho dia latsa-dranomaso. Hoy aho niangavy azy: "*Mba ento any an-Danitra I Joseph sy Joo Eun ."* Namaly Jesosy hoe: "***Eny ary, hoentiko izy ireo."*** Niantso ahy tamin'ny anarambositro izy nanao hoe: "***Sam, 'ndeha hiaraka ho any an-Danitra."*** Nihazona ny tanan'ny Tompo aho dia tonga teo amin'ilay zaridainam-boninkazo izahay. Nahafinaritra be tany.

Rehefa nitsangatsangana teo amin'ilay zaridaina aho dia hoy ny Tompo: "***Haak Sung, hamangy toeran-kafa isika izao. 'Ndao."*** Nanontany tena aho izay halehanay. Fantatro teo fa tao amin'ny 'Lord's Church'. Hitako tamin'ny fahitana Jesosy nandalo tamin'ny havoana kely dia nanjavona. Avy teo dia nipoitra tampoka teo anoloako indray, nandeha niaraka tamin'ny hazo fijaliana. Nikapoka Azy ny olona. Nandeha ra be ireo ratra sy fery tamin'ny vatany. Nesoin'izy ireo ny Tompo.

Nanao satro-tsilo Izy. Nijohy ny tarehiny ny ra avy teo amin'ireo noloahin'ny tsilo. Hitako koa ny nijaliany raha nofantsihina ny tanany aman-tongony. Maty izy nony avy eo. Nitomany mafy aho nahita azy nijaly. Hitako ny nisatrohany tsilo, ny namantsihana azy, ary ny nirarahan'ny rano sy ra taminy. Nipoitra ny Tompo ka namafa ireo ranomaso tamin'ny tavako sady nanao hoe: "***Haak Sung, Mangina."*** Tsy hohadinoko na oviana na oviana izay hitako tamin'io.

**Lee Yoo Kyung:** **Nambosibosika voankazon-Danitra*

Niavaka ny andro androany. I Jesosy efa niandry anay tao ampiangonana mialohan'ny fotoam-bavaka. Nitsangana tao ambanin'ny hazofijaliana nihantona tao am-piangonana Izy. Nanomboka nivavaka aho. Nanatona ahy ny Tompo dia nandray ny tanako. Nanidina nankany an-Danitra izahay. Nony tonga tany dia nanomboka nihira aho, nijery Jesosy. Hira 3 no nataoko. „'Derao, ô! Ry fanahiko',’mitsangana hiady amin'ny devoly', ary ny 'vita batisan'ny Fanahy Masina'.‟ Naverimberiko ireo hira ireo. Nitehaka malefaka ny Tompo sady nanao hoe: "***Mahay mihira kosa ianao Miss Mole (ramatoakely mpitsongodia malalako. mahafinaritra"*** Hoy Izy nandoka ahy.

Hoy aho: "*Tompo, marary tenda aho sady nikohakabe tao ho ao."* Namaly ny Tompo hoe: "***Izany ve? Tsy mahazo marary ianao. Voan'ny sery? Hanasitrana anao aho; Aza manahy."*** Nataony tamin'ny vatako ny sandriny dia nofihininy aho. Nony nokapokapohiny aho dia nahatsapa hafanana, halemem-panahy, sy fahatsorana.

Hoy indray aho: "*Jesosy, tsentsina ny oroko."* Hoy izy namaly: "***Hositraniko koa izay."*** Nitondran'ny Tompo voankazon-Danitra aho. Ny endriky ny voankazon-Danitra dia misy itovizana betsaka amin'ny ety an-tany. Ny voankazo nentiny dia mitovy amin'ny plums, poara, paoma, ary voaloboka. Fa ny tsirony kosa tsy azo ampitahaina; Tsaratsirobe ny avy any an-Danitra.

Vao kakerina ilay izy dia rava ao am-bava, tena mahagaga. Hoy Jesosy: "***Yoo Kyung! Mihinana araka izay tianao dia manareta." Nanatona ahy i*** Yeh-Jee dia nanao hoe: "*Rahavavy, voan'ny sery, hono ianao. Salamà; Tsy mahazo marary mihitsy izany ianao."*

Nony niverina tao amin'ny 'Lord's Church' izahay sy ny Tompo dia nandalo ny lalandronono. Teny lavidavitra nisy raho-mainty nihetsika. Hoy aho: "*Jesosy, tsy tsaroako ho nahita an'io raho-mainty io aho. Nahoana izy ireo no eo tampoka? Maintibe. Matahotra aho."* Nampahery ahy ny Tompo. ***"Tsy rahona ireo fa fanahy ratsy maka endrika rahona. Mpamitaka ireo. Aza manahy fa miaro anao aho."*** Tonga tao am-piangonana izahay.

Nanontany ny Tompo hoe: "***Yoo Kyung, Mangatsiaka ve ianao?"*** Hoy aho: "*Eny Tompoko, mangatsiaka aho."* Nosafosafoin'ny Tompo ny vatako. Tonga nafanabe aho toy ny nisy afo miredareda. Nifanao veloma izahay dia nifampikopa-tànana. Somary tsy niambina aho dia nohararaotin'ny devoly izany. Niditra tao anatiko izy ireo, nampahory ahy nandritry ny alina. Fa nony avy nivavaka rapasy dia niafana aho.

**Soeur Baek, Bong Nyu Nihaona tamin'I satana fanintelony*

Nony nanomboka hitomany ranomasom-pibebahana aho, dia indro rahavavy Joo Eun izay nipetraka teo anilako fa vonton-dranomaso sady nibebaka. Dia avy koa ny ahy. Teo am-pivavahana aho dia nahita anjely nanarona anay rehetra tamin-kazavana maro sosona. Nazava loatra ilay foarovana maro sosona ka tsy zakako nojerena. Nisy vondron-devoly nipoitra nanafika anay. Nijery izy dia niandry fotoana na hevitra hidirana ao amin'ilay fiaro.

Haka ahy ireo anjely ireo araka izay nandidian'ny Tompo azy. *"Miandry ny Tompo. Haingana, mila miala izao dia izao isika fa efa miandry anao ny Tompo."* Vao tafavoaka ilay fiaro aho dia nanidina izahay sy ireo anjely. Narahin'ireo devoly izahay handramany hotafihina. Niatrika ady henjana izahay sy ireo anjely teny am-panidinana.

Tonga teny amin'ny lalan-dronono izahay nony farany nefa tsy teo ny Tompo. Niha tsy nandry fahalemana hatrany aho sady nanahy. Nanidina tonelina izahay, rehefa tsy eo anilako ny tompo dia midobodoboky ny tahotra ny foko fa tsy mandry fahalemana. Tsitapitapitr'io dia nipoitra tampoka avy any ny Tompo sady nihazona ny tanako. Avy teo dia nampahereziny ilay foko tsy mandry fahalemana. ***"Bong Nyu, niandry ela angaha ianao? 'Ndeha ho any amin'ny helo. Aza matahotra; Hiaro anao aho."***

Niaraka tamiko tany amin'ny helo ny Tompo. Nitsangana tampoka tsy nampoiziko teo anoloako ny mpanjakan'ny devoly. Tsy fantatro izy teo amboalohany. Tsy nanam-potoana hamantarana azy aho, Fa vao nanomboka niresaka dia fantatro.

*"Ianao io, tonga aty indray! Ianao ilay nandratra ny masoko sy nampisy holatra tao an-damosiko. Nandratra ny elatro. Heverinao ve fa hiaina tsotra izao ianao dia tsy hisy sazy hahazo anao? Manaintainabe aho noho ny ratra nataonao tao an-damosiko. Efa ela no niandrasako ny hamangianao aty indray. Tonga aty ihany ianao nony farany!"* Hoy izy nitrerona. Nandidy ny mpanompony izy: "*Ento aty ny havany."* Vao niteny izy dia indreo ireo havako taritina teo aminay. Natao teo alohany izy ireo sady nampitahorin'ireo mpanompony tamin'ny alalan'ny fihetsika.

Nangovitra mafy ireo havako sady nalazon'ny tahotra ny tarehiny. Nanopy maso ahy izy ireo tsy nanam-panantenana. Nitsangana teo ny Tompo nijery sady nangina.

Nitomany mafy ny anadahiko: "*Soeur Bong Nyu, te-hahita an-janako teraka taorian'ny nahafatesako aho!"* Vao tapitra izay dia niteny koa I neny. *"Ry Bong Nyu zanako, manina mafy an-janany aho. Tsy ela taorian'ny nahaterahan-janany no maty aho."* Sarotra azo ny tenin'izy ireo satria mijaly izy. Tsy voasaintsaiko ny iainan'izy ireo izany hoe manina amin'io toerana io. Henjana dia henjana ny hirifiriny, nefa nahoana izy no mbola afa-manana fihetseham-po hafa?

Satria nahaliana azy ireo loatra ny momba an'ny havany dia nambarako azy ny vaovao. Efa 20 taona mahery izao io zanak'anadahiko io. Nambarako an-dranadahy hoe tsy kristiana izy. Fa nampanantena azy kosa aho fa history aminy dia hitondra azy ao amin'ny 'lord's church'.

**Satana namaly faty tamin'ireo havako*

Sendra ren'ny mpanjakan'ny devoly ny resakay dia tena tezitra mafy izy. Vao may romotra raha nandre ilay teny hoe hitory. *"Inona tsara! Hitory amin'iza? Inona no resahinareo? Tsy fantatrao mihitsy mantsy ny fanaintainako noho ny nataonao an. Izao fotoana izao mihitsy no efa nandrasako. Ataoko vaindohan-draharaha mihitsy ny hampijaly ny havanao. Atombohy amin'izay ry zalahy a!"* Hoy izy nandidy. Rehefa izany dia namaly ny mpanompony hoe: "*Eny ry satana mpanjakako!"* Nankeo amin'I neny sy ranadahy ary ny zanaky ny mpiraitampo amiko izy.

Nitafy fotsy I neny, fa iretsy roa kosa nitafy mainty. Nadarabony mitandahatra teo amin'ny tany izy 3. Nogoahiny ny tenan'I neny, nanomboka tany amin'ny tongony. Natevina sy naranitra ary lava ny fantsika. *"Ahh! Bong Nyu, Vonjeo! Mba ampio!"* Nendahina tamin'ny nofony ny hodiny, ny rany amin'izany miraradraraka. Re nanerana ny tontolo ny fitarainany sy ny kiakiakany. Reko nila ho vaky mihitsy ny ampongantsofiko noho ny horakoraka.

Tsy zavatra foromporonin'ny saiko ny tranga any amin'ny helo; tsy anganoangano. Tena misy ny helo. Izay hitako dia tena nitranga tokoa. Tena izy avokoa ireo tranga sy fampijaliana. Tsy ho vitako ny hamoromorona fampijaliana mafy toy izany! Tapitra ny faharetako voafetra ka nihoraka toy ny adala aho hoe. "*Tompo a, mba midira antsehatra! 'ndao moa e! Haingana! Tsy zakako intsony ny mahita izao! Nahoana ianao no tsy mampahory io devoly tsy vanona mampijaly an-dreniko io?"* hoy aho nitomany toy ny adala.

Nikiaka an-dranomaso aho hoe: "*Neny, ry reniko mahantra! Indrisy fa ampijaliana mafy izy satria aho nampahatezitra an'I satana. Ny nataoko no ampahoriana mafy ny havako toy izao. Inona no tokony hataoko? Neny a, mamelà ny heloko! Hadisoako izao!"* Nodidian'I satana ihany ny mpanompony hamantsika ny vatan'I neny. Nolavahiny ny faritra tandrify ny vavoniny, tratrany, vozony, sy ny lohany. Tsy nanana antra mihitsy izy. Torana matetika izy dia mikiaka eo anelanelany. Ra sy potika hoditra no niparitaka. Tsy endrika olona intsony izy.

Nijaly mafy ranadahy sy ny zanakanadahiko mahita ny fampijaliana an'I neny. Tsy voafehy ny hovitrovitr'izy ireo. Nony vita ny an'I neny dia nifindra teo amin-dranadahy sy ny zanakanadahiko indray izy ireo. Noloahiny koa toy ny natao an'I neny izy roa. *"Ah! Ranabavy Bong Nyu, Vonjeo*

*aho! Ampio!" "Nenitoa a, Vonjeo! Nenitoa ô, iangavio haingana ny Tompo!"* Nangoagoaka tsy nanana antra ihany ireo fanahy. Nanakoako manerana ny helo ny feon'ireo havako.

Nihoraka mafy I satana: "*Ahoana, milay e? Satria ianao nandray anjara tamin'ny fanaintainako, dia mba handramanao koa izany mangirifiry amin'ny alalan'ny fampijaliana ireto havanao. Ianao no atoro azy voalohany!"* Nezahiko tsy noraharahaiko I satana. Nanopy maso an'I neny aho dia nikiaka hoe: "*Neny, Ry neny mahantra! Izaho ilay namangy ny helo farany iny, tany amin'ny afon'ny helo izy. Narary mafy ny foko nahita anao tao. Namaly faty anao aho tamin'ny fandratrana ny mpanjakan'ny devoly. Nefa vao may nampijaly anao ny nanaovako izany. Mivalo aho! Mamelà ny heloko ry neny! Inona no tokony hataoko?"* Nigogogogo aho. Tonga tezitra aho ka nanomboka nanozona ny mpanjakan'ny fanahy ratsy.

*"Ry satana, ry ilay devoly ratsy! Velona ato anatiko Andriamanitra telo izay iray! Zanak' Andriamanitra aho! Horavako ity toerana ity, teniko izay! Raha tsy vitako dia ny Andriamanitro no hanao azy eo amin'ny toerako. Ho potika ianao, hatsipy any amin'ny farihy afo. Andrasako amim-paharetana izay andro izay. Ilay devoly ratsy ity! Satana maloto! Mihevitra anao ho iza moa ianao? Sahy ianao maka fanahy olona eny an-tany, mampanota azy, dia mitarika azy aty amin'ny helo. Voaozona ianao ry satana! Ireo mpanomponao rehetra ireo koa voaozon'Andriamanitra miaraka aminao!"*

Hitan'ny Tompo aho niharomotra hatrany ka notantanany haingana. Teo noho eo dia hazavanabe no indro teo anoloako. Tany an-Danitra sahady aho. Rehefa avy tany amin'ny aizimpiton'ny helo aho dia nahafoana ny saiko ny hazavanabe tao an-Danitra. Nanahiran-tsaina ahy ny fiovana tampoka.

***Nanazava tamim-pomba malefaka Jesosy:*** *"*Bong Nyu, na te-hanampy anao aza aho, tsy mety. Vao tonga any amin'ny helo ny olona iray, tsy afa-miala any intsony. Tsy misy azoko atao aminy intsony. Raha mbola velona eto an-tany ianao no azo vonjena. Vao maty ny olona iray dia tsy misy hevitra hibebahany intsony. Izay ny aminy. Ny azoko atao anao diany miara-mitomany aminao sy mitondra anao aty an-Danitra. Any amin'ny helo ireo havanao. Tsy misy azoko atao, tsy ananako fahefana intsony izy ireo. Tsy misy intsony afa-manampy azy.***" Nalahelo fatratra ny Tompo tamin'izay nitranga.***

Na tany an-Danitra aza aho, latsa-dranomaso mieritreritra ireo havako any amin'ny helo. Tsy afaka ao an-tsaiko mihitsy izy ireo ampahoriana. Tsy hay zakaina ny alaheloko. Tsy nety nitony ny foko ory. Nentin'ny Tompo teny amin'ny farany ambony tamin'ny Lanitra aho. Nahita rahona miavaka aho, mitovy amin'ny tetezana. Teny ampitetezana ireo rahona dia notantanany foana aho. Nefa ny saiko mbola tany amin'ireo havako mijaly foana.

Nitomany toy ny zaza hatrany aho. Menatra aho nitomany teo alohan'ny Tompo: *"Miala tsiny Tompo a. Reko fa tsy itomaniana aty an-Danitra. Inona no hataoko? Tsy voatazoko."* Niantso anjely 3 ny Tompo. ***"Hiverina any amin'ny 'lord's church' izao ny Masimbavy Baek Bong Nyu. Ambenonareo sy karakaraonareo tsara izy."*** Niverina tety an-tany izahay sy ny anjely. Isaky ny avy any amin'ny helo aho ka tonga ety an-tany dia manaintaina fatratra avokoa ny tenako. Ny lamosiko no tena henjana. Nivavaka aho nanontany ny Tompo. *"Tompoko, Maharary be ny*

*lamosiko. Sarotra be ho ahy ny mivavaka mandohalika."*

*"afa-mitsotra eo amin'ny sezam-piangonana ve aho sady mivavaka?"* Namaly tamim-pahatsorana ny Tompo hoe: "***Mety izany."*** Namaly koa Andriamanitra Ray: "***Mety ny mivavaka sady mitsotra."***

Nitsotsotra teo amin'ny seza aho sady nivavaka. Niverina Jesosy ka nitondra ahy tany amin'ny tendrombohitry ny Lanitra. Tany an-tendrombohitry ny lanitra nisy andry vatosoa mangilatrabe. Nanatona ireo andry vato aho. Mitovy amin'ny kristaly izy ireo; Mangarangarana. Mandefa hazavana amin'ny faritra rehetra izy sady kanto aoka izany, tsy voahazava amin'ny teny ny voninahiny.Tena meva.Hitan'ny Tompo ny alaheloko ka nentiny tamin'ny faritra kanto rehetra tany aho. Nampitony sy nampahery ahy tokoa izany. Niezaka fatratra Izy hamalifaliana ahy. ***"Bong Nyu, mangina!"*** Niezaka aho nefa mbola nifokofoko ihany.

** Nanolo-tena ho any amin'ny helo*

Nony niverina tao am-piangonana dia nivavaka indray aho nefa tsy ela dia azon-tory. Nandritry ny toromasoko dia anjely 3 sy ilay mpiambina ahy no nijery sy niambina ahy. Nony taitra aho dia nanontany ireo anjely izay nalehan'ny Tompo. Niaraka tamiko izy talohan'ny natoriako. Namaly ny anjely hoe: "*Aza manahy, ho avy tsy ho ela Izy."* Vao tapi-niteny izy dia tamy tokoa ny Tompo. Nanontany aho hoe: "*Tompoko, ho tapitra rahampitso ny vondrombavakay 30 andro. Tsy ho afa-mamangy ny helo intsony aho. Te-ho any farany aho."*

Niteny ny Tompo hoe: "***Tsy mananihany ve ianao io? Ianao aza mbola tsy tena miverina amin'ny laoniny taorian'ilay fitsidihana tany farany iny. Mbola mahatsiaro ho voadona mafy. Bong Nyu, nahoana ianao no te-hiverina any, te-hamangy ny helo indray?"*** Gaga ny Tompo. Namaly aho hoe: "*Betsaka ny lesona nianarako tamin'ity vondrombavaka ity. Teny antsefantsefan'ny toriteny teny dia nilaza zavatra hafahafa maro rapasy. Hampahery anay sy hampitombo ny finoanay angamba no tanjona tamin'ireny."* Naveriko ny toritenin-dRapasy. Lanaky ny hehy ny Tompo sady nanao hoe: "***Oh, Efa nandre an'izany aho."*** Namaly aho hoe: "*Zava-dehibe iray no tena voaraiko; Amin'ny finoana irery ihany! Ankoatr'io, nianatra nisisika am-bavaka aho rehefa mangata-javatra, indrindra tamin'ny fifohazam-panahy. Angamba mitovy hevitra amiko ireo mpiara-miantafika."*

Hoy ny Tompo: "***Bong Nyu, Azoko tsara ny fanirianao, nefa raha mankany amin'ny helo ianao dia mety hifanena amin'ireo ray aman-dreninao indray. Dia haratra fo indray. Ory ny foko rehefa fantatro fa tsy afa-manampy anao aho. Nahoana ianao no manao ambozizy handeha any?"*** Namaly haingana aho hoe: "*Tompoko, manoratra boky mampiharihary ny tena toetra sy ny marina ny amin'ny devoly sy ny helo ny pasiteranay.Raha mankany indray aho dia hanatri-maso ka afaka hanazava amin'ny antsakany sy andavany.Antsipirihany kokoa amin'izay no ho voasoratra. Mila tena idirana hatrany amin'ny lalina indrindra mihitsy ny fanazavana ny helo sy ny fanahy ratsy."* Nony hitan'ny Jesosy ny finiavako dia kirana izy. Nandohalika aho raha nivavaka. Hoy ny Tompo: "***Tsy olana ny mivavaka sady matory mitsilany."*** Niangavy an'I Haak Sung aho haka ondana. Nony nitsilailay aho dia nanomboka natory.

Nentin'ny Tompo tany amin'ny helo aho dia navelany irery. Nanomboka nandeha tao anaty aizina aho.Tery ny lalana ka tsy maintsy nitandrina aho.Fantatro ilay lalana ka afa-nandroso aho.Nandroso aho nefa tsy nandre na nahita na inona na inona.Tampoka teo dia nihidy tanaty fonja aho.

Novinaniako izay nahavoafandrika ahy nefa tsy nahita na inona na inona aho, sady zara raha afa-nihetsika.

**Niaina fampahoriana indray saingy tsy nandre hirifiry*

Nony kelikely dia nisy devoly roa nanala ny fitafiako rehetra. Tao anaty fonja/efitra tery aho. Tsapako nisy zavatra hafahafa niraikitra tamin'ny tany. Nanomboka nihanika ny ranjoko izy ireo ka tonga taty amin'ny vatako. Rehefa tonga teo amin'ny vatako dia tonga toy ireny lakôly mafy naraikitra ireny. Nanohitra aho ka niantso ireo fanahy ratsy: "*Ry zava-boahary ratsy fanahy, velona ato anatiko Andriamanitra 3 izay 1. Tsy atahorako ianao. Ny Tompoko miaro ahy! Ry devoly rehetra ato amin'ny helo, henoy. Fotoana vitsy sisa dia hopotehin'Andriamanitra ny helo! Ho avy izay andro ratsy izay!"* Tafiteniteny foana tsy nahy koa aho.

Teo am-pihorahana aho dia nitohy niakatra tamin'ny tratrako, ny vozoko, sy nandroso ho ao am-bavako ireo zava-miraikitra. Toy ny te-hiraikitra teo am-bavako hanakombona azy. Vao may aho niantso mafy kokoa: "*Ry voahary ratsy, ozoniko ianareo! Hopotehina tsy ho ela ianareo!"* Nangovitra ny tenako manontolo teo am-pihorahana.

Tsy ela dia nisy trambo mainty nivoaka avy tao amin'ireo zava-miraikitra. Nandehandeha nanerana ny vatako ireny, nanomboka niditra tao amin'ny hoditro. Soa ihany aho fa narovan'Andriamanitra ka tsy nandre naharary. Nihomehy sy naneso azy ireo tamim-pomba tony aho. Nahasorena ny mpanjakan'ny aizina izaho tsy taitra. Nanome baiko izy dia indro bibilava be dia be no teo amin'ny vatako nanaikitraikitra.

Niteny mafy tamim-pahatokisana aho hoe: "*Ie, mahafinaritra ery. Kakero ihany! Afaka ny mangidihidy amin'ny tenako."* Rehefa nihomehy sy naneso ireo zavaboahary sy bibikely aho, andiam-bibilava cobra indray no nanatona sy nanaikitra ahy.

Na firy na firy kaikiny ary na mafy toa inona dia tsy nisy reko naharary. Tampoka teo dia feno bibilava ilay tranokely nisy ahy. Nivavaka tamin'ny Tompo aho hoe: "*Tompoko, vonjeo aho! Aiza ianao? Tongava haingana azafady!"* Niantso ny Tompo hatrany aho saingy sasa-poana, tsy nipoitra Izy.

Tsy fantatro na ora firy no laniko nivavahana tamin'ny fiteny tsy fantatra fa tena naharitra ela.Ary nipoitra teo afovoan'ny hazavana lehibe ny Tompo.Nantsoiko haingana Izy hoe: "*Tompo, ny Tompoko!"* Faly ery aho nahita Azy. Nanao baikon-tànana Izy dia nanjavona ny helo sy ny fonjany. Nitafy lamba fotsy misy elatra aho. Na aiza na aiza misy ahy rehefa tsy eo anilako Jesosy dia toy ny helo.

Tapa-taona no fahatsapako ny nijanonako tany amin'ny helo, tsy hay vinaniana ny any. Toeram-pangirifiriana amam-pijaliana. Ny 1 andro amin'ny helo dia toy ny arivo taona, angamba 1 alina mihitsy. Tsy te-hieritreritra ny helo aho na 1 segondra aza. Toeran'ny fahadisoam-panantenana mandrakizay, kiakiaka mandrakizay, ary fitarainana mandrakizay.  Nony naverin'I Jesosy tao am-piangonana aho dia nokasihiny ireo faritra naharary ahy vokatr'ireo traikefa taloha. Nampahery ahy tamin-teny malefaka izy. ***"Bong Nyu, masimbavy Bong Nyu. Ondrikeliko avokoa ianareo, nitozo***

nivavaka nandritry ny 30 andro. Ianaro hatrany ny Tenin'Andriamanitra dia mazotoa mankany ampiangonana. Ampandraketo antsoratra an-drapasy mazava tsara izay niainanao."

**Pasitera Kim Yong Doo:** **I pasitera nandroaka ireo devoly*

Omaly nisy andiam-panahy ratsy niditra tao amin-dranabavy Baek Bong Nyu. Nandany ny alina manontolo mihitsy ny nandroahana ireo fanahy ratsy. Alahady moa omaly ary izaho koa notafihin-dry zareo. Tanaty fahalemena, nisy fotoana somary variana kely aho dia nasiany.

Ny omalin'io koa efa notafihin'ny fanahy ratsy toa io sy nidirany ranabavy Baek Bong Nyu. Vondrom-panahy maro samihafa no nampangirifiry an-dranabavy Baek Bong Nyu. Soa ihany fa tsy niditra tao an-dohany izy ireo. Nefa noho ny hirifiry tsy hay zakaina sady nitombo hatrany tamin'ny vatany dia nianjera tamin'ny tany izy sady toy ny efa ho faty. Rehefa izany no nitranga ny asabotsy alina dia tsy afa-po izahay nony niala ny fiangonana. Vizana izahay nony tonga tany an-trano fa tsy nisy nakana aina mihitsy tamin'ny alina. Ny ampitson'io nefa, tsy maintsy hofaranana ny vondrom-bavaka na mbola hotafihina indray aza izahay. Tsy nijanona mihitsy ny fanafihan'ireo fanahy ratsy. Tsoriko fa leo sy vizana mihitsy aho tamin'ireo fanafihan-dava.

Misy fihantraikany lehibe amin'ny fanahinay sady mampalemy ny vatanay ny ady fandroaham-panahy ratsy. Lanaka avokoa izahay mpiara-mitolona rehetra, saingy nomen'ny Tompo hery tsikelikely. Hoy aho anakam-po: "*Hiady aho rangahy a, na ho faty aza!*" Tamim-pifantohana tanteraka, noroahiko tsirairay ireo fanahy ratsy. Tampoka teo dia lavo tamin'ny tany ny vadiko. Raha mbola nandroaka devoly niaraka tamiko izy dia nidiran'ireo devoly koa. Mora kokoa ny niditra taminy noho izy mbola somary osa ara-nofo sy ara-panahy.

Mifindrafindra amin-dramatoa sy ranabavy Baek Bong Nyu ny fanafihan-devoly. Toa fanahinian' izy ireo mihitsy ilay miolikolika tsy hahalalanay ny tena olona tafihiny, mananihany anay izy. Nitohy mandram-pangirandratsy ny ady ary nanohitra ny baikonay hatrany izy ireo. Rehefa izany dia niditra antsehatra ny Tompo. Tamin'ny voalohany nitsangana nijery anay fotsiny Izy na nantsoinay mafy tokoa aza. Ny Tompo tsy nandidy ireo fanahy ratsy hiala. Teo am-pijerena anay ny Tompo dia somary nanontany tena ny amin'ny finoanay sy ny fisisihanay hoenti-mandroaka devoly. Niara-niredona nandidy ireo fanahy ratsy izahay. Ny Tompo tamin'io nanara-maso hatrany.

Toy ny olona very saina ny fijery anay. Ny olona avy any ivelany angamba hihevitra anay ho samy misy mipitsoka mianakavy. Tsy azoko ny nahatonga anay ho amin'izany sedra sarotra izany. Nalemy sady feno fanahiana ny saiko. Fantatro nefa fa raha heveriko amin'ny fisainan'ny nofo ny zava-panahy dia manotabe eo anatrehan'ny Tompo aho. Nangoniko ny heriko sady niezaka nifantoka aho.Nanohy nandroaka devoly tamin'ny anaran'I Jesosy aho. Hatrizay aho nino fa teny tari-dalana ao anaty baiboly dia ampy handroahan-devoly.Fa nandritra ity vondrombavaka ity sy ny ady mahamay natrehinay dia tsy maintsy nifona tamin'Andriamanitra aho ny amin'ny ady ara-panahy. Toy ny nahazatra dia niady tamin-devoly izahay nanomboka ny alina ka mandra-maraina. Nony nifarana ny ady dia afa-nivavaka ny tsirairay.Nohetsehin'Andriamanitra ho amin'ny fanasitranana ny tànako.

15 andro lasa izay, notafihin-devoly mahery setra tamim-pomba mahatsiravina aho. Namela marika

teo amin'ny hoditro ny kaikitra maro tamin'izay. Henjanabe ny fanaintainako. Tsy nety sitrana ireo dian-kaikitra fa mbola nahararibe ihany. Azoko izao ny anton'io fanafihana io. Fantatry ny fanahy ratsy io boky soratako io. Izao moa manoratra amin'ny Tanana havanana. Tamin'ny faritra havanana amin'ny tenako no tena nasian'izy ireo mafy. Ny tanako havanana, ny lanton-tanako havanana, ny soroko havanana, ny faritra havanana amin'ny lamosiko sy ny fitatira aman-kozatra rehetra samy nanaintaina avokoa. Niezaka ireo devoly ireo hanao izay tsy hahavitako ilay boky.

Talohan'io fanafihana io, afa-nitory tsy nisy olana aho, afa-nidera, afa-nivavaka araka izay tiako.Fa izao, isaky ny miresaka aho na mihetsika, dia maharary tsy tanty. Tsy afa-mihetsika sy miasa tsara aho. Izay no valin'ny fanamaivanako ny tenin'ny Tompo. Nodidiany aho hiazona ho tsiambaratelo izay tranga rehetra niainako sy hitako mandra-pivoak'ilay boky nefa tsy nankato. Izay tsy firaharahiako izay no nitarika zava-dratsibe ho ahy. Izao aho mitandrinabe mihitsy amin'ny zava-drehetra. Mandra-pivoaky ny boky, tsy miresaka na ampahany monja ny amin'ireo traikefa ireo mihitsy aho. Miezaka mihitsy aho tsy hifampiresaka be loatra amin'ireo havako. Tsapako izao ny haratsin'ny tsy fankatoavana ny baikony. Noho izaho mibebaka isan'andro dia manantena ho sitrana tsy ho ela.

## ==== Andro faha-30 ====

(tesaloniana 5:14-23)

**Ny diakom-bavy Shin Sung Kyung:** **Fiandohan'ny traikefa ara-panahy*

*"Jesosy, omeo ny herin'ny Fanahinao aho mba handihy koa toa an-dramatoa Kang Hyun Ja sy rahavavy Baek Bang Nyu! Miangavy re! Maniry fatratra izany aho!"* Nivavaka tamin'ny foko aho, ary reko nihanahamay ny tanako 2. Henjana ny hafanana, toy ny nitsapa afo. Efa nanao toy izany aho tamin'ny farany saingy fotoana fohy. Androany kosa, tonga nahamay be ny vatako manontolo ary nisandratra ambony ny tanako. Toy ny misy zavatra tsy hita nihazona ny tanako ka izy no mampidina na mampiakatra azy. Nihetsiketsika ho azy tamim-pomba samihafa ny sandry aman-tanako. Dibokafaliana ny foko. Nijohy ny tavako ny ranomasom-pibebahana. Reko tafiditra lalina ara-panahy ny fivavako. Nanidina teny amin'ny habakabaka aho. Taitra sy variana aho nahita ny hakanton'ny alina.

**Kim, Joo Eun:** **Anjely mpiambina efatra*

Nandritry ny vondrom-bavaka dia nomen'I Jesosy fanoezam-pafasoavana masina sy faminaniana aho. Tia tanteraka Azy aho. Vao mikipy aho ka miantso Azy dia efa indro avy hatrany Izy. Antsoiny amin'ny anarambositro aho: "Panda." Toy izao no lazainy: "***Panda, inona no ilainao? Te-hanontany?"*** Avy eo dia valiany amim-pahatsorana sy fahalemem-panahy ny fanontaniako.

Matetika koa nefa no isehoam-panahy ratsy maka endriky ny Tompo. Fantatr'izy ireo koa fa miantso matetika ny Tompo aho manontany. Tany am-boalohany dia tsy haiko ny nanavaka ny Tompo amin'ny fanahy ratsy. Im-betsaka aho no voafitaka. Fa izao, zahako toetra aloha izay fanahy tonga eo. Nony tsapaiko toy izany dia fantatro na ny Tompoko na fanahy ratsy. Ny fanahy ratsy tsy afa-mandraraka ny rany. Ny fanahy ratsy tsy afa-milanja hazo fijaliana. Mpandainga daholo izy

rehetra. Isaky ny mipoitra izy dia mandainga. Nomen'ny Tompo fahendrena aho hamantatra ny fanahy ratsy. Eo noho eo dia fantatro izy ireo izao.

Rehefa manontany mahakasika ny filàko, ny fanirian-dratsiko, na zavatra tsy misy dikany dia mitodi-damosina ahy ny Tompo sady mangina. Noho izaho mbola zaza tsy matotra dia mamaly ahy amin'izay fomba hahazoako azy ny Tompo. Mankasitraka ny Tompo fatratra aho ny amin'ny hatsaram-panahiny. Mahakasika ny Tompo manokana ny fo tsara. Izy koa mafana, malefaka, sady be fihetseham-po. Mahalala sy mahita ny zava-drehetra Izy; Fantany hatrany anaty fontsika lalina. Indraindray misy zavatra momba ireo ray aman-dreniko ambarany amin'ny alalako. Tsy fantatro avy ety ivelany izay eritreritry ny ray aman-dreniko amin'izany. Fa Jesosy mampita hafatra izay izy ireo ihany no mahalala azy satria any anatin'ny fony lalina. Rehefa ampitako amin'izy ireo ny hafatra dia talanjona izy. Ny hafatra avy amin'ny Tompo dia mahatonga azy ireo hanolo-tena indray sy hibebaka.

Izaho koa afa-miresaka amin'ireo anjely mpiambina anay. Satria moa izahay 4 dia 4 koa ny mpiambina anay. Rehefa manandrana miresaka amin'ireo anjely aho dia miditra ny Tompo. Hoy izy: "***Panda, Izaho no Tomponao. Raha te-hanontany ianao na hiresadresaka dia amiko irery ihany. Nahoana ianao no te-hiresaka foana amin'ny anjely?"*** Rehefa saro-piaro toy izany ny Tompo dia faly aho fa hay tiany.

Afaka nanatrika ny vondrom-bavaka manontolo aho tamin'ity satria tao anatin'ny fialantsasatra ririnina. Rehefa nanatrika aho dia nirehitra am-bavaka. Navelako mihitsy aza ny fianarana piano sy ny zavatra hafa mba hivavahako bebe kokoa. Noho izany dia notahian'ny Tompo tokoa aho.Tamin' ny lafiny iray dia somary nanahy aho tamin'ny fianarako. Fantatro fa vao manomboka eo ny fianarana dia ho voafetra ny fotoana hahafahako mivavaka. 9 volana izay no tsy nijereko fahitalavitra sy tsy nampiasàko solosaina. Sarotra ho ahy teny am-piandohana no namela ireny. Fa izao aho tena mankafy ny midera miaraka amin'ny Tompo.Ilay fotoana laniko tamin'ny fahitalavitra sy solosaina taloha dia ianarako ny Teny sy ivavahako izao. Omeko an'I Jesosy ny voninahitra rehetra.

**Momba ny elatry ny anjely*

Taorian'ny vavaka dia nody aho ary hitako fa efa niandry tao ireo anjely mpiambina. Ny mpiambina an-drapasy nanana elatra 4 hatrizay, fa izao izy nanana 6. Nanontany ny Tompo aho hoe: "*Jesosy! Nisy fotoana ianao nilaza tamiko fa maro amin'ireo anjely mpiambina ny mpitondra fiangonan-dehibe no manana elatra 6. Nahoana no 6 koa ny elatry ny mpitandrina anay nefa izahay aza fiangonana kely? Vao omaly nefa no 4 ny azy; nefa izao dia 6."* Namaly ny Tompo hoe: "***Maro ny mpitandrina mivavaka amin'ny heriny manontolo raha vao manomboka ny minisiterany. Fa rehefa manomboka mitombo ny fiangonana dia tsy mivavaka toy ny tamin'ny voalohany intsony izy ireo. Kivy aho sady malahelo. Nefa I Pasitera Kim mirehitra am-bavaka foana. Izy koa mitondra ny fiangonany araky ny sitrapon'Andriamanitra. Izay no nanomezako an'io anjely mpiambina io elatra 2 fanampiny."*** Elatra 2 ihany ny an-dreniko.

**Kim, Joseph:** **Masom-panahy nisokatra amin'ny ampahany*

Satria anio no farany amin'ny alim-bavakay, dia niomana fatratra hirehitra am-bavaka. Hivavaka amim-pifantohako sy ny foko manontolo aho. Nihazona an-drahalahy Haak Sung ny tanako havanana, nifampiditra ny rantsanay. Nisandratra ambony kosa ny tànako havia sady nivavaka tamin'ny fitenin-Danitra aho. Teo am-pivavahana mikipy aho dia reko nisy nihazona koa ny tanako havia sady nifampiditra ny rantsanay. Nisy ankosinaratra niditra avy tamin'ny tànako havia ka tonga nanerana ny vatako.Noho izaho taitra sy gaga dia niezaka nanontany tena ny amin'io. Nandre kasika aho; mahery ilay izy, toy ny mihazona mafy ny tànako. Satria izaho mbola nivavaka dia tsy nihiratra mihitsy. Na izany aza, nanontaniako rahalahy Hark Sung. *"Rahalahy Haak Sung, reko misy mihazona ny tànako havia. Fantatrao ve hoe iza? Jereo hoe dia mba lazao amiko."* Namaly izy hoe: "*Rahalahy Joseph, I Jesosy no mihazona ny tananao sady manidina ho any an-Danitra. Aza ahiratra ny masonao, tohizo ny vavaka!"*

Rehefa nivavaka ihany aho dia reko toa nanidina tamin-toerana maizina. Tampoka teo dia indro nisy hazavana manga. Nanatona ahy izy io ka nandalo teo anilako haingana tsy misy toy izany. Avy teo dia nisy hazavana manga lehibe kokoa nanao toy izany. Arakaraky ny nanidinako no nandalovako kintana maro. Nihoraka aho hoe: "*Wow! Mahavariana! Tena kanto!"* Nony nihalalina hatrany ny fivavako dia nihamaro koa ireo kintana. Kanto aoka izany ny kintana eny amin'ny lalandronono. Toy ireny mpiantsambondanitra ireny no fahatsapako ny tenako. Hoy aho anakampo: "*Manonofy angamba aho."* Notsongoiko ny tenako. Mbola tao am-piangonana nivavaka ny vatako.Nikasika ny vatako aho nefa sady tao amin'ny tontolo ara-panahy.

Nivavaka tamin'ny fitenin-Danitra ny vatako nefa sady nanidina ara-panahy haingana aho. Tampoka teo dia nisy zavatra toy ny endrika vola madinika nipoitra tampoka. Miloko mainty ny ampahany amin'io zava-boribory io. Fenomanana ny andro tamin'io nefa nahita eclipse aho ka tonga toy ny tsinana ny volana. Namiratra toy ny volamena ilay volana. Mazava loatra ilay izy ka tsy zakan'ny masoko. Tsy mbola nahita hazavana toy izany aho. Misavilivily toy ny famantaranandro ilay hazavana. Mandroso mihemotra dia miakatra 120 degres. Misavilivily ilay hazavana sady misy taratra avana avy ao anatiny.

Nieritreritra tampoka aho hoe: '*Wow! Ny vavahadin'ny Lanitra 12 vita amin'ny perla angamba io!"* Nihevitra aho fa anio no hamangiako ny Lanitra. Nihaniditra lalina ihany aho nefa asa fa tsy nety nandroso intsony. Na ahoana na ahoana ny hamafin'ny fivavahako, tsy nety nandroso intsony aho. Tsy nanidina faingana toy ilay teo aloha intsony aho. Nidontsana teo aho rehefa avy nahita ny avana sy ny hazavana maro loko. Toy ny hoe nijanona ny fotoana.

Efa tena akaiky aho ka tonga sorena! Tsy afa-nandroso intsony aho dia nihemotra. Nirodana sy tonga toy ny foana ny foko. Nanantena ho tonga indray teo amin'ilay toa famantaranora aho. Tamin'ny 7 maraina no tapitra ny alim-bavaka.

**Joseph kendren'ny devoly manokana*

Taorian'ny vondrom-bavaka nataonay dia niresaka izahay sy rahalahy Haak Sung. Teo ampiresahana izahay no nanatitra an'I Jung Min nody I pasitera sy ny diakombavy Shin. Nihira rahalahy Haak, izaho kosa niresaka ireo tranga niainanay nandritry ny fotoam-bavaka. Tampoka teo

dia nisy zavatra mainty nanatona haingana taty amiko. Nihahaingana hatrany ny fihodidiny ahy ka tonga toy ny tadio noho ny farany. Maizinabe ny manodidina ahy sady tonga fanina aho. Niezaka ihany aho ny hahatsiaro tena ka nihazona tamin-javatra. Nefa tsy nahatazona équilibre ka lavo tamin'ny tany ka nidona ny lohako. Torana aho. Nihazakazaka haingana taty amiko ranabavy Baek Bong Nyu sy I mama. Taitra sy nanahy mafy izy ireo ny amin'izay nitranga. Fantatro tamin'ireo efa nanana masom-panahy nisokatra nony ela izay nitranga. Nitovy daholo ny fanazavan'izy ireo.

Na efa mifoha ara-panahy aza aho, mbola tsy ampy fahamatorana. Tsapako fa raha mivavaka elaela kokoa aho dia hamangy ny Lanitra sy ny helo sady homena ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana. Fantatry ny fanahy ratsy izany ka izaho no tena natao lasibatry ny fanafihana. Ny tanjony amin'izany dia ny hanakana ahy tsy tena hifoha tsara ara-panahy. Ireo nahita ahy nianjera dia samy nilaza fa nahita fanahy ratsy naka endrika anjely. Nihodidina mangina ahy ilay fanahy. Avy teo dia nihahaingana ny fihodiny hanjera ahy amin'ny tany. Nony nianjera aho dia hitan'izy ireo fa niditra tao an-dohako niaraka tamin-devoly hafa roa ilay fanahy ratsy teo. 'Zareo no anton'ny aretina andohako.

Nampian'ireo mpiara-mivavaka aho hiarina. Nanelo be ny lohako. Ilay fanazavana nomena ahy ihany no hany tsaroako. Nitoby nanodidina ahy ireo nifoha ara-panahy ka nandroaka ilay devoly. Fa na teo aza ny ezaka nataon'izy ireo, vao may nihahenjana ny aretin'andohako.

Samy niandry fatratra an-drapasy ny rehetra. Efa nisy fotoana aho narary andoha fa tanty ihany.Fa noho ny fanahy ratsy anton'ny aretiko teto dia tena tsy zaka. Tena toy ny ho lasa adala no fahatsapako ny tenako. Nikiaka faran'izay mafy aho fa tena henjana ilay izy. Teo ampihorahana aho no tonga rapasy. Hitany aho eo amin'ny gorodona miangavy fanampiana. Nanontaniany ahy izay nitranga dia niara-nanazava ny mpiangona rehetra. Vao nandre izany rapasy dia nandidy tamin'ny feo mahery hoe: "*Ry fanahy ratsy voaozona, amin'ny anara-maherin'I Jesosy, mandehana sady aoka ho voafatotra!"* Vao niantso mafy rapasy dia nihoraka sady niala ireo fanahy. Taorian'izay dia afa-niaina tsara sady tony aho. Nihanisava ilay aretin-doha.

**Soeur Baek Bong Nyu:** **Malazabe rapasy any an-Danitra*

Rehefa nifarana tanteraka ny alim-bavaka nataonay dia nitory teny vao mangirandratsy rapasy. Teo am-pitoriana izy dia niteny avy tao aoriany ny Tompo. Toy izao no nolazainy teo am-pitoriana: "***Bong Nyu, nahafaly ahy tanteraka iny vondrom-bavaka nandritry ny 30 alina iny! Nankafiziko!"*** Averimberiny fa tsy voatanany ny hehy aman-tsikiny rehefa mieritreritra anay Izy.

Nambarany taminay fa rehefa nihomehy na nitsiky izy dia fantatry ny anjely sy ireo masina ny antony. Maika ery te-handre ny vaovao farany izy ireo amin'izany. Misisika mampitantara an'I Jesosy ireo masina ny mahafaly azy.

Nambaran'ny Tompo fa tonga olo-malazabe I Pastora Kim Yong Do ao amin'ny 'Lord‟s church' any an-Danitra. Vantany vao misokatra ny masom-panahiny dia ho afa-mamangy ny Lanitra miaraka amin'ny Tompo izy. Tsy andriko ery izany. Fiangonana kely toy ny tsintsina no tandremany nefa dia manan-danja manokana amin'ny Tompo izy. Mankasitraka ny Tompo tanteraka aho noho izany.

Rapasy mandray ny havako ho toy ny azy. Manaja sy manome voninahitra anay izy.Manompo anay tsy miandry valiny. Ilay izaho tany amin'ny helo niady amin'I satana iny dia nampitomboin'I Jesosy ny valisoako. Nampiana sy nakarina koa ny trano sy ny valisoan-drapasy. Ngeza noho ny ahy ny tranony. Nisy fotoana aho namangy tany an-Danitra ka afa-nijery ny ho trano fonenako dia hitako fa efa misy rihana 513 ny an-drapasy.

Ny fifamalian-dramatoa Kang, Hyun Ja sy Joo Eun dia nampihena ny halehiben'ny tranon'izy ireo. 317 rihana ny an-dramatoa Kong Hyun Ja; 318 izy talohan'ilay adiady kely. 30 ny an'I Joo Eun, fa tao aorian'ny nifamaliany tamin'I Kang Hyun Ja dia nihena ho 27. 21 ny an'I Joseph, 28 kosa ny an'I Haak Sung. Satria I Yoo Kyung mamaly matetika an'I Haak Sung dia nidina ho rihana 16 ny tranony raha 19 taloha. Ny tranon'ny diakombavy Shin Sung Kyung misy rihana 5 sady somary tsy ampy izay hoenti-manorina ny azy noho ny tsy fahampian'ny asa tsara ataony. Ny olona tsirairay avy samy manana trano fitehirizana ireo hoenti-manorina ny tranony, saingy miankina amin'ny asa tsara atao ny habetsaky ny fitaovam-panorenana. Nitsahatra ny fanohizana ny asam-panorenana ny tranon'ny diakombavy Shin Sung Kyung. Misy rihana 69 ny ahy. Ny an-dranadahy Lee Haak Hee kosa mihoatra ny 300. Teo no somary tsy azoko kely. Hoy aho nanontany: "*Jesosy, ranadahy Lee Haak Hee rehefa alahady ihany vao mankany ampiangonana. Nahoana no mijoalajoalabe ny tranony?"* Toy izao no navalin'ny Tompo: "***Fantatrao tsara rahalahy Lee Haak Hee fa efa mihoatry ny 70 taona nefa na eo aza izany, tsy tapaka mihitsy izy isan'alahady. Na fanala, na orana, na rivodoza, tonga foana izy mivavaka isan'alahady. Avy lavitra no itondrany môtô; avy any Haak Dong ka hatrany Suk Nam Dong. Ankoatr'izay, isaky ny manana ambimbava izy dia atolony ny fiangonana. Izay no mahaavobe ny tranony."***

Vao tsy ela no nidirako tato amin'ity fiangonana ity ka tsy mahalala loatra an-dranadahy Lee Haak Hee aho. Tsy fantatro loatra ny vola efa nomeny. Rehefa nohazavain-drapasy ny aminy izay vao nanomboka fantatro. Nambaran-drapasy fa efa mihoatry ny 70 taona I Lee Haak Hee ka efa somary osa. Manana olana ara-pahasalamana izy fa efa zokinjokiny. Misy tsy metimety ny ranjony ka sahiranabe izy rehefa mamindra. Na eo aza izany tsy fahatomombanan'ny vatany izany dia nankany ampiangonana foana izy sady nihazona ny anjara andraikiny amin'ny mahaloholona.

Betsaka ireo olon-dehibe nankao ampiangonanay dia lasa indray noho ny antony samihafa. Ao ireo nandao satria, hono, tsy misy fifohazam-panahy ao aminay, ao ireo tsy naharitra fakam-panahy, ao koa ireo antony hafa azy manokana. Fa ranadahy Lee Haak Hee no hany tokana tavela sy vononkiady na inona na inona tranga na sedra nolalovana. Nanampy sy nanohana an-drapasy hatrany izy. Eny hatramin'izao, mbola hitako izy tsy tapaka mamonjy fotoam-bavaka isan'alahady na toa inona haratsian'ny andro ao ivelany, sady tsy tara mihitsy.

Mahafaly sy mahafa-po ny Tompo ny fiderana sy fanandratana ao aminay. Mahalana be izany fiangonana mahafaly ny Tompo izany. Nambaran'ny Tompo fa mpitandrina maro no mitarika ny fiangonana amin'ny fisainany sy vinany fotsiny. Mpitandrina vitsy monja no tena mifototra amin'ny ambaran'ny baiboly. Noho izany dia nanontany ny Tompo aho ny amin'ny pasiteranay. Nambarany fa miezaka manao ny sitrapony sy ny baikon'ny Tompo izy. Rehefa nambarako an-drapasy fa ankasitrahan'Andriamanitra izy dia nisaotra aoka izany.

Nambaran'ny Tompo fa tsy nihevitra hanokatra ny masom-panahinay Izy. Fa noho izahay tsy nitsaha-nivavaka isan'alina sy niady tamin-devoly toy ny tafika dia voakasika Izy. Nieritreritra aloha Izy fa tsy haharitra izahay fa hijanona tsy ho ela. Fa rehefa hitany fa tsy nety niala izahay dia voakasika ny fony ka nanapakevitra hanokatra ny masom-panahinay, dia nataony tsikelikely isan'olona izany.

Nasain'ny tompo nikarakara ny ara-batanay izahay fa nalemy noho ny nivavahana tsy nitsahatra. Rehefa vita ny fotoana dia hoy rapasy: "*Manomboka izao dia isaky ny alarobia, zoma, ary ny alahady ihany isika no manao alim-bavaka. Amin'ny andro hafa dia vavaka maraina ihany no hatao.*" Rehefa niteny io fandaharam-potoana io rapasy, dia nitehaka ny Tompo sady nanao hoe: "***Mety. Mitovy hevitra amin'izany aho. Ahoana no nahalalanao izay neritreretiko?"*** Faly aoka izany ny Tompo. Nihira fiderana , „Praise Oh my Soul.‟ (derao ry fanahiko) izahay, nisaotra an'Andriamanitra dia nody.

**Ramatoa Kang Hyun Ja:** **Tranga nanaitra nandritry ny batisan'ny afo*

Tsy afa-po aho nony nifarana ny vondrom-bavakay 30 andro. Tsy mbola te-hamarana aho satria tsy mbola nisokatra ny masom-panahiko. Nangataka tamin-drapasy aho ny hanohizana azy andro vitsivitsy farany. Kinanjo, ny Tompo nandidy ahy hankato ny fanapahakevin-drapasy. Afaka kosa ny alaheloko raha nahalala fa hanao fotoam-bavaka mihoatry ny in-3 isankerinandro izahay. Amin'ireny fotoana ireny no iandrasana ny fifohazako ara-panahy.

Mihoatry ny 10 taona izay no efa nahavadim-pitandrina ahy. Nandritry ny minisiteranay dia nanao zavatra maro niteraka zava-tsarotra aho ka nahatonga an-drapasy handalo sedra maro. Tsy maintsy nibebaka feno aho noho ireo.
Hatrany ampiandohanay dia tsy nitovy ny finoanay sy rapasy. Tena mbola tanora izy tamin'izany nefa efa nanana finoana matanjaka tsy azo hozongozonina. Isaky ny manana olana izy dia mivavaka ka matoky ny Tompo, niankina tanteraka tamin'ny Tompo. Ny ahy kosa raha mitaha amin'ny azy voaloton'ny ahiahy, hita izany amin'ny fivavako.

Na niankina tanteraka tamin'ny Tompo aza izy dia hitako fa tsy nahavita namelona ny vady aman-janany. Saingy rehefa nandeha ny taona ka nihanatanjaka ny fivavako dia tsapako tamin'ny fifandraisana tamin'ny Tompo fa omeny lanja manokana ny vadiko noho izy mpanompo mahatoky. Tena lalina ny fitiavan'Andriamanitra ny vadiko. Izaho tsy mbola nivavaka fotoana elabe izany hamalifaly ny Tompo. Fa tamin'ny jolay tamin'ny herintaona aho nanomboka nifehy tena nivavaka. Satria aho nandany fotoana maharitra nitadiavana ny Tompo dia nihanazava ny taona 2005.

Inona no atao hoe minisitera? Inona no anjara andraikitry ny vadina pasitera? Inona no tena asako? Fanaoko ny nankany amin'ny trano fivavahana isankarazany teto Korea hitady ny valin'izany saingy tsy nisy vokany. Mandritry ny andro dia mitory amin-toerana samihafa izahay sy rapasy. Amin'ny alina indray tsy mitsaha-mivavaka, isan'alina mihitsy. Nihaosa aho sady niharatsy ny fahasalamako. Voan'ny raboka aho ary efa niady tamin'aretina fotoana ela, sasatry ny mitelim-panafody. Fa rehefa nahita an'I Jesosy dia niafana tanteraka. Salama tsara aho izao.

Noho ny minisiteranay tsy mahomby sady malemy dia tsy hitanay izay hevitra nampitomboana ny ondry. Tsy niova mihitsy ny fombafomba fanao tao am-piangonana. Indray andro, nanome anay fotoana manokana ny Tompo. Nivavaka ora maro aho saingy sasa-poana. Tsy namokatra sady tsy novaliana ny vavako. Hita fa tsy mahomby ny minisiteranay sady tsy nisy fiantraikany ny vavaka natao. Fa tamin'ny taona 2005 dia nanapakevitra hiala amin'ny fombafomba nahazatra rapasy. Nanomboka tamin'ny fiderana ny fotoana dia nitohy tamin'ny fibebahana. Avy teo dia notohizan-drapasy tamin'ny toriteny mahery vaika. Hatrizay adin'ny iray teo foana ny halavan'ny toriteniny, fa nanomboka teo kosa 2 na 3 ora. Na lava toy izany aza ny fotoana, ny mpino tsy misy miala fa vao may mitady bebe kokoa. Ireo nandray anjara tamin'ilay vondrom-bavaka 30 andro tsy mbola misy afa-po fa te-hanohy hatrany. Arakaraky ny halavan'ny fotoana no vao may mahanoana ara-panahy azy ireo hatrany. Rehefa nanatrika ny vondrom-bavaka izy ireo dia tsy nisaintsaina intsony fotoana. 3 na 4 ora ny fiderana, maharitra 3 ora koa ny toriteny. Maharitra 5 ora eo ny vavaka mandritry ny andro. Hatanjahin'ny Fanahy Masina ny toritenin-drapasy ka miditra lalina any amin'ny atifanahy sy fo. Nambaran'ny Tompo Jesosy fa hanana minisitera mpanasitrana aho amin'ny alalan'ny dihy ara-panahy.

Rehefa nilazana izany aho dia liana ka nanontany manokana ny Tompo ny amin'ny minisiteran'ny fanasitranana. Nanazava tamin'ny ohatra ny Tompo. Misy lenta ara-panahy mila tratrarina vao afa-manasitrana amin'ny alalan'ny dihy masina.

Ohatra, raha mbola any amin'ny garabola na ambaratonga fototra ara-panahy aho dia tsy mbola ampy fahalalana ka tsy mahazo manao. Fa rehefa ao amin'ny ambaratonga faharoa kosa dia efa manomboka afa-manasitrana amin'ny dihy ara-panahy. Rahavavy Baek Bong Nyu dia mbola azo lazaina ho any amin'ny ambaratonga fototra. Fa rehefa tonga @ lycée ara-panahy dia efa tena manao azy amin'izay. Ny dihy ara-panahy dia tsy ianarana na hay rehefa iverimberenana atao, tsy foronina koa. Ny fahasoavan-ny Tompo ihany no ahavitana azy.

**Pasitera Kim Yong Doo:** ** Miampita ny tetezana tsy azo iverenan-dalana*

Nampitandrina anay matetika ny Tompo hoe: "Niaina zava-panahy lalina ny mpino ao amin'ny Lord's church ka tsy hiaina fianana kristiana mahazatra intsony. Tafita ny tetezana ianareo ka tsy afa-miverindalana intsony!"

Velom-pisaorana fatratra aho tamin'ny fomba fiasan'ny Tompo. Nampanahy ahy fatratra ny fomba hitondrako ity fiangonana marefo araky ny sitrapon'Andriamanitra. Ambany ny fahatokisan-tenako, ny tahotro no ambony. Efa hitako izany ondry tandremako resin-devoly. Fantatro teo fa nifototra tamin'ny tsy fahalalana ny fisainako, ny fahafehezako baiboly voafetra dia voafetra. Noho izany tsy fahaizako izany dia tsy vonona aho niatrika ady ara-panahy. Nony nahalala izany aho dia menatra.

Maro ny mpitandrina koreana miantehitra amin'ny filôzôfiany ho enti-mampianatra sy mitory. Hita taratra hatraiza hatraiza ny fahamasinana ivelambelany vokatry ny fombafomba, nefa tsy misy fanatrehan'ny Tompo mandritry ny fotoambavaka. Meloka aho nandray anjara tamin'ireny fombafomba ireny. Isaky ny mandre aho hoe: "*Hatao anie ny sitrapon'ny Tompo" dia feno tahotra ny Tompo ny foko,* natoron'ny tompo ahy mantsy ny toe-pon'ireo mpitandrina sy mpiangona koreana maro. Tsy hitsara azy aho fa hiandry ny Tompo hiditra antsehatra.

Ny ampahany tamin'ny olana tsy nety voavahako dia novahan'ny Tompo, ireo olana saro-bahana atrehin'ny mpitandrina maro ankehitriny. Ny vahaolana tsara indrindra no nomen'ny Tompo ahy hamahàna azy rehetra.Nofidiana isika ho velona ho an'ny Tompo mandritry ny androm-piainantsika.

Ny mpitandrina sy ny mpiangona dia samy hotsaraina araka ny asany avy. Ny fiainany, eritreriny ary ny ezaka ataony dia samy hotombanana avokoa. Na fiangonan-dehibe io na kely dia samy hitsangana manoloana ny Tompo. Hotsaraina avokoa izay ataontsika amin'io andro io.

Taloha aho nanatrika fivoriana sy nahita doka ny amin'ireo trano fiangonana lehibe voaorina dia velom-pialonana fa vita haingana ny trano sady maro mpivavaka. Lazain'izy ireo aza amin'izany fa fifohazam-panahy' hono' no antony. Miferotra aina aho sady tsapako ho ambany miohatra amin'izy ireo, mahatsapa tena ho tsy mamokatra. Tsy olana amiko intsony izany izao.

Tsy midika akory izany fa tsy hoentina amin'ny fo feno fitiavana sy vonon-kanompo ny minisiterako. Eo amboalohany ny mpitandrina sy mpiangona dia manomboka ny lalam-pinoany amin-karavoana tsy mieritreritra tombontsona na ny toy izany. Fa rehefa mandeha ny fotoana dia tsy tsapany akory fa efa tonga naman'izao tontolo izao izy. Mahatezitra ny Tompo izany, ary tsy maintsy hotsaraina izy ireo amin'ny farany. **(jakoba 4:4)**

Miaina araka izay fenitra heveriny fotsny ny olona tsirairay. Maro amin'ireo ondry tandremako no milaza fa sekta, hono, araky ny filazan'ny manodidina, ny fiangonanay.

Toy izao no ambara matetika amin'izany. *"Aiza koa no hisy mpino vaovao hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra? Tsy misy fiangonana maminany, na miady amim-panahy ratsy, na mahazo fanambarana ny amin'ny Lanitra sy ny helo izany. Rehefa maty ihany vao mankany an-Danitra na helo. Eny e, mety misy mankany ihany amin'ny alalan'ny nofy, fa na izany aza indray na indroa raha be indrindra. Tsy mitombina izany mankany amin'ny Lanitra na helo isanandro izany. Tsy azo inoana!"* Miezaka hisintona ny ondry ato izy ireny ho any amin'ny fiangonany any.

Sahiko ny miteny: "*Marina ny azy, ho any an-Danitra tokoa isika na helo rehefa maty. Fa amin'ny alala'ny herin'ilay tsitoha no ahafaha-mitsidika ny Lanitra na helo."* Izaho mihitsy aza no efa nesoina sy narabian'ireo havako akaiky ka nampangaina ho manonofinofy, fa tsy raharahako. Misitery goavana ny Lanitra sy ny Tompo. Marina fa tapitra ilay vondrom-bavaka nataonay iny saingy izahay kosa tsy hitsahatry ny hivavaka. Ny traikefam-panahy niainako na nosoratako dia nezahina nofintinina hotafiditra amin'ity boky ity. Raha nampidiriko daholo ny zava-drehetra dia tsy ho tafiditra mihitsy tanaty boky iray. Hosoratako amin'ny boky manaraka ny tranga hafa. Taorian'iny vondrom-bavaka iny dia mbola nitohy nanao ny asany ny Tompo. Niditra antsehatra foana Izy tamin'ny asanay rehetra.I Haak Sung sy Yoo Kyung dia tonga tena olon-kendry noho ny traikefany.

Nambaran'ny Tompo fa homeny fotoana aho hahafahako manoratra boky hafa momba ny Lanitra sy ny helo. Tamin'ilay boky voalohany dia fohy ny fotoana ka nisy tsy tafiditra ireo zava-mahagaga indrindra sasany fa ny tompo nanendry azy ireny hosoratana amin'ilay boky fahatelo. Zavatra hanaitra sy hampitolagaga tanteraka no ho hita amin'ilay boky manaraka. Ka mila mitandrina be aho

noho izany.

Translated into malagasy by Hery Rasolofoarinivo